# Kilonga 4

## Bokin'i Môrmôna
## 8–11 taona

# Kilonga 4

## Bokin'i Môrmôna
## 8–11 taona

Boky entina hampianarana ireo ankizy
8 ka hatramin'ny 11 taona

Navoakan'
Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

© 1995, 1998 an'ny  Intellectual Reserve, Inc.
Zo rehetra voatokana
Natonta tany Etazonia

Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 10/98
Fankatoavana ny fandikana: 10/98
Fandikana ny *Primary 4*
Malagasy
34594 654

# Votoatiny


| Laharana sy Lohatenin'ny Lesona | | Pejy |
|---|---|---|
| Fanampiana ho an'ny Mpampianatra | | V |
| 1 | Ny Bokin'i Môrmôna, Fanomezana iray avy amin'ny Ray Be Fitiavana | 1 |
| 2 | Nanaraka ny Rainy izay Mpaminany i Nefia | 6 |
| 3 | Fahazoana ireo Takela-barahina | 10 |
| 4 | Ny Hazon'ny Fiainana | 14 |
| 5 | Notarihana namakivaky ny Tany Foana i Lehia sy ny Fianakaviany | 19 |
| 6 | Mandidy an'i Nefia Hanamboatra Sambo ny Ray any an-danitra | 22 |
| 7 | Famakivakiana ny Ranomasina | 25 |
| 8 | Nifanehatra tamin'i Serema ny Mpaminany Jakôba | 28 |
| 9 | Mivavaka i Enôsa | 31 |
| 10 | Mampianatra ny Vahoakany ny Mpanjaka Benjamina | 35 |
| 11 | I Abinadia sy Noà Mpanjaka | 38 |
| 12 | Manao Batisa ao amin'ny Ranon'i Môrmôna i Almà | 43 |
| 13 | Ny Vahoakan'ny Mpanjaka Limia sy ny Vahoakan'i Almà | 49 |
| 14 | Mibebaka i Almà Zanany sy ny Zanakalahin'i Môsià | 52 |
| 15 | Ny Asa Fitoriana nataon'i Almà sy Amioleka tany Amônihà | 55 |
| 16 | Tao am-ponja i Almà sy i Amioleka | 59 |
| 17 | Amôna, ilay Mpanompo Lehibe | 64 |
| 18 | Niova fo ny Rain'ny Mpanjaka Lamônia | 67 |
| 19 | Ireo Antia-Nefia-Lehia | 72 |
| 20 | Kôrihôra, ilay AntiKristy | 75 |
| 21 | Ny Zôramita sy ny Rameomtôma | 80 |
| 22 | Mampianatra mahakasika ny Finoana i Almà | 83 |
| 23 | Manoro hevitra ny Zanany Lahy Helamàna sy Siblôna i Almà | 88 |
| 24 | Manoro hevitra ny Zanany Lahy Kôriantôna i Almà | 93 |
| 25 | Nandresy an'i Zarahemnà ny Kapiteny Môrônia | 97 |
| 26 | Kapiteny Môrônia sy ny Fanevan'ny Fahafahana | 103 |
| 27 | I Helamàna sy ireo Zatovolahy Roa Arivo | 108 |
| 28 | Tao am-ponja i Nefia sy i Lehia | 112 |
| 29 | Maminany zavatra maro i Nefia | 115 |
| 30 | Mandray Hery Lehibe i Nefia | 119 |

| | | |
|---|---|---|
| 31 | I Samoela ilay Lamanita | 124 |
| 32 | Ireo Famantarana ny Fahaterahan'i Jesoa Kristy tany Amerika | 128 |
| 33 | Miseho tamin'ireo Nefita ny Mpamonjy | 132 |
| 34 | Mampianatra ny Nefita mikasika ny Fahasambarana i Jesoa Kristy | 135 |
| 35 | Manasitrana ny Marary sy Mitsodrano ireo Ankizy i Jesoa Kristy | 141 |
| 36 | Manome ny Fanasan'ny Tompo an'ireo Nefita i Jesoa Kristy | 145 |
| 37 | Mampianatra ny Nefita Hivavaka i Jesoa Kristy | 148 |
| 38 | Fiadanana teo anivon'ny Nefita | 152 |
| 39 | Nanatri-mason'ny Faharavan'ireo Nefita i Môrmôna | 156 |
| 40 | Notarihana tany amin'ny Tany Nampanantenaina ny Jaredita | 160 |
| 41 | Mandà ny Mpaminany ireo Jaredita | 164 |
| 42 | I Môrônia sy ireo Rakitsorany | 168 |
| 43 | Mampianatra ny Finoana an'i Jesoa Kristy i Môrônia | 173 |
| 44 | I Môrônia sy ny Fampanantenan'ny Bokin'i Môrmôna | 178 |
| 45 | Vavolombelon'ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny Maty ny Bokin'i Môrmôna (Paska) | 182 |
| 46 | Ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa momba an'i Jesoa Kristy (Krismasy) | 186 |
| 47 | Afaka Mitahy ny Fiainantsika ny Fisoronana (Lesona Fanomanana amin'ny Fisoronana) | 191 |

# Fanampiana ho an'ny Mpampianatra

Nampianatra ny maha-zava-dehibe ny fankatoavana sy fampianarana ireo didy ny Mpamonjy rehefa niteny hoe: "Fa na zovy na zovy no mankato sy mampianatra ireo dia izy no hatao hoe lehibe amin'ny fanjakan'ny lanitra" (Matio 5:19). Notolorana fahatokiana masina ianao mba hanampy ireo ankizy hianatra hitandrina ireo fanekempihavanan'ny batisany ary hanompo. Afaka ny ho hery mitarika manan-danja eo amin'ny fiainan'ireo zazavavy tsirairay eo am-piomanany ny ho tonga zatovovavy sy eo amin'ireo zazalahy eo am-piomanany ny ho tonga zatovolahy sy handraisany ny fisoronana ianao.

Tamin'ny 1831, fotoana fohy taorian'ny nanorenana ny Fiangonana dia nampianatra ny Mpamonjy fa ny mpampianatra "dia hampianatra ireo fitsipiky ny filazantsarako, izay ao amin' ny Baiboly sy ny Bokin' i Môrmôna" (F&F 42:12), izay hany soratra masina nisy tamin'izany. Ankehitriny ny mpampianatra dia manana ny andraikitra ny hampianatra ireo fahamarinana masina avy amin'ireo soratra masina rehetra ankatoavin'ny Fiangonana, isan'izany ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy, izay hanampy ireo ankizy hampitombo ny finoana amin'Andriamanitra sy amin'ny Zanakalahiny Jesoa Kristy.

**Boky Enti-mandalina**

Ireo ankizy rehetra 8 ka hatramin'ny 11 taona manomboka ny 1 Janoary dia ampianarina avy amin'ny Boky fampianarana Kilonga 4, 5, 6, ary 7. Boky entimandalina iray ihany no ampiasaina isan-taona ho an'ireo ankizy rehetra ao anatin'io vondron-taona io. Ny boky enti-mandalina tsirairay dia mifototra amin'ny boky soratra masina manokana: Kilonga 4 ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, Kilonga 5 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, Kilonga 6 ao amin'ny Testamenta Taloha, ary ny Kilonga 7 ao amin'ny Testamenta Vaovao. Ao anatin'ny efa-taona misesy dia hahavita nianatra ireo soratra masina tsirairay ankatoavin'ny Fiangonana ireo ankizy.

Miankina amin'ny zavatra ilaina eo an-toerana sy ny isan'ny ankizy valo ka hatramin'ny iraika ambin'ny folo taona no ahafahana mandamina ireo ankizy, na izany araky ny sokajin-taona, na ifangaroan'ny sokajin-taona na itokanan'ny ankizilahy sy ankizivavy. Na dia izany aza dia tokony ho alainao antoka fa voara-maso araky ny tokony ho izy ny ankizy tsirairay na manao ahoana na manao ahoana ny kilasinao.

Rehefa tonga eo amin'ny faharoa ambin'ny folo taonany ny ankizy dia manomboka manatrika ny Zatovovavy na ny Fisoronana Aharôna izy ireo. Manohy manatrika ny kilasin'ny Kilonga mandritra ny Sekoly Alahady ihany anefa izy ireo mandrapigadon'ny herinandro voalohan'ny volana Janoary, izay hanombohany manatrika ny Sekoly Alahady.

Hita ao anatin'ity boky fampianarana ity koa ny lesona "Afaka Mitahy ny Fiainantsika ny Fisoronana." Io lesona io dia natao ho ampiasain'ny mpampianatr'ireo ankizy iraika ambin'ny folo taona rehefa miomana ny ho diakona ireo ankizilahy ary ho firosoan'ny ankizivavy amin'ny Zatovovavy. Ampianaro io lesona io alohan'ny hahatongavan'ny ankizy voalohany ao amin'ny kilasinao ho roa ambin'ny folo taona. Mangataha ny fitarihan'ny Tompo eo amin'ny fanomananao sy ny

fanoloranao ny lesona mba hahatakaran'ireo ankizy ny atao hoe fisoronana, ny fomba ahafahan'izany mitahy ny fiainan'izy ireo ary ny fomba ahafahan'izy ireo manatanteraka ny andraikiny ho fanajana ny fisoronana.

---

**Fomba Fampianarana arak'Ity Boky Fampianarana Ity**

Ny Bokin'i Môrmôna no votoatin'ny fampianarana ao amin'ity boky enti-mandalina ity. Rehefa mizara sy mifanakalo hevitra amin'ireo fampianarana ireo ianao dia tokony hahatakatra tsaratsara kokoa ny iraka nampanaovina sy ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy ireo ankizy ary hampitombo finoana lehibe kokoa sy ny fijoroana ho vavolombelona aminy. Tokony mianatra ny hampihatra ireo fampianaran'i Jesoa Kristy eo amin'ny fiainany manokana izy ireo ary hahazo faniriana mivaivay amin'ny fitandremana ny didiny.

Amporisiho hamaky ny Bokin'i Môrmôna any an-tokantranony mba hianarany mahakasika ireo mpaminany izay nanompo tany Amerika sy ny asa fanompoan'ny Mpamonjy teo anivon'ireo Nefita ireo ankizy. Rehefa mianatra mahakasika ireo mpaminany sy ny Mpamonjy ireo ankizy dia te-hanaraka ireo ohatra sy fampianarana nentanim-panahy nataony ary te-ho tonga bebe kokoa tahaka azy ireo. Ireo fahamarinana manan-danja izay ianaran'ireo ankizy avy amin'ny fampianaran'ny Mpamonjy sy ny mpaminaniny dia hanampy hiomanan'izy ireo hitandrina ny fanekempihavanana izay ho ataony ary hanao asa fanompoana ato amin'ny Fiangonana mandritra ny fiainan'izy ireo. Hanome azy ireo tanjaka mba hanoherana ny fakam-panahy eto amin'izao tontolo izao amin'izao fotoana izao koa ireo fahamarinana ireo.

Manomana ny Tenanao Hampianatra

Mba hanatontosanao ny antso masina hampianatra ny ankizy dia tokony ho vonona ara-tsaina sy ara-panahy ianao. Ampahan'izany fiomanana izany ny fahatakarana sy fananana fijoroana ho vavolombelona amin'ireo fitsipika ampianarinao. Nampianatra antsika zavatra maro izay azontsika ampiasaina rehefa miomana ny hampianatra ny filazantsarany amin'ny hafa ny Mpamonjy, ilay lehibe indrindra amin'ny mpampianatra :

- Katsaho amim-panetren-tena amin'ny alalan'ny vavaka ny Fanahy. Hoy ny Tompo hoe: "Aoka ianao hanetry tena; ary ny Tompo Andriamanitra dia hitarika anao amin'ny tanana sy hanome anao ny valin'ny fivavakao" (F&F 112:10). Manana ny zo hahalala ny fomba tian'ny Tompo hampianarantsika ny zanany isika rehefa manetry tena.

- Halalino ny soratra masina sy ireo tenin'ny mpaminany velona. Misy hery lehibe eo am-pianarana sy am-pisaintsainana ny tenin'ny Tompo. Nandidy antsika Izy ny "[hikatsahantsika] aloha ny hahazo ny teniko, ary amin' izay dia hovahana ny lelanao; amin' izay raha irinao, dia hanana ny Fanahiko sy ny teniko ianao, eny, ny herin' Andriamanitra ho fandresen-dahatra ny olona" (F&F 11:21).

  Namerina nanamafy indray ny mpaminany irain'ny andro farany, Filoha Ezra Taft Benson, fa ilaintsika ny mianatra ny tenin'ny Tompo: "Mamporisika anareo aho ny hanolotena indray handalina ny soratra masina. Miroboha ao anatiny isan'andro mba hanananao ny herin'ny Fanahy izay hiaraka aminao ao amin'ny antsonao" (*Ensign,* Mey 1986, p. [0-9]2).

- Tandrovy ny fanekempihavanana nataonao. Ny fahavononanao hotarihin'ny Fanahy dia miankina amin'ny fahatokianao amin'ny fitandremana ireo fanekempihavanana nataonao tamin'ny Ray any an-danitra. Hampiseho ohatra tsara koa ianao rehefa "[mitandrina] ny fanekempihavanana . . . ka harahiny

[izy ireo]" (F&F 42:13). Rehefa hitan'ny ankizy ny fitiavanao ny Mpamonjy sy ny fanoloran-tenanao hiaina ny filazantsarany dia hazoto hanaraka azy koa izy ireo.

- Karohy ireo fomba hanampiana ny ankizy hahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy. Lazao azy ireo matetika fa tianao koa izy ireo ary ampahafantaro azy ireo ny hasarobidiny sy ny zavatra mety ho vitany. Hanampy ireo ankizy hahatakatra ny fitiavan'ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy azy ireo ny fitiavanao sy ny hatsaram-panahinao. Hanampy azy ireo hianatra hitia ny hafa koa izany.

## Fanomanana ny Lesonao

Hanampy anao hanomana ny lesona izay mifototra amin'ny soratra masina ity boky fampianarana ity. Mampiasa tantara sy andininy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ireo lesona Manampy ireo ankizy hahatakatra ny fitsipiky ny filazantsara. Tsy milaza mazava ny fomba ampianarana ireo tantara ao amin'ny soratra masina ny lesona. Rehefa miomana sy mampianatra araky ny Fanahy ianao dia hanampy ireo ankizy hahatakatra bebe kokoa ireo tantara ao amin'ny soratra masina, ireo fitsipika raketiny ary ny fomba hahafahan'ireo ankizy mampihatra izany eo amin'ny fiainany. Rehefa voaomana tsara sy mahaliana ny lesonao dia hazoto kokoa ny ankizy hihaino sy hianatra.

Hanampy anao hiomana bebe kokoa hampianatra  amim-pahombiazana ireo ankizy ao amin'ny kilasinao ireto dingana manaraka ireto:

1. Diniho amim-bavaka ny tanjon'ny lesona sy ireo andalan-tsoratra masina ao amin'ny fizarana "Fanomanana" herinandro iray na roa mialohan'ny hampianarana ny lesona. Avereno vakiana ny tanjona sy andalan-tsoratra masina ao amin'ny lesona ary jereo ny fomba mety hampiharana izany amin'ireo ankizy ao amin'ny kilasinao. Manontania tena hoe: "Inona no tian'ny Ray any an-danitra hianaran'ny ankizy tsirairay sy ho ataony noho ity lesona ity? Ahoana no ahafahan'ity lesona ity hanampy ireo ankizy hampitombo ny finoana an'i Jesoa Kristy, hanamafy orina ny fijoroany ho vavolombelona ary hamela azy hahatohitra ny fakam-panahy ratsy atrehiny?" Soraty ireo hevitra tonga ao an-tsainao.

   Natao ho boky fandalinana ho an'ny tena manokana mba hianarana ny fitsipika sy fotopampianarana fototry ny filazantsara ny boky *Fitsipiky ny Filazantsara* (31110). Voasoratra ao hampianatra "Fanomanana" ao amin'ny lesona sasany ny toko manokana ao amin'ny *Fitsipiky ny Filazantsara*. Afaka manampy anao hiomana hampianatra ireo fitsipika na fotopampianarana fototra ao amin'ny lesona ireo toko ireo. Mety hisy ao amin'ny trano fitehirizam-boky ao amin'ny trano fiangonana na azo vidiana ao amin'ny foibe fanapariahana eo an-toerana ny tahadikan'izany boky izany.

2. Manapaha hevitra raha hampiasa ny Asa hisarihana ny saina natolotra ianao na hamorona iray amin'ny ezakao manokana, ka azonao antoka fa mety sy mifanaraka amin'ny fampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina izany.

3. Tsy milaza ny fomba ampianarana ireo tantara ao amin'ny soratra masina ny lesona. Tokony hikatsaka ny Fanahy mba hanampy anao hamaritra ny zavatra sy ny fomba ampianaranao ianao. Mampiasà fomba maro isan-karazany isan-kerinandro (jereo ny "Fampianarana avy amin'ny Soratra Masina" ao amin'ity pejy ity). Kendreo mba handray anjara avokoa ireo mpianatra amin'ny fiaraha-mientana fianarana, ary ampianaro amin'ny fomba izay ahafahan'ny ankizy mamerina amin'ny hafa ilay tantara ao amin'ny soratra masina ny lesonao.

4. Fanteno avy ao amin'ny "Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana" ireo izay hanampy betsaka ireo ankizy hahatakatra ny soratra masina sy hampihatra izany eo amin'ny fiainany. Azonao ampiasaina amin'ny fotoana rehetra mandritra ny lesona ireo fanontaniana ireo. Tsy ilainao akory ny fampiasana azy rehetra.

5. Vakio ny "Asa Fanampiny" ary vinavinao ireo fotoana sy fomba ampiasana ireo izay eritreretinao fa hanampy kokoa ireo ankizy ao amin'ny kilasinao hahatakatra ny soratra masina sy ny tanjon'ny lesona. Tsy hitovy ny fotoampianarana tsirairay ary ireo asa natao sasantsasany izay mety nizotra tsara tany amin'ny vondrona iray dia mety tsy hahomby ao amin'ny vondrona iray hafa.

6. Miomàna hizara traikefa manokana izay mifanentana amin'ny tanjon'ny lesona. Aoka ho tarihin'ny Fanahy ianao rehefa mizara ny zavatra niainanao mandritra ny fotoam-pianarana ary rehefa mizara traikefa aminao sy eo amin'izy samy izy ny mpianatra. Tena masina na tsiambaratelo ny sasany amin'ireo zavatra niainan'ny fianakaviana na an'ny tena manokana ary tsy tokony horesahina eny imason'ny olona.

**Fampianarana avy amin'ny Soratra Masina**

Tokony hikatsaka ny Fanahy hatrany ianao eo am-panomanana sy am-pampianarana ireo lesonao (jereo ny Almà 17:2–4; F&F 42:12–14; 50:17–22). Hanampy anao hahafantatra ny fomba hahatonga ny lesonao ho mahaliana sy manandanja eo amin'ireo ankizy ny Fanahy.

Mety tsy ho zatra loatra ny soratra masina ireo ankizy sasany ao amin'ny kilasinao. Mandritra ny famakiana miaraka dia jereo ireo ankizy mety mila fanampiana amin'ny fianarana mitady soratra masina. Mila manokana fotoana mihitsy ianao amin'ny fiandohan'ny taona, indrindra rehefa mampianatra ireo ankizy madinika, mba hampisehoana azy ireo ny fomba fitadiavana ireo andininy ao amin'ny soratra masina.

Manandràma fomba maro isan-karazany entina hampitana lesona mba hihazonana ny fifantohan'ireo ankizy. Ireto sosokevitra manaraka ireto dia mety hanampy anao hanovaova ireo fomba entinao mampianatra avy amin'ny soratra masina.

1. Lazao araky ny fomba fiteninao azy ny tantara ao amin'ny soratra masina. Miezaha hanampy ireo ankizy hahazo sary an-tsaina ireo zava-nitranga sy ireo olona voalaza ao. Ampio hahatakatra ireo ankizy fa tena nisy ireo olona resahinao ary koa ireo zava-nitranga.

2. Asaivo mamaky ny tantara na ny andininy notsongaina mivantana avy amin'ny soratra masina ireo ankizy. Tadidio fa tsy ary hahay mamaky teny tsara avokoa ireo ankizy rehetra ary tsy miankina amin'ny taona ny fahaizany mamaky. Raha mahay mamaky teny tsara ny ankizy rehetra dia omeo fotoana fohifohy izy hamakiana izany mangina. Avy eo dia afaka mifanakalo hevitra amin'izay novakiana ianareo. Ampiasao ny fotoana hifanakalozana hevitra aorian'ny famakian'ireo ankizy teny Manampy azy ireo hahatakatra ireo teny sy andalan-teny sarotra.

3. Ampiasao ireo sary naroso mirakitra tantara ao amin'ny soratra masina Manampy ireo ankizy hahazo sary an-tsaina ny zava-nitranga. Ahitana sary naroso avokoa ny ankamaroan'ireo lesona ao amin'ny fizarana "Fitaovana ilaina." Misy laharany ireo sary ireo ary tafiditra ao amin'ny boky fampianarana. Ny sasantsasany amin'ireo sary ireo dia hita koa ao amin'ny Jeu d'Illustrations de l'Evangile ary mety ho ao amin'ny trano fitehirizam-boky ao

amin'ny trano fiangonana (ny filaharan'ireo sary dia voatanisa ao amin'ny fizarana "Fitaovana ilaina"). Voasoratra ao ambadik'ireo sary ireo ny famintinana ny tantara. Afaka mampiasa sary hafa izay mifanaraka amin'ny lesona koa ianao.

4. Asaivo ampiainin'ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Kendreo mba tsy hanimba ny fahamasinan'ilay soratra masina ny fampiainana ny tantara.) Mitondrà fitaovana an-tsehatra tsotra toy ny akanjo, samboady sy ny sisa, ary avelao hilalao ny tantara manontolo na ny ampahany ireo ankizy. Anontanio azy ireo izay tsapany raha izy no eo amin'ny toeran'ilay olona lalaoviny.
5. Manaova sarisary tsotsotra na sary entina manazava eny amin'ny solaitrabe, na mampiasà sary na sary nohetiketezana, mandritra ny filazanao na famakianao ny tantara ao amin'ny soratra masina.
6. Manaova famakian-teny an-tsehatra izay ilalaovan'ny ankizy maromaro ny anjaran'ny olona ao amin'ny tantara. Raha mety dia asaivo mamaky mivantana ny resaka ifamaliana avy ao amin'ny soratra masina ny ankizy.
7. Manasà ray aman-dreny, mpikambana ao amin'ny paroasy na sampana, na mpianatra mba hamaky ny tantara. Omeo herinandro iray na roa hiomanana ilay olona, ary alaivo antoka fa nomenao fotoana voafetra izy hanolorany izany.
8. Manaova fitsapam-pahaizana tsotsotra mialoha amin'ny ankizy, toy ny hoe marina sa diso na fanontaniana mitaky valiny fohy, alohan'ny hampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina. Hazavao ireo ankizy ao am-pianarana fa tianao ho hita hoe hatraiza ny fahazoan'izy ireo ny tantara. Avereno indray ilay fitsapam-pahaizana teo aloha mba hahitana ny zavatra nianarana.
9. Soraty eny amin'ny solaitrabe ireo teny na anaran'ny olona mitana toerana manan-danja ao amin'ny tantara. Asaivo mihaino ireo teny na anarana ireo ny ankizy eo amim-pitantaranao ilay tantara. Ampio ireo ankizy hianatra voambolana mba hahazoany mahatakatra tsara ny soratra masina sy hankafizany hamaky izany any an-trano.
10. Soraty eo amin'ny solaitrabe ireo fanontaniana mahakasika ny tantara, alohan'ny hizarana ny lesona. Raha vao ren'ny ankizy ny valiny mandritra ny fihainoana ilay tantara dia mitsahara ary mifanakalo hevitra mikasika izany.
11. Vakio ny tantara ary avelao ireo ankizy avy eo hitantara an-tsitrapo ireo ampahany tiany. Afaka mangataka mpianatra iray hanomboka ny tantara ianao ary miantsoa ankizy hafa indray avy eo hanohy izany.
12. Alefaso ireo horonam-peo misy andininy voafantina ao amin'ny soratra masina.
13. Manaova kilalao mampifandray sary. Manomàna taratasy kely mandeha tsiroaroa mitovy efatra ka hatramin'ny valo izay mirefy 7,5 sm x 12,5 sm. Amin'ity ohatra manaraka ity dia ataovy ao amin'ny taratasy kely voalohany ny ampahany amin'ny nofin'i Lehia ary asio ny fanazavana izany nofy izany ilay iray hafa. Afangaroy ireo taratasy ary ahohofy eo amin'ny latabatra na amin'ny gorodona. Antsoy tsirairay ny ankizy hamadika ny taratasy kely roa. Vakio mafy izay voalazan'ny taratasy kely tsirairay. Raha mifandray izany dia aza averina ahohoka intsony. Raha tsy mifandray kosa dia ahohofy indray ary ankizy hafa indray no mandray anjara. Tohizo hatrany izany mandra-pahitana ny taratasy kely mifandray rehetra.

Ohatra, afaka mamorona taratasy mitovy mandeha tsiroaroa dimy miompana amin'ny nofin'i Lehia ianao (1 Nefia 8; 1 Nefia 11). Mampiasà taratasy mandeha tsiroaroa mitovy telo hafa mba hahaliana kokoa ny ankizy.

Taratasy mitovy 1: Hazo—Fitiavan'Andriamanitra
Taratasy mitovy 2: Anja-by—Tenin'Andriamanitra
Taratasy mitovy 3: Voankazo—Fiainana mandrakizay
Taratasy mitovy 4: Zavon'ny haizina—Fakam-panahy
Taratasy mitovy 5: Trano lehibe sy midadasika—Fiavonavon'izao tontolo izao
Taratasy mitovy 6: Kintana—Kintana
Taratasy mitovy 7: Volana—Volana
Taratasy mitovy 8: Masoandro—Masoandro

14. Milalaova kilalao iray amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana. Apetraho anaty boaty ny fanontaniana maromaro, ary asaivo mifandimby maka ny fanontaniana ny mpianatra ka mamaly izany.

### Fitarihana Fifanakalozan-kevitra mandritra ny fotoam-pianarana

Ny fandraisana anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra sy ireo fiaraha-mientana fianarana hafa no hanampy ireo ankizy hianatra ny fitsipiky ny filazantsara. Manampy anao hametraka ireo fanontaniana mahaliana sy manafana ny fifanakalozan-kevitra mandritra ny fotoam-pianarana ireto torolalana manaraka ireto:

1. Mametraha fanontaniana ary manomeza andinin-tsoratra masina mba hahafahan'ny mpianatra mahita ny valim-panontaniana ao amin'ny soratra masina.
2. Mametraha fanontaniana izay tsy azo valiana amin'ny "eny" na "tsia" fa mitaky kosa fandinihana sy fifanakalozan-kevitra. Ireo fanontaniana miantomboka amin'ny *nahoana, ahoana, iza, inona, rahoviana,* ary ny *aiza* no tena mahomby.
3. Ampandraiso anjara ireo mpianatra izay tsy dia mpiteny amin'ny fiantsoana azy ireo amin'ny anarany sy amin'ny fametrahana fanontaniana izay heverinao fa ho voavaliny. Omeo fotoana izy ireo hamaliana izany. Ampio izy ireo raha ilaina izany, nefa ataovy aorian'ny fotoana nieritreretany sy namaliany izany.
4. Amporisiho hizara ny fihetseham-pony mahakasika ny fianarana avy amin'ny soratra masina ireo ankizy. Manehoa fankasitrahana an-kitsim-po ny ankizy tamin'ny fandraisan'izy ireo anjara.
5. Ankasitraho ireo ankizy rehefa mahavaly ny fanontaniana. Ampio izy ireo hahatsapa fa tena zava-dehibe ny heviny sy ny fihetseham-pony. Tokony hojerenao sy hampianao ireo ankizy tsy dia mpiteny loatra.

### Fampianarana ny Ankizy Hampihatra ny Soratra Masina

Ampio ireo ankizy hampihatra izay nianarany eo amin'ny fiainany. Nanoro hevitra antsika i Nefia fa tokony "[hampihatra] tamin[tsika] ny tenin' ny soratra masina rehetra [isika] mba ho tombontsoan[tsika] sy ho fianarana ho an[tsika]" (1 Nefia 19:23). Ireto hevitra manaraka ireto dia mety hanampy anao hanatontosa izany asa izany:

1. Rehefa tarihan'ny Fanahy Masina ianao dia mijoroa ho vavolombelona amin' ireo fahamarinana izay ampianarinao. Hisy fiantraikany mahery vaika kokoa ny lesonao rehefa mampianatra amin'ny fahatsorana sy amin'ny fandresendahatra ianao.

2. Amporisiho hamaky ny soratra masina samirery sy miaraka amin'ny fianakaviany ny ankizy any an-tranony. Amporisiho ny ankizy hitondra ny soratra masiny any am-pianarana. Raha tsy manana na nanadino izany ireo ankizy dia manàna tahadikan'ny boky izay azon'ny ankizy ho ampiasaina ao ampianarana. Raha manana fitehirizam-boky ny sampana na ny paroasy misy anao, dia afaka maka soratra masina ao ianao.
3. Asaivo mizara ny zavatra nianarany ireo ankizy. Anontanio azy ireo ny fomba hampiharany eo amin'ny fiainany ny fitsipiky ny filazantsara, izay nianarany tao amin'ny lesona.
4. Manaova toy ny mpanao gazety ary ametraho fanontaniana ireo ankizy eo am-panaovana toy ireny olona izay vakiantsika ao amin'ny soratra masina ireny. Asaivo mitantara ny antsipirihan'ny tantara ao amin'ny soratra masina sy ny fihetseham-pony ny amin'izay zava-niseho izy ireo.
5. Zarao vondrona kely roa na mihoatra ireo ankizy ao am-pianarana. Rehefa voavaky ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia asaivo manoratra ireo fitsipika manan-danja ny vondrona tsirairay. Avelao hifanakalo hevitra amin'ny fomba hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany avy eo ny vondrona tsirairay.
6. Manaova fikarohana soratra masina: Mandritra ny taona dia amporisiho ny mpianatra hanamarika ny andininy manokana ao amin'ny soratra masina izay manana lanjany manokana eo amin'ny fiainany. Ohatra, afaka manamarika ny 1 Nefia 2:16, 1 Nefia 3:7, na ny 1 Nefia 4:6 izy ireo. Omeo tari-dalana izy ireo, toy ny zava-nitranga, ny zava-nisy, na ny olana, ary amporisiho izy ireo avy eo hitady izany ao anatin'ny soratra masina. Asaivo manampy ny sisa ao am-pianarana amin'ny fitadiavana izany izay ankizy mahita voalohany ny soratra masina. Asaovy milaza ny antony ifandraisan'izany soratra masina izany amin'ilay tari-dalana izy ireo.
7. Tantarao ireo fotoana manokana nahitanao fa nanaraka ny fitsipika izay nodinihana ny ankizy. Ohatra, raha nampianatra lesona momba ny hatsaram-panahy ianao, dia afaka milaza ny tranga nahitanao ny ankizy lasa tsara fanahy tamin'ny hafa.
8. Araho maso ny asa nampanaovina. Isaky ny manome asa atao na fanamby ianao, dia aoka ianao hanontany ny ankizy mikasika ny traikefany any amin'ny fiandohan'ny fotoam-pianarana ny Alahady manaraka.

## Fanampiana ireo Ankizy Hanao Tsianjery ny Soratra Masina

Ny fanaovana tsianjery ireo soratra masina dia mety ho fomba mahomby amin'ny fampianarana ny filazantsara. Mankafy ny fanaovana tsianjery ireo soratra masina ireo ankizy, rehefa mampiasa fomba mahafinaritra sy mahaliana ianao. Ireto sosokevitra manaraka ireto dia fomba tsara anampiana ny ankizy amin'ny fanaovana tsianjery ny soratra masina:

1. Soraty eny amin'ny solaitrabe na manaova takelaka misy ny litera voalohany amin'ny teny hotadidiana. Azonao atao ny manao ity takelaka manaraka ity ho an'ny teny ao amin'ny fanekempinoana voalohany:

   M a A i R M i a m a J K Z s n F M

   Tondroy ny litera arakaraka ny hamerimberenanao ny teny tsirairay mifanaraka amin'izany. Averimbereno mandritra ny fotoana fohy izany ary avelao ny ankizy hamerina raha mahavita izany. Vetivety foana dia tsy ho ilainy intsony ilay takelaka.

2. Zarazarao ho fehezanteny fohy ny soratra masina. Averimbereno amin'ny feo mafy ny fehezanteny ary atombohy avy any amin'ny farany mba hamerimberenan' ny ankizy ny ampahany tsy dia hainy loatra. Ohatra, ao amin'ny Almà 37:35 afaka mamerina imbetsaka ny hoe: "Tandremo ny didin'Andriamanitra" ny ankizy. Azony atao avy eo ny manampy ny fehezanteny manaraka manao hoe: "Eny, mianara amin'ny fahatanoranao." Ho afaka hamerina ny andininy manontolo izy ireo avy eo.
3. Raha mahay mamaky teny tsara ny ankizy, dia omeo dika voasoratra avy amin'ny soratra masina ny tsirairay. Hetezo izany tahadika tsirairay izany hanome teny na andian-teny fohy. Rehefa avy niara-namaky nandritry ny fotoana fohy ny andininy, dia omeo ny ankizy ny tapa-taratasy misy teny izay efa nafangaro ary asaivo mifandimby mandamina ireo tapa-taratasy misy teny tsirairay na miaraka izy ireo ary handahatra izany araka ny tokony ho izy.
4. Averimbereno matetika ny famakiana ny soratra masina ary miatoa kely mba hahafahan'ny ankizy miteny izay teny na andian-teny manaraka. Miangavia ankizy hafa avy eo hanampy teny vitsivitsy. Tohizo hatrany izany mandra-pandraisan'ny ankizy rehetra fitenenana farafaharatsiny indray mandeha.
5. Mampiasà hira hanampy ny ankizy hanao tsianjery soratra masina. Ohatra, afaka mampianatra ny Fanekempinoana avy ao amin'ny *Bokin-kiran'ny Ankizy* (pp. 122–32) ianao.
6. Zarao vondrona roa ny ankizy. Asaovy mifandimby mamerimberina ny teny na andian-teny milahatra tsara ny vondrona tsirairay. Afaka mamela ny vondrona voalohany hiteny ny teny voalohany ianao ary hiteny ny manaraka avy eo ny vondrona faharoa, ary toy izany hatrany mandra-pahatapitry ny andininy manontolo.
7. Mifidiana andalan-tsoratra masina izay tianao ho ataon'ireo ankizy tsianjery. Soraty eny amin'ny solaitrabe na amin'ny peta-drindrina ilay soratra masina. Averimbereno matetika ilay andalana, ary takony na fafao tsikelikely ireo teny mandra-pahaizan'ny ankizy ilay soratra masina manontolo.

### Fampiasana Amim-pitandremana ny Fotoana Ambiny Fanampiny

Raha vitanao mialohan'ny fahataperan'ny fotoana ny lesona nomaninao dia azonao atao ny mamorona fampiasana hafa hamenoana ny fotoana, raha tianao. Ireto sosokevitra manaraka ireto dia afaka hanampy anao hampiasa io fotoana io amim-pahombiazana:

1. Asaivo milaza ny tantara tiany ao amin'ny soratra masina ny ankizy sasany.
2. Manaova fikarohana soratra masina amin'ny fanomezana tari-dalana mifandray amin'ny andinin-tsoratra masina tena manan-danja izay efa nomarihan'izy ireo teo aloha. Avelao hiasa tsiroaroa na anaty vondrona kely izy ireo mba hitady ilay andalan-tsoratra masina marina ao amin'ny soratra masina.
3. Ampio hanao tsianjery ny soratra masina avy amin'ny lesona na ny fanekempinoana iray izay mifandray amin'ny lesona ny ankizy.
4. Asaivo manome ny heviny amin'ny fomba izay ahafahany mampiasa ny fitsipika avy amin'ny lesona any an-tranony, any amin'ny fianarany na miaraka amin'ny namany ireo ankizy.
5. Zarao ho vondrona maromaro ny ankizy ary asaivo mifametraka fanontaniana mikasika ny lesona.

6. Asaivo manao sary mifanaraka amin'ny lesona na manoratra teny nindramina izay hoentiny any an-tranony ary ho apetany amin'ny rindrina ny ankizy tsirairay mba hahatsiarovany ny lesona.
7. Asaivo manisy marika andalan-tsoratra masina izay hohalalinina amin'ny manaraka ny ankizy. Afaka mangataka azy hanisy marika ireo andininy izay ankafiziny manokana ao amin'ny lesona ianao na afaka ihany koa manome ireo andininy izay eritreretinao fa hampahatsiahy ny ankizy ny tanjon'ny lesona.
8. Ampio ny ankizy hanao tsianjery ny filahatry ny boky ao amin'ny soratra masina. Afaka mahita ireo boky ao amin'ny soratra masina ireo vita an-kira ao amin'ny*Bokin-kiran'ny Ankizy* (pp. 114, 116, 119) ianao.
9. Avereno jerena ny fitsipika na ny tantara ao amin'ny soratra masina tamin'ny lesona teo aloha.

---

**Hira ao Am-pianarana**

Afaka manatevina sy manamafy ny fianarana ny soratra masina ny hira. Ny hira matetika dia mora ahaizan'ny ankizy mitadidy sy mianatra.

Tsy voatery ho mpitendry zava-maneno vao afaka mampianatra ny hira sahaza Manampy ny ankizy hahatsapa ny Fanahy Masina sy hianatra ny filazantsara. Ny hira ao am-pianarana dia mety ho horonam-peo na ataon'ny antoko mpihira mandritra na amin'ny fiandohan'ny lesona mba entina hanamafisana fitsipika iray. Afaka mihira na mamaky ny tononkira koa ianao mba hampandraisana anjara ny ankizy amin'ny lesona ataonao. Raha misy ny horonam-peon'ny *Bokin-kiran'ny Ankizy* (mozika fotsiny, 52505; mozika miaraka amin'ny tonony, 52428) na CD (mozika fotsiny, 50505; mozika miaraka amin'ny tonony, 50428) dia afaka mampiasa ireo ianao, hanampy anao hianatra ny hira na hanaraka hira amin'ny zavamaneno ao am-pianarana.

---

**Fotoana Ifanakalozana**

Indraindray dia angatahana ireo ankizy hanao fampisehoana ara-pilazantsara tsotsotra mandritra ny Fotoana Ifanakalozana ao amin'ny Kilonga. Izany fampisehoana izany dia mety avy amin'ny lesona, ka mitaky famerenana kely, ary manampy amin'ny fanamafisana ny fitsipika izay ampianaranao. Afaka mampiasa ireto sosokevitra manaraka ireto ianao amin'ny fotoana ifanakalozana.

1. Ataovy fampisehoana an-tsehatra ny tantara ao amin'ny soratra masina.
2. Avereno miaraka ny soratra masina izay efa nianarana tsianjery.
3. Avereno ny fanekempinoana iray ary hazavao ny heviny.
4. Lalaovy ny fomba hampiharana ny fitsipika iray amin'ny filazantsara amin'izao vaninandro izao.

---

**Fanekempinoana**

Tokony hampidirinao ao amin'ny lesona ny Fanekempinoana ary amporisiho ny ankizy hianatra tsianjery izany alohan'ny ialany ao amin'ny Kilonga. Ampiasao ny fotoana rehetra hahafahana manampy ny ankizy hanao tsianjery sy hahatakatra ny Fanekempinoana.

**Fahatakarana ireo Ankizy eo amin'ny Valo ka hatramin'ny Iraika ambin'ny Folo Taona**

Manampy ny ankizy hianatra sy hahazo fahatokian-tena, dia tokony hahafantatra izay ilainy sy ny mombamomba azy ianao ary hanomana ny fampiasana sy ny fampianarana hifanaraka amin'izany. Mba hahazoana fampahalalana bebe kokoa mikasika ny toetran'ny ankizy amin'io salan-taona io dia jereo ny *Enseignement—Pas de Plus Grand Appel* (33043), pejy 37–38.

Toetoetra

Ara-batana
- Manana fotoana itomboana haingana sy miadana
- Mety tsy dia havanana loatra
- Tia milalao miaraka amin'ny hafa

Ara-tsaina
- Manaiky ny hianatra
- Mamisavisa ny lasa
- Manomboka mifototra amin'ny fanapahan-kevitra manaraka lôjika
- Te-hahafantatra ny antony
- Mandanjalanja
- Mankafy ireo mahery fo
- Manjary azo itokisana bebe kokoa
- Tia mitadidy zavatra

Ara-piaraha-monina
- Manomboka miala amin'ny fankahalana ny ankizy lahy (raha vavikely izy), ny ankizy vavy (raha lahikely izy): ka maniry bebe kokoa ny hifandray amin'ny ankizy lahy sy ny ankizy vavy
- Mankafy ny fotoana iarahana amin'ny olona maro sy fitokanana irery
- Mahatsapa ny filàna fahaleovan-tena
- Mandroso amin'ny toetra tia mampihomehy ny hafa
- Misahirana ho an'ny hafa

Ara-pihetseham-po
- Mankahala tsikera
- Mety hanana fitondran-tena tsy tsara loatra raha manana olana amin'izay mitovy taona aminy
- Manomboka azo itokisana sy mendri-pitokisana
- Mahatsapa fa tsy tokony hiangatra
- Manomboka manana ahiahy ny amin'ny maha-izy azy
- Lasa tsy dia mandidy sy manapaka loatra amin'izay fomba tiany

Ara-panahy
- Tia mianatra sy mampihatra ny fitsipiky ny filazantsara
- Voataonan'ny fijoroana ho vavolombelona ataon'ny hafa
- Manana fahavononana hianatra ny fitsipiky ny filazantsara
- Manana fahalalana mazava ny amin'ny tsara sy ny ratsy

## Torolalana Manokana ho Fampandraisana Anjara ireo Manana Fahasembanana

Nanome ohatra antsika ny Tompo tamin'ny fahatsapany sy ny fampisehoany ny fangorahana ny olona manana fahasembanana. Rehefa namangy ny Nefita taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty Izy dia nilaza hoe:

"Moa va ianareo manana ireo izay marary eo anivonareo? Ento aty ireo. Moa va ianareo manana ireo izay malemy, na jamba, na mandringa, na kilemaina, na boka, na izay maina, na izay marenina, na izay ory na manao ahoana na manao ahoana izany? Ento aty izy hositraniko, fa manana fangorahana anareo Aho; ny kiboko dia feno famindramim-po" (3 Nefia 17:7).

Amin'ny maha-mpampianatra ao amin'ny Kilonga anao, dia manana toerana tsara hanehoana fangorahana ianao. Na dia tsy niofana hanome fanampiana toy ireo matihanina aza ianao, dia afaka mahazo an-tsaina sy mamporisika ny ankizy izay manana fahasembanana. Ilaina ny fahasahiana sy ny fahafantarana ary ny faniriana hampandray anjara ny mpianatra rehetra amin'ny fiaraha-mientana fianarana.

Azon'ny Fanahy Masina tarihana ny ankizy manana fahasembanana na toa inona na toa inona fari-pahalalany. Na dia tsy maharaka ny fanatrehana ny fotoana rehetra ao amin'ny Kilonga aza ny ankizy sasany, dia ilainy ny hananany fotoana hanatrehana na dia fotoana fohy aza mba hahatsapany ny Fanahy Masina. Mety ilaina ihany koa ny fananana olona iray mahafantatra ny zavatra ilain'ilay ankizy, izay afaka mitoetra eo akaikiny mandritra ny maha-ao amin'ny Kilonga azy, raha sendra mila fotoana hafa manokana ho azy tsy hiarahany amin'ny rehetra ilay zaza.

Mety hanana olana ny mpianatra sasany noho ny tsy fahampiam-pahaizana, fahavoazana ara-tsaina, olana eo amin'ny fanehoan-kevitra na fitenenana, fihenan'ny fahitana sy ny fihainoana, olana amin'ny fitondran-tena sy ara-piarahamonina, aretin-tsaina, olana eo amin'ny fahafaha-mihetsika, na aretina mitaiza. Ny sasany dia mety mahita fa tsy mahazatra ary sarotra ny fomba fiteny na ny fomba fitaizana. Na toa inona na toa inona toerana misy ny tsirairay, ny ankizy tsirairay dia tokony hotiavina sy horaisina tsara, mba hianatra ny filazantsara, mba hahatsapa ny Fanahy, mba handray anjara amim-pahombiazana ary mba hanompo ny hafa.

Ireto torolalana ireto dia mety hanampy anao hampianatra ny ankizy izay manana fahasembanana:

Aza mifantoka loatra amin'ilay fahasembanana ary ataovy izay hahafantarana ilay ankizy. Aoka ho tsotra, tia namana ary tsara fanahy.

Fantaro ny lafiny mampatanjaka sy mahaosa ilay ankizy.

Ataovy ny fomba rehetra ampianarana ary ampahatsiahivo ny mpianatra, fa manana andraikitra hanaja ny mpianatra tsirairay izy ireo. Ny fanampiana ny mpianatra iray manana fahasembanana dia mety ho traikefa ho fianarana ny toetra tahaka ny an'i Kristy ho an'ireo ankizy rehetra ao am-pianarana.

Karohy ireo fomba tsara indrindra ampianarana ilay ankizy amin'ny fanatonana ny ray aman-dreniny na ny olona hafa ao amin'ny fianakaviany, ary raha mety dia ilay ankizy mihitsy aza.

Alohan’ny hiantsoana ny ankizy sembana hamaky teny, na hivavaka, na hanao zavatra hafa, dia anontanio izay tsapany izy amin’ny fandraisany anjara ao am-pianarana. Hamafiso ny fahaiza-manao sy ny talentan’ny ankizy tsirairay, ary tadiavo ny fomba ampandraisana anjara azy mba hahatsapany fahafinaretana amin’izany.

Ataovy izay hahatonga ny fitaovam-pampianarana sy ny tontolo manodidina hifanaraka amin’izay ilain’ny ankizy manana fahasembanana.

Ny fanampim-pitaovana enti-mampianatra ny ankizy manana fahasembanana dia azo alaina any amin’ny foibe fanapariahana ao amin’ny Fiangonana (jereo ny “Materials for Those with Disabilities” ao amin’ny *Salt Lake Distribution Center Catalog).*

---

**Famahana ny Olana vokatry ny Herisetra**

Amin’ny maha-mpampianatra anao, dia tokony ho tsikaritrao ireo ankizy izay ianjadian’ny herisetra ara-pihetseham-po sy ara-batana. Raha manahy ny manjo ny ankizy iray ao am-pianarana ianao, dia aoka ianao hiresaka amin’ny evekanao. Rehefa manomana sy mampianatra lesona ianao dia mangataha fitarihana sy fitantanana amin’ny Tompo. Ampio ny ankizy tsirairay ao am-pianarana hahatsapa fa zanaka sarobidy amin’ny Ray any an-danitra izy ary ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy dia tia antsika tsirairay ary maniry antsika ho sambatra sy hahazo fiarovana.

# Ny Bokin'i Môrmôna, Fanomezana iray avy amin'ny Ray Be Fitiavana

Lesona
1

**Tanjona** Manampy ireo ankizy ho tia sy hanome lanja ny Bokin'i Môrmôna.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Teny Fanolorana sy ny Fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith, voasoratra eo amin'ny fiandohan'ny Bokin'i Môrmôna (na ny Joseph Smith—Tantara 1:29–35, 42–54, 59–60). Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba itiavanao hampianarana ny ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: Pejin-dohatenin' ny Bokin'i Môrmôna,Ny Tenivavolombe-lon'ireo Vavolombelona Telo, Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Valo, Môrmôna 6–7.
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Fonosana atao fanomezana misy ny Bokin'i Môrmôna.
   d. Fanamarihan-pejy ho an'ny ankizy tsirairay (jereo ny santionany any amin'ny faran'ny lesona).
   e. Sary 4-1, Manao Famintinana ny Takelaka i Môrmôna (Jeu d'Illustration de l'Evangile 306; 62520): 4-2, Manafina ny Takelaka ao amin'ny Havoan'i Kômôrà i Môrônia (Jeu d'Illustration de l'Evangile 320; 62462); ary 4-3, Mandray ny Takela-bolamena i Joseph Smith (Jeu d'Illustration de l'Evangile 406; 62012)

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Asehoy ny ankizy ny fonosana atao fanomezana misy ny Bokin'i Môrmôna.

- Nahoana no manolotra fanomezana isika?
- Inona no tsapanao rehefa mahafaly ny olona ny fanomezana natolotrao?

Hazavao fa noho ny halehiben'ny fitiavan'ny Ray any an-danitra antsika dia nomeny fanomezana isika hanampy antsika ho tonga any amin'ny fiainana mandrakizay. Misy hafatra manan-danja ho antsika tsirairay io fanomezana io. Mampianatra antsika momba ny Mpamonjy, dia i Jesoa Kristy izany, ary koa ny fomba iainantsika mba hahafahantsika miverina any amin'ny Ray any an-danitra. Hoy ny Filoha fahatelo ambin'ny folon'ny Fiangonana, ny Filoha Ezra Taft Benson hoe: "Fanomezana lafo vidy lavitra ho an'ny zanak'olombelona noho izay mety

zava-tsoa maro efa hitantsika tamin'ny fitsaboana amin'ny fomba maoderina izany. Zavatra sarobidy lehibe lavitra ho an'ny zanak'olombelona noho ny fandrosoana amin'ny fisidinana na fandehanana eny amin'ny habakabaka izany" (tao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1986, p. 3; na ny *Ensign,* Nôv. 1986, p. 4).

- Inona izany fanomezana izany araky ny hevitrao?

Asaivo manampy anao hanokatra ilay fanomezana ny ankizy. Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny fahasoavana azonao teo amin'ny fiainanao tamin'ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna sy ny amin'ny fanampiana azonao ho tonga bebe kokoa tahaka ny Mpamonjy.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Ampianaro ny tantara mikasika ny fiavian'ny Bokin'i Môrmôna avy ao amin'ny Fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Ampiasao ny teny fanolorana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna hanampy ny ankizy hahatakatra ny lanjan'ity boky soratra masina ity. Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no atao hoe Bokin'i Môrmôna? Iza no nanoratra izany? (Teny fanolorana, fizarana 1–2. Mpaminany fahiny tany Amerika.)

- Nahoana no antsoina hoe Bokin'i Môrmôna izany fa tsy Bokin'i Môrônia na Bokin'i Joseph Smith? (Teny fanolorana, fizarana 2. Ny mpaminany Môrmôna no nanoratra ny ankamaroan'ny hita ao amin'ny takela-bolamena tamin' ny alalan'ny fitantarana sy famintinana izay nosoratan'ireo mpaminany hafa.)

- Inona ny zava-nitranga manan-danja indrindra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna? Nahoana? (Teny fanolorana, fizarana 3. Ny fitsidihan'i Jesoa Kristy ireo Nefita.)

- Inona no voalazan'i Joseph Smith momba ny Bokin'i Môrmôna? (Teny fanolorana, fizarana 6.) (Jereo ny Asa Fanampiny 3.) Ahoana araka ny hevitrao no fomba hanampian'ny famakiana sy ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna anao?

- Mpaminany maro (Nefia, Môrmôna, Môrônia, Joseph Smith) no nandia fijaliana lehibe sy lalan-tsarotra ka nahafahantsika nanana ny Bokin'i Môrmôna. Inona ireo zavatra telo ilaina atao mba hahafantarana fa marina ny Bokin'i Môrmôna? (Teny fanolorana, fizarana 8. Ny famakiana izany, ny famakafakana ny hafatra fonosiny, ny fangatahana amin'Andriamanitra ny fahamarinany.)

- Inona koa no ho fantatsika rehefa mahazo ny fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny Bokin'i Môrmôna isika? (Teny fanolorana, fizarana 9. Fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy, ary i Joseph Smith dia mpaminany, ary ny Fiangonana dia marina.)

- Inona no nataon'i Joseph Smith rehefa niseho taminy voalohany ny anjely Môrônia? (Fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith, fizarana 2–3; Joseph Smith—Tantara 1:29–30.)

- Inona no nambaran'ny anjely Môrônia an'i Joseph Smith? (Fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith, fizarana 6–9; Joseph Smith—Tantara 1:34–35, 42.)
- Inona no nitranga tamin'i Joseph Smith ny ampitso raha niara-niasa tamin-drainy izy? (Fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith, fizarana 15–16; Joseph Smith—Tantara 1:48–49.)
- Nantsoin'ny anjely Môrônia tamin'ny anarany i Joseph Smith tamin'izy nitsidika azy. Ahoana ny fahatsapanao amin'ny fahafantarana fa fantatry ny Ray any an-danitra ny anaranao?
- Nodidian'ny anjely Môrônia hitantara amin-drainy ny momba ilay fahitana i Joseph Smith. Iza no hitantaranao raha manana trangam-piainana tahaka ny niseho tamin'i Joseph Smith ianao? Nahoana?
- Inona no nataon'i Joseph Smith rehefa avy nilazany ny rainy? (Fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith, fizarana 17–19; Joseph Smith—Tantara 1:50–52.)
- Nahoana no nila efa-taona i Joseph Smith vao afaka naka ireo takela-bolamena? (Fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith, fizarana 20; Joseph Smith—Tantara 1:54.)
- Inona ny fampitandremana nomena an'i Joseph Smith taorian'ny nanomezana azy ireo takela-bolamena? (Fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith, fizarana 22; Joseph Smith—Tantara 1:59.)

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Asao ny ankizy hamaky ny pejin-dohatenin'ny Bokin'i Môrmôna. Ilazao izy ireo hanoratra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny ny tanjon'ny boky araka izay voalaza ao pejin-dohateny sy ao amin'ny Teny Fanolorana.
2. Ampio ny ankizy hianatra tsianjery ny Môrônia 10:4.
3. Ifanakalozy hevitra ary ampio ny ankizy hianatra tsianjery ity fanambarana manaraka nataon'ny Mpaminany Joseph Smith ity:

   "Nolazaiko ny rahalahy fa ny Bokin'i Môrmôna no boky marina indrindra amin'ny boky rehetra eto an-tany sy vato ifaharan'ny fivavahantsika, ary hanatona bebe kokoa an'Andriamanitra ny olona amin'ny fanarahana ny fitsipika ao anatiny toy izay ao anatin'ny boky hafa" (Teny Fanolorana, fizarana 6).
4. Ampio ny ankizy hahatakatra ny dikan'ny fanekempinoana fahavalo ary hianatra tsianjery izany.
5. Lalaovy an-tsehatra ny zava-nitranga sasany izay nitondra tamin'ny fiavian'ny Bokin'i Môrmôna.

6. Hirao na vakio ny tonon'ny "Les livres du Livre de Mormon" (*Chants pour les enfants*, p 63), "Dans le Livre de Mormon" (*Chants pour les enfants*, p. 62), "Les plaques d'or" (*Chants pour les enfants*, p. 61), na ny "Search, Ponder, and Pray" (*Children's Songboook*, p. 109).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona fa mpaminany marina i Joseph Smith ary marina ny Bokin'i Môrmôna. |
| | (Isafidianana.) Raha azo atao dia omeo fanamarihan-pejy misy ny dika mitovy mirakitra ny fanambaran'ny Filoha Ezra Taft Benson ny ankizy tsirairay (jereo ny santionany any amin'ny faran'ny lesona). |
| Fizarana Fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. Atoroy azy ny toerana ahitany io fanambarana io ao amin'ny fiandohan'ny Bokin'i Môrmôna na ao amin'ny Joseph Smith—Tantara 1:29–35, 42–54, 59–60. |
| | Amporisiho ny ankizy tsirairay hitondra ny Bokin'i Môrmônany any am-pianarana isaky ny Alahady. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

"Irian'ny Ray any
an-danitra ny ha-
nohizanao mianatra
isan'andro ny Boki-
n'i Môrmôna. Fa-
nomezana hafakely
avy amin'ny Ray any
an-danitra izany.
Amin'ny fanara-
hana ny fampiana-
rany no ianaranao
hanao ny sitra-
pon'ny Raintsika
any an-danitra."

*Ezra Taft Benson*

"Irian'ny Ray any
an-danitra ny ha-
nohizanao mianatra
isan'andro ny Boki-
n'i Môrmôna. Fa-
nomezana hafakely
avy amin'ny Ray any
an-danitra izany.
Amin'ny fanara-
hana ny fampiana-
rany no ianaranao
hanao ny sitra-
pon'ny Raintsika
any an-danitra."

*Ezra Taft Benson*

"Irian'ny Ray any
an-danitra ny ha-
nohizanao mianatra
isan'andro ny Boki-
n'i Môrmôna. Fa-
nomezana hafakely
avy amin'ny Ray any
an-danitra izany.
Amin'ny fanara-
hana ny fampiana-
rany no ianaranao
hanao ny sitra-
pon'ny Raintsika
any an-danitra."

*Ezra Taft Benson*

"Irian'ny Ray any
an-danitra ny ha-
nohizanao miana-
tra isan'andro ny
Bokin'i Môrmôna.
Fanomezana ha-
fakely avy amin'ny
Ray any an-dani-
tra izany. Amin'ny
fanarahana ny
fampianarany no
ianaranao hanao
ny sitrapon'ny
Raintsika any
an-danitra."

*Ezra Taft Benson*

Lesona 2

# Nanaraka ny Rainy izay Mpaminany i Nefia

**Tanjona** Manamafy ny fanirian'ny ankizy tsirairay hanaraka ny mpaminany velona.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny 1 Nefia 1–2. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Dika mitovy misy ny fanekempinoana fahaenina (65006). Takony amin'ny taratasy mivalona ny teny hoe: *mpaminany*. Soraty ao anatin'ilay taratasy ny hoe: "Ny mpaminany dia olona nantsoin'Andriamanitra hiteny amin'ny anarany. Rehefa miteny amin'ny anaran'Andriamanitra ny mpaminany dia toy ny hoe Andriamanitra no miteny." Raha tsy misy ny dika mitovy amin'ny fanekempinoana fahaenina, dia manamboara, na soraty eny amin'ny solaitrabe izany.
   d. Sary 4-4, Maminany manoloana ireo Vahoakan'i Jerosalema i Lehia (Jeu d'Illustration de l'Evangile 300; 62517), sy ny 4-5, Nandao an'i Jerosalema ny fianakavian'i Lehia (Jeu d'Illustration de l'Evangile 301; 62238), ary sarin'ny mpaminany velona na sary irain'i Joseph Smith (Jeu d'Illustration de l'Evangile 401; 62002).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Asehoy ny fanekempinoana fahaenina miaraka amin'ny teny *mpaminany* notakonana. Asao ny ankizy hanangan-tanana raha fantany ilay teny izay notakonana. Asaivo hanala ilay taratasy ary hanome izany anao ny ankizy iray. Asao hamerina miaraka ny fanekempinoana fahaenina ireo ankizy.

Asehoy ny sary misy ny mpaminany velona na ny an'ny Mpaminany Joseph Smith, ary hanontanio ny ankizy hoe iza io olona io.

- Inona no atao hoe mpaminany?

Aorian'ny fifanakalozana hevitra dia iangavio ny ankizy hamaky izay voasoratra ao anatin'ilay taratasy mivalona (jereo ny "Fiomanana").

Mijoroa ho vavolombelona fa manambara hatrany izay asain'ny Ray any andanitra sy i Jesoa Kristy hataony ny mpaminany. Hazavao fa hotahiana isika rehefa manaraka ny mpaminany.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Ampianaro ny tantaran'i Lehia mpaminany sy ny fianakaviany nandao an'i Jerosalema ao amin'ny1 Nefia 1–2. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany. Hamafiso fa tokony hiezaka avokoa isika rehetra ho tahaka an'i Nefia sy hanaraka ny mpaminany velona.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no nataon'i Lehia ho an'ny vahoakany? (1 Nefia 1:5.) Inona no nasehon'ny Tompo an'i Lehia tamin'ny fahitana? (1 Nefia 1:6–13.)
- Inona no nataon'i Lehia taorian'ny nahazoany fahitana? (1 Nefia 1:18.)
- Momba an'iza no naminanian'i Lehia? (1 Nefia 1:9, 19. Hazavao fa i Jesoa Kristy no ilay Mesia.) Ampio ny ankizy mba hahatakatra fa ny mpaminany dia mijoro ho vavolombelona hatrany ny amin'i Jesoa Kristy. Ahoana no hahafahanao mahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy? Mijoroa ho vavolombelona fa afaka mahafantatra ny ankizy tsirairay fa i Jesoa no Mpamonjy, amin'ny alalan'ny fandalinana ombam-bavaka ny Bokin'i Môrmôna sy ny fankatoavana ny didy.
- Inona no nataon'ny vahoaka rehefa nandre ny tenin'i Lehia izy ireo? (1 Nefia 1:19–20.) Inona no mety ho nataonao raha nesoina sy nihomehezana noho ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny Fiangonany ianao?
- Taorian'ny niezahan'ny vahoaka hamono an'i Lehia dia inona no nodidian'ny Tompo ho ataony? (1 Nefia 2:1–3.)
- Inona no nentin'ny fianakavian'i Lehia niaraka taminy rehefa nandao an'i Jerosalema izy ireo? (1 Nefia 2:4.) Inona avy ireo vatsy? (Sakafo, fitafiana, lay, fitaovam-piasana sy ny sisa.) Inona no navelan'ny fianakavian'i Lehia?
- Inona no nataon'i Lamana sy i Lemoela rehefa nandao ny tranony sy ny volamenany ary ny volafotsiny izy ireo? (1 Nefia 2:11–13.) Inona no atao hoe *mimoimoy*? (Mitaraina.) Inona no atao hoe fahamafisan'ny fo? (Fahamafisandoha, fiavonavonana.) Raha asaina mandao ny tranonao sy ny fanananao ianao, dia inona no ho tsapanao?
- Nahoana no tsy mba nanohitra an-drainy i Nefia? (1 Nefia 2:16.) Hazavao fa ny *mitalaho ny Tompo* dia mivavaka amin-kitsim-po ary ny *manalefaka ny fonao* dia mihaino sy mankato. Ahoana ny fahafahan'ny vavaka manalefaka ny fonao no manampy anao hanaraka ny mpaminany?
- Ahoana no nanehoan'i Nefia ny fitiavany an'i Lamana sy i Lemoela rehefa tsy ninoany izy? (1 Nefia 2:18.) Efa mba nivavaka ho an'ireo olona izay tsy mbola nitandrina ny didy ve ianao?
- Inona no nampanantenain'ny Tompo an'i Nefia noho ny finoany? (1 Nefia 2:19–22.) Inona no atao hoe finoana araka ny hevitrao?

- Inona no nanjo an'i Jerosalema taorian'ny nandaozan'ny fianakavian'i Lehia azy? (2 Nefia 1:4.) Moa va tsy maintsy mitranga foana ny zavatra nanao-van'ny mpaminany faminaniana? (F&F 1:37–38.)
- Oviana no nandao an'i Jerosalema ny fianakavian'i Lehia? (Ny daty ao anaty fononteny eo amin'ny farany ambany amin'ny pejin'ny Bokin'i Môrmôna no manambara amintsika ny fotoana nitrangan'izany zavatra izany.) Inona no dikan'ny hoe Talohan'i J. K? (Talohan'i Jesoa Kristy.)
- Iza no mpaminany amin'izao andro izao? (Asehoy ny sariny raha misy.) Inona no asainy hataontsika? Afaka mizara sombiny amin'ireo hafatra farany ho an'ny ankizy ianao, raha tianao. Ahoana no fomba hitahiana antsika rehefa mana-raka ny mpaminany velona isika?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Mitondrà zavatra na sarin-javatra vitsivitsy izay mety ho nentin'ny fianaka-vian'i Lehia niaraka taminy ho any an-tany foana, toy ny lay, lamba firako-tra, tavoara, antsy, tsipika sy zana-tsipika. tady na masomboly. Amporisiho hieritreritra sy hilaza anaran-javatra hafa izay mety ho nentin'ny fianakavian'i Lehia niaraka taminy ireo ankizy.
   - Nahoana araka ny eritreritrao no mety ho nilain'ny fianakavian'i Lehia ireny zavatra ireny? Inona ihany koa no mety ho nilainao nentina raha nandeha lavitra tahaka an-dry Lehia ianao?
   - Inona ny zavatra sarotra aminao ny handao azy?
2. Asehoy ny sary iray misy ny Filohan'ny Fiangonana (Jeu d'Illustration de l'E-vangile 506; 62575), ary asaivo hianaran'ny ankizy tsianjery ny anarany sy ny filaharany araka ny fotoana nanompoany.
3. Zarao ny fanambarana manaraka nataon'ny Filoha Ezra Taft Benson, Filoha fahatelo ambin'ny folon'ny Fiangonana:

   "Ankehitriny dia mba te-hiresaka aminareo ankizy ato amin'ny Fiangonana aho. . . .

   "Tiako be ianareo! Tia be anareo ihany koa ny Ray any an-danitra!

   "Iriako androany ny hampianatra anareo ny amin'izay tian'ny Raintsika any an-danitra ho fantatrareo mba hahafahanareo mianatra hanao ny sitrapony sy hankafy ny fahasambarana marina. Hanampy anareo izany ankehitriny sy mandritra ny androm-piainanareo. . . .

   "Faly be aho mandre ny fitiavanareo ny Bokin'i Môrmôna. *Tiako* koa izy io, ary irian'ny Ray any an-danitra ny hanohizanareo ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna isan'andro. Fanomezana hafa kely nomen'ny Ray any an-danitra anareo izy io. Amin'ny fanarahana ny fampianarana ao anatiny no ianara-nareo hanao ny sitrapon'ny Ray any an-danitra" (tao amin'ny Conference Report, Apr. 1989, p. 102; na ny *Ensign,* Mey 1989, pp. 81–82).
4. Adikao amin'ny taratasy kely maromaro ny sombin-dahateny fohy nataon'ny mpaminany velona vao haingana tamin'ny fihaonambe (jereo ny fihaonambe nivoaka tamin'ny gazetibokim-piangonana). Ataovy ao anaty boaty na ha-rona taratasy ireo fanambarana ireo, ary asao ny mpianatra haka ny teny

nindramina tsirairay avy. Rehefa samy avy nahavaky ny teny nindramina voarainy ny ankizy, dia asaivo lazainy ny fomba hanarahany ny sosokevitry ny mpaminany.

5. Resaho ny fanekempinoana fahaenina ary ampio ny ankizy hianatra tsianjery izany.
6. Hirao na vakio ny tonon'ny "Misaotra Anao noho ny Mpaminany" (*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* lah. 72), "Keep the Commandments" (*Children's Songbook*, p. 146), na ny "Suis les prophètes" (*Chants pour les enfants*, p. 58).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona fa noho ny fitiavan'ny Ray any an-danitra antsika dia nomeny mpaminany velona isika. Ambarao fa hotahiana ny ankizy raha manaraka ny mpaminany velona. |
| Fizarana Fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny 1 Nefia 2 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

Lesona
3

# Fahazoana ireo Takela-barahina

**Tanjona**

Manampy ireo ankizy hahatakatra fa manampy izay matoky Azy sy mankato ny didiny ny Ray any an-danitra.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny1 Nefia 3–5. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Raha azo atao dia manomana dika mitovin'ny fanambarana hoe: "Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo any" (1 Nefia 3:7) ho an'ny ankizy tsirairay (jereo ny santionany ao amin'ny faran'ny lesona).
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Takelaka misy mari-pamantarana any amin'ny faran'ny lesona (takonana ny mari-pamantarana). Azo soratana amin'ny taratasy na eny amin'ny solaitrabe izy io.
   d. Sary 4-6, Manolotra ny Hareny an'i Labana ny Zanakalahin'i Lehia; 4-7, Manakana an'i Lamana sy i Lemoela ny Anjely; 4-8, Miverina tany amin'i Lehia miaraka amin'ny takela-barahina i Nefia.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Asehoy ny hafatra miafina (takonana ny mari-pamantarana), ary hanontanio raha misy afaka mamaky izany. Hazavao fa toa sarotra ankatoavina ny didin'ny Ray any an-danitra sasany tahaka ny mahasarotra ny mamaky ilay hafatra. Azontsika vakiana ilay hafatra raha misy fanampiana. Mitovy amin'izay fomba izay ihany koa, miaraka amin'ny fanampian'ny Ray any an-danitra no ahafahantsika mankato ny didin'Andriamanitra rehetra.

- Inona avy ireo zavatra nandidian'Andriamanitra antsika mba hataontsika?
- Ahoana araka ny eritreritrao no mety hanampian'ny Ray any an-danitra antsika hitandrina ny didiny?

Hazavao fa hanampy antsika ny Ray any an-danitra, raha manana finoana Azy isika ary matoky Azy. Hazavao fa hianatra ny fomba nanampian'ny Ray any an-danitra ny zanakalahin'i Lehia hankatò didy iray izay toa sarotra taminy ny nanatanteraka azy tamin'ny voalohany ny ankizy, ao amin'ity lesona ity.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampiasao ity sary ity ary tantarao ny1 Nefia 3–5 misy ny tantaran'i Nefia sy ny rahalahiny niverina tany Jerosalema haka ireo takela-barahina. (Mba hahitana ny

fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Ampio ny ankizy hahalala fa raha manana finoana izy, dia afaka mahazo fanampiana tahaka an'i Nefia hitandrina ny didy.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no nandidian'ny Ray any an-danitra an'i Lehia tao amin'ny nofy? (1 Nefia 3:2–4.) Nahoana no ilain'ny fianakavian'i Lehia ireo takela-barahina ireo? (1 Nefia 3:19–21.) Nahoana no lasa fitahiana ho an'ny tarakan'i Lehia ireo takela-barahina ireo? (1 Nefia 5:21–22.)
- Inona no nataon'i Lamana sy i Lemoela rehefa nodidiana hiverina any Jerosalema izy ireo haka ireo takela-barahina? (1 Nefia 3:5, 28, 31.)
- Inona no nataon'i Nefia rehefa nodidiana izy haka ireo takelaka ireo? (1 Nefia 3:5–7, 15, 21.) Nahoana no vonona hanao izay rehetra angatahin'ny Tompo hataony i Nefia? Ahoana no nahafantarany fa hanampy azy haka ireo takelaka ny Tompo?

Jereo ilay mari-pamantarana ary omeo fotoana ny mpianatra hamantatra miaraka ilay hafatra. Diniho ny hevitra ambara ao 1 Nefia 3:7.

- Iza no nanampy an'i Nefia haka ireo takela-barahina? (1 Nefia 4:6.) Ahoana no hahatonga antsika ho mendrika handray ny fanampiana sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina?
- Nahoana no sarotra indraindray ny mankatò ny didy? Ahoana no ahafahan'ny ohatra nasehon'i Nefia manampy antsika hankatò ny didy? (1 Nefia 7:12.)
- Ahoana no ahafahantsika mianatra hanaraka ny Tompo tahaka ny nataon'i Nefia?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Ampio hanao tsianjery ny 1 Nefia 3:7ny ankizy. Ampio izy hanisy marika ny tahadikan'ny Bokin'i Môrmônany manokana.
2. Ianaro tsianjery sy diniho miaraka amin'ny mpianatra ny fanekempinoana fahatelo. Antitrantero fa tokony hankatò ny didin'ny Ray any an-danitra foana isika, ary dia hotahiany isika raha manao izany.
3. Manasà ankizy maro hamarana ny fanambarana manao hoe: "Mampiseho finoana an'ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy aho rehefa ________________________________________."
4. Hirao na vakio ny tonon'ny *"Le courage de Néphi"* (*Chants pour les enfants*, p. 64), na ny "Keep the Commandments" (*Children's Songbook*, p. 146).
5. Mampisehoa sary na zavatra vitsivitsy, toy ireto manaraka ireto, izay mampahatsiahy antsika ny zavatra nangatahin'ny Ray any an-danitra hataontsika (voasoratra ao anatin'ny fononteny ny filaharan'ny sary any amin'ny trano

fitehirizam-boky ao amin'ny trano fiangonana). Resaho ny didy sy ny fahasoavana miaraka aminy.

Mivavaha (62217)
Manao asa fitoriana (62611 )
Mifandray amin'ny hafa amin'ny hatsaram-panahy sy fanajana (62316)
Mandeha mankany amin'ny tempoly (62559)
Mandray ny Fanasan'ny Tompo (62021)
Mandoa fahafolonkarena (Asehoy ny va-
lopy fandoavana ny fahafolonkarena)
Mamaky soratra masina (62373)
Miaina ny Tenin'ny Fahendrena (asehoy ny sarin'ireo sa-
kafo mahasoa, ary koa fampiasam-batana)
Manao takarivan'ny mpianakavy (62521)

---

**Famaranana**

Fijoroana ho vavolombelona

Mijoroa ho vavolombelona fa hanampy antsika hankatò ny didiny ny Ray any an-danitra. Azonao atao ny mizara traikefa izay nanehoanao finoana ny fitandremana ny didy iray, toy ny fitandremana ny andro Sabata ho masina na fanehoana hatsaram-panahy amin'ny hafa, ary ny fomba nitahiana anao.

Raha azo atao dia omeo ny dika mitovy amin'ny hafatra "Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo ahy" (1 Nefia 3:7). Soraty eo amin'ilay taratasy misy hafatra ho azy ny anaran'ilay ankizy, ary amporisiho izy hanao azy ity koa ho toy ny fampanantenana nomeny.

Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana

Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy.

Vakiteny Enti-mody

Asaivo mandalina any an-tranony ny 1 Nefia 3:1–8; 1 Nefia 4 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.

35   8 66 3 7 35 8   8 35 19   8 2 42   35 8 66 8 19   66 42

50 8 75 8 1 2 8   1 50 8 42   7 16 8   66 8 66 3 1 3 1 8 66 66 42

5 19 82 88 19   8 35 42

Mari-pamantarana: 35=H 8=A 66=N 3=D 7=E 19=O
2=R 42=Y 5=T 75=V 1=I 82=M 16=F 50=Z 88=P

Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo ahy.

**1 Nefia 3:7**

Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo ahy.

**1 Nefia 3:7**

Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo ahy.

**1 Nefia 3:7**

Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo ahy.

**1 Nefia 3:7**

Lesona 4

# Ny Hazon'ny Fiainana

**Tanjona**

Manamafy ny fanirian'ny ankizy tsirairay hankatò ny tenin'Andriamanitra sy ho mendrika ny fiainana mandrakizay.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny1 Nefia 8, 1 Nefia 11, ary ny 1 Nefia 15:21–36. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, ary ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny Asa Fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Raha azo atao dia manomanà dika mitovy misy ny sarin'ny hazon'ny fiainana ho an'ny ankizy tsirairay (jereo ny santionany any amin'ny faran'ny lesona).
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Tady, kofehy matevitevina na kofehy mafy eo amin'ny 5 metatra eo ho eo, lamba kely hanapenana maso sy karatra kely roa izay misy ny teny hoe:*Fahaterahana* ary iray hafa misy teny hoe: *Fiainana Mandrakizay.*
   d. Takelaka misy ny sary ohatra ny hazon'ny fiainana sy ny dikany notakonana amin'ny taratasy lavalava.
   e. Sary 4-9, I Jesoa ilay Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 240; 62572); 4-10, Ny Fahaterahan'i Jesoa (Jeu d'Illustration de l'Evangile 200; 62116); 4-11, Ny Fanomboana (Jeu d'Illustration de l'Evangile 230; 62505); 4-12, Ny Nofin'i Lehia mahakasika ny Hazon'ny Fiainana (62620); 4-13, Ny Hazon'ny Fiainana sy ny Anja-by; ary ny 4-14, Fiotazan'i Lehia ny Voan'ny hazo.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Asaivo  mitsangana eny aloha ny ankizy roa, ny iray eny amin'ny ilany havia ary ny iray kosa eny amin'ny havanana. Asaivo hazonin'ny ankizy voalohany ny taratasy misy ny teny hoe:*Fahaterahana,* ary ny faharoa mihazona ilay misy ny teny hoe: *Fiainana Mandrakizay.*Tampeno ny mason'ny ankizy fahatelo. Rehefa avy nahodinkodina fotoana fohy ilay ankizy, dia jereo izy raha afaka mandeha miala avy eo amin'ny zaza voalohany tsy misy manampy mankany amin'ilay faharoa. Asaivo henjanin'ireo ankizy roa ny tady manelanelana azy ka samy mitazona ny lohany iray avy ny tsirairay. Asaivo manandrana mandeha indray ilay ankizy mitapi-maso, miala avy eo amin'ilay ankizy voalohany mankany amin'ilay faharoa, fa mihazona amin'ilay tady izy amin'ity indray mitoraka ity. Resaho ny antony nahamora kokoa ny tamin'ny faharoa noho ny tamin'ilay voalohany. Hazavao fa mandritra ny fiainantsika eto an-tany, dia miezaka avokoa isika hiverina any amin'ny Raintsika any an-danitra. Efa nomeny zavatra hazonina isika amin'izay mba hahafahantsika mahita ny lalana miverina any Aminy.

- Inona no nomen'ny Ray any an-danitra antsika mba hitarika antsika hiverina eo anatrehany? (Ny soratra masina, ny mpaminany, ny Fanahy Masina.)

Asehoy ny sarin'i Jesoa Kristy ary lazao ny ankizy fa hampianatra ny fomba ahafahan'ny fanarahana ny fampianaran'i Kristy manampy antsika hiverina eo anatrehan'ny Ray any an-danitra ity lesona ity.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Ampiasao ity sary ity sy ny Bokin'i Môrmôna, rehefa mampianatra ny nofin'i Lehia ao amin'ny 1 Nefia 8 sy ny fanazavana ny nofiny ao amin'ny 1 Nefia 11 ary ny 1 Nefia 15:21–36. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Hazavao fa ampiasaina matetika ao amin'ny soratra masina ny sary ohatra. Ny sary ohatra matetika dia zavatra hita izay ampiasaina hanehoana fitsipika na fampianarana. Ohatra, ny zanak'ondry dia mariky ny fahadiovana ka izany no niantsoina an'i Jesoa Kristy ho Zanak'ondrin'Andriamanitra. Hazavao fa ao anatin'ity lesona ity dia hianatra ny sary ohatra izay hitan'i Lehia tamin'ny nofy sy ny heviny ny mpianatra.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Nahoana no tian'i Lehia ny hihinanan'ny fianakaviany ny voankazon'ny hazon'ny fiainana? (1 Nefia 8:10–12.) Inona no tian'ny Ray any an-danitra ho an'ny zanany rehetra?

- Nahoana araka ny hevitrao no nihinana tamin'ilay voankazon'ny hazon'ny fiainana ny zanakalahin'i Lehia sasany ary ny hafa tsy nihinana? (1 Nefia 8:13–17.) Inona avy ireo antony tsy ankatoavantsika hatrany ny didin'ny Ray any an-danitra?

- Inona ny hevitry ny sary ohatra tao amin'ny nofin'i Lehia? Asehoy ny takelaka misy ireo sary ohatra ilay hazon'ny fiainana sy ny heviny, sady esory ny manakona ny hevitra tsirairay rehefa dinihina ny momba izany.

| Sary ohatra: | Ny heviny: |
|---|---|
| 1. Ny hazo (1 Nefia 8:10) | 1. Ny fitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao no nanomezany ny Zananilahitokana (1 Nefia 11:21–22; Jaona 3:16) |
| 2. Ny voankazo (1 Nefia 8:11) | 2. Fiainana mandrakizay (1 Nefia 15:36; F&F 14:7) |
| 3. Ny anja-by (1 Nefia 8:19) | 3. Ny tenin'Andriamanitra (1 Nefia 15:23–24) |
| 4. Zavon'ny haizina (1 Nefia 8:23) | 4. Ny fakam-panahin'i Satana (1 Nefia 12:17) |
| 5. Trano malalaka sy midadasika (1 Nefia 8:26–27) | 5. Ny avonavon'izao tontolo izao (1 Nefia 11:36) |

- Rehefa nangataka ny anjely hampiseho ny dikan'ny hazo i Nefia dia nahita ny nahaterahan'ny Mpamonjy sy ny asa fanompoana nataony. Ahoana no ilazana fa fanehoan'Andriamanitra ny fitiavany lehibe antsika ny fahaterahana sy ny asa fanompoan'i Jesoa Kristy?
- Inona no asehon'ny voan'ilay hazo ? (Ny fanomezana ny fiainana mandrakizay.) Nahita i Nefia fa noho ny fitiavan'i Jesoa Kristy no nanomboana Azy noho ny otantsika, amin'izay dia afaka mibebaka sy mahazo ny fiainana mandrakizay isika. Hazavao fa ny fiainana mandrakizay dia ny miaina miaraka amin'ny Ray any an-danitra eo anivon'ny fianakaviana any amin'ny fanjakana selestialy. Inona no tsy maintsy ataontsika mba hahazoana ny fiainana mandrakizay?
- Inona no asehon'ny anja-by? (Ny Tenin'Andriamanitra.) Ahoana no lazaina fa hampijanona antsika amin'ny lalana miverina any amin'ny Raintsika any an-danitra ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna isan'andro? (1 Nefia 15:24.) Amin'ny fomba ahoana no nitahian'ny famakianao ny Bokin'i Môrmôna anao?
- Inona no asehon'ny zavon'ny haizina? (Ny fakam-panahin'i Satana izay mety manankorontana sy mampivily lalana antsika.) Amin'ny fomba ahoana no itarihan'i Satana antsika hiala amin'ilay lalana ety sy tery? Inona no azontsika atao mba hanoherana ny fakany fanahy antsika? Nahoana no ho sambatra kokoa isika raha mijanona amin'ilay lalana ety sy tery?
- Inona no asehon'ilay trano malalaka sy midadasika? (Ny avonavon'izao tontolo izao.) Amin'ny fomba ahoana no anesoina anao noho ny fiezahanao hanao ny tsara? Iza no manosika ny olona haneso antsika?

Raha azo atao dia ampitondray sary misy ny nofin'i Lehia any an-tranony ny ankizy tsirairay. Asaivo milaza izay safidy mety ho ataony mandritra ny herinandro hoavy ny ankizy mba hanampy azy hihazona ny anja-by. (Mety ho hita ao anatin'ny valinteny ny hoe mamaky ny Bokin'i Môrmôna isan'andro, mankatò ray aman-dreny, mivavaka ho marin-toetra, mifidy namana tsara, mifidy fialam-boly tsara, sy ny sisa.)

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.


1. Manaova lalao fampifandraisana sary. Amin'ny fampiasana ny voalaza eo amin' ny takelaka misy ny fanehoana an'ohatra sy ny hevitry ny hazon'ny fiainana, dia soraty mitsitokantokana eo ambony takelaka mirefy 7,5 sm x 2,5 sm ny sary ohatra tsirairay amin'ny nofin'i Lehia sy ny dikan'izany tsirairay avy. Mampiasa takelaka enina hafa mitovy refy amin'ny teo aloha misy sary na marika mandeha tsiroaroa anankitelo, toy ny endrika mitsiky, kintana ary fo. Ampifangaroy ny takelaka ary ahohofy anaty tsanganana efatra eo amin'ny gorodona na ambony latabatra. Asaivo mandalo tsirairay ny ankizy ary mamadika karatra roa. Vakio mafy izay voalaza ao anaty karatra tsirairay. Raha mifandray ny karatra dia avadiho. Tapitra ny lalao rehefa mivadika avokoa ny karatra rehetra.

2. Ampio hanao tsianjery ny 1 Nefia 15:23–24 ny ankizy.
3. Hirao na vakio ny tonon'ny "Il envoya son Fils aimé" (*Chants pour les enfants*, p. 20), "Je veux suivre le plan de Dieu" (*Chants pour les enfants*, p. 86), "Zanaky ny Ray aho" (Fihirana sy Hiran'ny Ankizy, p. 113), na ny "The Iron Rod" (*Hymns*, no. 274).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona fa afaka miverina miaina miaraka amin'ny Ray any andanitra isika raha mankatò ny didy. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny 1 Nefia 8:5–34 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |




**1** Ilay hazo. (1 Nefia 8:10)

Ny fitiavan' Andriamanitra tamin'ny nanomezany an'izao tontolo izao ny Zanakalahitokany. (1 Nefia 11:21–22; Jaona 3:16)

**2** Ny voan'ny hazo. (1 Nefia 8:11)

Fiainana mandrakizay. (1 Nefia 15:36; F&F 14:7)

**3** Ny anja-by. (1 Nefia 8:19)

Ny tenin' Andriamanitra. (1 Nefia 15:23–24)

**4** Zavon'ny haizina. (1 Nefia 8:23)

Fakam-panahin'i devoly. (1 Nefia 12:17)

**5** Trano malalaka sy midadasika. (1 Nefia 8:26–27)

Avonavon'izao tontolo izao. (1 Nefia 11:36).

# Notarihana namakivaky ny Tany Foana i Lehia sy ny Fianakaviany

Lesona
5

**Tanjona**

Manampy ireo ankizy hahatakatra fa rehefa manao izay azony atao izy ary matoky ny Ray any an- danitra, dia hitarika azy Izy.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny1 Nefia 16, Almà 37:38–46, ary ny Ohabolana 3:5–6. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, ary ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Alohan'ny hampianarana ny lesona dia andramo mialoha ilay Asa hisarihana ny saina mba hahafantaranao izay atao.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Baiboly ho an'ny ankizy tsirairay.
   d. Kofehy kely eo amin'ny 50 sm eo ho eo isaky ny ankizy.
   e. Sary 4-15, Ny Liahona (Jeu d'Illustration de l'Evangile 302; 62041), ary ny 4-16, I Nefia sy ny Tsipìkany Tapaka.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Omeo kofehy kely eo amin'ny 50 sm ny ankizy tsirairay. Asaivo hazoniny amin'ny tanany havanana ny lohan-tady iray ary amin'ny tanana havia ny iray. Iangavio izy ireo hamatotra vona iray eo amin'ny kofehy tsy atao hatramin'ny farany. Raha sendra tsy ampy ny kofehy dia asaivo manao izany eny anoloana ny ankizy iray.

- Moa ve sarotra be ny manao izany sa tsy ho vita mihitsy?

Asaivo manandrana mamatotra vona iray hafa ny ankizy, saingy amin'ity indray mitoraka ity kosa dia asaivo hampifanaingaininy aloha ny tanany ka amin'iny tanany mbola mifanaingina iny no asaivo hakany ny lohakofehy iray amin'ny tanany havanana ary amin'ny tanana havia ilay faharoa. Asaivo hazoniny tsara ny loha-kofehy rehefa manatsotra ny tanany izy. Hifatotra ny kofehy. Angony ny kofehy any amin'ny ankizy. Ampahatsiahivo azy fa afaka namatotra vona izy, rehefa nasehonao azy ny fanaovana izany. Ilazao izy fa ohatra izany ihany koa, dia manana olana saro-bahana isika rehetra eo amin'ny fiainana. Raha manao izay azontsika atao rehetra anefa isika ary mametraka ny fahatokiantsika amin'ny Ray any an-danitra, dia hanampy antsika hahita vahaolana Izy.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany. Ampianaro ny tantaran'ny fianakavian'i Lehia notarihan'ny Liahona sy ny tsipìkan'i Nefia tapaka ao amin'ny1 Nefia 16:17–32. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Amporisiho ny ankizy hanao izay azony atao sy hatoky ny Mpamonjy na inona na inona mitranga.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Ahoana no nitahiana an'i Lehia noho ny finoany sy ny fankatoavany rehefa nandeha tany an-tany foana izy? (1 Nefia 16:10.)
- Inona no nataon'ny rain'i Nefia sy ny rahalahiny rehefa tapaka ny tsipìka vỳ an'i Nefia? (1 Nefia 16:17–21.) Nahoana no mora foana ny mitaraina rehefa tsy mandeha araka izay itiavantsika azy ny fitrangan-javatra?
- Na dia trotraka sy noana aza i Nefia dia tsy mba nitaraina.  Inona no nataony hamahana ny olany? (1 Nefia 16:22–32.)
- Nahoana no nangataka fanampiana tamin-drainy i Nefia? (1 Nefia 16:23–24.) Ahoana no fomba nanampian'ny ray aman-dreninao anao fony ianao nanana olana?
- Ahoana no ahafahanao ho lasa ohatra tsara tahaka an'i Nefia, eo amin'ny ray aman-dreninao sy ny iray tampo aminao?
- Ahoana no fiasan'ny Liahona (ilay bola varahina)? (1 Nefia 16:26–30.)
- Inona no nomen'ny Ray any an-danitra antsika hanoroany antsika ny lalana miverina any Aminy? (Almà 37:44–45.) Aiza no ahitantsika ny Tenin'i Kristy? (Ny Soratra Masina.) Inona no tsy maintsy ataontsika mba hahafahantsika manana ny tenin'i Kristy hitarika antsika? (Almà 37:46.)
- Inona no tsy maintsy ataontsika raha mila fanampiana avy amin'ny Ray any an-danitra isika?
- Inona no ataon'ny Ray any an-danitra, raha manana finoana isika ary matoky Azy? (Ohabolana 3:5–6.) Ahoana no ahafahantsika mampiseho ny fahatokiantsika ny Ray any an-danitra? Nahoana araka ny eritreritsika no tian'ny Ray any an-danitra ny hatokisantsika Azy sy ny hanaovantsika izay azontsika atao rehetra?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Asaivo haverin'ny ankizy tantaraina ny tantaran'ny tsipìkan'i Nefia tapaka. Asaivo lazainy izay olona mba tiany hotahafina ao amin'ny ankohonan'i Lehia, rehefa miatrika olana izy.

2. Asaivo lalaovin'ny ankizy amin'ny endrika miaro hatsikana ny tantaran'ilay tsipìka tapaka. Asaivo hataony avy eo izay mety ho nitranga, raha natoky ny Tompo i Lamana sy i Lemoela.
3. Anontanio ny ankizy ny fitsipika voalohan'ny filazantsara. Antitrantero fa tokony hanana ny finoana an'i Jesoa Kristy izy ireo. Ampio izy ireo hanao tsianjery ny fanekempinoana fahefatra.
4. Avereno jerena ny tantara nahazoan'i Nefia ny takelaka varahina araka ny voarakitra ao amin'ny1 Nefia 3–5. Ampitahao ny zavatra nataon'i Nefia taorian'io sy ny zavatra nataony rehefa tapaka ny tsipìkany. Ampio ny ankizy hahazo ny tiana ambara, fa tamin'ireo fotoana ireo dia nanao izay azony natao izy ary natoky ny Ray any an-danitra hanampy azy.
5. Hirao na vakio ny tonon'ny "La foi" (*Chants pour les enfants*, p. 50), na ny "Sans tarder, je recherche mon Sauveur" (*Chants pour les enfants*, p. 67).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona sy Fanomezana fanamby | Zarao amin'ny ankizy ny fotoana izay nananananao fahatokiana ny Ray any an-danitra hanampy anao hanatontosa zavatra sarotra. Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny maha-zava-dehibe ny fanaovantsika izay rehetra azontsika atao sy ny fametrahantsika ny fahatokiantsika amin'ny Ray any an-danitra avy eo. Amporisiho ny ankizy hieritreritra ny momba an'i Nefia mandritra ny herinandro hoavy sy hiezaka ho tahaka azy bebe kokoa rehefa mitranga ny olana. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny  ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

Lesona
6

# Mandidy an'i Nefia Hanamboatra Sambo ny Ray any an-danitra

**Tanjona**

Manampy ireo ankizy haniry ho tonga ohatra tsara sy hanana fiantraikany ara-panahy amin'ny fianakaviany noho ny fankatoavany ny didin'ny Ray any an-danitra.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny1 Nefia 17. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao,'p. vi, ary ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.

3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Pensilihazo sy taratasy ho an'ny ankizy tsirairay.
   d. Sary 4-17, Mandrendrika akora sy manao fitaovam-piasana i Nefia, ary ny 4-18, Mandresy lahatra ireo rahalahiny mpikomy i Nefia (Jeu d'Illustration de l'Evangile 303; 62044).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Manasà ankizy hamerina ny tantaran'ny tsipìka tapak'i Nefia sy ny fomba nahazoany sakafo ho an'ny fianakaviany tamin'ny lesona farany (jereo ny 1 Nefia 16:17–32).

Asehoy ny sarin'ny sambo iray, na omeo taratasy sy pensilihazo ny ankizy tsirairay dia asaivo  manao haingana sarin'ny sambo iray. Anontanio azy avy eo ireto manaraka ireto:

- Inona araka ny hevitrao ny akora ilainao hanamboarana sambo lehibe sady mafy hitondra anao sy ny fianakavianao hamakivaky ranomasina?
- Inona ny karazana fanampiana ilainao?
- Aiza no tokony halehanao mba hianarana ny fomba hanamboarana sambo?

Hazavao amin'ny ankizy fa handeha hianatra ny fomba nanampian'ny Ray any an-danitra an'i Nefia hanamboatra sambo izy ireo.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny tantara manomboka ao amin'ny 1 Nefia 17 misy ny fiomanan'i Nefia sy ny rahalahiny hanamboatra sambo. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety

izany. (Azonao atao ny manao izay hahafantaran'ny ankizy ny olona ao anaty sary tsirairay sy milaza izay hataony.)

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no ampanantenain'ny Tompo raha mankatò ny didiny isika? (1 Nefia 17:3.) Ahoana no nitahiana anao sy ny fianakavianao noho ny fankatoavanareo?
- Nahoana no nandidy an'i Nefia hanamboatra sambo ny Tompo? (1 Nefia 17:8.) Inona no nasetrin'i Nefia ity didy ity? (1 Nefia 17:9.) Inona no nanome an'i Nefia izany fahatokian-tena lehibe izany? (1 Nefia 17:14–15.)
- Nahoana araka ny hevitrao no tsy nomen'ny Tompo sambo fotsiny izy ireo?
- Nahoana no tsy nety nanampy an'i Nefia hanamboatra sambo i Lamana sy i Lemoela? (1 Nefia 17:17–19, 45–46.) Ahoana no hahamora kokoa ny fanamboarana ilay sambo raha atao ao anatin'ny fiaraha-miasa?
- Inona no tsapanao raha naneso anao ny zokinao lahy noho ny fitandremanao ny didin'ny Ray any an-danitra? Ahoana no ahafahanao manampy ny fianakavianao? Inona no tsapanao rehefa nanampy na tsy nanampy ny fianakavianao ianao?
- Inona ny hery nomen'ny Ray any an-danitra an'i Nefia hampiasainy rehefa nikasa hamono azy ny rahalahiny? (1 Nefia 17:48, 54.)
- Ahoana no nanehoan'i Nefia ny finoany an'i Jesoa Kristy? (1 Nefia 17:50–51.) Ahoana no ataonao mba ho lasa tahaka an'i Nefia ary haneho herin-tsaina sy finoana ny amin'i Jesoa Kristy?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Zarao vondrona roa ireo ankizy ao am-pianarana. Iangavio izy ireo hihaino izay ampanantenain'ny Tompo rehefa mankatò isika mandritra ny hamakian'ny vondrona voalohany ny1 Nefia 17:3 miaraka ary dia hiara-mamaky ny1 Nefia 3:7 avy eo ilay vondrona faharoa. Ampio ny ankizy hahafantatra fa hotahiana izy ireo raha mitandrina ny didy sy mangataka ny fitarihan'ny Ray any an-danitra.
2. Ampio hanao tsianjery ny 1 Nefia 17:3 ny ankizy, manomboka eo amin'ny "Ary raha izany no izy" sy mifarana amin'ny "nandidy azy Izy." Azony atao koa ny manao tsianjery ny1 Nefia 17:50: "Raha Andriamanitra no nandidy ahy hanao ny zavatra rehetra, dia ho vitako izany."
3. Apetraho eo ambony latabatra ny tavoara misy sarony tsy mivoha raha tsy ahodina, ary miangavia ankizy iray hanandrana hamoha azy amin'ny fampiasana tanana iray ihany. (Asaivo ataon'ilay zaza any an-damosiny ilay tanany tsy miasa). Rehefa vita ny fanandramana vitsivitsy, dia miangavia ankizy iray hafa mba hanampy ary tsy hampiasa afa-tsy tanana iray ihany koa. Hazavao

fa mora atao kokoa ny asa rehefa miara-miasa isika. Resaho ny tanjon'ny mpianakavy, toy ny fanaovana takarivan'ny mpianakavy, fiaraha-mivavaky ny mpianakavy ary fiarahan'ny mpianakavy mandinika ny soratra masina, ary hanontanio ny fomba hahafahan'ny ankizy manampy ny fianakaviany hahatratra ireo tanjona ireo.

4. Zarao ny taratasy sy ny pensilihazo, ary iangavio ny mpianatra hanao lisitra ny zavatra azony atao hanampiany ny fianakaviany hianatra ny filazantsara sy hitandrina ny didy, toy ny famporisihana ny fandalinana ny soratra masina isan'andro, fandraisana anjara an-tsitrapo amin'ny fiaraha-mivavaky ny mpianakavy, fanampiana amin'ny fikarakarana sy fandraisana anjara amin' ny takarivan'ny mpianakavy, fankatoavana ny ray aman-dreny, fanampiana amin'ny fitandroana ny tokantrano hilamina sy ho madio, fivavahana ho an' ny olona ao amin'ny ankohonana, fifanehoana fitiavana sy hatsaram-panahy, fizarana izay nianarana tany amin'ny Kilonga sy ny sisa. Asaivo misafidy zavatra iray izay tiany hatsaraina izy mandritra ny herinandro ho avy.
5. Soraty eny amin'ny solaitrabe ireo zavatra nitovy tamin'ny dian'i Lehia sy ny fianakaviany ary ny firenirenen'ny zanak'Isiraely tany an-tany foana (jereo ny 1 Nefia 17:22–46). Anontanio ny ankizy izay zavatra azony ianarana tamin'ireo zava-niseho ireo.
6. Hirao na vakio ny tonon'ny "Le courage de Néphi" (*Chants pour les enfants*, p. 64), "Keep the Commandments" (*Children's Songbook*, p. 146), na ny "Choisir le bien" (*Chants pour les enfants*, p. 82).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Ambarao fa afaka mitoetra ho ohatra tsara eo anivon'ny fianakaviany ny ankizy tsirairay. Ampahatsiahivo fa hotahiana isika sy ny fianakaviantsika rehefa mitandrina ny didy. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny 1 Nefia 17:3–22, 45–55ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

# Famakivakiana ny Ranomasina

Lesona 7

**Tanjona** Manampy ireo ankizy haniry ny ho mendrika hiaraka hatrany amin'ny Fanahy Masina.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny1 Nefia 18. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, and "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: *Fitsipiky ny Filazantsara,*toko 7.
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Tapa-damba ampiasaina hanapenana maso.
   d. Sary 4-15, Ny Liahona (Jeu d'Illustration de l'Evangile 302; 62041); 4-19, Nofatorana i Nefia; sy ny 4-20, Tonga tany amin'ny Tany Nampanantenaina i Lehia sy ny Vahoakany (Jeu d'Illustration de l'Evangile 304; 62045).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Mampiasà seza na zavatra hafa entina hanaovana sakantsakana ny lalana mankeny anoloana. Mangatàha ankizy manaiky an-tsitrapo hotapenana maso. Ahodikodino im-betsaka ilay ankizy; hazavao azy avy eo fa hisy ankizy iray hafa hitarika azy hiala ny fanelingelenana ka hibitsibitsika na hiteny aminy moramora ny lalan-kizorany. Avereno ny lalao, fa amin'ity indray mitoraka ity kosa, dia miangavia ankizy hafa hanome torolalana diso amin'ny feo avo amin'izay dia mila manongilan-tsofina hihaino ilay feo mora ilay zaza mitapina maso.

Avelao hilaza ny fahasamihafana nisy teo amin'ireo zava-niainany roa ireo ilay zaza nitapina maso.

- Iza moa ny Fanahy Masina? Amin'ny fomba ahoana no anampiany antsika? (Jereo ny *Fitsipiky ny Filazantsara,* toko 7.)
- Ahoana no mampitovy ilay traikefa momba ny fitarihana miala ny fanelingelenana amin'ny fihainoana ny Fanahy Masina?
- Inona ireo fitarihana ratsy, na "feo mafy," manodidina antsika izay manakorontana na mitady hitarika antsika amin'ny lalana ratsy?

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny tantaran'i Lehia sy ny fianakaviany namakivaky ranomasina ao amin'ny1 Nefia 18. Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Ahoana no nahafahan'i Nefia nanamboatra sambo izay afaka nitondra ny fianakaviany namakivaky ny ranomasina nieren-doza? (1 Nefia 18:1–3.)
- Inona no nataon'i Lamana, i Lemoela, ny zanak'i Ismaela ary ny vadiny, ka nahatonga ny Liahona nijanona tsy niasa? (1 Nefia 18:9–12.) Inona no nomen'ny Ray any an-danitra antsika hitarika antsika, izay tahaka ny Liahona? (Ny Fanahy Masina.) Inona ireo zavatra sasany izay mety mahatonga antsika na ny fianakaviantsika tsy hanana ny fitarihan'ny Fanahy Masina?
- Nahoana no nisy fiantraikany tany amin'ny ray aman-dreniny sy ny fianakaviany sisa ny tsy fankatoavan'i Lamana sy i Lemoela? (1 Nefia 18:12–19.) Ahoana no fiantraikan'ny fankatoavantsika na ny tsy fankatoavantsika any amin'ny ray aman-drenintsika sy ny olona ao amin'ny ankohonantsika?
- Inona no nataon'i Nefia, rehefa nampijalian'ny rahalahiny izy? (1 Nefia 18:16.) Nahoana araka ny eritreritrao no nidera ny Tompo i Nefia fa tsy nitaraina nandritra ny fijaliany?
- Amin'ny lafiny inona no tianao hitoviana amin'i Nefia bebe kokoa?
- Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fitarihan'ny Fanahy Masina ho tonga amintsika? (Mety ho tonga amin'ny fahatsapana fiadanana na filaminana izany, amin'ny eritreritra izay mitarika antsika hisafidy ny tsara, amin'ny feo malefaka mifono torolalana, amin'ny fahatsapana izay mampitandrina amin'ny loza mitatao, sy ny sisa.)
- Manasà mpianatra hizara traikefa nahatsapany ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Inona no azontsika atao hanomanan-tena mba hahafahantsika mahafantatra ny fitarihan'ny Fanahy Masina?
- Inona no safidy nataon'i Nefia mba ho mendrika hiaraka aminy ny Fanahy Masina? (1 Nefia 18:3, 10, 16.) Inona no safidy ataonao isan'andro mba ho mendrika hiaraka aminao ny Fanahy Masina?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Manorata teny na andian-teny toy ny *vavaka, fifantenana namana, teny ampiasaintsika, fampisehoana amin'ny fahitalavitra, fandaharana amin'ny video, mozika, sarimihetsika, fankatoavana ray aman-dreny, fitandremana ny didy, hatsaram-panahy amin'ny iray tampo, fanajana ny olona hafa, fanompoana*

na fampiasana hafa azo atao amin'ny taratasy lavalava mitsitokantokana. Ataovy ao anaty boaty kely ny taratasy. Rehefa avy misintona taratasy iray ny ankizy tsirairay, dia asaivo vakiany izany ary lazao ny fomba ahafahan'izay voasoratra hisy fiantraikany amin'ny fahafahantsika hanana ny Fanahy Masina amin'ny fiainantsika.

2. Averimbereno na hirao ny fanekempinoana voalohany sy fahefatra.
3. Resaho amin'ny ankizy ny fomba anampian'ny fanarahana ny fampianaran'i Jesoa antsika hanana ny herin'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika. Asaivo misafidy ny iray amin'ny fampianaran'i Jesoa, izay tiany hiainana feno kokoa ny ankizy mandritra ny herinandro manaraka ary soraty ao anaty taratasy kely izany mba ho entina any an-trano ho karazan'ny fampahatsiahivana.
4. Hirao na vakio ny tonon'ny "Le Saint-Esprit" (*Chants pour les enfants*, p. 56), "The Still Small Voice" (*Children's Songbook*, p. 106), na ny "Listen, Listen" (*Children's Songbook*, p. 107).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Azonao atao ny mizara traikefa iray nanananao, raha tianao, tamin'ny nitarihan'ny Fanahy Masina anao. Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny maha-zava-dehibe ny fitarihan'ny Fanahy Masina amin'ny fiainanao sy ny ilana ny fiarahana lalandava aminy. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny 1 Nefia 18:5–25 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

Lesona
8

# Nifanehatra tamin'i Serema ny Mpaminany Jakôba

| | |
|---|---|
| **Tanjona** | Manamafy ny fjjoroan'ireo ankizy ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy mba hananany hery hanoherana ny herin-tsinton'ny ratsy. |

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Jakoba 7:1–23. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, ary ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: 1 Nefia 18:7, 2 Nefia 2:1–4, 2 Nefia 11:2–3, Jakoba 1:17–19, ary ny ary ny Jakoba—zanak'i Lehia hita ao amin'ny fanoroana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Kofehy mora tapaka eo amin'ny 60 sm eo ho eo sy tady mafy be eo amin' ny 60 sm eo ho eo no halavany.
   d. Taratasy kely sy pensilihazo ho an'ny ankizy tsirairay.
   e. Sary 4-9, I Jesoa ilay Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 240; 62572).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Omeo ankizy iray ilay kofehy 60 sm. Asaivo tapahany ilay kofehy. Asaivo tapahan'ilay zaza avy eo ny tady. Asaivo manandrana manapaka ilay tady ny ankizy vitsivitsy hafa. Hazavao fa manomboka amin'ny singa kofehy iray ny fijoroantsika ho vavolombelona, kanefa azo hamafisina mandrapahatonga azy tsy mety ho tapaka intsony. Afaka mampitombo fijoroana ho vavolombelona mafy orina isika, izay hanampy antsika rehefa miezaka manimba antsika sy ny finoantsika ny hafa na miezaka ny manao izay hampalahelo antsika. Lazao ny ankizy fa momba an'i Jakoba ity lesona ity, izay manana fijoroana ho vavolombelona tsy voahozongozona.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Lazao ny tantaran'i Jakoba sy i Serema ao amin'i Jakoba 7:1–23. Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Iza moa i Jakoba? (Iray amin'ireo zandrilahin'i Nefia.) Tokony ho firy taona talohan'ny nahaterahan'i Kristy no niaina i Jakoba sy i Serema? (Jereo etsy ambany amin'ny pejy ao amin'iJakoba 7.)
- Ahoana no nahafantaran'i Jakoba ny momba an'i Jesoa Kristy izay mbola tsy teraka akory? (Jakoba 7:5, 10–12.)
- Inona no nataon'i Serema handresen-dahatra ny olona fa tsy ho avy i Jesoa Kristy? (Jakoba 7:2–4.) Inona no atao hoe mampiasa fanindrahin-drana? (Manao fideraderana tsy amin'ny fo sy tafahoatra loatra, endrika tsy fahamarinan-toetra.)
- Iza no nandrisika an'i Serema? (Jakoba 7:4, 18.) Ahoana no fomba hanan-draman'i Satana hitaomana antsika?
- Inona avy ireo lainga sasany nafafin'i Serema? (Jakoba 7:7, 9–10, 19.)
- Nahoana no afaka nanohitra ny fitarihana ratsy nataon'i Serema i Jakoba? (Jakoba 7:5, 8, 10–12.) Na dia tsy mbola nahita anjely na nandre ny feon'Andriamanitra aza isika, dia inona no azontsika atao mba tsy ho voahozongozona, rehefa maka fanahy antsika hanao ratsy ny olona? Mizarà traikefa, na manasà ankizy iray mba hizara ihany koa ny traikefany tamin'ny nanoherany ny fitarihan-dratsy nataon'ny olona.
- Nahoana no tsy te-hampiseho famantarana an'i Serema i Jakoba? (Jakoba 7:13–14.) Nahoana no tsy fomba tsara ahazoana fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Kristy ny fikatsahana famantarana? (F&F 63:7–12.) Hazavao fa mety ho tonga ny famantarana aorian'ny hanehoantsika finoana sy fankatoavana, saingy tsy tokony hikatsaka izany isika. Avereno jerena ny lesona natao farany nisy ny tsy fananan'i Lamana sy i Lemoela finoana, na dia efa nahita famantarana aza izy. (Famerenana ataon'ny mpampianatra: 1 Nefia 3:29–31; 1 Nefia 16:39; 1 Nefia 17:45; 1 Nefia 18:20.)
- Inona ny fiantraikan'ny fibaboana sy ny fahafatesan'i Serema teo amin'ny olona? (Jakoba 7:21–23.)
- Inona no ilantsika ny fijoroana ho vavolombelona mafy orina ny amin'i Jesoa Kristy? Ahoana no ahafahantsika mahazo sy manamafy ny fijoroantsika ho vavolombelona ny amin'ny Mpamonjy? (Jereo ny asa fanampiny 2.) Ahoana no ahafahantsika mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika amin'ny hafa? Nahoana no mihamafy ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika, rehefa zaraintsika amin'ny hafa izany?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Soraty amin'ny taratasy kely lavalava ny zava-nisy izay niezahan'ny olona handresy lahatra ny ankizy hanao ratsy ary ny andininy misy ny didy mifanaraka amin'izany ao amin'ny soratra masina. Ohatra, niaraka taminao niditra ny trano fivarotana ny namanao ary nandrisika anao hangalatra vatomamy (Eksodosy 20:15 na ny Môsià 13:22), nisy olona nanolotra anao zava-pisotro mahamamo mba hanaovana fanandramana (F&F 89:7), na nalaim-panahy ianao hijanona ao an-trano fa tsy handeha hivavaka (F&F 59:9). Asaivo tadiavin'ny ankizy ary vakiany ny soratra masina tsirairay. Ifanakalozy hevitra

ny fomba hanamafisan'ny fahafantarana izay ampianarin'ny soratra masina ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika mahakasika an'i Jesoa Kristy sy hanampy hanoherana ny herin-tsinton'ny ratsy.

Azonao atao ny mampilalao ireny toe-javatra ireny ireo ankizy amin'ny fihetsika, raha tianao, ary aoka ny ankizy hafa hanombatombana ny tian'ny fihetsika lazaina.

2. Zarao vondrona roa ireo ankizy ao am-pianarana. Omeo ny vondrona voalohany ny Almà 5:46 ary ny Almà 37:35 ho an'ny vondrona faharoa. Asaivo mitady ny fomba hanamafisana ny fijoroana ho vavolombelona ananany ny amin'i Jesoa Kristy ao anatin'ireo soratra masina ireo ny ankizy. Fintino eny amin'ny solaitrabe ny valinteniny.

3. Hirao na vakio ny tonon'ny "Je serai vaillant" (*Chants pour les enfants*, p. 85), na ny "Fais donc le bien" (*Chants pour les enfants*, p. 80).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Lazao amin'ny ankizy ny maha-zava-dehibe ny mahazo sy ny manamafy ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika ny amin'i Jesoa Kristy, amin'izay dia ho afaka hanohitra ny herin'ny ratsy manodidina antsika isika. Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny maha-Andriamanitra ny Mpamonjy. Amporisiho ny ankizy hisafidy fomba iray entiny hanamafisany ny fijoroana ho vavolombelona izay ananany ka hanoratra izany ao anaty taratasy kely ho fitadidiana entina any an-trano, ary hanatanteraka izany mandritra ny herinandro. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Jakoba 7:1–23 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br><br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

# Mivavaka i Enôsa

Lesona
9

**Tanjona**

Mamporisika ireo ankizy hikatsaka fitahiana izay tonga amin'ny alalan'ny vavaka amin-kitsimpo amin'ny Ray any an-danitra.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny bokin'i Enôsa. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny:*Fitsipiky ny Filazantsara,* toko 8.
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Fitaovana ilaina: Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Lazao ny ankamantatra manaraka ary iangavio ny ankizy hanangana ny tanany rehefa fantany ny valiny.

Tsy olona aho na toerana na zavatra.

Azoko atao ny malefaka ka tsy azon'iza na iza renesina, na ho antonony ka ho azon'ny olona rehetra ao amin'ny efitrano renesina.

Azo ampiasaina aho, rehefa irery ianao na miaraka amin'olon-kafa vitsivitsy.

Ampiasaina amin'ny fotoana rehetra, amin'ny toerana rehetra na amin'ny toejavatra rehetra aho.

Ampiasaina amin'ny fankasitrahana, fampiononana, famelana, fiarovana, fanampiana, fahasalamana tonga lafatra na ho an'ny fitahiana hafa rehetra ilainao ho anao na ho an'olon-kafa aho.

Ampiasainao aho hiresahanao amin'ny Ray any an-danitra.

Inona ary aho?

Soraty eny amin'ny solaitrabe ny valintenin'ny ankizy. Rehefa fantany fa ny vavaka no valinteny marina, dia anontanio raha manana fanontaniana mikasika izany izy. Fintino eny amin'ny solaitrabe ny fanontaniany ary asaivo henoiny tsara ny valiny mandritra ny tantaran'i Enôsa. Avereno jerena ny fanontaniana any amin'ny farany lesona ary ifanakalozy hevitra izany.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny tantara ao amin'ny bokin'i Enôsa. Hazavao fa zanakalahin'i Jakoba izay nianarantsika tao amin'ny lesona 8i Enôsa. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Nahoana no nandeha nivavaka i Enôsa? (Enôsa 1:1–4.) Iza no nampianatra azy ny momba an'i Jesoa Kristy? Ahoana no nanampian'ny ray aman-dreninao anao hianatra ny momba ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy?
- Inona no atao hoe: "vavaka mahery sy fitalahoana"? Ahoana araka ny hevitrao no tsy mitovy amin'ny vavaka hafa rehetra ity karazam-bavaka ity? Ahoana no namalian'ny Ray any an-danitra ny vavak'i Enôsa? (Enôsa 1:5.)
- Ahoana no nahafantaran'i Enôsa fa voavela ny helony? (Enôsa 1:5–6.)
- Inona no antony nilazan'ny Ray any an-danitra fa voavela ny helok'i Enôsa? (Enôsa 1:8.) Hazavao fa noho fijalian'i Jesoa Kristy noho ny otantsika, dia hahazo famelan-keloka isika raha toa ka mibebaka.
- Ho an'iza no nivavahan'i Enosa rehefa voavela ny helony? (Enôsa 1:9.) Inona no valintenin'ny Tompo nomeny an'i Enôsa mahakasika ny Nefita? (Enôsa 1:10.)
- Nahoana araka ny hevitrao no nivavaka ho an'ny Lamanita i Enôsa, na dia fahavalon'ny Nefita aza izy ireo? (Enôsa 1:11.) Inona ny fitahiana mety hangatahinao amin'ny Ray any an-danitra omena ny olona izay ratsy fanahy aminao? Inona ny fanirian'i Enôsa ho an'ny Lamanita? (Enôsa 1:13.)
- Nivavaka ho an'ny rakitsoratry ny vahoakany izy mba ho voaro. Nahoana no zava-dehibe loatra ireo rakitsoratra ireo? Inona no nampanantenain'ny Tompo an'i Enôsa? (Enôsa 1:15–18.) Inona no atao hoe mangataka amim-pinoana?
- Inona avy ireo fampanantenana nomena an'i Enôsa? (Enôsa 1:8, 12, 15.) Ahoana no ahafahantsika mandray fampanantenana tahaka izany?
- Inona ny vokatry ny fampianarana sy ny ezaky ny Nefita tamin'ny Lamanita? (Enôsa 1:20.)
- Inona no azonao tsoahina momba ny vavaka tamin'ny tantaran'i Enôsa?
- Ahoana no fomba firesakao amin'ny Ray any an-danitra rehefa mivavaka ianao? Ahoana no ataontsika mba hahatonga ny vavaka ataontsika ho feno fahatsoram-po kokoa?
- Ren'i Enôsa tao am-pony ny feon'ny Tompo ho valin'ny vavaka nataony. Inona koa ireo fomba hafa mety handraisanao ny valin'ny vavaka nataonao? (Fahatsapana fiadanana; fahatsapana fa misy zavatra tsy mandeha tsara; fiononana; hevitra tonga ao an-tsaintsika; soratra masina izay mitondra fahazavana amin'ny toe-javatra manokana, torohevitra avy amin'ny mpitarika ny Fiangonana, ray aman-dreny ary olona hafa nalefan'ny Tompo; nofy na fahitana). Manasà mpianatra hizara traikefa izay nananany tamin'ny nandraisany valim-bavaka.

- Nahoana no mety hamaly “tsia” amin’ny vavaka ataontsika Andriamanitra? Ahoana no mety holazaintsika raha “tsia” ny valintenin’ny Ray any an-danitra?
- Nahoana no tokony haka fotoana hihaino isika rehefa avy mivavaka, tahaka ny nataon’i Enôsa?
- Inona no nianaran’i Enôsa mikasika ny fiainana aorian’ny fahafatesana? (Enôsa 1:27.) Azonao atao ny mamaky ity andininy ity raha tianao, na asaivo vakian’i-reo ankizy miaraka.

Hamarino ny voasoratra eny amin’ny solaitrabe mba hahazoana antoka fa voa-valy avokoa ny fanontanian’ny ankizy rehetra.

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin’ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Omeo taratasy kely sy pensilihazo avy ny ankizy tsirairay ary asaivo soratany ny fanontaniana *Amin’ny fotoana inona isika no afaka mivavaka?, Aiza isika no afaka mivavaka?* ary ny hoe *Inona no azontsika entina amim-bavaka?,* asio toerana malalaka manelanelana ny fanontanina hanoratana ny valiny. Asaivo soratany ny valiny rehefa voadinika ilay fanontaniana.
2. Avereno jerena ny dingana fanao amin’ny vavaka.
   a. Atomboka amin’ny fiantsoana ny Raintsika any an-danitra.
   b. Milaza aminy izay nankasitrahanao.
   d. Mangataka aminy izay irinao.
   e. Faranana amin’ny hoe: “Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, Amena.”
3. Avereno jerena ny teny atao amin’ny vavaka. Ampio ny ankizy hahafantatra fa mampiseho fanajana isika rehefa mampiasa ny teny hoe:*Anao* fa tsy*letsy* (je-reo ny Dallin H. Oaks, tao amin’ny Conference Report, Apr. 1993, pp. 16–20; na ny *Ensign,* Mey 1993, pp. 15–18).
4. Adikao eny amin’ny solaitrabe ny fanambarana manaraka izay nataon’ny Lo-holona Boyd K. Packer (tao amin’ny Conference Report, Ôkt. 1979, p. 30; na ny*Ensign,* Nôv. 1979, p. 21), ary avelao ho foana ny banga. Ilazao ny ankizy fa hianatra ny fomba handraisana valiny izy rehefa mameno ny banga ao amin’ny fanambaran’ny Loholona Packer.

   “Ny ______(b)______ sasany dia ho tonga amin’ny famakiana
   ny ______(a)______, ny sasany amin’ny fihainoana ______(f)______.
   Ary indraindray rehefa zava-dehibe izany, dia ho tonga mivan-
   tana ______(e)______ ______(g)______. Ho ______(d)______ tsy misy tomika
   ny bitsika.”

   Ampiasao ireto teny manaraka ireto hamenoana ny banga:
   a. soratra masina
   b. valiny
   d. mazava
   e. amin-kery
   f. mpandaha-teny
   g. aingam-panahy
5. Hazavao ny fomba namaliana ny vavak’i Enôsa momba ny fitandrovana ny rakitsoratra (Enôsa 1:14–16) roanjato taona taty aoriana miaraka amin’ny

fiavian'ny Bokin'i Môrmôna. Nitovy tamin'ny fomba nampanantenain'ny Tompo an'i Enôsa no hahafahan'ny olona ankehitriny mahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny Bokin'i Môrmôna. Azonao atao ny manasa mpitory filazantsara efa tafaverina mandritra ny fotoam-pianarana ka hizara zavatra niainan'ny olona iray nahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy, tamin'ny alalan'ny vavaka sy ny Bokin'i Môrmôna. Na afaka mangataka ray aman-dreny na mpikambana hafa ao amin'ny paroasy ianao hizara ny fomba nanampian'ny vavaka azy hahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny Bokin'i Môrmôna.

6. Avereno jerena ny fahitan'i Joseph Smith, fony izy nanolotra vavaka feno finoana tamin-kitsimpo (Joseph Smith—Tantara 1:14–16). Azonao atao ny mampiasa ny sary misy ny Fahitana Voalohany raha tianao (Jeu d'Illustration de l'Evangile 403; 62470).
7. Avereno jerena ny fanekempinoana fahafito sy fahasivy. Amporisiho ny ankizy hifidy anankiray ho hianarana tsianjery ao am-pianarana na any an-trano mandritra ny herinandro manaraka.
8. Hirao na vakio ny tonon'ny "La prière d'un enfant" (*Chants pour les enfants*, p. 6), "Tell Me, Dear Lord" (*Children's Songbook*, p. 176), "I Pray in Faith" (*Children's Songbook*, p. 14), na ny "If with All Your Hearts" (*Children's Songbook*, p. 15).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Zarao ny fijoroana ho vavolombelona mikasika ny herin'ny vavaka teo amin'ny fiainanao. Azonao atao ny mitantara ny traikefa izay nanamafy ny finoanao sy ny fijoroanao ho vavolombelona ny amin'ny vavaka, raha tianao. Manasà ankizy hizara ny traikefa nananany mikasika ny vavaka. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Enôsa 1:1–8, 21–27ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

# Mampianatra ny Vahoakany ny Mpanjaka Benjamina

Lesona 10

| | |
|---|---|
| **Tanjona** | Manamafy ny fanoloran-tenan'ny ankizy hitandrina ny fanekempihavanana nataony tamin'ny batisa sy hanaraka an'i Jesoa Kristy. |
| **Fiomanana** | 1. Halalino amim-bavaka ny 2 Nefia 31:5–12 sy ny Môsià 2:1–22; 3:2–19; 4:11–16; 5:5–8, 13–15. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, ary ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)<br>2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.<br>3. Fitaovana ilaina:<br>a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.<br>b. Sary 4-21, Mandaha-teny amin'ny Vahoakany ny Mpanjaka Benjamina (Jeu d'Illustration de l'Evangile 307; 62298). |

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

*Asa hisarihana ny saina*

Soraty eny amin'ny solaitrabe ny anaran'ireo ankizy ao amin'ny kilasinao. Asaivo hazavain'ireo ankizy ny antony itondrany ireny anarana ireny.

- Midika inona aminao ny fampiasana ny anaran-dray?

Hazavao fa rehefa teraka ao anatin'ny fianakaviana iray isika dia mitondra ny anarana entin'ny fianakaviana. Mety maneho zavatra manan-danja maro io anarana io, toy ny lovantsika, ny finoantsika, ny fomba anaovantsika zavatra sy ny sisa. Rehefa vita batisa isika, dia manjary mpikambana ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, ary mitondra ny anaran'i Jesoa Kristy. Rehefa mandray ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika isika dia manambara ny finoantsika Azy sy ny fahavononantsika hanaraka ny fampianarany. Hazavao fa i Benjamina Mpanjaka no mpaminany izay nampianatra ny mahazava-dehibe ny itondratsika ny anaran'i Jesoa Kristy.

*Tantara ao amin'ny Soratra Masina*

Ampianaro ny ankizy ny tantaran'i Benjamina Mpanjaka mampianatra ny vahoakany ao amin'ny Môsià 2:1–22; 3:2–19; 4:11–16; 5:5–8, 13–16. Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

*Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana*

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Nahoana no nampanantsoin'ny Mpanjaka Benjamina ny vahoakany? (Môsià 1:10.) Ahoana no namalian'ny vahoakan'ny Zarahemlà ny antso mba hivoriany any amin'ny tempoly hihaino ny mpaminaniny sady mpanjakany? (Môsià 2:1–6.) Ahoana no fomba handrenesantsika na handraisantsika ny tenin'ny mpaminany velona? (Fihaonamben'ny Fiangonana, gazetibokim-piangonana, fivoriam-piangonana sy ny sisa.) Ahoana no ahafahantsika miomana hihaino ny tenin'ny mpitarika antsika? (Môsià 2:9.)

- Ahoana no nanompoan'i Benjamina Mpanjaka ny vahoakany? (Môsià 2:12–15.) Ahoana no nitenenan'i Benjamina Mpanjaka fa afaka manompo ny Ray any an-danitra isika? (Môsià 2:16–19.) Ahoana araka ny hevitrao no mampiseho ny fankasitrahantsika sy ny fitiavantsika ny Ray any an-danitra ny fanompoana ny hafa?

- Inona no nampanantenaina antsika raha mankato ny didin'ny Ray any an-danitra isika? (Môsià 2:22.)

- Inona no nampianarin'i Benjamina Mpanjaka ny vahoaka mikasika an'i Jesoa Kristy? (Môsià 3:5–7, 9–10.) Inona no asa fanompoana lehibe notanterahin'i Kristy ho antsika tsirairay? (Môsià 3:11–13.) Hazavao fa nijaly sy maty i Jesoa Kristy mba hahafahantsika mibebaka amin'ny otantsika, atao batisa, mitsangana amin'ny maty ary miaina miaraka amin'ny Ray any an-danitra mandrakizay. Ny sorona nataony ho antsika no antsoina hoe: Sorompanavotana.

- Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny mitondra ny anaran'i Jesoa Kristy? (Môsià 3:17.) Inona no asain'i Kristy ataontsika mba hitondrantsika ny anarany? (2 Nefia 31:5–12; Môsià 2:22. Ho atao batisa sy hitandrina ny didy. Môsià 3:19. Mampifanaraka ny sitrapontsika amin'ny sitrapon'ny Mpamonjy.)

- Inona ireo didy nolazain'ny Mpanjaka Benjamina tamin'ny vahoakany ka tokony hankatoaviny? (Môsià 3:21; 4:11–15; 5:5. Afaka mampiasa ny tapa-taratasy misy teny ianao amin'ny asa fanampiny 1 ho ampahany amin'ny fifanakalozan-kevitra.) Inona no voalazan'ny Mpanjaka Benjamina fa hitranga raha mitandrina ny didy isika? (Môsià 2:41.)

- Ahoana no nasetrin'ny vahoaka ny fampianarana nataon'ny Mpanjaka Benjamina? (Môsià 5:2.) Inona no azontsika atao mba hiainana ity fiovana mahery vaika ity? (Môsià 3:19.)

- Inona no nifaneken'ny vahoakan'ny Mpanjaka Benjamina fa hataony? (Môsià 5:5–9.)

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Ataovy ary asehoy ireto tapa-taratasy misy teny manaraka ireto. Ataovy ny sarin'ny tilikambo izay nampiasain'ny Mpanjaka Benjamina hampianarany ny vahoakany. Apetraho eo amin'ny sary ny tapa-taratasy misy teny rehefa miresaka ny fomba ahafahantsika mitondra ny anaran'i Jesoa Kristy ianao. Asaivo mieritreritra fomba ahafahany mankatò ny didy voalaza eo amin'ny tapa-taratasy misy teny ny ankizy.
   Manana finoana an'i Jesoa Kristy (Môsià 3:21)
   Mibebaka (Môsià 3:21)
   Manao sy mitandrina ny fanekempihavanan'ny batisa (Môsià 5:5)

Mivavaka isan'andro (Môsià 4:11)
Maneho hatsaram-panahy amin'ny hafa (Môsià 4:13)
Tsy miady sy tsy mifanditra (Môsià 4:14)
Manompo ny hafa (Môsià 4:15)
Manampy ny mahantra (Môsià 4:16)
Miaina ny filazantsara (Môsià 4:15)

2. Lalaovy an-tsehatra ny fomba firesaky ny Mpanjaka Benjamina tamin'ny vahoaka ary mampiasà fanamiana tsotra na izay mifanaraka amin'izany. Afaka mandahatra ny sezany manaraka ny bikan'ny lay misy fivoahana manoloana ny efitrano ny ankizy. Afaka mipetraka eo amin'ny tany toy ny "ao anaty lay" ny ankizy. Afaka miteny aminy eo am-pitsanganana eo ambony seza eny anoloana ilay olona milalao ny anjaran'ny Mpanjaka Benjamina. Asaivo vakian'io ankizy io ny tenin'ny Mpanjaka Benjamina ao amin'ny Môsià 2:9.
3. Resaho amin'ny ankizy ny momba ny fihaonamben'ny Fiangonana farany. Raha azo atao dia mampisehoa tahadikan'ny boky mirakitra ny fihaonambe ao amin'ny *Ensign* na ny gazetiboky iraisam-pirenena. Ampitahao amin'ny fivoriana nataon'ny Mpanjaka Benjamina niaraka tamin' ny vahoakany io fihaonambe io. Hazavao ny fomba anampian'ny Fiangonana ny mpikambana ao aminy handray ny hafatra avy amin'ny Filohan'ny Fiangonana sy ireo Manampahefana Ambony hafa amin'ny alalan'ny radio, fahitalavitra ary amin'ny fampitan'ny amin'ny zana-bolana sy amin'ny alalan'ny tahirin-kevitra vita printy. Resaho ny lohahevitra sasany tamin'ny fihaonambe farany. Amporisiho ny ankizy hamaky na hihaino ny hafatra tamin'ny fihaonambe farany ary araho ny torohevitry ny mpaminanintsika sy ny mpitarika antsika.
4. Ampio ny ankizy hahatakatra ny dikany sy hanao tsianjery ny fehezan-teny farany ao amin'ny Môsià 2:17: "Rehefa manompo ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an'Andriamanitra ianareo."
5. Resaho ny fomba ifandraisan'ny tenin'ny Mpanjaka Benjamina amin'ny fanekempinoana fahatelo ambin'ny folo. Ampio hanao tsianjery io fanekempinoana io ny ankizy.
6. Hirao na vakio ny tonon'ny "Aimez vos frères" (*Cantiques*, no. 200), na ny "Jésus-Christ est mon modèle" (*Chants pour les enfants*, p. 40).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny sorompanavotana nataon'i Jesoa Kristy ary ny amin'ny fomba itahian'izany ny fiainantsika. Antitrantero ny maha-zava-dehibe ny mitandrina ny didy rehefa mitondra ny anaran'i Jesoa Kristy isika. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Môsià 2:1–18 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

Lesona
11

# I Abinadia sy Noà Mpanjaka

**Tanjona**

Mamporisika ireo ankizy hahery fo amin'ny fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy.

**Fiomanana**


1. Halalino amim-bavaka ny Môsià 11–13; 15:1, 6–8; 16:14–15; 17; sy ny Môsià 19:4–20. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: Môsià 14–16.
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Ho solon'ny Asa hisarihana ny saina dia ataovy ao anaty harona na kitapo ireto zavatra ireto:
      Volombava taratasy (jereo ny sary entina manazava any amin'ny faran'ny lesona)
      Fanilo mandeha amin'ny vatoaratra na takamoa
      Dika mitovy misy ny Didy Folo (jereo ny sary entina manazava any amin'ny faran'ny lesona)
      Sarin'i Kristy
      Sombin-tady na kofehy
      Afokasoka iray
   d. Sary 4-22, Manoloana an'i Noà Mpanjaka i Abinadia (Jeu d'Illustration de l'Evangile 308; 62042).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Omeo ny dika mitovy amin'ny takelaka misy teboka sivy hampifanohizana ny ankizy tsirairay na ataovy eny amin'ny solaitrabe izany. Lazao ireo ankizy fa tokony hanao izay hampifanohizana ny teboka rehetra amin'ny fanoritana tsipika efatra mitohy mahitsy tsy an-kijanona amin'ny pensilihazo eo amin'ny taratasy na amin'ny tsaoka eo amin'ny solaitrabe izy ireo. Rehefa nahavita nanao fanandramana maro izy, dia asehoy amin'ny ankizy iray ihany ny valiny marina, tsy ampahafantarina ny hafa. Asaivo asehon'io zaza io amin'ny ankizy hafa indray avy eo ilay valiny ary toy izany hatrany mandra-pahavitan'ny ankizy rehetra ny fanohizana ny teboka. Hazavao fa rehefa mianatra zavatra isika, dia afaka mampianatra olon-kafa amin'ny filazana aminy ny momba izany. Rehefa mianatra ny momba ny Ray any an-danitra isika dia afaka manampy olon-kafa amin'ny firesahana ny momba Azy.




**Asa hisarihana ny saina**

Asaivo mifandimby manala zavatra avy ao anaty kitapo ny ankizy. Asaivo milaza zavatra iray na roa momba ny zavatra voarainy ny ankizy tsirairay. Hazavao fa rehefa mianatra ny momba ny mpaminany marina sy mahery fo atao hoe Abinadia ny ankizy, dia ho hitany ny fomba ifandraisan'ny zavatra tsirairay eo amin'ny fiainany.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Asehoy ny sarin'i Abinadia manoloana an'i Noà Mpanjaka ary ampianaro ny tantaran'i Abinadia ao amin'ny Môsià 11–13; 15:1, 6–8; 16:14–15; 17; sy ny Môsià 19:4–20. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Antitrantero fa vavolombelona mahery fo ny amin'i Jesoa Kristy i Abinadia, na dia namoizany ny ainy aza izany. Raha mampiasa ny fampiasana solon'ny Asa hisarihana ny saina ianao dia hazavao ny fomba ifandraisan'ny zavatra tsirairay amin'ny fiainan'i Abinadia.

| | |
|---|---|
| Volombava: | Niverina Abinadia ary niova endrika (Môsià 12:1). |
| Takamoa na fanilo mandeha amin'ny vatoaratra: | Namirapiratry ny hazavana ny tavan'i Abinadia (Môsià 13:5). |
| Didy folo: | Nampianatra ny Didy Folo i Abinadia (Môsià 13:11–24). |
| Sarin'i Kristy: | Nijoro ho vavolombelona mahery vaika ny amin'i Jesoa Kristy i Abinadia (Môsià 15; 16; 17:8). |
| Tady na kofehy: | Nofatorana i Abinadia (Môsià 17:13). |
| Afokasoka: | Nodorana ka maty i Abinadia (Môsià 17:20). |

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no nandidian'ny Tompo voalohany an'i Abinadia hotenenina amin'i Noà Mpanjaka sy ny vahoakany? (Môsià 11:20–21.)
- Karazana fiainana toa inona no niainan'i Noà Mpanjaka sy ny vahoakany? (Môsià 11:1–7, 14–15, 19.)

- Ahoana no namalian'i Noà Mpanjaka sy ny vahoakany ny tenin'i Abinadia? (Môsià 11:26–29.) Nahoana araka ny hevitrao no tezitra amin'ireo izay miantso azy hibebaka ny olona?
- Inona no nambaran'i Abinadia tamin-kery tamin'i Noà Mpanjaka sy ny mpisorona ratsy fanahy momba ny didy? (Môsià 12:33–36; 13:11–24.) Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny mankatò ny didin'ny Ray any an-danitra?
- Nahoana no natahotra ny naninjitra ny tanany tamin'i Abinadia ny vahoakan'i Noà Mpanjaka? (Môsià 13:3–5.)
- Inona no nambaran'i Abinadia fa marina momba an'i Jesoa Kristy? (Môsià 15:1, 6–8; 16:14–15.)
- Ahoana no nanehoan'i Abinadia ny herim-pony? (Môsià 17:7–10.) Nahoana no sarotra indraindray ny mijoro amin'izay marina? Ahoana no ahafahantsika mijoro amin'ny marina?
- Nahoana no nodorana ho faty i Abinadia? (Môsià 17:20.) Nahoana araka ny hevitrao no namela izany hitranga ny Tompo? (Almà 60:13.)
- Inona no zava-dehibe tamin'i Noà Mpanjaka? (Môsià 11:14; 19:7–8.) Inona no zava-dehibe tamin'i Abinadia? (Môsià 13:4; 17:7–10.) Inona kosa no tokony ho zava-dehibe amintsika?
- Ny fon'iza no voakasika tamin'ny fijoroan'i Abinadia ho vavolombelona talohan'ny nahafatesany? (Môsià 17:1–4.)
- Ahoana no nahatanteraka ny faminanian'i Abinadia ao amin'ny Môsià 12:3? (Môsià 19:19–20.)
- Iza no azonao eritreretina ho mahery fo ankehitriny amin'ny fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, na famintinana na fanomezana fanamby.

1. Asaivo lalaovin'ny ankizy ny andraikitry ny mpandray anjara ao amin'ny tantaran'i Abinadia sy i Noà Mpanjaka, ary aoka hitafa sy hidinika aminy ny mpanao gazety iray. Manaova lisitra misy ny fanontaniana apetraky ny mpanao gazety mba hanontaniana ireo mpandray anjara, toy ny hoe:

| | |
|---|---|
| Mpanao gazety manontany an'i Noà: | Ahoana no fomba nividiananao io tranonao lehibe mirentirenty io? |
| Mpanao gazety manontany ny mpisorona: | Nahoana no gadrainareo i Abinadia? |
| Mpanao gazety manontany an'i Almà: | Inona no hevitrao momba ny fampianaran'i Abinadia? |
| Mpanao gazety manontany an'i Abinadia: | Nahoana no te-hamono anao ireo olona ireo? Nahoana no tsy lavinao izay nolazainao tamin'ireo olona ireo? |

2. Mandraraha vovo-dipoavatra ao anaty lovia iray misy rano. Apetraho amin'ny toerana ahafahan'ny ankizy mahita azy ilay lovia. Lazao azy ireo fa maneho ireo izay nifidy ho lasa mahery fo ny dipoavatra. Asao izy ireo hijery izay mitranga rehefa apetraka eo akaikin'ireo izay mahery fo ny faharatsiana. Asio ranon-tsavony fanasana lovia indray mitete eo ampovoan'ilay lovia, izay mampiseho ny faharatsiana. Mihataka haingana ireo dipoavatra. Rehefa nino ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Abinadia i Almà, dia nifidy ny ho mahery fo izy tamin'ny fankatoavana ny mpaminany ary niala tamin'ny fomba ratsin'i Noà Mpanjaka. Anontanio ny ankizy ny zavatra izay tokony hialany mba hahatonga azy ho mahery fo.
3. Ifanakalozy hevitra ny Didy Folo ao amin'ny Môsià 12:34–36, 13:12–24.
4. Ampitahao amin'ny toetra mahery fo ananan'i Benjamina Mpanjaka ny toetran'i Noà Mpanjaka.
   Benjamina Mpanjaka: Môsià 2:10–14, 4:9–10.
   Mpanjaka Noà: Môsià 11:2, 6–7, 27; 19:8.
5. Resaho ny fitoviana nisy teo amin'ny fomba nitondran'i Noà Mpanjaka ratsy fanahy sy ny vahoakany an'i Abinadia sy ny fomba nitondrana an'i Kristy.
   Kristy: Môsià 15:5, Matio 26:66, Lioka 24:20.
   Abinadia: Môsià 13:1; 17:7, 10, 13.
6. Hirao na vakio ny tonon'ny "Je serai vaillant" (*Chants pour les enfants*, p. 85), "Fais donc le bien" (*Chants pour les enfants*, p. 80), na ny "L'Eglise de Jésus-Christ" (*Chants pour les enfants*, p. 48).

---

**Famaranana**

Fijoroana ho vavolombelona

Ambarao fa na dia manao ny marina aza isika, dia tsy manala antsika amin'ny fangirifiriana sy ny fitsapana izany, fa raha mahery fo amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika ny amin'i Jesoa Kristy isika, dia hanome fiadanana sy ny zavatra rehetra ananany ho fitahiana antsika amin'ny fiainana ho avy Izy.


Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana


Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy.

Vakiteny Enti-mody

Asaivo mandalina any an-tranony ny Môsià 11:1–2, 20–21, 26–29; 12:1–9; sy ny Môsià 17 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.




TEN
COMMANDMENTS

# Manao Batisa ao amin'ny Ranon'i Môrmôna i Almà

Lesona 12

**Tanjona**

Mampianatra ireo ankizy ny dikan'ny fanekempihavanana nataony tamin'ny batisa sy ny maha-zava-dehibe ny fitandremana izany.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Môsià 17:2–4; 18. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Isafidianana: Hidim-baravarana miaraka amin'ny fanalahidy ilaina amin'ny Asa hisarihana ny saina (ohatra, kadena, diary, boaty fitoerana firavaka, na valizy idiana sy vohana amin'ny fanalahidy).
   d. Fanalahidy natao tamin'ny taratasy misy ny teny voasoratra eo aminy *Fanekempihavanana* (jereo any amin'ny faran'ny lesona).
   e. Dika mitovy amin'ny takelaka misy ny "Ny Fanekempihavanako tamin'ny Batisa" ho an'ny ankizy tsirairay (jereo any amin'ny faran'ny lesona).
   f. Sary 4-23, Manao Batisa ao amin'ny Ranon'i Môrmôna i Almà (Jeu d'Illustration de l'Evangile 309; 62332).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Mampisehoa fanalahidy iray. Anontanio ny ankizy ny antony ilàna fanalahidy. Azonao atao ny miangavy ankizy iray hampiasa ilay fanalahidy hamohana ny hidim-baravarana. Tazony amin'ny fomba tsy ahitana ny teny hoe: *Fanekempihavanana ilay* fanalahidy taratasy, ary rovito roa izany avy eo. Hazavao fa tsy afaka miasa ny fanalahidy raha ny tapany ihany no any aminao. Avadiho ireo tapaka fanalahidy ireo hampiseho ny teny hoe: *Fanekempihavanana.*Anontanio ny ankizy raha fantany ny dikan'ilay teny. Hazavao fa ao amin'ny filazantsara, ny fanekempihavanana dia fanekena masina na fampanantenana ifanaovan'ny Ray any an-danitra sy ny zanany. Raha mitandrina ny fanekempihavanana nataontsika isika, dia hahatanteraka ny Azy foana Izy. Kanefa kosa raha tsy mitandrina ny fanekempihavanana nampanantenaintsika isika, dia ho tapaka ny fanekempihavanana. Ny fitandremana ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa no fanalahidy handraisantsika fitahiana sy fiainana mandrakizay. Hazavao fa ny fiainana mandrakizay dia ny hanjary ho tahaka ny Ray an-danitra sy ny hiaina miaraka Aminy mandrakizay. Hazavao fa rehefa mianatra ny momba an'i Almà sy ny vahoakany ny ankizy, dia hotsaroany ny fanekempihavanana nataony tamin'ny batisa sy ny fomba ahafahany mitandrina ireny tsaratsara kokoa.

| | |
|---|---|
| Tantara ao amin'ny Soratra Masina | Ampianaro ny ankizy ny tantaran'ny nanaovan'i Almà batisa tao amin'ny Ranon'i Môrmôna ao amin'ny Môsià 17:2–4; 18. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Antitrantero ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa sy ny maha-zava-dehibe ny fitandremana ireny. Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany. |
| Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana | Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana. |

- Inona no nataon'i Almà mba hanomanany ny tenany ho an'ny batisa? (Môsià 17:2–4; 18:1.) Inona no nataonao tamin'ny fiomananao tamin'ny batisanao?
- Inona no nahatonga ny toerana antsoina hoe Môrmôna ho fiafenana tsara ho an'i Almà hampianarany ny olona? (Môsià 18:4–5.) Niafina an'iza izy ireo?
- Inona no tsapan'ny vahoakan'i Almà rehefa nianatra izy fa tokony hatao batisa? (Môsià 18:11.) Inona no tsapanao taminao vita batisa? Inona no tsaroanao mikasika io andro io?
- Inona ireo fampanantenana nataontsika tsirairay tamintsika natao batisa? Inona no nampanantenain'ny Ray any an-danitra antsika? (Môsià 18:8–10.) Asehoy ny dika mitovy amin'ny "Ny Fanekempihavanako tamin'ny Batisa" ary resaho ny fampanantenana tsirairay. Hazavao fa tsy misy tonga lafatra isika tsirairay kanefa tsy maintsy manao izay azontsika atao isika, mba hitandremantsika ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa.
- Ahoana no ahafahantsika mampiseho fa nitondra ny anaran'i Jesoa Kristy isika ary mijoro ho vavolombelony?
- Inona no atao hoe mifampitondra enta-mavesatra ary miara-malahelo amin'izay malahelo? Amin'ny fomba ahoana no nanompoan'i Kristy antsika sy ny hafa fony Izy niaina teto ambonin'ny tany? Ahoana no ahafahantsika manaraka ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy sy manompo ny hafa?
- Inona ny didy nomen'i Almà ny vahoakany mba hanampy azy hitandrina ny fanekempihavanana nataony tamin'ny batisa? (Môsià 18:21–23, 27–29.) Ahoana no ahafahantsika maka tahaka bebe kokoa ny fomba fiainan'ny vahoakan'i Almà?
- Amin'ny alalan'ny ôrdônansy inona isaky ny Alahady no ahafahantsika manavao ny fanekempihavanana nataontsika? Azonao atao ny manazava raha tianao, fa ny manavao dia midika fa manao tahaka ny vaovao na manomboka indray. Avereno jerena miaraka amin'ny ankizy ny vavaka atao amin'ny fandraisana Fanasan'ny Tompo ary ampio izy ireo hahita ny fanekempihavanana voarakitra ao anatiny (jereo ny Môrônia 4:3; 5:2). Omeo dika mitovy amin'ilay taratasy hozaraina ny ankizy tsirairay ary avereno ny fanekempihavanana nataony tamin'ny batisa.

---

| | |
|---|---|
| **Asa Fanampiny** | Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby. |

1. Asaivo mihazona boky maromaro somary tsy dia mavesatra amin'ny tanana iray izay atsotrany mandritra ny fotoana iresahanao amin'ny mpianatra momba ny fanekempihavanan'ny batisa ny ankizy iray. Anontanio raha vizana ilay ankizy mihazona boky amin'ny tanany iray. Asaivo manampy azy hihazona ilay boky ny ankizy hafa iray. Hazavao fa iray amin'ireo fampanantenana nataontsika tamin'ny batisa ny "hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany." Ifanakalozy hevitra ny enta-mavesatra izay mety ho tsapan'ny ankizy mitovy taona aminy, toy ny voarabiraby, marary, manana olana amin'ny ankohonana, te-ho tafiditra ao anatin'ny vondron'ny mpinamana, na manana olana any am-pianarana. Anontanio ny ankizy ny fomba ahafahany mifanampy hanamaivana ny enta-mavesatra entiny.
2. Alohan'ny fotoam-pianarana dia manontania ny ray aman-drenin'ireo ankizy hilaza aminao mikasika ny fotoana nanompoan-janany ny hafa. Zarao amin'ny ankizy ireny traikefa ireny, ary ankasitraho ireo ankizy tamin'ny fanompoana nataony. Ampahatsiahivo fa manamaivana ny enta-mavesatra ho an'ireo izay notompoiny ireo asa fanompoana ireo.
3. Hazavao amin'ny mpianatra fa ampahany amin'ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa ny ho vonona hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy sy hanjary Kristiana marina na mpanara-dia an'i Kristy. Tokony ho mendrika hitondra ny anarany isika. Asaivo eritreretin'ireo ankizy ny fomba tsara mba hanajany ny anaran'i Jesoa Kristy, mandritra ny izaranao ny tantara nataon'ny Filoha Georges Albert Smith, Filoha fahavalon'ny Fiangonana:

   "Taona vitsy lasa izay dia narary mafy aho. . . . Narary mafy tokoa aho ka tsy afa-nihetsika intsony.

   "Indray andro . . . Tsy nahatsiaro tena intsony aho ary nihevitra fa lasa any Ankoatra. . . .

   "Nanomboka nijerijery ny manodidina aho . . . ary rehefa avy nandehandeha nandritra ny fotoana fohy . . . namakivaky ilay ala, dia nahita lehilahy nanatona ahy. Tsapako fa olona vaventy be izy, ary nafainganiko ny diako hahatratra azy, satria fantatro fa ny dadabeko izy. . . . Tsaroako ny haben'ny hafaliako nahita azy nanatona ahy. Nomena anarana mitovy tamin'ny azy aho, ary nireharehako hatrany ny nitondra izany.

   "Rehefa tokony ho metatra vitsivitsy ny elanelana tsy hahatongavany teo amiko, dia nijanona izy. . . . Nijery ahy tamin'ny endrika matotra izy ary niteny hoe:

   "Tiako ho fantatra ny nataonao tamin'ny anarako.'

   "Nandalo nanoloana ahy avokoa ny zavatra rehetra nataoko, tahaka ny sary mipoipoitra teo amin'ny efijery. . . . Nandalo teo anoloako ny fiainako manontolo. Nitsiky aho ary nijery an-draibeko sady niteny hoe:

   " 'Tsy nisy zavatra nataoko tamin'ny anaranao ka hahamenatra anao!'

   "Nanatona ahy izy ary namihina ahy, ary rehefa nanao izany izy, dia nahatsiaro indray ny manodidina ahy aho. Lena toa nirarahan-drano teo ambony ondako—kotsan-dranomasom-pankasitrahana noho ny fahafahako namaly tsy tamin-kenatra" ("Your Good Name," *Improvement Era,* Mar. 1947, p. 139).


   Hazavao amin'ny ankizy fa rehefa vonona ny hitandrina ny mety izy ary manome tanana ny hafa, dia manaja ny anaran'i Jesoa Kristy izy izay.

4. Hirao na vakio ny tonon'ny "Baptême" (*Chants pour les enfants*, p. 54) na ny "The Fourth Article of Faith" (*Children's Songbook,* p. 124).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona fa rehefa mitandrina ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa isika dia hianatra hifanompo tsaratsara kokoa ary manjary tahaka an'i Jesoa Kristy bebe kokoa. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Môsià 18:1–11, 30–35 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |
| | Fanamarihana : Raha toa ianao ka tapa-kevitra ny hampiasa ny asa fanampiny 1 ao amin'ny lesona manaraka, dia omeo herinandro mialoha farafahakeliny ny asa ho atao. |


FANEKEMPIHAVANANA



# Ny Fanekempihavanako tamin′ny Batisa

(Havaozina Isaky ny Mandray ny Fanasan′ny Tompo Aho)

**Nanao fanekempihavanana tamin′ny Tompo aho, tamin′ny batisa mba:**

1. Hiditra ao amin'ny valan'ondrin' Andriamanitra (lasa mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy).
2. Hantsoina ho zanany lahy na zanany vavy (hitondra ny anaran'i Kristy).
3. Hitondra ny enta-mavesatry ny hafa mba hanamaivana izany, hiara-malahelo amin'ireo izay malahelo ary hampionona ireo izay mila fampiononana (hanampy ny hafa).
4. Hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zavatra rehetra ary amin'ny toerana rehetra (Hanambara ny amin'i Kristy sy hitoetra ho ohatra tsara amin'ny fotoana rehetra).
5. Hanompo an'Andriamanitra sy hitandrina ny didiny.

**Rehefa mitandrina ny fanekempihavanana nataoko aho,
dia manao fanekempihavanana ny Tompo fa:**

1. Hamela ny fahotako.
2. Hampidina bebe kokoa ny Fanahiny eo amiko (hanome ahy ny Fanahy Masina hiaraka amiko).
3. Hanavotra ahy mba ho voaisa miaraka amin'ireo izay ao amin'ny fitsanganana amin'ny maty voalohany aho, ka hanana ny fiainana mandrakizay (hamela ahy hiditra any amin'ny fanjakana selestialy, hiaina miaraka amin'ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy).

# Ny Vahoakan'ny Mpanjaka Limia sy ny Vahoakan'i Almà

Lesona 13

**Tanjona**

Mampianatra ireo ankizy fa ny fanetren-tena sy ny finoana no afaka manome antsika hery hiatrehana fahoriana.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Môsià 21:1–16; 22; 23:1–6, 29–39; sy ny 24 ary avereno jerena ny Môsià 12:2, 4–5. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: Môsià 20–25 (ho an'ny tantara iray manontolo).
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Raha mihevitra ny hampiasa ny Asa Fanampiny 1 ianao, dia tokony homenao herinandro mialoha farafahakeliny ny asa atao.
5. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sary 4-24, Eo ambany fiambenan'ireo Lamanita ireo Nefita, sy ny 4-25, Mandositra ny vahoakan'i Limia Mpanjaka.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Soraty eny amin'ny solaitrabe na amin'ny peta-drindrina ireto teny sy ny famaritana manaraka ireto. Hazavao fa hianatra teny manan-danja sasantsasany mifandray amin'ny tantara ao amin'ny soratra masina ny ankizy. Avelao ny ankizy hanonona teny an-tsitrapo sy hifidy ny famaritana azy.

| | | |
|---|---|---|
| Fahoriana | a. | Olana na alahelo sarotra zakaina |
| Fanandevozana | b. | Fahavononana hianatra; tsy misy avonavona |
| Fanetren-tena | d. | Loza, fijaliana na olana |
| Fanenjehana | e. | Tsy fisian'ny fahafahana, fanandevozana |
| Finoana | f. | Fanorisorenana, alahelo lehibe na famelezana |
| Enta-mavesatra | g. | Finoana na dia tsy mahita maso aza |

Valiny: Fahoriana:*d;* fanandevozana:*e;* fanetren-tena:*b;* fanenjehana:*f;* finoana:*g;* Enta-mavesatra:*a;*

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Avereno jerena ireo faminanian'i Abinadia mikasika ny Nefita ao amin'ny Môsià 12:2, 4–5. Tanteraka ara-bakiteny ireo faminaniana ireo na dia nizara ho vondrona roa aza ny Nefita. Ampianaro ny tantaran'ny vahoakan'i Limia mpanjaka sy ny vahoakan'i Almà ao amin'ny Môsià 21:1–16; 22; 23:1–6, 29–39; sy ny Môsià 24. Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

Ny vahoakan'i Limia Mpanjaka

- Tamin'ny fomba ahoana no nanenjehan'ny Lamanita ny vahoakan'i Limia? (Môsià 21:3.) Nahoana no nitranga izany? (Môsià 21:4; 12:2, 4–5.)
- Inona no fiantraikan'ny faharesena an'ady intelo nahazo ny vahoakan'i Limia Mpanjaka teo anatrehan'ny Lamanita? (Môsià 21:13–14.) Inona no dikan'ny hoe manetry tena? Nahoana araka ny hevitrao no nanetry tena ny Nefita tamin'ny farany?
- Nahoana no nitaredretra ny Ray any an-danitra hihaino ny fitalahoan'ny vahoakan'i Limia? (Môsià 21:15.) Ahoana no nasetriny ny fitalahoan'izy ireo hahazo fanampiana tamin'ny farany? (Môsià 21:15–16.) Inona no azon'ny vahoakan'i Limia nianarana avy amin'ny fiainana tany amim-panandevozana? Ahoana no afaka manampy antsika hanjary manetry tena, mankato ary mivavaka kokoa ny fijaliana eo amin'ny fiainantsika?
- Rehefa nanao fanekempihavanana tamin'Andriamanitra i Limia Mpanjaka sy ny vahoakany, inona no tiany hatao mba hanehoany fa manaja ny fanekempihavanana nataony taminy izy? (Môsià 21:35.) Ahoana no ahafahantsika mampiseho ny Ray any an-danitra, fa najaintsika ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa?

Ny Vahoakan'i Almà

- Inona no antony nitsapana ny finoana sy ny faharetan'ny vahoakan'i Almà? (Môsià 23:21.) Inona no fampanantenana nomen'ny Tompo azy ireo sy ho antsika, raha mametraka ny fahatokiantsika aminy isika rehefa tsapaina ny faharetantsika sy ny finoantsika? (Môsià 23:22.) Ahoana no nahazoanao fitahiana tamin'ny fahatokiana ny Tompo?
- Nahoana no nilazan'i Almà fa tsy tokony hatahotra ny vahoakany? (Môsià 23:27.) Ahoana no nasetrin'ny olona ny toroheviny? (Môsià 23:28.) Ahoana no nanampian'ny Tompo azy ireo? (Môsià 23:29.) Ahoana no nanampian'ny Tompo anao hahazo herim-po?
- Inona no azonao atao mba hatanjaka manoloana ny fahoriana? Ahoana no nitahian'ny Ray any an-danitra anao na ny fianakavianao tao anatin'ny androm-pahoriana?
- Ahoana no nilazan'i Almà sy ny vahoakany tamin'Andriamanitra izay nilainy, fony izy ireo tsy navelan'i Amiolona, mpanora-dalàna ratsy toetra tsy hivavaka amin'ny feo mafy? (Môsià 24:12.) Ahoana no namalian'ny Ray any an-danitra

ny vavaka nataony sy nitazonany ny fampanantenana nomeny azy? (Môsià 24:13–16.) Ahoana no nitazonan'ny Ray any an-danitra ny fampanantenana nomeny anao?

- Inona no tadidin'i Almà sy ny vahoakany hataony rehefa novenjena teo anivon'ny Lamanita izy ireo? (Môsià 24:21–22.) Nahoana no zava-dehibe ny maneho fankasitrahana, na dia ao anatin'ny androm-pahoriana aza? Ahoana no ahafahantsika maneho fankasitrahana ny Ray any an-danitra ny amin'ny fitahiana azontsika?
- Ahoana no hitahiana ara-panahy ny olona ao anatin'ny androm-pahoriana?
- Ahoana no ankaherezan'ny fananana finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fananana fanetren-tena anao mandritra ny fotoam-pahoriana?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Manasà olon-dehibe roa izay manao fitafiana toa an'i Limia Mpanjaka sy i Almà. Afaka milaza ny tantaran'ny vahoakany ao amin'ny Môsià 21 sy Môsià 22 ny Mpanjaka Limia. Afaka milaza ny tantaran'ny vahoakany ao amin'ny Môsià 23 sy Môsià 24 kosa i Almà. Avelao hametraka fanontaniana mikasika ny zava-niseho tao amin'ny tantara ny ankizy. Azo ampiasaina mandritra ny fitantarana na eo am-pamaranana ny fitantarana ireo fanontaniana mitariha fifanakalozan-kevitra sy fampiharana.
2. Zarao vondrona roa ka hatramin'ny efatra ireo ankizy ao am-pianarana, arakaraka ny habeny. Avelao ny vondrona tsirairay hilalao ny ampahany nahafinaritra azy ireo tamin'ny tantara amin'ny alalan'ny baiko moana, mandritra izany ny vondrona hafa dia manombatombana ny tiany hambara.
3. Ataovy tsianjery nyfanekempinoana fahefatra.
4. Hirao na vakio ny tonon'ny "The Fourth Article of Faith" (*Children's Songbook*, p. 124) na ny "La foi" (*Chants pour les enfants*, p. 50).
5. Asao ny ankizy hamaky mangina ny sasany amin'ireto soratra masina manaraka ireto ary hanisy marika izay manan-danja aminy:
   Môsià 23:7, 15, 21–22
   Môsià 24:12–16, 21–22
   Môsià 25:10, 15–16, 22–24

---

**Famaranana**

**Fijoroana ho vavolombelona**

Manehoa fankasitrahana sy ny fijoroanao ho vavolombelona ny amin'ny fitahiana azonao avy amin'ny Tompo nandritra ny fotoam-pahoriana.

**Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana**

Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy.

**Vakiteny Enti-mody**

Asaivo mandalina any an-tranony ny Môsià 21:6–16 sy ny Môsià 24:10–15 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.

Lesona
14

# Mibebaka i Almà Zanany sy ny Zanakalahin'i Môsià

**Tanjona**

Mampianatra ny ankizy fa ilaina ny fibebahana mba hahazoana fiadanana eto an-tany sy fiainana mandrakizay.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Môsià 27, 28:1–9 sy ny Almà 36:11–24. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Kitapo babena iray na kitapo sy zavatra mavesatra efatra na dimy, toy ny boky, vato na biriky. Asio marika milaza ota iray isaky ny zavatra, toy ny hoe lainga, fanesoana ny hafa, ny zavatra fohana sy ny sisa.
   d. Sary 4-26, Miseho amin'i Almà sy ny Zanakalahin'i Môsià ny Anjely iray.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Mitondrà kitapo babena na kitapo feno zavatra mavesatra any am-pianarana. (Azonao fantarina ny zavatra manokana mety hahasintona ny ankizy amin'io sokajy taona io. Apetaho eo amin'ny marika izany). Asaivo mifandimby mihazona ilay kitapo mavesatra ny ankizy. Asaivo mifandimby manala zavatra iray ny ankizy tsirairay avy eo.

Rehefa nesorina ny "fahotana" rehetra, dia hihamaivana ny "enta-mavesatr' "ilay zaza mibaby izany. (Azonao apetraka talaky maso ireo zavatra ireo raha tianao, ho azonao iverenana raha misy ilana izany.) Ampitahao ny lanjan'ilay kitapo mavesatra sy ilay kitapo maivana. Nilaza tamintsika i Jesoa, fa raha manatona Azy amin'ny finoana, fibebahana ary batisa isika, dia ho hamaivaniny ny entamavesatra entintsika. Ny fibebahana dia fanenenana tamin'ny fahotana vita, ny tsy famerenana izany intsony ary ny fiezahana hiaina tahaka ny Mpamonjy bebe kokoa avy eo. Ao anatin'ity lesona ity no hahitan'ny ankizy ny fomba nahitan'i Almà Zanany sy ny Zanakalahin'i Môsià ny enta-mavesatry ny fahotana sy ny fahasambarana azo rehefa niala noho ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fibebahana izany enta-mavesatra izany.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany, ary ampianaro ny tantaran'ny fiovana mahery vaika nisy teo amin'ny fiainan'i Almà Zanany sy ny Zanakalahin'i Môsià araka ny voasoratra ao amin'ny Môsià 27 sy ny Môsià 28:1–9. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny

"Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Ampio ny ankizy hahafantatra fa momba an'i Almà Zanany, (ny rainy, Almà Rainy, dia ilay Almà izay niova fo noho ny fitoriana nataon'i Abinadia) ity lesona ity. Ifanakalozy hevitra ny dingana amin'ny fibebahana izay nandalovan'i Almà Zanany, izay mitovy amin'ny dingana tsy maintsy diavintsika rehefa mibebaka isika (jereo ny Almà 36:16–21):

1. Miaiky ny ota.
2. Mibaboka ny ota sy mangataka famelana.
3. Manao izay azo atao hanonerana bebe kokoa ny ratsy natao.
4. Miala amin'ny ota.
5. Mankatò ny didy sy miaina tahaka ny Mpamonjy.

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no nataon'ireo tsy mpino tamin'ny mpikambana ao amin'ny Fiangonana? Inona no dikan'ny hoe voaenjika? Nahoana araka ny hevitrao no nenjehan'ireo olona ireo ny mpikambana tao amin'ny Fiangonana? (Môsià 27:1, 8–10.) Amin'ny fomba ahoana no mety hanenjehana ny mpikambana ao amin'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao?
- Iza no nivavaka ho an'i Almà Zanany sy ny Zanakalahin'i Môsià? Inona no nangatahin'izy ireo tao amin'ny vavaka nataony? (Môsià 27:14.) Inona araka ny hevitrao no angatahin'ny ray aman-dreninao rehefa mivavaka ho anao izy ireo?
- Ahoana no tokony hivavahantsika mba handraisana valim-bavaka? (Môsià 27:14.) Asao ny mpianatra hizara ny traikefa tamin'ny nandraisany valimbavaka. Azonao atao koa ny mizara traikefa toy izany, raha tianao.
- Ahoana no niainan'i Almà sy ny namany efatra ny herin'ny Ray any andanitra? (Môsià 27:11, 15, 18.)
- Inona no nitranga tamin'i Almà noho ny traikefa ara-panahy nitranga taminy? (Môsià 27:19.) Ahoana no naha-fitahiana lehibe izany tamin'ny fiainan'i Almà?
- Inona no nataon'i Almà Rainy raha nandre ny zava-nitranga tamin'ny zanany lahy izy? (Môsià 27:20–23.) Nahoana no tian'ny ray aman-drenintsika ny hankatoavantsika ny didin'ny Ray any an-danitra?
- Inona no tsapan'i Almà taorian'ny niresahan'ny anjely taminy? (Almà 36:11–17.) Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny mahatsapa fanenenana amin'ny ota nataontsika?
- Ahoana no nanampian'ny fahalalan'i Almà ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy azy mba hibebaka? (Almà 36: 17–18.) Inona no nataon'i Almà rehefa nahatsiaro ny Mpamonjy izy? (Almà 36:18.) Nahoana no zava-dehibe ny mibaboka ny otantsika sy ny mangataka famelana rehefa mibebaka isika?
- Ahoana no nataon'i Almà mba hanonerana ny ratsy nataony? (Almà 36:24.) Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny miova sy miezaka manonitra ny zavatra ratsy nataontsika rehefa mibebaka isika?

- Inona no zavatra tian'i Almà Zanany sy ny Zanakalahin'i Môsià ho atao hanampiana ny hafa rehefa nibebaka sy niala tamin'ny fomba ratsiny izy ireo? (Môsià 27:32, 35; 28:1.) Ahoana no ahafahantsika ho lasa ohatra amin'ny tsara eo anivon'ny fianakaviantsika sy ny namantsika?

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Mampiasà sarin-jazakely, na manasà olona manan-janaka hitondra ny zazakeliny any am-pianarana. Ampitahao amin'ny fahadiovan'ny zazakely ny fahadiovan'ny olona izay mibebaka.
2. Manasà olona vao tsy ela no niova fo hizara ny fomba nibebahany sy ny nanaovana batisa azy, izay nisy fiantraikany tamin'ny fiainany sy ny fahasambarany.
3. Mampiasà tavoahangy iray misy rano madio mampiseho olona iray afaka tamin'ny ota. Raraho lokon-tsakafo kely ao anaty rano ary asehoy ny fomba niparitahan'ny loko nanerana ny rano. Ampitahao amin'ny ota izany. Ampio ranoka manafotsy lamba vitsivitsy avy eo hanala ilay loko, ary ampitahao amin'ny fomba anadiovan'ny fibebahana antsika amin'ny ota izany. Azonao atao ny manandrana io fampiharana io mialoha, hahafantarana ny habetsaky ny lokon-tsakafo sy ny fanafotsiana hampiasaina).
4. Hirao na vakio ny tonon'ny "Aide-moi, Père" (*Chants pour les enfants*, p. 52).

**Famaranana**

Fijoroana ho vavolombelona

Mijoroa ho vavolombelona fa amin'ny alalan'ny fibebahana sy ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy irery ihany no ahafahan'ny enta-mavesatry ny otantsika mihamaivana ka ho afaka mandray famelana sy fanehoam-pifaliana isika.

Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana

Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy.

Vakiteny Enti-mody

Asaivo mandalina any an-tranony ny Môsià 27:10–24 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.

# Ny Asa Fitoriana nataon’i Almà sy Amioleka tany Amônihà

Lesona 15

**Tanjona**

Mampianatra ny ankizy ny maha-zava-dehibe ny fankatoavana amim-pinoana ny didin’ny Ray any an-danitra.

**Fiomanana**


1. Halalino amim-bavaka ny Almà 8:8–9:34 sy 11:21–12:19. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin’ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin’ny soratra masina. (Jereo ny “Fanomanana ny Lesonao,” p. vi, sy ny “Fampianarana avy ao amin’ny Soratra Masina,” p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: Almà 10.
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon’ny lesona.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin’i Môrmôna ho an’ny ankizy tsirairay.
   b. Sary 4-27, Mampianatra ny vahoakan’i Amônihà i Almà.

**Sosokevitra ho an’ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Ataovy eny amin’ny solaitrabe ity sary manaraka ity :



Asaivo ataon’ny ankizy iray eo amin’ny teboka ny tsaoka ary soritany ny tsipika iray araka ny toromarika manaraka:

1. Manorità tsipika mankany amin'ny efamira telo miankavanana.
2. Manorità tsipika mankany amin'ny efamira roa midina.
3. Manorità tsipika mankany amin'ny efamira iray miankavia.
4. Manorità tsipika mankany amin'ny efamira iray miakatra.
5. Manorità tsipika mankany amin'ny efamira roa miankavia.
6. Manorità tsipika mankany amin'ny efamira iray midina.
7. Manorità tsipika mankany amin'ny efamira iray miankavanana.
8. Manorità tsipika mankany amin'ny efamira iray midina.
9. Manorità tsipika mankany amin'ny efamira roa miankavanana.

- Raha tsy manaraka ny toromarika nomeko ve i (anaran'ny ankizy) dia ho niafara teo amin'ilay kintana ve ilay tsipika?

Isaory ilay ankizy noho izy nanaiky nanaraka ny toromarika rehetra. Ilazao ny ankizy fa hianatra ny momba ny mpitory filazantsara roalahy izay nanaiky izay rehetra nasaina nampanaovina azy izy ireo.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny tantaran'i Almà sy i Amioleka ary ny asa nanirahana azy tany Amônihà ao amin'ny Almà 8:8–9:34 sy Almà 11:21–12:19. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany.

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Nahoana no tsy maintsy nihaino an'i Almà ny vahoakan'i Amônihà? (Almà 8:9.) Inona no nataon'i Almà mba hanaovana izay hanamora ny fon'ny vahoaka? (Almà 8:10.)
- Inona araka ny hevitrao no tokony ho ataonao raha niaina izay nataon'i Almà ianao, tamin'ny nandehanany voalohany tany Amônihà? (Almà 8:13–14.) Nahoana no nilaza tamin'i Almà mba hifaly ny anjely? (Almà 8:15.) Inona no tsapanao rehefa nankatò ny didin'ny Ray any an-danitra ianao?
- Oviana no nalefa voalohany hitondra hafatra ho an'i Almà io anjely io? (Asehoy ny fanazavana eny ambanin'ny pejy mikasika ny teny *nanolotra* ao amin'ny Almà 8:15, ary asaivo vakian'ny ankizy iray avy eo ny Môsià 27:11–16.) Avereno jerena vetivety ny fomba nibebahan'i Almà sy ny nahatonga azy ho mpanompo matoky ny Ray any an-danitra (jereo ny lesona 14).
- Inona no azontsika ianarana avy amin'ny fomba nasetrin'i Almà ny didin'ilay anjely? (Almà 8:18.)
- Nahoana no tena vonona ny hanampy an'i Almà i Amioleka? (Almà 8:20.) Inona no nandidiana an'i Almà sy i Amioleka mba ho ataony? (Almà 8:29.)

- Ahoana no nanampian'ny Ray any an-danitra an'i Almà sy i Amioleka hiatrika ny vahoaka ratsy fanahin'i Amônihà? (Almà 8:30–32.) Inona no azontsika atao mba ho mendrika ny fanampian'ny Ray any an-danitra isika rehefa tojo zava-tsarotra?
- Inona ny naminanian'i Almà fa hitranga tamin'ny vahoakan'i Amônihà raha tsy nibebaka sy tsy nankatò ny didy izy ireo? (Almà 9:18.)
- Inona ny faminanian'i Almà sy i Amioleka momba an'i Jesoa Kristy? (Almà 9:26–28.)
- Inona no atao hoe mifady hanina? Nahoana no nifady hanina ho an'ny vahoakan'i Amônihà i Almà? (Almà 10:7.) Ahoana no ilazana fa mitondra fitahiana ho anao ny mifady hanina?
- Ahoana no nataon'i Zezrôma mba hakana fanahy an'i Amioleka? (Almà 11:22.) Ahoana no nasetrin'i Amioleka io fakam-panahy io? (Almà 11:23–25.) Efa nisy ve olona nanandrana hitarika na haka fanahy anao hanao zavatra ratsy? Ahoana no ahafahanao manohitra ny fakam-panahy toy izany?
- Ahoana no nahazoan'i Zezrôma fitahiana noho ny fankatoavany an'i Almà sy i Amioleka? Inona no nahatonga an'i Zezrôma hibebaka? (Almà 12:7–8.) Ahoana no ahafahanao manampy ny hafa hahazo fijoroana ho vavolombelona amin'ny fizaranao ny anao? Inona no nampianarin'i Almà an'i Zezrôma momba ny fomba hitsaran'Andriamanitra antsika? (Almà 12:12–15.)

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Manasà mpitory filazantsara efa tafaverina hitsidika ny fotoam-pianarana mba hizara ny maha-zava-dehibe taminy ny fankatoavana ny fitsipika tany amin'ny asa fitoriana sy ny fampianaran'i Jesoa Kristy. Hazavao fa isa-maraina dia mankahery tena amin'ny fandalinana ny soratra masina sy ny vavaka ny mpitory ny filazantsara alohan'ny handehanany mampianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ampianaro ny ankizy fa hanampy azy hahazo finoana, herim-po ary fiarovana amin'i Satana ny fankatoavana ny didy.
2. Mitondrà zavatra iray na maro ahafahan'ny ankizy iray hitafy toa an'i Almà. Asaivo milalao an-tsehatra ny asa nanirahana an'i Almà tany Amônihà ny ankizy vitsivitsy. Omeo ny ankizy milalao an'i Almà ny takelaka misy izao hafatra manaraka izao: "Izaho no Almà. Tonga aho mba hampianatra anareo ny momba ny Mpamonjy antsika, dia i Jesoa Kristy izany, sy ny fomba hankatoavana ny didiny. Afaka mandroso ve aho?" Omeo ankizy hafa ny takelaka misy ireto hafatra manaraka ireto:

   Tsy mpikambana ao amin'ny Fiangonana intsony izahay, ry Almà. Tsy mino ny zavatra lazainao izahay.
   Tsy afaka mandroso ianao ry Almà. Mivoaha ny tranonay sy ny tananay.
   Mandrosoa! Te-hihaino ny hafatrao aho.
   Tsia! Tsaroanay ny naha-mpikomy anao ry Almà.
   Tsy hihaino mpihatsaravelatsihy izahay.

   Resaho ny mikasika ny herim-po tsy maintsy hananan'ny mpitory ny filazantsara sy ny fomba anomezan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fankatoavana ny didiny herim-po ho antsika.

3. Miangavia ankizy iray hilalao ny anjara toeran'i Amioleka. Miangavia ankizy iray hafa hilalao an'i Zezrôma izay miseho ho manana aonty volafotsy enina any an-tanany. Omeo io ankizy io ny takelaka misy izao hafatra manaraka izao: "Indro ireto misy aonty volafotsy enina, ary homeko anao izy rehetra ireto, raha mandà ny fisian'ìlay Andriamanitra Faratampony ianao."

   Ajanony ny filalaovana ary hanontanio ny ankizy ny amin'izay heveriny tokony ho notenenin'i Amioleka mahakasika io kolikoly io. Antitrantero ny herim-po nananan'i Amioleka tamin'ny fanaovana ny marina. Ifanakalozy hevitra ny mikasika ny herim-po tian'ny Ray any an-danitra hananantsika mba ho mahatoky isika.

4. Anontanio ny ankizy izay didy efa nankatoaviny na hankatoavina androany, toy ny mivavaka, tonga miangona, mihira, mijoro ho vavolombelona, mandray ny Fanasan'ny Tompo, mieritreritra ny amin'i Jesoa Kristy mandritra ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo, manao asa fanasoavana amim-pitiavana ary mandoa fahafolon-karena. Amporisiho ny ankizy hitandrina ny fihetsiny, ny fiteniny ary ny eritreriny mandritra ny herinandro ho avy ary hanana herim-po hankatò ny didin'ilay Ray any an-danitra.

5. Hirao na vakio ny tonon'ny "Fais donc le bien" (*Chants pour les enfants*, p. 80), "Defends le bien" (*Chants pour les enfants*, p. 81), na ny "Choisir le bien" (*Chants pour les enfants*, p. 82).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona fa tian'ny Ray any an-danitra ny hankatoavantsika ny didiny amin'izay dia ho mendrika ny Fanahiny isika, izay hiaraka amintsika sy hanampy antsika hiverina any Aminy. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Almà 8:14–20 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br><br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

# Tao am-ponja i Almà sy i Amioleka

Lesona 16

| | |
|---|---|
| **Tanjona** | Manampy ny ankizy hampitombo ny finoany an'i Jesoa Kristy mba hahafahany mijoro amin'ny fahamarinana. |
| **Fiomanana** | 1. Halalino amim-bavaka ny Almà 14:1–16:10. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)<br>2. Vakiteny fanampiny: Almà 60:13.<br>3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.<br>4. Fitaovana ilaina:<br>a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.<br>b. Elo iray.<br>d. Sary 4-28, I Almà sy i Amioleka tany Amônihà sy ny 4-29, Mivoaka ny Fonja izay Nirodana i Almà sy i Amioleka. |
| **Sosokevitra ho an'ny Fana-tanterahana ny Lesona** | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana. |
| Asa hisarihana ny saina | Asehoy ny ankizy ny elo (na manaova fihetsika ho toy mitondra elo) sy ny Bokin'i Môrmôna. Anontanio izay mety mampitovy an'ireo zavatra roa ireo. Ampio ny ankizy hahatakatra fa tsy hiaro antsika amin'ny orana ny elo raha tsy hosokafantsika izany ary hialofantsika. Torak'izany koa ny Bokin'i Môrmôna dia tsy afaka mampitombo ny finoantsika an'i Jesoa Kristy, raha tsy sokafantsika, entintsika amim-bavaka ny fianarana izany ary hiainantsika ny fampianarana ao anatiny.<br><br>Asao ny ankizy hanokatra ny Bokin'i Môrmôna ary hianatra ny fomba nananan'ireo mpitory filazantsara roalahy finoana ampy ka nahatonga ny rindrin'ny fonja nirodana. |
| Tantara ao amin'ny Soratra Masina | Ampianaro ny tantaran'i Almà sy i Amioleka tany am-ponja ao amin'ny Almà 14:1–16:10. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany. |
| Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana | Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana. |


- Avereno jerena fohy ny tantaran'i Zezrôma tao amin'ny lesona farany. Inona no tsapan'i Zezrôma rehefa hitany fa nohajambainy ny sain'ny vahoakany? (Almà 14:6.)
- Ahoana no nanehoan'i Zezrôma ny fanenenany tamin'ny ota vitany? (Almà 14:7.) Ahoana no nanaovan'ny vahoaka azy? Nahoana no nanenjika ireo izay mino ny Ray any an-danitra ny olona indraindray?
- Inona no nataon'ny vahoakan'i Amônihà an'i Zezrôma sy ireo izay nino an'i Almà sy Amioleka? (Almà 14:7, 9.) Inona no ho tsapanao raha niharan'izany ianao?
- Raha mbola nijery tamin'alahelo ny nandorana ny soratra masina sy ny zaza amam-behivavy tsy manan-tsiny i Almà sy i Amioleka, dia inona no nambaran'ny Fanahy Masina tamin'i Almà? (Almà 14:11.) Nahoana no tsy navelan'ny Ray any an-danitra hamonjy ny olona amin'ny afo i Almà?
- Inona no mitranga amin'ny olona marina izay maty amin'ny fiarovana ny fahamarinana? (Almà 60:13.) Ampio hahatakatra ireo ankizy fa indraindray dia maty amin'ny fiarovana ny marina ny olo-marina.
- Nahoana araka ny hevitrao no afaka niharitra ny fanenjehana mahatsiravina nihatra taminy i Almà sy i Amioleka? Inona no azonao atao mba hanaovana izay hananana finoana an'i Jesoa Kristy tahaka ny nananan'i Almà sy i Amioleka? Ahoana no mitaky herin-tsaina ny fijoroana amin'ny marina?
- Raha mbola tao am-ponja i Almà sy i Amioleka, dia inona no zavatra nanome azy fahefana mba ho ataony? (Almà 14:25–28.) Iza no nanome azy io fahefana io? Nahoana araka ny hevitrao no nitsoaka an'i Almà sy i Amioleka ny vahoaka tao an-tanàna? (Almà 14:29.)
- Nahoana no voan'ny tazo mahery i Zezrôma? (Almà 15:3.) Inona no mety ho nahatonga an'i Zezrôma ho sitrana na ara-batana na ara-panahy? (Almà 15:6–8.) Inona no tsapanao rehefa avy nanao zavatra ratsy ianao? Inona no tsapanao rehefa avy mibebaka ianao? (Aoka ianao hitandrina mba tsy hiresaka zavatra mety hahasadaikatra ny ankizy).
- Rehefa sitrana sy vita batisa i Zezrôma, dia inona no nataony? (Almà 15:12.) Inona no ataonao izao mba hizarana ny filazantsara amin'ny hafa? Inona no azonao iomanana mba hanaovana asa fitoriana amin'ny fotoana maharitra? Inona no nitranga tamin'i Amioleka noho izy mpitory ny filazantsara? (Almà 15:16.) Inona ireo fahafoizan-tena ataon'ny mpitory ny filazantsara amin'izao fotoana izao mba handehanana hanao asa fitonana?
- Inona no faminaniana nataon'i Almà ka mety ho nitranga tamin'ny vahoakan'i Amônihà, raha nandà ny hibebaka izy? (Almà 9:18.) Ahoana no nahatanteraka io faminaniana io? (Almà15:15; 16:2–3, 9–10.)
- Inona no nianaranao avy amin'ny tantaran'i Almà sy i Amoleka, ka hanampy anao hanana finoana an'i Jesoa Kristy sy hijoro amin'ny hitsiny?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Manaova dika mitovy maro amin'ny takelaka misy ny "Mijoroa amin'ny marina," izay hita any amin'ny faran'ny lesona, ary omeo tsirairay avy ny ankizy. Asaivo manao tsipika izay hampitohy ny teny tsirairay avy eo ankavia amin'ny teny eo ankavanana ny ankizy, izay hilaza zavatra mitaky herim-po ny fanaovana izany. Asaivo mitsangana ny ankizy rehefa mahavita. Rehefa tapitra nitsangana avokoa ny rehetra, dia iangavio izy ireo hipetraka ka hifidy fitsipika izay sahiny hijoroana. Omeo fahafahana ho eny aloha ny ankizy tsirairay ary hamerina amin'ny feo avo ny tanjony mandritra ny fialofany eo ambany elo mivelatra. Ohatra: "Hanapa-kevitra aho fa tsy hangalatra intsony." (Tsy maninona na tanjona iray ihany aza no hofidian'ny ankizy maro). Hazavao fa mampiseho ny fampianaran'i Jesoa Kristy ny elo izay hiaro antsika amin'i Satana, raha mialoka ao ambaniny isika.




2. Ataovy lisitra eny amin'ny solaitrabe miaraka amin'ny ankizy ny zavatra azony atao hanamafy ny finoany an'i Jesoa Kristy. Iangavio ny ankizy tsirairay hifidy zavatra iray ao amin'ny lisitra, mba hataony mandritra ny herinandro ho avy. Asaivo hakimpin'ny ankizy ny masony ka ho alainy sary an-tsaina fa manatontosa ny tanjony izy. Asaivo milaza aminao ny zavatra vitany ny ankizy amin'ny herinandro manaraka.
3. Vakio nyfanekempinoana fahaefatra, ary iangavio ny ankizy hamantatra ny fomba nahavitan'i Zezrôma ny dingana tsirairay voasoratra.
4. Hirao na vakio ny tonon'ny "Défends le bien" *(Chants pour les enfants,* p. 81). Asaivo mitsangana ny ankizy rehefa mihira ny fehezanteny farany "Ary mijoroa amin'ny marina."

---

## Famaranana

**Fijoroana ho vavolombelona**

Mijoroa ho vavolombelona fa rehefa mankatò ny didy tahaka ny nataon'i Almà sy i Amioleka isika, dia hitombo ny finoantsika an'i Jesoa Kristy ka hanana herim-po hijoroana amin'ny marina isika.

| | |
|---|---|
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Almà 14:23–29 sy ny Almà 15:1–13 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br><br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

## MIJOROA AMIN'NY MARINA

| | |
|---|---|
| Misafidy | Vavaka |
| Milaza | Fananana |
| Na oviana na oviana | Tsara fanahy |
| Mankatò | Mandainga |
| Maneho fanajana | Fahamarinana |
| Aoka ho | Miteny ratsy |
| Manalavitra | Marina |
| Miteny | Didy |
| Manaraka | Soratra Masina |
| Mandalina | Jesoa |


## MIJOROA AMIN'NY MARINA

| | |
|---|---|
| Misafidy | Vavaka |
| Milaza | Fananana |
| Na oviana na oviana | Tsara fanahy |
| Mankatò | Mandainga |
| Maneho fanajana | Fahamarinana |
| Aoka ho | Miteny ratsy |
| Manalavitra | Marina |
| Miteny | Didy |
| Manaraka | Soratra Masina |
| Mandalina | Jesoa |

Lesona
17

# Amôna, ilay Mpanompo Lehibe

**Tanjona**

Mamporisika ireo ankizy tsirairay hizara ny filazantsara amin'ny fampisehoana ohatra tsara sy fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Almà 17–19. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sary 4-30, Miaro ny andian'ondrin'i Lamônia Mpanjaka i Amôna (Jeu d'Illustration de l'Evangile 310; 62535).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Asaivo maka ny toeran'ny olona tsy mpikambana ny ankizy iray. Ary ny ankizy roa hafa hitana ny anjara toeran'ny mpitory ny filazantsara. (Azonao atao ny manao karatra famantarana amin'ny taratasy misy ny anarana, raha tianao.) Asaivo mamaly ny fanontaniana iray na roa omen'ny naman'ny Fiangonana ireo mpitory ny filazantsara mandeha tsiroaroa ireo, izay mety hitovy amin'ny fanontaniana manaraka:

Ahoana no ahafantaranao fa velona ny Ray any an-danitra?
Manao ahoana ny endriky ny Raintsika any an-danitra?
Iza i Jesoa Kristy?
Inona no nataon'i Jesoa Kristy ho antsika?
Iza ny Fanahy Masina?
Ahoana no anampian'ny Fanahy Masina antsika?

Asaivo mizara ny fahatsapany ireo ankizy rehefa miresaka amin'ny olona ny momba ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina izy. Ampio hahatsapa ny ankizy fa mizara ny fijoroany ho vavolombelona izy rehefa manazava izay fantany mikasika ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina.

Azo ampiasaina ny asa fanampiny 1 ho solon'ny Asa hisarihana ny saina.

Hazavao fa mitantara ny nataon'ny mpitory ny filazantsara malaza iray izay nanana fijoroana ho vavolombelona mafy orina ity lesona ity.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany, ampianaro ny ankizy ny tantaran'i Amôna sy i Lamônia Mpanjaka ao amin'ny Almà 17–19. Hazavao fa nijoro ho vavolombelona tamin'i Lamônia Mpanjaka ny amin'ny fahalalany ny Ray any an-danitra i Amôna. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no atao hoe lasa "fitaovana eo am-pelatanan'[nyTompo]"? (Almà 17:9.) Hazavao fa ny *fitaovana dia* fiasana. Rehefa avy nibebaka ny Zanakalahin'i Môsià, dia ahoana no nanomanany ny asa nanirahana azy? (Almà 17:2–3.) Inona no ataonao ankehitriny mba hizarana ny filazantsara amin'ny hafa? Inona no azonao atao mba hiomanana ho lasa mpitory filazantsara mahatoky?

- Nahoana no te-handeha hanao asa fitoriana any amin'ireo Lamanita ny Zanakalahin'i Môsià? (Almà 17:16.) Nahoana no zava-dehibe no andrenesan'ny rehetra sy ahalalan'ny zanak'Andriamanitra rehetra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy?

- Inona no nantenain'i Amôna rehefa niady tamin'ireo Lamanita ratsy fanahy izy? (Almà 17:29.)

- Inona no nampanantenain'ny Tompo an'i Môsià mikasika ireo zanany lahy? (Almà 17:35.) Ahoana no nanatanterahan'ny Tompo ny fampanantenana nomeny tamin'io fotoana io? (Almà 19:22–23.)

- Inona no akon'ny ohatra nasehon'i Amôna tamin'i Lamônia Mpanjaka? (Almà 18:9–11.) Iza no nampiseho ohatra tsara ho anao? Iza no azonao anehoana ohatra tsara?

- Ahoana no fiantraikan'ny fijoroan'i Amôna ho vavolombelona sy ny Fanahin'ny Tompo tamin'i Lamônia Mpanjaka? (Almà 18:40–43.) Ahoana no nanampian'ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ny hafa anao? Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananao amin'ny hafa?

- Ahoana no nanehoan'ny mpanjaka vavy sy ny mpanompony Abisa ny halehiben'ny finoany? (Almà 19:8–12, 17.)

- Inona no samy nijoroan'i Lamônia Mpanjaka sy ny mpanjakavavy ho vavolombelona? (Almà 19:12–13, 29–30.) Ahoana araka ny hevitrao no fahatsapan'i Lamônia Mpanjaka taorian'ny nahitany an'i Jesoa Kristy? (Almà 19:12–13.)

- Nahoana no zava-dehibe ny hanampiantsika ny hafa hianatra ny momba an'i Jesoa Kristy, tahaka ny nataon'i Amôna sy i Lamônia Mpanjaka?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Asehoy ny ankizy ny fiasana na ny fitaovana vitsivitsy fampiasan'ny mpanao trano, mpitsabo, mpanao zaridaina, mpanao sary hosodoko, sy ny sisa. Asaivo lazalazain'ireo ankizy izay fantany momba ny tsirairay amin'izany, toy ny hoe: Iza no mampiasa izany? Ary ahoana no fampiasana izany?

   Ifanakalozy hevitra ny maha-zava-dehibe ireo fiasana ireo. Hazavao ny maha-fitaovana fiasana eny am-pelatanan'Andriamanitra ny ankizy tsirairay.

2. Omeo sombin-taratasy sy pensilihazo iray avy ny ankizy tsirairay ary asaivo manoratra ny fijoroana ho vavolombelona ananany na izay tsapany momba ny Fiangonana sy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Azony ampidirina ny eritreritra sy ny fihetseham-po izay mahatonga azy hahatsapa fa eo akaikin'ny Ray any an-danitra. Asaivo mieritreritra olona izay azony hizarana ny fijoroana ho vavolombelona ananany izy.

3. Asaivo manao ireto takelaka manaraka ireto ny ankizy tsirairay ho entina mody:

   Afaka ho lasa mpitory ny filazantsara aho amin'ny ____. (Asaivo fenoiny ny banga.)

4. Hirao na vakio ny tonon'ny"Je serai vaillant" *(Chants pour les enfants,* p. 85), "Je voudrais déjà partir en mission" *(Chants pour les enfants,* p. 91), na ny "Dans le Livre de Mormon," andininy 5 (*Chants pour les enfants*, p. 62).

---

**Famaranana**

Fijoroana ho vavolombelona — Mijoroa ho vavolombelona fa omen'ny Tompo fitoniana isika rehefa mijoro ho vavolombelona ny aminy sy ny filazantsarany. Azontsika atao ny mizara ny filazantsara amin'ny hafa amin'ny alalan'ny ohatra asehontsika, rehefa miaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy isika.

Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana — Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy.

Vakiteny Enti-mody — Asaivo mandalina any an-tranony ny Almà 17:19–25, 18:8–40 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.

# Niova fo ny Rain'ny Mpanjaka Lamônia

Lesona 18

**Tanjona**

Manampy ireo ankizy tsirairay hahalala fa avy amin'ny alalan'ny drafitry ny fanavotana no ahafahantsika ho voavela amin'ny otantsika.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Almà 20:1–22:26 sy ny 23:1, 4–5. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Manomana tapa-taratasy valo misy teny (na azonao heverina ny hanoratra ny teny eny amin'ny solaitrabe):
   Fahariana
   I Adama sy i Eva—Fahalavoana
   Fahotana
   Fahafatesan'ny vatana
   Jesoa Kristy—Sorompanavotana
   Fitsanganana amin'ny maty
   Fibebahana
   Drafitry ny Fanavotana
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sary 4-9, I Jesoa no Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 240; 62572); 4-31, Mihaona amin'ny Rain'i Lamônia i Amôna sy i Lamônia; ary ny 4-32; Mamaky ny Soratra Masina amin'ny Rain'i Lamônia i Aharôna.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Asaivo mitadidy izay tsapany tamin'izy ireo nanonofy ratsy ny ankizy. Manasà ankizy iray na roa hizara izay tsapany. Asaivo mitadidy ny fiadanan-tsaina izy avy eo nony taitra ary nahita fa tsy zava-misy izany fa nofy fotsiny.

Hazavao fa mitarika tsy fahasambarana, fangirifiriana ary alahelo ny tsy fankatoavana ny didin'ny Ray any an-danitra. Ireo izay mahatsapa tena fa meloka noho ny tsy fankatoavana dia mety haniry raha azony atao ny ho "taitra" ary hahita fa nanjavona ny otany. Ny famelan-keloka amin'ny ota dia tsy mora, kanefa nomen'ny Ray any an-danitra lalana isika mba hamelana ny helotsika.

Asehoy ny Tapa-taratasy efatra misy teny misy soratra hoe: "Fahariana," "I Adama sy i Eva—Fahalavoana," "Ota" ary "Fahafatesan'ny vatana." Hazavao fohy (ao anatin'ny roa minitra eo ho eo) fa alohan'ny nahariana ny tany, dia niaina tamin'ny naha-zanaka fanahin'ny Raintsika any an-danitra antsika isika. Nahary

izao tontolo izao sy ny zavatra rehetra ao aminy, teo ambany fitarihan'ny Ray any an-danitra, i Jesoa Kristy. Napetraka tao amin'ny sahan'i Edena i Adama sy i Eva ary tao no nifidianany haka tamin'ny voankazo nandraran'ny Ray any an-danitra azy mba tsy hohanina. Ny tsy fankatoavan'i Adama sy i Eva tamin'ny fakana ilay voankazo no atao hoe Fahalavoana. Hazavao fa mankasitraka an'i Adama sy i Eva isika, satria izy no nahatonga antsika ho teraka teto an-tany. Nilaina ny Fahalavoana, kanefa nanana vokany roa makadiry ho antsika rehetra izany:

> Hanota avokoa isika rehetra amin'ny fanaovana safidy mampahonena eo amin'ny tsara sy ny ratsy.
> Hiatrika ny fahafatesan'ny vatana avokoa isika rehetra.

Hazavao fa alohan'ny nahariana ny tany, dia efa nanana drafitra izay ahafahantsika ho voavotra na ho voavonjy ny Ray any an-danitra, raha toa ka mibebaka isika. (Almà 12:22–25.) Hazavao fa ao amin'ity lesona ity ny ankizy dia hianatra momba ny mpanjaka Lamanita iray izay nahatsapa fa nahavita heloka be vava sy nahita fomba ahazoana famelana amin'ny ota nataony.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Ampianaro ny tantara momba ny fiovam-pon'ny Rain'ny Mpanjaka Lamônia, izay voarakitra ao amin'ny Almà 20:1–22:26. Ampidiro amin'ny resaka ataonao izay nianaran'ny Rain'ny Mpanjaka Lamônia momba ny drafitry ny fanavotana. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Nahoana no nandeha niaraka tamin'i Amôna ho any amin'ny tany Midônia ny Mpanjaka Lamônia? (Almà 20:1–5.) Hazavao fa iray tamin'ny mpitory filazantsara rahalahin'i Amôna voagadra i Aharôna.

- Ahoana no ahafantarantsika fa tsy vonona ny handray ny filazantsara ny rain'i Lamônia, tamin'ny voalohany nahitany an'i Amòna? (Almà 20:10, 13–14.)

- Inona no nanampy nanamora ny fon'ny rain'i Lamônia ka nandraisany ny hafatry ny filazantsara taty aoriana? (Almà 20:26–27.) Inona no tsapanao ny mahakasika ireo olona mampiseho fitiavana anao? Ahoana no ahafahanao maneho ny fitiavanao ny hafa?

- Ahoana no nahafantaran'i Aharôna fa tokony hitsidika ny rain'i Lamônia izy? (Almà 22:1.)

- Inona no nahatonga ny rain'i Lamônia ho sahiran-tsaina? (Almà 22:4–6.)

- Nahoana araka ny hevitrao no nanjary nahaliana ny rain'i Lamônia ny filazantsara rehefa niteny i Amôna hoe: "Raha mibebaka ianareo dia hovonjena ary raha tsy mibebaka ianareo, dia hariana ianareo amin'ny andro farany?" (Almà 22:6).

- Inona no nampiasain'i Aharôna tamin'ny nampianarany ny rain'i Lamônia? (Almà 22:12.) Ahoana no ahafahan'ny famakiana ny soratra masina manampy antsika?

- Inona ny zavatra voalohany noresahan'i Aharôna tamin'ny rain'i Lamônia? (Almà 22:7–8.) Nahoana no tena zava-dehibe ny finoana ny Ray any an-danitra?
- Inona no nampianarin'i Aharôna momba ny Fahariana? (Almà 22:10.)
- Tahaka ny endrik'iza no nahariana antsika? (Almà 22:12.) Nahoana no zava-dehibe ho anao ny mahalala fa nohariana tahaka ny endriky ny Rainao any an-danitra ianao?
- Inona no nampianarin'i Aharôna ny rain'i Lamônia momba ny Fahalavoana sy ny Sorompanavotana? (Almà 22:12–14.)

Ampio hahatakatra ireo ankizy fa noho ny fijaliany noho ny otantsika, ny fanomezany ny ainy ho antsika ary ny fitsanganany tamin'ny maty, no nandresen'i Jesoa Kristy ny vokatry ny Fahalavoana. Apetaho eo ambonin'ny tapa-taratasy misy teny hoe: "I Adama sy i Eva—Fahalavoana" ny tapa-taratasy misy teny hoe "Jesoa Kristy—Sorompanavotana."

Noho ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty dia hitsangana amin'ny maty daholo isika rehetra. Apetaho eo ambonin'ny tapa-taratasy misy teny hoe: "Fahafatesan'ny vatana" ny taratasy voatapatapaka lavalava misy ny "Fitsanganana amin'ny maty."

Ny fijaliana niaretan'i Jesoa Kristy noho ny otantsika no hahafahantsika mibebaka sy voavela heloka. Apetaho eo ambonin'ny taratasy misy ny hoe "Fibebahana" ny tapa-taratasy misy teny hoe: "Ota."

Apetaho eo ambonin'ny tapa-taratasy misy teny hafa rehetra ny tapa-taratasy misy teny ny hoe "Drafitry ny Fanavotana," ary hazavao fa drafitry ny Ray any an-danitra hanampiana antsika ho lasa tahaka Azy izy io.

- Rehefa avy nanazava ny drafitry ny fanavotana i Aharôna, dia inona no tian'ny rain'i Lamônia ho fantatra? (Almà 22:15.)
- Inona no nasain'i Aharôna ho ataon'ny rain'i Lamônia? (Almà 22:16.) Inona no tsy maintsy ataontsika mba handraisana famelana amin'ny ota nataontsika ka mba ho mendrika ny handray ny fiainana mandrakizay isika?
- Inona no nataon'ny rain'i Lamônia ka nampiseho fa te-hibebaka izy? (Almà 22:17–18.) Inona no nitranga vokatry ny fiovam-pon'ny mpanjaka? (Almà 22:22–23, 25–26; 23:1, 4–5.)

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Asao hanisy marika izay andininy rehetra novakiny ao amin'ny bokin'ny soratra masiny izay fantany fa manan-danja manokana ho azy ireo ankizy, toy ireto manaraka ireto:

   "Raha mibebaka ianareo dia hovonjena ary raha tsy mibebaka ianareo, dia hariana ianareo amin'ny andro farany" (Almà 22:6).
   "Hafoiko ny fahotako rehetra hahafantarako Anao" (Almà 22:18).

2. Avereno jerena ny fanekempinoana faharoa sy fahatelo ary ampio ny ankizy hahazo ny tiana ambara sy hianatra tsianjery ireo.

3. Manaova efajoro iray lehibe eny amin'ny solaitrabe na amin'ny taratasy ary zarao ho efajoro sivy mitovy habe izany. Asio laharana iray ka hatramin'ny sivy ny efajoro araka izay aseho manaraka.

| | | |
|---|---|---|
| 1 | 2 | 3 |
| 4 | 5 | 6 |
| 7 | 8 | 9 |

Zarao ho vondrona roa ireo ankizy ao am-pianarana. Omeo marika toy ny X sy O ny vondrona tsirairay. Miangavia olona iray ao amin'ny vondrona voalohany hifidy tarehimarika iray manomboka amin'ny iray ka hatramin'ny sivy, ary vakio avy eo ny fanontaniana tandrify izany. Afaka mamaly ny olona rehetra ao amin'ilay vondrona. Raha nahavaly ny fanontaniana ara-dalana ny olona ao amin'ilay vondrona, dia azon'izy ireo apetaka eo amin'ny efajoro misy ny laharan'ny fanontaniana voavaliny ny marika. Raha tsy voavaliny ny fanontaniana, dia avelao ho banga ny efajoro. Asaivo mifandimby mandray anjara ny vondrona roa. Tapitra ny lalao rehefa nahazo marika telo mifanaraka marindrano, mitsangana na misompirana ny vondrona iray amin'izy ireo.

1) Inona no iantsoana ny drafitra lehiben'ny Ray any an-danitra ho antsika? (Ny drafitry ny famonjena, ny drafitry ny fanavotana na drafitry ny fahasambarana).
2) Inona no atao hoe *manavotra*? (Mamonjy antsika amin'ny fatotry ny ota.)
3) Iza no nahary ny tany? (I Jesoa Kristy, teo ambany fitarihan'ny Ray any an-danitra.)
4) Iza no olona voalohany teto ambonin'ny tany? (I Adama sy i Eva.)
5) Inona no nitranga noho ny fihinanan'i Adama sy i Eva ny voankazo voarara? (Voaroaka niala ny sahan'i Edena izy ireo, afaka niteraka, lasa mety maty izy, ary afaka misafidy ny tsara sy ny ratsy [jereo ny Mosesy 5:11].)
6) Nampianatra ny mpanjaka avy amin'ny soratra masina na takelaka varahina i Aharôna. Inona avy ireo boky efatra misy ny soratra masina ampiasaintsika hampianarana ny filazantsara na ny drafitry ny fanavotana? (Ny Baiboly, ny Bokin'i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy.)
7) Inona ny zavatra voalohany nampianarin'i Aharôna ny rain'ny mpanjaka Lamônia? (Misy Andriamanitra.)
8) Ahoana no nataon'i Jesoa Kristy mba hahafahantsika miverina hiaina miaraka aminy indray? (Nijaly sy maty noho ny otantsika izy.)
9) Inona no tsy maintsy ataontsika mba hahafahantsika miverina any amin'ny Ray any an-danitra? (Mibebaka amin'ny ota nataontsika, mitandrina ny fanekempihavanana, manao asa soa.)

Mba hanohizana ny lalao indray, dia mamorona fanontaniana avy amin'ny lesona.

4. Hirao na vakio ny tonon'ny "Ensembles à tout jamais" (*Chants pour les enfants*, p. 192), "Il envoya son Fils aimé" (*Chants pour les enfants*, p. 20), na ny "Zanaky ny Ray aho" (Fihirana sy hiran'ny Ankizy, lah. 113).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona fa tia antsika ny Ray any an-danitra ary nanome ny drafitry ny fanavotana mba hahafahantsika mibebaka amin'ny otantsika sy ho lasa tahaka Azy Izy. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Almà 22:1–16 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |
| | Fanamarihana: Raha mikasa hampiasa ny Asa Fanampiny 1 amin'ny lesona amin'ny herinandro manaraka ianao, dia tokony homena iray na roa herinandro mialoha ny fanendrena. |

Lesona
19

# Ireo Antia-Nefia-Lehia

| | |
|---|---|
| **Tanjona** | Manamafy ny fanirian'ny ankizy hitandrina ny fanekempihavanana masina. |
| **Fiomanana** | 1. Halalino amim-bavaka ny Almà 23–24; 26:23–33; sy ny 27. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny “Fanomanana ny Lesonao,” p. vi, sy ny “Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina,” p. vii.)<br>2. Vakiteny fanampiny: Almà 25:1–26:22.<br>3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.<br>4. Fitaovana ilaina:<br>a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.<br>b. Ho an'ny Asa hisarihana ny saina eny anelanelany: boaty tsy dia lalina loatra na lapoaly, sira na fasika ampy hararaka ao anaty boaty ho lafika manify, penina na pensilihazo ary vato.<br>d. Sary 4-33, “Mandevina ny sabany ireo Antia-Nefia-Lehia” (Jeu d'Illustration de l'Evangile 311; 62565). |

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

*Asa hisarihana ny saina*

Asehoy ny sarin'ireo Antia-Nefia-Lehia mandevina ny sabany. Anontanio ny ankizy raha te-handevina ny fiadiany kanefa mahafantatra izy ireo fa itataovana fanafihana. Nahafantatra ny vahoakan'ny Antia-Nefia-Lehia fa niomana ny hamono azy ny fahavalony, kanefa efa nanao fanekempihavanana lehibe tamin'Andriamanitra izy ireo fa tsy hiady. Hazavao fa ny fanekempihavanan'ny filazantsara dia fifanarahana ifamatorana na fanomezan-toky eo amin'ny Ray any an-danitra sy ny zanany. Iangavio mba hihaino ny ankizy rehefa mitantara momba ny Anti-Nefia-Lehia ianao, mba hahitany ny antony hanaovany io fanekempihavanana io sy ny fomba hitanany ny teny nomeny.

*Asa hisarihana ny saina*

Araraho eo amin'ny tampon'ny boaty ny sira na fasika. Soraty amin'ny rantsantanana eo amin'ny sira na fasika ny teny *Fampanantenana*. Anontanio ny ankizy ireto manaraka ireto:

- Efa mba nanao fifanarahana na fampanantenana tamin'ny olona izay tsy nanaja ny azy ve ianao? (Avelao ny ankizy hilaza izay tsapany rehefa tsy voatana ny teny nomena, ka mandritra izany, dia tsofinao moramora ilay sira na fasika mba ho voafafa ilay soratra.)

- Inona no iantsoantsika ny fampanantenana ataontsika amin'ny Ray any andanitra? (Fanekempihavanana.)

- Oviana no nanaovantsika ny fampanantenana tamin'ny Ray any an-danitra? (Tamintsika natao batisa.)

Ampahatsiahivo ny ankizy fa tsy tokony hatao kitoatoa ny fampanantenana. Antitrantero fa zava-dehibe ny mihazona ny teny nomena. Soraty eo amin'ilay vato amin'ny alalan'ny penina ny teny hoe *fanekempihavanana*. Hazavao fa ny fanekempihavanan'ny filazantsara dia fifanomezan-toky eo amin'ny Ray any an-danitra sy ny zanany. Tsofy eo amin'ny vato mba hampisehoana fa tsy azo alana moramora ilay soratra. Rehefa manao fanekempihavanana isika dia tokony hahatsiaro fa masina izy ireny, ary tokony ho hentitra isika hitandrina azy ireny.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny fomba nanajan'ny Antia-Nefia-Lehia ny fanekempihavanana nataony ao amin'ny tantara hita ao amin'ny Almà 23–24; 26:23–33; sy ny Almà 27. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany.

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Iza no anaran'ny zanaka efatra mirahalahin'i Môsià? (Môsià 27:34.)

- Nahoana no te-hitory ny filazantsara eo anivon'ny Lamanita ny zanakalahin'i Môsià? (Môsià 28:3.) Nahoana no nihomehy ny Nefita tao Zarahemlà rehefa nilaza taminy ny drafitra nomaniny ny zanakalahin'i Môsià? (Almà 26:23–25.)

- Ahoana no nampiova fo ny Lamanita tamin'i Jesoa Kristy? (Almà 23:5–6.) Firy amin'ireo niova fo ireo no nitana mafy ny finoany an'i Jesoa Kristy? Inona no azontsika atao mba hitanana mafy ny finoantsika an'i Jesoa Kristy?

- Nahoana no niova anarana ireo Lamanita niova fo? (Almà 23:16–17.) Taty aoriana, iza no anarana nahafantarana ireo niova fo rehefa nifindra tany amin'ny tanin'i Jersôna izy ireo? (Almà 27:26.) Iza no anarana nekentsika entina? (Môsià 5:7–8.)

- Nahoana no nanapa-kevitra tsy hiady amin'ny fahavalony intsony ny Antia-Nefia-Lehia? (Almà 24:10–13, 16.)

- Inona ny fanekempihavanana nataon'ny Antia-Nefia-Lehia tamin'ny Tompo rehefa nandevina ny fitaovam-piadiany izy ireo? (Almà 24:17–18.) Ahoana no nataon'ny Antia-Nefia-Lehia mba hitandremana io fanekempihavanana io? (Almà 24:19–22.) Inona ireo didy nekentsika hankatoavina? (Ny Tenin'ny Fahendrena, ny fahafolonkarena, ny fitandremana ny andro Sabata ho masina ary ny fananana eritreritra sy fihetsika madio.)

- Inona no nitranga tamin'ireo miaramila Lamanita maro rehefa nahita izy ireo fa tsy hiady ny vahoakan'Andriamanitra ka niankohoka tamin'ny tany mba hovonoina? (Almà 24:24–27.) Ahoana no afaka manampy ny hafa hikambana ao amin'ny Fiangonana ny ohatra asehontsika? Ahoana no afaka manampy ny hafa hitandrina ny fanekempihavanana nataony ny ohatra asehontsika amin'ny fitandremana ny fanekempihavanana nataontsika?

- Inona ny fihetsika nasehon'ny Antia-Nefia-Lehia ny fahavalony tamin'ny nandevenany ny fitaovam-piadiany? (Almà 26:32–33.) Nahoana araka ny hevitrao no manana fitiavana sy fitsimbinana ny olon-drehetra, ao anatin'izany ny fahavalony, ny olona izay tena niova fo marina tamin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy?
- Nahoana no tsy natahotra ny ho faty ny Antia-Nefia-Lehia? (Almà 27:28.)
- Nahoana no nilaza ny mpanjakan'ny Antia-Nefia-Lehia fa ho andevon'ny Nefita izy sy ny vahoakany? (Almà 27:4–8.)
- Inona no azontsika atao mba ho tahaka ny Antia-Nefia-Lehia isika eo amin'ny fanajana ny fanekempihavanana nataontsika?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Asaivo milalao an-tsehatra ny mpanjakan'ny Lamanita ny olon-dehibe iray rehefa mitantara ny antony tsy nandraisan'ny vahoakany ny fitaovam-piadiany hiady amin'ny rahalahiny. Avereno jerena ny fanekempihavanana nataony rehefa nandevina ny sabany izy. (Jereo ny Almà 24:6–13, 16–18.)
2. Avereno jerena ny fanekempinoana fahateloambinifolo. Anontanio ny ankizy raha miaina araka ireo fitsipika ireo ny vahoakan'i Amôna. Anontanio azy ireo ny fomba anampian'ny fiainana ireo fitsipika ireo antsika hitandrina ny fanekempihavanana nataontsika.
3. Hirao na vakio ny tonon'ny "Je ressens son amour" (*Chants pour les enfants*, p. 42) na ny "Aimez vos frères" (*Chants pour les enfants*, p. 74).

---

**Famaranana**

Fijoroana ho vavolombelona

Ambarao fa amin'ny maha-mpikambana antsika ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy, dia nanao fanekempihavanana masina isika. Tsy maintsy hajaintsika ireny fanekempihavanana nataontsika ireny, raha tiantsika ny handray ny anjara fitahiana nampanantenaina.

Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana

Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy.

Vakiteny Enti-mody

Asaivo mandalina any an-tranony ny Almà 24:6–27 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.

# Kôrihôra, ilay AntiKristy

Lesona
20

**Tanjona** Manampy ireo ankizy hahalala fa amin'ny fanarahany an'i Jesoa Kristy no ahafahany miala amin'ny fitak'i Satana.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Almà 30 sy ny Môrônià 7:15–17. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Taratasy kely misy ny teny fankaherezana ary lakaoly.
   d. Sary 4-9, I Jesoa no Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 240; 62572); 4-34, Manambara amin'i Kôrihôra i Almà fa misy Andriamanitra; ary 4-35; Manoratra i Kôrihôra fa fantany fa misy Andriamanitra.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona** Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Alohan'ny fotoam-pianarana, dia manoràta teny fankaherezana amin'ny taratasy kely (ohatra, ny teny voalohany amin'ireo mandeha tsiroaroa eo ambany), ary asio teny iray apetaka ao ambanin'ny sezan'ny ankizy tsirairay, (na azonao atolotra ny ankizy izany rehefa miditra ao amin'ny efitrano fianarana izy). Asao ny ankizy hijery ny teny ao ambany sezany. Iangavio ny ankizy tsirairay hieritreritra teny iray izay mifanohitra amin'ny hevitry ny teny eo amin'ny taratasiny. Avelao ny ankizy tsirairay hilaza ny teny mifanohitra noeritreretiny, ary mandritra izany ny sisa ao am-pianarana dia miezaka maminavina ilay teny tsara ao amin'ny taratasin'ilay ankizy.

Teny ohatra:

| | | |
|---|---|---|
| mazava/maizina | tsara/ratsy | madio/maloto |
| fiainana/ fahafatesana | marina/diso | faly/malahelo |
| marina/ratsy | fandriampahalemana/ady | salama/marofy |
| fitiavana/ fankahalana | fahamarinana/ lainga | tsara fanahy/ ratsy toetra |
| fahombiazana/ tsy fahombiazana | tsy misy pentina/ maloto | fifaliana/fahoriana |

Rehefa samy nandray anjara ny olona rehetra, dia hazavao fa tahaka ny teny rehetra ao amin'ity asa atao ity izay manana ny teny mifanohitra aminy, dia manana fampianarana diso sy mifanohitra amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy koa i Satana. Ny fanarahana ny Ray any an-danitra dia mitondra fahasambarana ho antsika; ny fanarahana an'i Satana kosa dia mitondra tsy fahasambarana. Anontanio ny ankizy ny maha samy hafa ny zavatra tsapan'ny olona, rehefa miteny lainga izy sy izay tsapany, rehefa miteny ny marina izy.

Ampianaro ny ankizy fa arakaraka ny ianarantsika betsaka momba ny zavatra iray, no ahafahantsika milaza betsaka ny maha samy hafa eo amin'ny zavatra iray sy ny mifanohitra aminy. Arakaraka ny ianarantsika bebe kokoa ny momba an'i Jesoa Kristy sy ny anarahantsika Azy no ahafahantsika bebe kokoa hanohitra ny fakam-panahy sy ny fitak'i Satana.

Hazavao fa hianatra ny momba ny mifanohitra amin'i Jesoa Kristy—ny AntiKristy ny ankizy. Izay olona na zavatra izay manohitra an'i Jesoa Kristy an-kitsirano (na mibaribary na amin'ny miafina) dia AntiKristy.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny tantaran'i Kôrihôra ao amin'ny Almà 30. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Azonao atao ny maka ankizy iray haka ny toeran'i Almà ary iray hafa hanao an'i Kôrihôra rehefa mamaky ny fanontaniana sy ny valiny ao amin'ny Almà 30:37–45. Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany.

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Nahoana no lazain'i Kôrihôra fa adala ny olona? (Almà 30:12–16.) Ahoana no ahafahantsika mahalala avy amin'ny tenantsika ihany fa velona i Jesoa Kristy? (Amin'ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy.) Ahoana no ahafahantsika mahazo fijoroana ho vavolombelona? (Amin'ny alalan'ny fandalinana ny soratra masina, fivavahana, fihainoana ny mpaminany, sy ny sisa.)

- Inona no nolazain'i Kôrihôra momba ny ilana ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy? (Almà 30:17.) Nahoana no tsy afaka samirery mandresy ny ota isika? Ahoana no nataon'i Jesoa Kristy mba handresentsika ny otantsika?

- Inona no nahafinaritra anao tamin'ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Almà ny amin'i Kristy? (Almà 30:39–41.) Raha ianao no teo amin'ny toeran'i Almà, inona no mety ho nolazainao an'i Kôrihôra momba an'i Jesoa Kristy?

- Rehefa nangataka famantarana tamin'i Almà i Kôrihôra mba handresy lahatra azy fa misy Andriamanitra, dia inona no ohatra nomen'i Almà azy? (Almà 30:44.) Inona no hitanao manodidina anao isan'andro ka manampy anao hahafantatra fa misy ny Ray any an-danitra? Inona no traikefa nananao ka manampy anao hahafantatra fa velona ny Ray any an-danitra?

- Inona ny famantarana azon'i Kôrihôra? (Almà 30:48–50.) Inona no nosoratan'i Kôrihôra momba an'Andriamanitra sy i Satana rehefa lasa moana izy? (Almà 30:52–53.)

- Ahoana no hanohanan'i Satana ireo izay manompo azy? (Almà 30:60.) Ahoana no hamalian'ny Ray any an-danitra fitia ireo izay manompo Azy? (Môsià 2:41.) Asao ny mpianatra hizara traikefa tamin'ny nahazoany fitahiana noho ny fitandremana ny didy.
- Efa nahatsapa hery izay nanohitra ny fampianaran'i Jesoa Kristy ve ianao? Inona ny zavatra tokony halavirinao, satria fantatrao fa tsy araka ny fomban'i Kristy? Inona ireo zavatra mamporisika sy mandresy lahatra anao hino an'i Kristy? (Môrônia 7:15–17.)
- Ahoana no ahafahanao ho voaro amin'ny fitak'i Satana? (Amin'ny alalan'ny fitandremana ny didy, fihainoana ny Fanahy Masina, fandalinana ny soratra masina ary fanarahana ny mpaminany velona.)

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Omeo ny ankizy ny dika mitovy manao hoe: "Mandresy lahatra ahy hino an'i Jesoa Kristy ve izany?" izay hita any amin'ny faran'ny lesona. Hazavao fa ny *mandresy lahatra* dia manao izay hampanaiky ny olona iray hino na hanao zavatra. Ilazao izy ireo fa tari-dalana nomen'ny mpaminany Môrônia antsika hanavahana ny tsara amin'ny ratsy ity (jereo ny Môrônia 7:15–17). Hamarino tsara raha azon'ny ankizy fa raha mandresy lahatra azy ireo hanao ny tsara sy hino an'i Kristy ny zavatra iray, dia tsara izy izay, raha tsy izany kosa dia ratsy. Azon'ny ankizy atao ny mitondra mody ny taratasiny ho fitadidiana raha tiany.
2. Ampio ny ankizy hanao tsianjery ny fanekempinoana fahatelo ambin'ny folo sy hanadihady ny maha-tari-dalana azy ity koa mba hifidianana ny tsara.
3. Asehoy ny sarin-javaboary izay manambara fa velona ny Ray any an-danitra. Azonao atao ny mitady sary toy ireto manaraka ireto ao amin'ny tranom-bokin'ny fiangonana: Fahariana—Zavamanan'aina (62483), Izao tontolo izao (62196), Ankizy Mijery ny Voninkazo amin'ny Lohataona (62270), Fianakaviana manana zazakely (62307) sy ny sisa. Asao ny ankizy haneho ny fihetseham-pony rehefa mijery ireo sary ireo ary ahoana no hanambaran' ireo sary ireo ny fahamarinan'Andriamanitra.
4. Vakio sy resaho ity fanambarana manaraka nataon'ny Filoha fahatelo ambin'ny folon'ny Fiangonana, ny Filoha Ezra Taft Benson ity. Antitrantero ny maha-fitaovana mahery vaika ny Bokin'i Môrmôna entina hialana amin'ny fitaka.

   "Misy hery ao anatin'ny [Bokin'i Môrmôna] izay hanomboka hirotsaka ao amin'ny fiainanao raha vao manomboka mandalina tsara ny boky ianao. Hahita hery lehibe kokoa hanoherana ny fakam-panahy ianao. Hahita hery hisorohana ny fahadisoam-panantenana ianao. Hahita hery ianao hifikiranao anao ao amin'ilay lalana ety sy tery" (*A Witness and a Warning,* pp. 21–22).
5. Hirao na vakio ny tonon'ny "The Still Small Voice" (*Children's Songbook*, p. 106) na ny "Mon Père Céleste m'aime" (*Chants pour les enfants*, p. 16).

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona fa tsy ho voafitaka ianao raha mitandrina ny didy, raha manaraka ny bitsiky ny Fanahy Masina, sy rehefa mandalina ny soratra masina ary manaraka ny mpaminany velona. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Almà 30:12–18, 37–56, 60 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

**Moa handresy lahatra ahy hino an'i Jesoa Kristy va izany?**

jereo ny Môrônia 7:15–17

**Moa handresy lahatra ahy hino an'i Jesoa Kristy va izany?**

jereo ny Môrônia 7:15–17

**Moa handresy lahatra ahy hino an'i Jesoa Kristy va izany?**

jereo ny Môrônia 7:15–17

**Moa handresy lahatra ahy hino an'i Jesoa Kristy va izany?**

jereo ny Môrônia 7:15–17

**Moa handresy lahatra ahy hino an'i Jesoa Kristy va izany?**

jereo ny Môrônia 7:15–17

Lesona
21

# Ny Zôramita sy ny Rameomtôma

**Tanjona**

Mampianatra ireo ankizy hidera ny Ray any an-danitra amim-panetren-tena sy amin-kitsim-po.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Almà 31; 34:1–30, 38–41; sy ny 35:1–9. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Fitaovam-pihinanana ho an'olon-droa.
   d. Sary 4-36, Ny Zôramita sy ny Rameomtôma.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Manaova sarisary misakafo. Makà lovia roa, vera roa ary fitaovam-pihinanana ho an'olon-droa fa tsy asiana sakafo. Manaova toy ny mihinana ary manaova fihetsika mankafỳ, toy ny mihinana sakafo matsiro. Manasà ankizy iray hiaraka aminao. Azo oharina amin'ny fahafoanan'ny fanompoana diso sy feno fihatsarambelatsihy ataon'ny Zôramita izay voalaza ao amin'ity lesona ity ny fihinanana amin'ny lovia foana. Tsy tsara noho ny tsy fihinanana hahazoantsika herim-batana ny famokisana ny fanahintsika amin'ny fanompoam-poana. Hianatra mikasika ny fomba fanompoana tsara sy marina an'Andriamanitra ny ankizy ao amin'ity lesona ity.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Zarao ny tantaran'ny Zôramita sy ny finoany diso voarakitra ao amin'ny Almà 31. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany.

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Iza moa ny Zôramita? (Almà 31:1–3, 8.) Ahoana no fomba nihatahan'izy ireo tamin'ny fampianaran'ny Fiangonana? (Almà 31:8–11.)

- Ahoana, oviana ary taiza no toerana nanompoan'ny Zôramita? (Almà 31:13–18, 21–23.) Ahoana no tokony hiderantsika ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy?
- Inona ireo zavatra sasany izay diso ninoan'ireo Zôramita? (Almà 31:15–17, 20.) Nahoana no zava-dehibe ny fahafantarana tsara hoe iza marina ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ary tahaka an'iza izy ireo?
- Ahoana no ahafantarantsika fa tsy vokatry ny fo ny vavaky ny Zôramita? (Almà 31:23, 27.) Ahoana no ahafahantsika manao vavaka vokatry ny fo kokoa?
- Nahoana no nieritreritra ny Zôramita fa tsara kokoa noho ny hafa izy ireo? (Almà 31:24–25, 27–28.) Amin'ny fomba ahoana no ahatsapantsika tsindraindray, fa tsara noho ny hafa isika? Nahoana no fahotana lehibe ny fieboeboana? (Manalavitra antsika amin'Andriamanitra izany.)
- Inona no tsapan'i Almà sy ireo mpitarika hafa rehefa nahita ny vahoaka niala tamin'ny fahamarinana izy? (Almà 31:19, 24, 30–31.) Ahoana no ahafahantsika manampy ireo tsy mahafantatra ny fahamarinana? Ahoana no ahafahantsika manampy ireo mpikambana malaindaina?
- Inona no ametrahan'ny Zôramita ny fony? (Almà 31:28.) Inona ireo zavapoana hanankinan'ny ankizy sasany amin'ny taonanareo ny fony amin'izao fotoana izao? Nahoana no tsy tsara ny manankim-po amin'ny zava-poana?
- Inona ireo zavatra nivavahan'i Almà ho azy sy ho an'ireo mpiara-dia aminy? (Almà 31:31–35.) Ahoana no ahafahan'ny vavaka ho an'ny zavatra manokana manampy antsika hanao vavaka vokatry ny fo kokoa? Ahoana no manampy antsika amin'ny olana ny mivavaka?
- Inona no nijoroan'i Amioleka ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy? (Almà 34:8.) Ahoana no nahazoan'ny Zôramita fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy? (Almà 34:17.)
- Ahoana no fomba tokony hivavahantsika ary amin'ny fotoana inona isika no tokony hivavaka?? Inona no tokony hivavahantsika? (Almà 34:18–27.) Ahoana no ahafahantsika midera isan'andro isan'andro ny Raintsika any an-danitra?
- Inona no tsy maintsy ataontsika, rehefa avy mivavaka isika mba hisy vokany ny vavaka ataontsika? (Almà 34:28.)
- Ahoana no fomba nandraisan'ny vahoakan'i Amôna (ny Antia-Nefia-Lehia) ireo Zôramita izay tonga niaraka tamin'izy ireo? (Almà 35:9.) Ahoana no fomba tokony handraisantsika ireo vahiny na ireo izay mahantra eo anivontsika? Ahoana no maneho fitiavana ny Ray any an-danitra izany? (Matio 25:40; Môsià 2:17.)

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto. Iangavio ny ankizy hampifanaraka ny andininy izay milaza ny finoanoam-poan'ny Zôramita amin'ireo andininy izay misy ny fampianarana marina nomen'i Almà sy i Amioleka:
   Almà 31:16 (Nino ny Zôramita fa tsy hisy izany Kristy izany.)
   Almà 31:20–23 (Nanolotra vavaka iray ihany ny Zôramita rehetra ary tsy namerina nidera intsony avy eo ny herinandro manontolo.)
   Almà 31:24 (Nankininy tamin'ny harena ny fon'ny Zôramita.)
   Almà 34:8 (Nijoro ho vavolombelona ny amin'i Kristy i Amioleka.)
   Almà 34:19–27 (Nampianatra i Amioleka fa tokony hivavaka foana sy momba ny zavatra rehetra isika.)
   Almà 34:28–29 (Nampianatra i Amioleka fa tokony hanomezantsika amin'ny harenantsika ny mahantra.)

2. Asaivo mizara ny mety ho fahatsapany ireo ankizy raha toa ka nesoina izy. Ifanakalozy hevitra ireo endrika fiavonavonana ataon'ny olona. Ampahatsiahivo ny ankizy fa ilay trano lehibe sady midadasika tao amin'ny nofin'i Lehia dia nampiseho ny avonavon'izao tontolo izao. Hazavao fa ny manetry tena dia mifanohitra amin'ny miavonavona. Asaivo manoratra fomba iray amin'ny taratasy ny ankizy mba hiezahany hanjary manetry tena kokoa.

3. Asao ny ankizy hamaky sy hanisy marika ny andininy manaraka na andininy manan-danja aminy hafa avy ao amin'ny lesona (Azon'ny ankizy atao ny mianatra tsianjery ny andininy manontolo na ampahany, izay manan-danja aminy):

   Almà 31:34–35
   Almà 34:8
   Almà 34:26–28
   Almà 34:38

4. Hirao na vakio ny tonon'ny "La prière d'un enfant" (*Chants pour les enfants*, p. 6), "Je sais que mon Dieu vit" (*Chants pour les enfants* p. 8), na ny "The Eleventh Article of Faith" (*Children's Songbook,* p. 130).

**Famaranana**

Fijoroana ho vavolombelona — Mijoroa ho vavolombelona fa raha midera ny Ray any an-danitra amim-panetrentena sy amin-kitsimpo isika dia hitahy antsika Izy, ary handray valim-bavaka isika.

Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana — Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy.

Vakiteny Enti-mody — Asaivo mandalina any an-tranony ny Almà 31:8–25 sy ny Almà 34:17–29 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.

# Mampianatra mahakasika ny Finoana i Almà

Lesona 22

**Tanjona**

Mampianatra ireo ankizy fa ny tenin'Andriamanitra dia hitombo ao am-pontsika ka hanjary ho tonga fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy rehefa kolokoloina amim-pinoana.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Almà 32–33. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Jereo ireo sary any amin'ny faran'ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba hampisehoana izany mandritra ny lesona. Azonao atao ny mampanao dika mitovy amin'ny sary enti-manazava tsirairay, hadikao amin'ny taratasy fanaovan-tsary ireo sary ireo, na miomana hanao ireo sary ireo eny amin'ny solaitrabe.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Voa iray isaky ny ankizy, raha azo atao.
   d. Dika mitovy amin'ny sary any amin'ny faran'ny lesona (voa vao mitsimoka, zana-kazo, hazo, orana, masoandro, tany ary zezika).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Omeo voan-javatra iray avy ny ankizy, na mampisehoa sarin'ny voa iray, na manaova sarin'ny voa iray eo amin'ny solaitrabe.

- Lasa inona ny voa? (Zana-kazo na hazo, miankina amin'ny karazam-boa.)
- Inona no tsy maintsy mitranga alohan'ny ahafahan'ny voa mitombo? (Asehoy ny sarin'ny voa mitsimoka na manaova sary eny amin'ny solaitrabe.)
- Tahaka ny inona ny hazo raha mbola tanora? (Asehoy ny sarin'ny hazo tanora na ataovy eny amin'ny solaitrabe ny sariny.) Tahaka ny inona izy rehefa lehibe? (Asehoy ny sarin'ny hazo na manaova sary eny amin'ny solaitrabe.)
- Inona ny sakafo ilain'ny voa, hanampy azy hitombo ho lasa zana-kazo na hazo? (Hazavao fa ny *sakafo* dia ny zavatra izay hanampy ny zavatra hitombo, na hitana azy ho velona sy tsara, toy ny rano, zezika, tanamasoandro ary tany. Apetraho eo akaikin'ny sarin'ny voa ny sarin'ny masoandro, orana, tany ary zezika.)

Hazavao amin'ny ankizy fa hianatra ny fomba ahazoana fijoroana ho vavolombelona mafy orina izy ao anatin'ity lesona ity. Azonao ampiasaina ny tapa-taratasy misy teny ahitana soratra avy amin'ny fampiasana hafa rehefa manazava ny fitsipika tsirairay ao amin'ny lesona ianao.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Ampianaro ny tantaran'i Almà mampianatra ny Zôramita ao amin'ny Almà 32–33. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Antitrantero fa tahaka ny voa tsara, voakarakara tsara sy mahazo sakafo ara-dalana, izay farany lasa hazo mitondra voa, dia ho lasa fijoroana ho vavolombelona mafy orina ny tenin'Andriamanitra nampaniriana tao am-pontsika sy nokarakaraina ara-dalana.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

Hazavao fa nianatra momba ny Zôramita mpieboebo sy mpiavonavona ny ankizy tao amin'ny lesona farany.

- Nahoana no nanetry tena ny Zôramita mahantra? (Almà 32:2–3.) Inona no fahoriana izay mety mahatonga ny olona hanetry tena mba hihaino ny filazantsara?
- Inona no atao hoe "mahantra ao am-po"? (Manetry tena, mora ampianarina, mibebaka marina, afaka amin'ny fiavonavonana.)
- Ahoana no fahasoavana ho an'ireto olona ireto no lasa mahantra? (Almà 32:12–13.) Hazavao fa afaka manetry tena ny olona na dia tsy miharitra ny fahoriana sy ny fahantrana aza izy, fa saingy manjary miavonavona ny olona manankarena matetika. Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny manetry tena, rehefa ampianarina antsika ny filazantsara?
- Inona no atao hoe finoana? (Almà 32:21.) Nahoana no tsy maintsy manana finoana isika mba hampitomboana ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika ny amin'ny filazantsara? (Almà 32:26.) Hazavao fa mitaky fotoana ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona. Ny fitandremana ny didy dia afaka manampy antsika hahazo fijoroana ho vavolombelona fa marina izany.
- Inona no asain'i Almà hataontsika mba hampitombo ny finoana? (Almà 32:27.) Inona no azontsika atao mba hampitombo ny faniriantsika hino?
- Ahoana no ilazana fa "fanandramana" ny tenin'Andriamanitra ny fankatoavana ny didy? (Hazavao fa ny atao hoe *manandrana* dia midika hoe manao zavatra iray izay mampisalasala ny momba azy. Rehefa miaina zavatra sasany isika, na mitandrina ny didy toy ny Tenin'ny Fahendrena, dia mandray fahasoavana noho ny fankatoavantsika ary mihamafy ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika). Ahoana no fomba nampitomboan'ny fankatoavanao ny didy ny finoanao?
- Ahoana no ahafahantsika mamboly ny tenin'Andriamanitra ao am-pontsika ka hampitombo ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika? (Amin'ny fandalinana ara-dalàna ny soratra masina; fihainoana ao amin'ny Kilonga, ao amin'ny fivoriana Fanasan'ny Tompo, ao amin'ny takarivan'ny mpianakavy;

fivavahana: ary fampiharana hentitra ny fitsipiky ny filazantsara eo amin'ny fiainantsika.)

- Ahoana no ahafantarantsika fa manomboka mitombo ao anatintsika ilay voa tsara, na ny fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny filazantsara? (Almà 32:28, 34.) Asao ny mpianatra hizara ny fijoroany ho vavolombelona sy hanazava ny fomba nahazoany izany. Amporisiho hikatsaka ny hahazo sy hanamafy ny fijoroana ho vavolombelona ananany ireo ankizy. Omeo toky izy ireo fa raha manana finoana izy ireo dia afaka mahazo fijoroana ho vavolombelona mafy orina ny amin'ny filazantsara.
- Inona no atao hoe manome sakafo ny voa? (Hazavao fa ny manome *sakafo* dia mamahana na mikarakara.) Inona ny toetra tsara nolazain'i Almà amintsika fa tsy maintsy ananantsika mba hamokisana ny fijoroantsika ho vavolombelona ny amin'ny filazantsara? (Almà 32:41–42.) Nahoana araka ny hevitrao no ilaina ny faharetana sy ny fikirizana mba hampitomboana ny finoana sy ny fijoroana ho vavolombelona ananana?
- Amin'ny fomba ahoana no anamafisan'ny fandalinana ny soratra masina ny finoantsika sy ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika? (Almà 33:14.)
- Inona ny fampianarana manan-danja tokony ho ao anatin'ny fijoroana ho vavolombelona ataontsika? (Almà 33:22.)
- Nahoana no lazaina fa tahaka ny hazo ny fijoroana ho vavolombelona mafy orina? (Almà 33:23.) Ahoana no hanampy anao hahazo ny fiainana mandrakizay ny fananana fijoroana ho vavolombelona? Azonao atao raha tianao ny mitantara ny fomba nahafahan'ny fijoroana ho vavolombelona manamora ny famahana ny olanao sy mitondra fifaliana ho anao.

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Manaova tapa-taratasy misy teny toy ireto teny manaraka ireto:
   Tenin'Andriamanitra
   Fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy
   Mivavaka
   Mandalina ny soratra masina
   Mankatò ireo didy
   Manao asa fanompoana

   Rehefa mampianatra ny ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina ianao, dia hazavao fa oharina amin'ny voa iray ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Almà 32. Apetraho eo amin'ny sarin'ny voa ny tapa-taratasy misy teny ahitana ny soratra hoe "Tenin'Andriamanitra." Hazavao fa midika filazantsara na fampianaran'i Jesoa Kristy eto amin'ity soratra masina ity ny tenin'Andriamanitra). Tahaka ny voa hitombo ho lasa hazo, dia hahazo fijoroana ho vavolombelona mafy orina ny amin'ny filazantsara isika, raha mianatra sy mankatò nyTenin'Andriamanitra.

   Apetraho eo amin'ny sarin'ny hazo ny tapa-taratasy misy teny ahitana ny soratra hoe "Fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy." Tahaka ny voa mitaky fikarakarana sy sakafo mba hitombo ho lasa hazo, dia mitaky finoana sy fikarakarana ihany koa ny fijoroantsika ho vavolombelona ny

amin'ny filazantsara mba hihamafy. Anontanio ireo ankizy ny zavatra azony atao hanamafisana ny fijoroany ho vavolombelona. Isaky ny mamaly izy ireo, dia apetraho ny tapa-taratasy misy teny ahitana ny soratra hoe "Mivavaka," "Mandalina ny soratra masina," "Mankatò ny didy," ary "Manao asa fanompoana" eo amin'ny sarin-javatra izay mamelona ny hazo.

2. Manaova piozila ho an'ny tsirairay avy amin'ny teny izay ampiasaina amin'ny lesona ka soraty eo amin'ny taratasy ny teny ary tapatapaho. Tokony ho tafiditra amin'izany teny izany ny *fanetren-tena, faniriana, mamelona, fankatoavana* sy ny sisa. Zarao ho vondrona maromaro araka izay isan'ny teny anananao ny ankizy ao am-pianarana. Rehefa maha-tafakambana teny ny vondrona iray dia avelao ny ankizy iray amin'ilay vondrona hamerina hijery ny zavatra nampianarin'ny lesona momba io teny io.


3. Manomàna sombin-tantara maromaro misy fitsipiky ny filazantsara iray avy voasoratra eo amin'ny taratasy tsirairay avy toy ny fifadian-kanina, fahafolonkarena na Tenin'ny Fahendrena. Paingory na apetaho ao an-damosin'ny ankizy tsirairay ny sombin-taratasy; ary ataovy izay tsy ahitany izany. Asaivo manontany ankizy hafa ny ankizy mba hanandrana hanombatombana ilay fitsipika na asaivo manome famantarana ny ankizy mpianatra sisa. Rehefa manombatombana ny marina ilay ankizy, dia anontanio azy ny fomba ahafahan'ny olona mahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin'ilay fitsipika. Tokony ho tafiditra ao amin'ny valiny hatrany ny mivavaka sy ny miaina ny fitsipika.


4. Hirao na vakio ny tonon'ny "La foi" (*Chants pour les enfants*, p. 50) na ny "The Fourth Article of Faith" (*Children's Songbook*, p. 124).


---

**Famaranana**


| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Lazao ireo ankizy fa raha mianatra ny tenin'Andriamanitra sy mankatò ny didiny mandritra ny fahatanorany izy ireo, dia hahazo fijoroana ho vavolombelona tsy voahozongozona ny amin'ny fahamarinan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izy. Zarao izay tsapanao mikasika ny finoanao ny Mpamonjy sy ny filazantsarany. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Almà 32:21–22, 26–28, 40–43; sy ny 33:14–23 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |










ZEZIKA







Lesona
23

# Manoro hevitra ny Zanany Lahy Helamàna sy Siblôna i Almà

**Tanjona**

Mampianatra ireo ankizy fa nomena antsika ny soratra masina mba ho lohara-nom-pifaliana ho antsika amin'ity fiainana ity sy mba ho mpitarika antsika hiverina any amin'ny Ray any an-danitra sy hahazo ny fiainana mandrakizay.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Almà 37–38. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Manomàna dika mitovy amin'ny takelaka misy ny hoe: "Ny soratra masina" (any amin'ny faran'ny lesona) ho an'ny ankizy tsirairay. (Isafidianana)
4. Manomàna ny tapa-taratasy misy teny ahitana ny soratra hoe: "Fiainana mandrakizay."
5. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sary kely misy an'i Jesoa Kristy na tapa-taratasy misy teny ahitana ny soratra hoe: "Jesoa Kristy."
   d. Sary 4-9, I Jesoa ilay Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 240; 62572), sy ny 4-15, Ny Liahona (Jeu d'Illustration de l'Evangile 302; 62041).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Alohan'ny hanombohan'ny fotoam-pianarana, dia afeno ao am-pianarana ilay sary kely misy an'i Jesoa Kristy na ny tapa-taratasy misy teny ahitana ny soratra hoe: "Jesoa Kristy." Asehoy ny tapa-taratasy misy teny ahitana ny soratra hoe: "Fiainana mandrakizay." Hazavao fa amin'ny maha-mpikambana antsika ao amin'ny Fiangonana, dia iriantsika ny hahita fifaliana eto amin'ity fiainana ity sy ny hiverina any amin'ny Raintsika any an-danitra ary ny hahazo ny fiainana mandrakizay izay iainantsika mandrakizay miaraka amin'ny fianakaviana eo anatrehan'Andriamanitra. Ampio ireo ankizy hahatakatra fa ny fiainana mandrakizay no fanomezampahasoavana lehibe indrindra avy amin'Andriamanitra ho an'ny zanany. Tian'ny Ray any an-danitra isika mba ho mendrika ny hiaina miaraka Aminy mandrakizay. Ilazao ny ankizy fa nafenina any ho any, ao amin'ny efi-trano ny sary kely iray (na tapa-taratasy misy teny) an'olona izay te-hanampy azy hahazo ny fiainana mandrakizay. Omeo telopolo segondra eo ho eo ny ankizy hikarohany ilay sary (na tapa-taratasy misy teny). Ampahatsiahivo azy fa nomen'Andriamanitra mpitarika

isika hitarika antsika any amin'ny fiainana mandrakizay. Manomeza fampahalalana kely raha ilaina.

Rehefa hitan'ny ankizy ilay sarin'i Jesoa Kristy (na tapa-taratasy misy teny) nafenina, dia asehoy ny sary lehibe misy an'i Jesoa Kristy sy ny soratra masina izay anao. Hazavao fa nomena ny soratra masina isika, ho mpitarika hanampy antsika hianatra ny momba an'i Jesoa Kristy sy ho tahaka Azy, mba hahafahantsika miverina any amin'ny Raintsika any an-danitra.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampiasao ny sary atolotra ary ampianaro ny torohevitr'i Almà ho an-janany lahy Helamàna sy Siblôna, izay hita ao amin'ny Almà 37–38. Antitrantero ny fampianaran'i Almà mikasika ny soratra masina sy ny ahafahan'izany ho lasa mpitarika antsika eo amin'ny fiainantsika. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Nahoana no zava-dehibe tamin'ireo mpaminany tao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny nitandrina sy ny nitahiry ny takelaka varahina? (Almà 37:4, 8; jereo ny lesona 3.)
- Nahoana no nomena an'i Lehia ny Liahona? Ahoana no fiasan'izany? (1 Nefia 16:10, 28.)
- Ahoana no ilazana fa tahaka ny Liahona ny soratra masina? (Almà 37:44–45.) Ahoana no ahafahan'ny soratra masina manampy antsika hiverina any amin'ny Ray any an-danitra?
- Inona no ampianarin'ny soratra masina ny Lamanita ka nahatonga azy ireo hibebaka? (Almà 37:9.)
- Inona no niangavian'i Almà tamin'ny zanany lahy Helamàna mba hampianarina ny vahoaka? (Almà 37:32–34.) Ahoana no ahafahantsika mandresy ny fakam-panahy?
- Inona no tian'i Almà nolazaina, raha nanoro hevitra an'i Helamàna izy hoe: mba "hianatra fahendrena amin'ny fahatanorany"? (Almà 37:35.) Nahoana no tena zava-dehibe amin'ny fahatanoranao ny miaina ny filazantsara?
- Inona no nampianarin'i Almà momba ny vavaka? (Almà 37:36–37.) Ahoana no fomba tokony hivavahantsika ary rahoviana? Inona no atao hoe "hasandratra amin'ny andro farany"? Ampio hahazo ny tiana ambara amin'izany ny ankizy fa mikasika ny fitsarana farany izany, rehefa hiditra eo anatrehan'ny Ray any an-danitra ireo rehetra izay nankatò ny didiny dia hiaina miaraka Aminy mandrakizay.
- Nahoana no nitondra fifaliana lehibe ho an'i Almà ny zanakalahiny Siblôna? (Almà 38:2–4.) Ahoana no nitondra fifaliana ho an'ny ray aman-dreninao ny fankatoavanao ny didy?
- Inona no atao hoe avonavona? (Almà 38:11. Tsy manetry tena sy tsy mandray fampianarana. Mihevi-tena ho manan-danja kokoa noho ny hafa ny olona miavonavona. Manao ny sitrapony samirery fa tsy ny an'ny Ray any

an-danitra ny olona miavonavona). Ahoana no mitarika antsika hanakaiky ny Ray any an-danitra ny fianarantsika miaiky sy manitsy ny fahadisoantsika? Inona no atao hoe mieboebo?

- Ahoana no nahafantaran'i Almà ny zavatra nampianariny ny zanany lahy? (Almà 38:6–8.) Inona no tsy maintsy ataontsika mba hahafahan'ny Fanahy Masina mampianatra sy manampy antsika tahaka ny nataony tamin'i Almà? Ahoana no nampianarana na nanampian'ny Fanahy Masina anao hanao izay tsara?
- Inona no nambaran'i Almà tamin'i Siblôna fa marina momba an'i Jesoa Kristy? (Almà 38:9.) Ahoana no ahafahantsika mampiasa ny soratra masina, mba hanampiany antsika hahazo fijoroana ho vavolombelona tahaka izany? (Mamaky sy mandinika izany isan'andro, mikatsaka ny fanampian'ny Fanahy hahazoana ny tian'izy ireny ambara, ary mampihatra izany eo amin'ny fiainantsika sy ny eo amin'ny toerana misy antsika.)

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Hazavao fa iray amin'ny antony nanomezana antsika ny soratra masina ny hanampiana antsika handresy sy hahavaha ny olantsika. Omeo dika mitovy amin'ny toe-javatra efatra voasoratra ny ankizy tsirairay. Iangavio ny ankizy hiara-hiasa amin'ny namana iray mba hanapaka ny amin'ny fomba anampian'ny soratra masina amin'ny toe-javatra tsirairay. Ohatra fotsiny ihany ireo toe-javatra efatra omena etsy ambany. Azonao atao ny mampiasa ny hafa izay mifanentana tsara amin'ny ankizy ao am-pianarana. (Azo atao koa ny mampiasa soratra masina mihoatra ny iray isaky ny toe-javatra).

   Nony vita batisa i Jim dia tezitra taminy ny fianakaviany. Rehefa nangataka azy handray ny antso hanao asa fitoriana amin'ny fotoana maharitra ny eveka, dia tsy nanana vola ampy ho an'izany i Jim.

   Manana fanapahan-kevitra lehibe horaisina i Shelly saingy tsy afaka manapaka izay hatao izy na dia efa niresaka tamin'olona maro aza.

   Miezaka ny hitarika an'i Heather hangalatra entam-barotra ny namany matetika. Rehefa mandà izy dia esoin'izy ireo.

   Nomena enti-mody izay sarotra ny hamitana azy amin'ny fotoana efa voatondro i Doug.

   Almà 26:12; 1 Nefia 3:7; Almà 37:37; 1 Nefia 17:3

2. Adikao amin'ny taratasy roa samy hafa ireto teny manaraka avy amin'ny Almà 37.

   "Mianara fahendrena amin'ny fahatanoranao; eny, mianara ny hitandrina ny didin'Andriarnanitra amin'ny fahatanoranao" (Almà 37:35).

   "Milà hevitra amin'ny ataonao rehetra, dia ho tarihany amin'ny tsara ianao" (Almà 37:37).

   Tapaho ho teny mitsitokantokana ny soratra masina tsirairay. Ataovy ao anatin'ny boaty iray ny soratra masina voalohany, ary ao anatin'ny boaty iray hafa ny faharoa ka apetrao eny anoloana. Zarao ho vondrona roa ireo ankizy ao am-pianarana. Omeo taratasy kely sy pensilihazo ny vondrona tsirairay. Asaivo mandeha tsirairay maka teny iray ao anatin'ny boaty ny olona iray isaky ny

vondrona, ary mitondra izany miverina eny amin'ny vondrona niaviany. Dia toy izany hatrany no ataon'ny olona manaraka. Atambatry ny vondrona tsirairay araka ny tokony ho filaharany avy eo ny teny. Raha mila fanampiana ny ankizy, dia omeo azy ny fanoroan-tenin'ny soratra masina. Rehefa hitan'ny vondrona ny soratra masiny, dia azony atao ny manoratra sy ny mianatra izany tsianjery. Amin'ny farany dia afaka miredona ny soratra masina azony ny vondrona tsirairay.

3. Vakio miaraka amin'ny ankizy ao am-pianarana ny1 Nefia 16:28: "Ary rehefa izany, izaho Nefia dia nahita fa ny sahaza izay tao anatin'ny bola dia nihetsika arakaraka ny finoana sy ny faharisihana ary ny fitandremana nasehonay." Resaho ny fomba fiasan'ny Liahona tamin-dry Lehia mianakavy. Zarao vondrona telo ireo ankizy ao am-pianarana, ary omeo iray amin'ireto teny ireto, miaraka amin'ny famaritana azy, ny vondrona tsirairay (*finoana, faharisihana,* na *fitandremana*).

   Finoana: Fitokiana amin'izay tsy hita maso sy marina.
   Faharisihana: finiavana hahatontosa zavatra.
   Fitandremana: fikajiana, fahalianana.

   Asaivo dinihin'ny vondrona tsirairay ny dikan'ny teny azony sy ny fomba ahafahan'ny fitsipika manampy azy hampiasa ny soratra masina ho mpitarika azy amin'ny fiverenany any amin'ny Ray any an-danitra. Asaivo mieritreritra ohatra iray izay entina mandravaka izany izy. Roa na telo minitra aty aoriana, dia asaivo mifidy olona iray ny vondrona tsirairay hanazava amin'ny ankizy ao am-pianarana ny fomba ahafahan'ilay fitsipika hanampy azy hampiasa ny soratra masina ho toy ny Liahona.

4. Manasà mpikambana iray ao amin'ny paroasy mandritra ny fotoam-pianaranao mba hizara traikefa tamin'ny nanomezan'ny soratra masina azy fitarihana sy valim-bavaka.

5. Vakio sy ifanakalozy hevitra ny fanekempinoana fahavalo. Antitrantero ny fomba anampian'ny soratra masina antsika hiverina any amin'ny Raintsika any an-danitra. Azonao atao ny mampiasa ny takelaka misy ny Fanekempinoana Fahavalo, raha tianao (65008).

6. Hirao na vakio ny tonon'ny "Search, Ponder, and Pray" (*Children's Songbook*, p. 109), "Sans tarder, je recherche mon Sauveur" (Chants pour les enfants, p. 67), na ny "Pour sonder les écritures" (Cantiques, p. 163).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona fa ny famakiana ny soratra masina isan'andro dia manampy antsika hamaha ny olantsika, handresy ny fakam-panahy ary hijanona amin'ny lalana ety sy tery, mba hiverenantsika any amin'ny Ray any an-danitra sy hahazo ny fiainana mandrakizay.<br><br>Omeo dika mitovy amin'ny takelaka hozaraina ny ankizy tsirairay. Asaivo hapetrany ao anatin'ny bokiny ho toy ny mpanasaraka takelaka izany. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Almà 37:33–47 sy ny Almà 38:1–12 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br><br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

## NY SORATRA MASINA

*Ilay mpitarika ahy hiverina any amin' ny Raiko any an-danitra mba hahazoako ny fiainana mandrakizay*

1. Hamaky sy handinika ny soratra masina isan'andro aho.
2. Hikatsaka ny fitarihan' ny Fanahy aho mba hahazoako ny tian' izy ireny ambara.
3. Ampihariko amin' ny fiainako sy amin' ny toe-javatra mitranga ny soratra masina.

NY SORATRA MASINA

Ilay mpitarika ahy hiverina any amin' ny Raiko any an-danitra mba hahazoako ny fiainana mandrakizay

1. Hamaky sy handinika ny soratra masina isan'andro aho.
2. Hikatsaka ny fitarihan' ny Fanahy aho mba hahazoako ny tian' izy ireny ambara.
3. Ampihariko amin' ny fiainako sy amin' ny toe-javatra mitranga ny soratra masina.

NY SORATRA MASINA

Ilay mpitarika ahy hiverina any amin' ny Raiko any an-danitra mba hahazoako ny fiainana mandrakizay

1. Hamaky sy handinika ny soratra masina isan'andro aho.
2. Hikatsaka ny fitarihan' ny Fanahy aho mba hahazoako ny tian' izy ireny ambara.
3. Ampihariko amin' ny fiainako sy amin' ny toe-javatra mitranga ny soratra masina.

NY SORATRA MASINA

Ilay mpitarika ahy hiverina any amin' ny Raiko any an-danitra mba hahazoako ny fiainana mandrakizay

1. Hamaky sy handinika ny soratra masina isan'andro aho.
2. Hikatsaka ny fitarihan' ny Fanahy aho mba hahazoako ny tian' izy ireny ambara.
3. Ampihariko amin' ny fiainako sy amin' ny toe-javatra mitranga ny soratra masina.

# Manoro hevitra ny Zanany Lahy Kôriantôna i Almà

Lesona 24

**Tanjona**

Manampy ireo ankizy hahafantatra fa miankina amin'ny safidintsika no hisian'ny vokatra tsara sy ny vokatra ratsy.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Almà 39. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Manaova takelaka misy ny zavatra voasoratra ao amin'ny Asa hisarihana ny saina na soraty eny amin'ny solaitrabe izany.
4. Fitaovana ilaina: Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Asaivo maka sary an-tsaina ireo ankizy fa toy ny irery eo ambony zahatra eny am-povoan-dranomasina. Hitany fa tsy maintsy manamaivana ny entany izy, satria mitady ho rendrika ny zahatra. Tsy maintsy atsipy any anaty rano avokoa ny rehetra afa-tsy zavatra anankiroa tena ilaina ihany. Asaivo mifidy zavatra roa hotazonina amin'ity lisitra manaraka ity izy ireo:

Ambonin'akanjo avotr'aina
Kitapo misy ny ilaina amin'ny fitsaboana vonjy maika
Vata feno volamena
Fintana sy fitaovana hafa ilaina amin'ny fanjonoana ary kankana
Kesika misy tavoahangy roa ambin'ny folo feno rano fisotro
Fitaovam-pifandraisana
Boaty fandefasana afo fiantsoana vonjy
Boaty misy fanafody fampandosirana antsantsa

Soraty eny amin'ny solaitrabe ny safidy, ary iangavio ny ankizy hanazava ny antony nanaovany izany safidy izany. Tokony hametraka toe-javatra mahasanganehana ny safidy amin'ity fampiasana ity. Asehoy fa sarotra ny fisafidianana, satria tsy ho fantany izay mbola hitranga any aoriana: Mety ho rendrika izy ka mila ilay akanjo avotr'aina, hangetaheta ka mila rano hosotroina, ho noana ka mila fitaovam-panjonoana, hifanena amin'ny antsantsa ka mila ilay fanafody fampandosirana, mila fitaovam-pifandraisana hitadiavana vonjy, maratra ka mila fitsaboana vonjy maika, mila fandefasana afo raha amin'ny alina no tonga ny famonjena na ho voavonjy ao anaty ora vitsy ka maniry ny hitahiry ny harena.

Hazavao fa manana safidy sarotra atao isika eo amin'ny fiainana, kanefa nanome didy hanampy antsika ny Ray any an-danitra. Mikasika ny fanaovana safidy ity lesona ity.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny ankizy ny tantaran'i Almà nananatra ny zanany lahy Kôriantôna ao amin'ny Almà 39. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Fanamarihana: Aza ampianarina ny votoatin'ny Almà 39:3-6. Fintino tso-tsotra fotsiny izany amin'ny fanazavana, fa nahavita heloka bevava i Kôriantôna nandritra ny asa fitoriana teo anivon'ny Zôramita. Raha manontany ny ota natao-n'i Kôriantôna ireo ankizy, dia asaivo miresaka izany miaraka amin'ny ray aman-dreniny izy ireo.

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona ny karazan'ohatra nasehon'ny rahalahin'i Kôriantôna taminy? (Almà 39:1.) Amin'iza no hijerenao ny ohatra marina? Inona ny safidy marina nataony?
- Nahoana no nilaza i Almà fa tezitra tamin'i Kôriantôna izy? (Almà 39:2). Inona no tiana ambara amin'ny hoe tsy nitandrina ny tenin-drainy i Kôriantôna? (Tsy nankatò an'i Almà i Kôriantôna.) Nahoana no ilaintsika ny mankatò ny ray aman-drenintsika? Inona no atao hoe mieboebo? (Mihambo na mihevi-tena ho ambony noho ny hafa.) Nahoana no ratsy ny mieboebo?
- Nahoana i Almà no nilaza fa nampahatsiahiviny an'i Kôriantôna ny fahotany? (Almà 39:7–9. Hazavao fa ny hoe "lavo amin'ny tenanao kosa ireny zavatra rehetra ireny" [andininy 9] dia midika fialana amin'ireny ratsy ireny.) Iza no mahafantatra ny fahotantsika rehetra? (Almà 39:8.) Ahoana no ahafahan'ny fahatsapana fa meloka hitarika ny olona hibebaka?
- Iza no nolazain'i Almà fa afaka manome hevitra tsara ho an'i Kôriantôna amin'ny fanaovana safidy? (Almà 39:10.) Ahoana no nanampian'ny ray aman-dreninao sy ny fianakavianao anao haka fanapahan-kevitra marina? Inona ireo loharano hafa azonao anovozana torohevitra marina?
- Ahoana no niantraika tany amin'ny Zôramita ny fihetsika ratsy nataon'i Kôriantôna? (Almà 39:11.) Amin'ny fomba ahoana no mety hitondran'ny safidintsika fiantraikany eo amin'ny hafa?
- Inona avy ireo safidy sasany tsy maintsy ataonao? Ahoana no mety hanampian'ny Fanahy Masina anao hahafantatra fa ratsy ny ataonao? Ahoana no mety hanampian'ny Fanahy Masina anao hahafantatra fa tsara ny fanapahan-kevitra nataonao? Asao ireo ankizy hizara traikefa momba ny nanampian'ny Fanahy Masina azy haka fanapahan-kevitra.
- Inona no nampianarin'i Almà an'i Kôriantôna mikasika ny fibebahana? (Almà 39:13.) Inona araka ny hevitrao no atao hoe "mitodika amin'ny Tompo amin'ny sainao rehetra, amin'ny fahefanao rehetra, amin'ny herinao rehetra"? Nahoana no tokony hiala tsiny amin'ireo izay nanaovantsika tsy mety isika noho ny safidy ratsy nataontsika?

- Inona no fananaran'i Almà mikasika ny harena? (Almà 39:14.) Inona no mitranga amin'ny olona izay manao ny harena ho faran'izay manan-danja eo amin'ny fiainany?
- Inona no nampianarin'i Almà an'i Kôriantôna ny amin'ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy? (Almà 39:15.) Inona no noheverina fa nampianarin'i Kôriantôna? (Almà 39:16.) Inona no azontsika atao mba hizarantsika ny filazantsara amin'ny manodidina antsika?

Azonao atao ny mampiasa ireo asa fanampiny 2 sy 3 mba hanampy ny ankizy hahafantatra ny vokatry ny safidy ataony eo amin'ny fiainany.

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Avereno jerena sy resahina ny fanekempinoana faharoa ary asaivo hianaran'ny ankizy tsianjery izany. Ampahafantaro azy fa tompon'andraikitra amin'ny ataony ny olona tsirairay.
2. Diniho miaraka amin'ny ankizy ny safidy izay azony atao amin'ireto lafiny manaraka ireto. Mampiasà hevitra izay mametraka olana ho an'ny ankizy ao am-pianarana. Anontanio azy ny karazan-tsafidy tian'i Jesoa ho nataony. Ampio izy ireo hijery ny vokatry ny safidy samihafa azony natao.

   Ny fiteny ampiasainy
   Fitandremana ny andro Sabata ho masina
   Ny fitafiana entiny
   Fankatoavana ny ray aman-dreniny
   Ny mozika henoiny
   Mangalatra
   Ny sarimihetsika, ny horonan-tsary ary ny fandaharana jereny amin'ny fahitalavitra
   Filazana ny marina
   Ireo boky sy ny gazetiboky vakiany

3. Asaivo lalaovin'ny ankizy an-tsehatra ny toe-javatra mitarika safidy sy ireo vokatra toy ireto manaraka ireto:

   Namana milaza lainga momba ny olona iray.
   Namana mitady ny hijerenao sarimihetsika na horonan-tsary tsy mendrika.
   Namana mitantara zavatra tsy tokony hotantaraina.
   Namana mitady ny hanaovanao tsy mety any an-tsekoly.
   Namana mitady ny tsy hanajanao ny Tenin'ny Fahendrena.
   Olona manome anao fanafody tsy ara-dalàna.

4. Diniho miaraka amin'ny ankizy ny vokatry ny fanapahan-kevitra manaraka nataon'ny Filoha Spencer W. Kimball:

   "Nanapa-kevitra aho na dia mbola zazalahy kely aza fa tsy hanosihosy na oviana na oviana ny Tenin'ny Fahendrena. . . . Fantatro fa raha niteny izany ny Tompo, dia nahafaly Azy ny tsy handraisan'ny olona ireny zava-manimba rehetra ireny, ary izao ny zavatra tiako hatao, dia ny hanao izay hahafaly ny Raiko any an-danitra. Ary izany no nanapahako hevitra hentitra sy tsy voahozongozona fa tsy hikasika na oviana na oviana ireny zavatra manimba

ireny aho. Rehefa nanapa-kevitra feno sy hentitra aho, dia nahita aho fa tsy sarotra ny mitana ny teny nomeko ny tenako sy ho an'ny Raiko any an-danitra" (tao amin'ny Conference Report, Apr. 1974, p. 127; na ny *Ensign,* Mey 1974, p. 88).

5. Manaova takelaka kely hozaraina ho an'ny ankizy tsirairay misy ny teny hoe: *Hanao safidy tsara aho.* Ahohofy eo ambony latabatra ireo takelaka, ary asaivo mandeha tsirairay mankeny aloha ny ankizy mba hifidy anankiray. Asaivo valian'ny ankizy ireto fanontaniana manaraka ireto:

   - Inona no ampiasainao mba hitarika anao hanao safidy tsara amin'ity herinandro ity?
   - Inona no mety ho akon'ny (vokatra) fanaovana safidy ratsy?
   - Inona no mety ho vokatry ny safidy marina?

   Any amin'ny famaranana ity fampiasana ity, dia antitrantero ny mahazava-dehibe ny fieritreretana ny vokany alohan'ny hanaovana safidy.

6. Resaho ny fanekempinoana faha-iraika ambin'ny folosy ny mahatompon'andraikitra ny olona tsirairay amin'ny safidy ataony.

   - Nahoana no tsy tokony hiezaka ny hanery ny olona hino ny filazantsara isika?
   - Nahoana no tokony hiandrandra ny hafa hamela antsika hanompo an'Andriamanitra araka ny faniriantsika isika?

   Ampio ny ankizy hianatra tsianjery ny fanekempinoana faha-iraika ambin'ny folo.

7. Hirao na vakio ny tonon'ny "Choisir le bien" (*Chants pour les enfants*, p. 82) na ny "Fais donc le bien" (*Chants pour les enfants*, p. 80).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Ambarao fa mitarika amin'ny fanaovana safidy marina ny fanapahan-kevitra hanaraka an'i Jesoa Kristy, ary izay ihany no lalana tokana hahitana ny fahasambarana marina. |
| Fizarana faha-lalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Almà 39:12–19 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br><br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

# Nandresy an'i Zarahemnà ny Kapiteny Môrônia

Lesona 25

**Tanjona**

Mamporisika ireo ankizy hisalotra ny arotratran'Andriamanitra ho fiarovana amin'ny ratsy.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Almà 43–44 sy ny Efesiana 6:11, 13–18. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:15–18.
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Baiboly.
   d. Miankina amin'ny fomba ampianaranao ny arotratran'Andriamanitra, dia manaova tapa-taratasy misy teny, arotratra sy sariolona natao tamin'ny taratasy nohetezana ho an'ny ankizy tsirairay, karazan'ny arotratra lehibebe apetraka eo amin'ny sary olona eny amin'ny solaitrabe, na arotratra natao tamin'ny baoritra nohetezana hampirongoana ankizy iray. (Jereo ny sary any amin'ny faran'ny lesona.)
   e. Sary 4-37, Miady amin'ny Lamanita ireo Miaramilan'ny Kapiteny Môrônia, sy ny 4-38, Nilavo lefona ireo Miaramilan'ny Zarahemnà.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

- Tamin'ny andro fahagola, rehefa nandeha niady niaraka tamin'ny sabany sy ny tsipìkany ny lehilahy, dia ahoana no niarovany ny lohany, ny fony, ny vavoniny, ny tanany, ny feny ary ny tongony? (Tamin'ny arotratra.)

Hazavao fa miady amin'ny ratsy avokoa isika rehetra. Misy dia misy tokoa ny fakam-panahy sy ny herin'i Satana. Tsy tian'ny Ray any an-danitra ny hiatrehantsika ny ady amin'ny ratsy ka tsy misy fiarovana. Asaivo vakian'ny ankizy ny Efesiana 6:11, 13–18. Ifanakalozy hevitra ireo arotratra tsirairay ka ampiasao ny tapa-taratasy misy teny sy ny kisarisary nohetezana. Ampifandraiso amin'ny fomba tokony hiainantsika mba hahavoaro antsika amin'ny ratsy manodidina antsika ny karazan'ireo fitaovam-piarovana tsirairay.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ireo ankizy ny tantaran'ny fandresen'ny Kapiteny Môrônia an'i Zarahemnà ao amin'ny Almà 43–44. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Antitrantero fa tsy vitan'ny nirongo fitaovam-piarovana

vitan'olombelona fotsiny ny miaramilan'i Môrônia fa mbola nanana ny fiarovana mafimafy kokoa, dia ny fitaovam-piarovan'Andriamanitra. Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Nahoana no nanondro Amalekita sy Zôramita ho lohan'ny kapitenin'ny Lamanita i Zarahemnà, ilay mpitari-tafika Lamanita? (Almà 37:6--7.) Nahoana no te-hiady amin'ny Nefita ny Lamanita? (Almà 43:8, 29.)
- Nahoana no vonona hiady ny Nefita? (Almà 43:45, 47.) Nahoana isika no tokony hiady ho an'ny tokantranontsika, ny fianakaviantsika, ny fahafahantsika ary ny Fiangonana misy antsika? Inona araka ny fahatsapanao ireo zavatra ilaina ny iadivana ny aminy?
- Ahoana no nanomanan'ny Kapiteny Môrônia ny tafiny hiatrika ny Lamanita any Jersôna? (Almà 43:18–19.) Nahoana no natahotra ireo Lamanita vokatr'izany fiomanana izany? (Almà 43:20–21.) Ahoana no fomba ahafahanao mitafy ny fitaovam-piarovana ara-panahy an'Andriamanitra sy hahavonona anao hiaro ny marina?
- Ahoana no nahafantaran'ny Kapiteny Môrônia ny toerana tokony handefasany ny miaramilany? (Almà 43:23–24.) Ahoana no anampian'ny mpaminany antsika amin'izao fotoana izao?
- Nahoana no natahotra sy te-handositra ny Lamanita ny miaramila Nefita na dia efa nirongo fitaovam-piarovana aza? (Almà 43:48.) Ahoana no fomba nanentanan'i Môrônia ny fanahin'izy ireo?
- Inona no nataon'ny miaramilan'ny Kapiteny Môrônia mba hahazoany hery sy zotom-po hiady? (Almà 43:49–50.) Ahoana no ahafahan'ny vavaka manampy anao hirongo ny fitaovam-piarovan'Andriamanitra? (Efesiana 6:18.)
- Rehefa voahodidin'i Môrônia ny Lamanita, dia inona no nataony ka nampiseho fa tsy olona lian-dra izy? (Almà 43:54; 44:1–2, 6.)
- Nahoana no natolotry ny Tompo teo an-tanan'ny miaramilan'i Môrônia ny Lamanita? (Almà 44:3.) Inona no fampanantenana nataon'ny Tompo tamin'ny Nefita sy tamintsika raha mahatoky isika? (Almà 44:4.) Inona no noeritreretin'i Zarahemnà fa niaro ny Nefita? (Almà 44:9.)
- Inona no nitranga rehefa tsy nety nanao fianianana ho amin'ny fandriampahalemana i Zarahemnà tanatin'ny fahatezerany? (Almà 44:12.) Inona no nitranga tamin'ireo Lamanita nanao fanekena ny tsy hiady? (Almà 44:15.) Nahoana no zava-dehibe amintsika ny fitandroana ny fampanantenana sy ny fifanekena?

**Asa Fanampiny** Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.


1. Manaova kilalao mampifandray sary (jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Soraty amin'ny karatra enina ny anaran'ny fitaovam-piarovana tsirairay sy izay anehoana azy amin'ny fitaovam-piarovan'Andriamanitra. Asaivo ampifanandrifian'ny ankizy amin'ny anarany ny fitaovam-piarovana tsirairay mba ho marika amin'ny fitaovam-piarovantsika avy amin'Andriamanitra.

    Fehikibo—Fahamarinana (Efesiana 6:14)
    Akanjo vy—Rariny (Efesiana 6:14)
    Kiraro—Fahavononam-panahy avy amin'ny filazantsaran'ny fiadanana (Efesiana 6:15)
    Ampinga—Finoana (Efesiana 6:16)
    Aroloha—Famonjena (Efesiana 6:17)
    Sabatra—Fanahin'Andriamanitra na ny tenin'Andriamanitra (Efesiana 6:17; F&F 6:2)

2. Amin'ny fampiasana ny Efesiana 6:13–18, dia ampio ny ankizy hitadidy ny zavatra asehon'ny arotratran'Andriamanitra tsirairay. Manonona anarana fitaovam-piarovana anankiray no sady atsipazo eny amin'ny ankizy iray ny haronkely misy voamaina. Asaivo omen'ilay ankizy io ny hevitr'ilay fitaovam-piarovana, dia manonona anarana fitaovam-piarovana hafa izy avy eo no sady manipy ny baolina any amin'ny ankizy hafa izay manome ny heviny no sady mifidy fitaovam-piarovana vaovao, ary dia toa izany hatrany.

3. Anontanio ny ankizy ny karazan-javatra ampiasain'i Satana hamelezana na hamonoana antsika ara-panahy. Mety hilaza zavatra, toy ny sarimihetsika, fandaharana amin'ny fahitalavitra, horonan-tsary, boky na gazetiboky izy; fakana fanahy tsy hanajana ny Tenin'ny Fahendrena; fakana fanahy tsy andehanana any am-piangonana; sy ny sisa. Ifanakalozy hevitra izay zavatra ataon'ny ankizy hanamafisany ny fitaovam-piarovany ara-panahy, toy ny vavaka samirery sy ny fiaraha-mivavaky ny mpianakavy, fandalinana samirery ny soratra masina sy ny fiarahan'ny mpianakavy mandalina ny soratra masina, fanaovana ny takarivan'ny mpianakavy, fanatrehana any am-piangonana sy ny sisa.

4. Resaho ny fomba namitahan'ny Kapiteny Môrônia ny miaramila Lamanita araka ny hita ao amin'ny Almà 43:31–42. Mampiasà solaitrabe hanazavana ny toerana nisy ny miaramila Nefita sy ny an'ny Lamanita.






5. Hirao na vakio ny tonon'ny“Fais donc le bien” (*Chants pour les enfants*, p. 80) na ny “Choisir le bien” (*Chants pour les enfants*, p. 82).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny maha-zava-dehibe ny hirongoana ny fitaovam-piarovan'Andriamanitra hiaro antsika amin'ny ratsy. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny “Vakiteny Enti-mody” ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Almà 43:41–54 sy ny Almà 44:1–4 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |





# Kapiteny Môrônia sy ny Fanevan'ny Fahafahana

Lesona 26

**Tanjona** Mampianatra ireo ankizy fa ny fahafahana marina dia azo avy amin'ny fanoherana ny ratsy sy ny fitandremana ny didin'ny Ray any an-danitra.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Almà 46, 48, sy ny 49:21–30. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: Almà 47, 49:1–20.
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Lamba fotsy lehibe iray (na azo atao ny mampiasa taratasy lehibe iray na ny solaitrabe), tsatòka na hazo lavalava sy lakaoly.
   d. Sary 4-39, Manangana ny Fanevan'ny Fahafahana ny Kapiteny Môrônia (Jeu d'Illustration de l'Evangile 312; 62051).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

*Asa hisarihana ny saina*

Asehoy ny sarin'ny Kapiteny Môrônia. Iangavio ny ankizy hanokatra ny bokiny ao amin'ny Almà 46. Hazavao fa hianatra momba ny mpitari-tafika roa ny ankizy—ny Kapiteny Môrônia sy i Amalikià. Teratany Nefita i Amalikià kanefa dia nanadino tanteraka ny Tompo. Tamin'ny lainga, fitaka ary famonoan'olona no nahatonga azy ho mpanjakan'ny Lamanita. Naniry handresy an'ady ny Nefita i Amalikià, amin'izay dia ho lasa mpanjaka sady ho an'ny Nefita no ho an'ny Lamanita.

Lohan'ny mpitari-tafika Nefita ny Kapiteny Môrônia. Lehilahy matanjaka sy mahery izy, izay tia ny Tompo sy ny vahoakany. Nanao fianianana izy fa hiaro ny vahoakany amin'i Amalikià sy ny miaramila Lamanita.

Nanomana ny vahoakany mba hiaro tena ny Kapiteny Môrônia satria niomana ny hanapotika ny Nefita i Amalikià sy ny miaramilany.

Eo am-pihazonana ambony ilay lamba (na ilay taratasy) dia mandrovita lamba lehibe, na manaova sarin'ny lamba rovitra eny amin'ny solaitrabe. Lazao ny ankizy fa nandrovitra tapa-damba tamin'ny akanjony ny Kapiteny Môrônia ary nanao saina na faneva izay nantsoiny hoe: ny fanevan'ny fahafahana. Asao ny ankizy hiara-mamaky ny Almà 46:12. Soraty eo amin'ny iray amin'ny tapa-drovidamba na taratasy ny teny manaraka hoe: "Ho fahatsiarovana ny Andriamanitsika, ny fivavahantsika sy ny fahafahana ary ny fiadanantsika, ny vadintsika sy ny zanatsika." Raha mampiasa lamba na taratasy ianao, dia asaivo fatoran'ny ankizy

amin'ny hazo lava ny saina. Iangavio ny ankizy iray hanangana ilay saina eny anoloana.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Ampianaro ny ankizy ny tantara ao amin'ny Almà 46–49 momba ny Kapiteny Mô-rônia, izay lehilahy maherifo an'Andriamanitra, izay nanomana ny olony hiaro ny fahafahany sy ny fahalalahany. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no zavatra manozongozona ny fandriampahalemana nisy teo anivon'ny Nefita? (Almà 45:24; 46:1–2.) Nahoana no vahoaka marobe no nanaraka an'i Amalikià? (Almà 46:5.)
- Inona no nataon'ny Kapiteny Môrônia rehefa nandre io fifanoherana io izy? (Almà 46:11–12.) Inona no nataon'i Môrônia taorian'ny nanaovany ny fanevan'ny fahafahana? (Almà 46:13, 16.)
- Inona no nasain'ny Kapiteny Môrônia nataon'ny vahoaka Nefita? (Almà 46:19–20.) Nahoana araka ny hevitrao no nanentana ny Nefita ny teny voasoratra teo amin'ny fanevan'ny fahafahana?
- Inona no fifanekena nataon'ny vahoaka izay nanaraka an'ny Kapiteny Môrônia? (Almà 46:21–22.) Ahoana araka ny hevitrao no nanampy ny olona hiaro ny fahafahany sy ny fivavahany ny nanaovany io fifanekena io? Inona avy ireo fanekempihavanana sasany nataontsika?
- Inona no tian'ny Kapiteny Môrônia hotadidian'ny vahoakany? (Almà 46:23–24. Asehoy fa manambara an'i Josefa tao amin'ny Testamenta Taloha sy ny akanjony maro loko ireo andininy ireo.)
- Ahoana no tsy mitovy amin'ny fiomanan'ny Lamanita ny an'ny Nefita? (Almà 48:7.) Inona no nataon'ny Nefita mba hiarovany ny tanànany? (Almà 49:2, 4.) Ahoana no ahafahantsika miomana handresy ny fitaoman'i Satana?
- Inona no nampianarina ny Nefita momba ny ady? (Almà 48:14.) Inona no ninoany fa hataon'ny Ray any an-danitra ho azy ireo? (Almà 48:15–16.)
- Inona no tsapan'i Môrmôna mpaminany izay nandrakitra an-tsoratra ity tantara momba an'ny Kapiteny Môrônia ity? (Almà 48:11–13, 17–18.) Amin'ny fomba ahoana no itiavanao ho lasa tahaka an'ny Kapiteny Môrônia?
- Nahoana no niady tamin'ny Lamanita ny Nefita na dia tsy te-handeha hiady aza? (Almà 48:23–24.)
- Inona no nitranga tamin'ny Lamanita tamin'ny ady farany nifanaovany tamin'ny tanànan'i Noà? (Almà 49:21–25.) Inona araka ny hevitrao no nanome zotom-po ny Nefita hiady tamin'io ady io? Inona no nanome zotom-po anao hiaro ny rariny sy ny fahafahana?

- Inona no nataon'ny Nefita taorian'ny nandosiran'ny Lamanita sy nahavoavonjy azy ireo tamin'ny fahavalony? (Almà 49:28.) Ahoana no ahafahantsika maneho fankasitrahana ny fahafahana iainantsika?

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Asaivo mijery ny sarin'ny Kapiteny Môrônia ireo ankizy. Avereno jerena ny maha-zava-dehibe ny firongoana ny fitaovam-piarovan'Andriamanitra mba hahafahana miaro ny tenantsika amin'ny ratsy. Lazao fa ny ankizy tsirairay dia nalefan'ny Ray any an-danitra tety an-tany amin'izao fotoana izao mba hiaro ny rariny sy ny marina. Asaivo lazain'ny ankizy ny fitaovam-piarovana tsirairay nentin'i Môrônia niady (Almà 46:13) ary lazao ny zavatra asehon'izany amin'ny fiarovana ara-panahy (jereo ny lesona 25 sy ny Efesiana 6:11, 13–18).

   Sikim-balahana: Fahamarinana. Ity dia midika hoe fahafantarana ny tsara amin'ny ratsy, tia ny fahamarinana, miaro ny hasim-pitondran-tena ary madio ara-pitondran-tena.

   Fiarovan-tratra: Rariny. Midika ho fisafidianana ny marina sy fanarahana an'i Jesoa Kristy izany.

   Ampinga: Finoana. Midika fananana finoana ny Tompo Jesoa Kristy izany.

   Aroloha: Famonjena. Midika ho voaisa ho mendrika hiaina hiaraka amin'ny Ray any an-danitra mandrakizay izany.

   Sabatra: Ny Fanahy, na ny Fanahy Masina. Midika izany fa tarihin'ny Fanahy Masina sy ireo teny nambaran'i Jesoa Kristy.

   Kiraro: Ny fahavononam-panahy amin'ny filazantsaran'ny fiadanana. Midika ho fahatakarana ny filazantsara izany ka handeha amin'ny lalana ety sy tery isika.


   Omeo tahadika fizara izay miaraka amin'ity lesona ity ny ankizy tsirairay, ary miaraha miasa amin'ireo ankizy amin'ny famenoana ireo banga eo amin'ny taratasin'izy ireo. Asaivo asian'ny ankizy tsirairay ny anarany ery ambany. Manasà ankizy roa mba handroso eny anoloana ary manangana ny fanevan'ny fahafahana izay nampiasaina nandritra ny Asa hisarihana ny saina. Asaivo mamaky amin'ny feo avo ny fanambarana voalaza farany ao amin'ny taratasy ny rehetra, izay manao hoe: "Vonona hijoro hanohitra ny zana-tsipìka mirehitra afon'ny ratsy fanahy aho," ary ifanakalozy hevitra ny tian'izany fanambarana izany holazaina. Asaivo entin'ireo ankizy any an-tranony mba ho ampisehoany ny fianakaviany ny "Fitaovam-piarovan'Andriamanitra."

2. Asehoy ny sainan'ny firenenao. Hazavao fa fitaovana fampahatsiahivana tsara ny saina. Manana saina daholo ny firenena rehetra izay mampiseho ny maha-izy azy ny vahoaka ary ny fototra ijoroan'ny firenen'izy ireo. Omeo ny ampahany kely amin'ilay taratasy na lamba sy fitaovana fanaovana zava-kanto ireo ankizy ary asaivo manao ny sainam-pireneny manokana izy ireo izay mampiseho zavatra izay manan-danja amin'izy ireo, toy ny izao izy ireo, inona no tiany, manao ahoana ny zavatra tiany hotratrarina ary inona no fitsipika ijoroan'izy ireo. Mety te-hizara ny dikany sasantsasan'ireo zavatra ireo ianao.

3. Ifanakalozy hevitra miaraka amin'ireo ankizy ny fanekempinoana faharoa ambin'ny folo ary asaivo ataon'izy ireo tsianjery izany.
4. Hirao na vakio ny tonon'ny "Pour trouver la paix" (*Chants pour les enfants*, p. 68).

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona amin'ny maha-fitahiana lehibe ny fahafahana. Ambarao fa mahazo ny fahafahana marina isika rehefa mahatohitra ny ratsy ary mankatò ireo didin'ny Ray any an-danitra. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Almà 48:11–13, 17–18 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br><br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |



# HITAFY NY FITAOVAM-PIAROVAN'ANDRIAMANITRA AHO

Ho voafehin'ny______________ ny valahako ______________.

Salorako akanjo vy an______________ ny foko ____________.

Hikiraro ny____________________ aho __________________.

Horaisiko ny ampingan'ny____________________________ .

Hosatrohiko amin'ny arolohan'ny______________________ny lohako ______________________________________________.

Horaisiko ny sabatry ny______________________________.

Vonona hijoro hanohitra ny tsipìka mirehitra afon'ny ratsy fanahy aho.

(Jereo ny Efesiana 6:11–17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:15–18.)

Lesona 27

# I Helamàna sy ireo Zatovolahy Roa Arivo

**Tanjona**

Mampianatra ireo ankizy fa ny fanarahana ny ohatra sy ny fampianarana marina asehon'ny ray aman-dreny dia manome hery antsika hiaro ny marina sy ny hitsiny.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Almà 53:10–23 sy ny 56:1–58:27. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: Almà 24.
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sary 4-33, Mandevina ny sabany ireo Antia-Nefia-Lehia (Jeu d'Illustration de l'Evangile 311; 62565), ary ny 4-40, Miaramila tanora roa arivolahy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 313; 62050).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Asehoy ny sarin'ireo Antia-Nefia-Lehia mandevina ny sabany. Ampahatsiahivo ny ankizy fa nianatra ny momba an'ireo vahoaka malaza ireo izy ireo herinandro vitsivitsy lasa izay (jereo ny lesona 19). Anontanio ny ankizy ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Iza moa ireo Antia-Nefia-Lehia ireo? Nahoana no naleviny ny sabany?

Asaivo vakian'ny ankizy iray ny Almà 24:19. Hazavao fa nametraka ohatra tsara ho an'ny zanany ny Antia-Nefia-Lehia.

Asao ny ankizy hanome ohatra ny amin'ny fitsipika manan-danja, toy ny fahamarinan-toetra, ny hatsaram-panahy, ny fandoavana ny fahafolonkarena, ny fanajana ny andro sabata ho masina, sy ny sisa, izay nianarany avy amin'ny ray aman-dreniny ary ny fomba nitahian'ny fankatoavany ireo fitsipika ireo azy.

Hazavao fa nomen'ny Ray any an-danitra ray aman-dreny ho tia, hampianatra ary hitarika antsika amin'ny fiainantsika isika. Hazavao fa mandritra ity lesona ity dia hianatra ny fomba nampiasain'ny miaramila tanora roa arivo, izay zanakalahin'ny Antia-Nefia-Lehia, ny fampianarana sy ny ohatra marina nomen'ny ray aman-dreniny, mba hitandremany ny fifanekena nataony hiarovany ny fahafahany ny ankizy.

(Fanamarihana: Raha misy ny ankizy notaizain'ny raibeny sy ny renibeny, havany na olona hafa, dia amboary ny lesona mba hilaza ny fitarihany manan-danja.)

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampiasao ny sary amin'ny fotoana mahamety izany, dia ampianaro ny ankizy ny tantaran'i Helamàna sy ny miaramila tanora roa arivo ao amin'ny Almà 53, 56–58. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Antitrantero ny fomba nanarahan'ireo tovolahy ireo ny fampianaran-dray aman-dreniny sy ny niarovana azy ireo tamin'ny ady.

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no fifanekena nataon'ny ray aman-drenin'ireo miaramila tanora roa arivo ireo? (Almà 53:10–12.) Nahoana no nieritreritra handika ity fifanekena ity izy ireo? (Almà 53:13.) Nahoana no tsy tian'i Helamàna ny hanampian'ny Antia-Nefia-Lehia amin'ny ady atao amin'ny Lamanita? (Almà 53:14–15.) Nahoana no zava-dehibe ny mitandrina ny fanekempihavanana ataontsika?
- Nahoana no nanapa-kevitra hiady ny tovolahy roa arivo? (Almà 53:16.) Inona no nifanarahan'ireo miaramila tanora ireo hiadiana? (Almà 53:17.)
- Manao ahoana ireo tovolahy ireo? (Almà 53:20–21.) Inona no atao hoe: "manao ny marina lalandava amin'ny zava-drehetra nankinina taminao"? Inona ireo fomba sasany ahafahanao ho azo itokisana sy handeha amin'ny fahamarinana manoloana ny Tompo?
- Ahoana no fomba nanampian'ny ray ny zanany ka tsy nandikana ny fifanekena mba tsy hiady? (Almà 56:27.) Amin'ny fomba ahoana no anohanan'ny ray aman-dreninareo anareo?
- Inona no nolazain'i Helamàna an'i Môrônia momba ny hery sy ny zotompon'ireo miaramila tanora ireo? (Almà 56:45.) Inona no nampianarin-dreniny azy? (Almà 56:46–48.) Nahoana no tsy natahotra ny ho faty izy ireo? Ahoana no nataon'ny ray aman-dreninareo hanomanana anareo hanana fahasahiana sy finoana hiatrehana ny fahasahiranana?
- Inona no nanome hery sy zotom-po ireo miaramila tanora roa arivo ireo tamin'ny ady? (Almà 57:26–27; 58:39–40.)
- Ahoana no nanarahan'ireo miaramila ireo an'i Helamàna? (Almà 57:21.) Inona no atao hoe: manaraka amin'ny "antsipirihany"? Nahoana no zava-dehibe ny manaraka ny torohevitry ny mpitondra antsika sy ny ray aman-drenintsika amin'ny antsipirihany?
- Inona no nataon'ireo miaramila tanora roa arivo ireo rehefa nila hery izy ireo? (Almà 58:10.) Ahoana no namaliana ny vavaka nataony? (Almà 58:11.) Manasà mpianatra hizara ny traikefany tamin'ny nitarihan'ny Fanahy Masina azy na ny olona tao amin'ny fianakaviany.
- Ahoana no namaliana soa ny finoana sy ny zotom-pon'ireto tovolahy ireto? (Almà 56:56; 57:25; 58:39.) Inona no hery nanavotra azy tamin'ny fahafatesana? (Almà 57:26–27; 58:40.)

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Manaova dika mitovy amin'ny taratasy fizara any amin'ny faran'ny lesona, ho an'ny ankizy tsirairay hoentiny mody.
2. Avelao hameno an-tsitrapo ireto fanambarana manaraka ireto ny ankizy:

   Afaka ho lasa tahaka ireo miaramila tanora aho amin'ny ______________ ____________.

   Afaka ho lasa tahaka ireo miaramila tanora ireo aho raha mahatsiaro fa nampianarin'ny ray aman-dreniko aho mba ______________ ____________.

   Ny zavatra mahafinaritra ahy indrindra dia________ ____________avy tamin'ireo miaramila tanora ireo.

   Anisan'ny ampahan'ny ankafiziko tamin'ny tantaran'ireo miaramila tanora roa arivo ny ____________.

3. Amporisiho ny ankizy hanamarika ao amin'ny soratra masiny ny andininy tiany indrindra momba ny miaramila tanora roa arivo. Azony atao ny mifidy amin'ireto ohatra manaraka ireto raha tiany:

   Almà 53:20–21
   Almà 56:45–48
   Almà 57:21, 25–27
   Almà 58:10–11
   Almà 58:39–40

4. Ampio hianatra tsianjery ny didy fahadimy ireo ankizy (jereo ny Môsià 13:20).
5. Hirao na vakio ny tonon'ny "Proclamons la vérité" *(Chants pour les enfants*, p. 92), "Fais donc le bien" (*Chants pour les enfants*, p. 80), na ny "Dans le Livre de Mormon" (*Chants pour les enfants*, p. 62), andininy 6.

**Famaranana**

Fijoroana ho vavolombelona — Zazao ny fijoroanao ho vavolombelona amin'ireo fahasoavana izay azo avy amin'ny fanarahana ny fampianarana sy ny ohatra marina nomen'ny ray aman-drenintsika.

Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana — Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy.

Vakiteny Enti-mody — Asaivo mandalina any an-tranony ny Almà 53:16–21, 56:45–48, sy ny Almà 57:25–27 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.



“Tanora izy ireo ary mitombona ny sainy, ary apetrany lalandava amin’Andriamanitra ny fatokiany.” Almà 57:27



“Tanora izy ireo ary mitombona ny sainy, ary apetrany lalandava amin’Andriamanitra ny fatokiany.” Almà 57:27



“Tanora izy ireo ary mitombona ny sainy, ary apetrany lalandava amin’Andriamanitra ny fatokiany.” Almà 57:27



“Tanora izy ireo ary mitombona ny sainy, ary apetrany lalandava amin’Andriamanitra ny fatokiany.” Almà 57:27

Lesona
28

# Tao am-ponja i Nefia sy i Lehia

**Tanjona**

Mamporisika ireo ankizy hanao ny Mpamonjy ho fototry ny fiainany, amin'ny fifidianana hiaina ny fampianarany.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Helamàna 5. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Vato iray, fasika na sira, saron'ny boaty na lapoaly.
   d. Sary 4-41, Tao am-ponja i Nefia sy i Lehia.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Hazavao fa alohan'ny hananganana tranobe, dia manao fototra mafy be ho an'ny trano mba hiorenany eo amboniny ny mpanao trano. Asaivo ampitahain'ny ankizy ny fitombiny amin'ny vato sy ny fasika amin'ny maha-fototra hanorenana izany. Apetraho eo ambony latabatra ny vato salantsalany sy ny sarona boaty na ny lapoaly misy fasika na sira ao anatiny. Tsofy ilay vato, ary tsofy koa avy eo ny fasika na ny sira.

Anontanio ireo ankizy ny antony hifidianany ny vato noho ny fasika hanaovana fototra, raha manao trano izy ireo. Hazavao fa ampitahain'ny soratra masina amin'ny vato i Jesoa Kristy, ho fototra mafy orina hanorenana ny fiainantsika. Aorintsika eo ambony fototra vaton'i Kristy ny fiainantsika, rehefa mifidy hiaina ny fampianarany isika.

Hirao ny "Le sage et le fou" (*Chants pour les enfants*, p. 132). Azonao atao ny miantso ny antokom-pihiran'ny Kilonga ho tonga mandritra ny fotoam-pianarana hanampy ny ankizy hihira. Azonao atao koa ny mandefa io hira io amin'ny fandefasana horonam-peo na asaivo redonin'ny ankizy miaraka ny tonony.

Ao amin'ity tantara ity dia nanorina ny fiainany teo ambonin'ny fototra azo antoka an'ny Mpamonjy i Nefia sy i Lehia, izay midika fa manana fijoroana ho vavolombelona mafy orina ny amin'i Jesoa Kristy izy ireo. Nanampy Lamanita maro izy ireo hahazo ny fijoroana ho vavolombelona ny Aminy ihany koa. Isika koa dia afaka manorina ny fiainantsika eo ambonin'ilay hany fototra azo antoka, dia i Jesoa Kristy.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Ampianaro ny ankizy ny tantaran'i Nefia sy i Lehia izay hita ao amin'ny Helamàna 5. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Antitrantero ny fomba nandraisan'ireto lehilahy mahatoky roa ireto an'i Jesoa Kristy ho fototra iorenan'ny fiainany.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Iza moa i Helamàna? (Helamàna 2:2.) Nahoana no nampitondrain'i Helamàna ny anaran'i Nefia sy i Lehia ny zanany lahy? (Helamàna 5:6.)
- Anaran'iza no entintsika rehefa vita batisa isika? (2 Nefia 31:13.) Ahoana no ahafahantsika ho lasa tahaka an'i Jesoa Kristy?
- Nahoana no nialan'i Nefia ny maha-lehiben'ny mpitsara azy? (Helamàna 5:2–4.)
- Ahoana no nataon'i Jesoa Kristy mba ho azo tanterahina ny famonjena antsika amin'ny fahotantsika? (Helamàna 5:9–10.) Inona no tsy maintsy ataontsika mba hahafahan'i Jesoa Kristy manavotra antsika amin'ny fahotantsika? (Helamàna 5:11.)
- Inona no atao hoe: "Eo ambonin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, izay Jesoa Kristy, ilay Zanakalahin'Andriamanitra no tokony hanorenantsika ny fototra ataontsika"? (Helamàna 5:12.) Nahoana no Jesoa Kristy no hany fototra azo antoka ho antsika? Ahoana no ahafahana manao an'i Jesoa Kristy ho fototry ny fiainantsika?
- Ahoana no "andefasan'i Satana ny rivo-maheriny, . . . ny longony [ary] . . . ny havandrany" amin'ny olona tsirairay sy ny fianakaviana amin'izao fotoana izao? Hatraiza ny herin'ny devoly amin'ireo izay nanorina ny fiainany teo ambonin'ny fototr'i Kristy? (Helamàna 5:12.)
- Ahoana no fiantraikan'ny fampianaran'i Helamàna tamin'i Nefia sy i Lehia? (Helamàna 5:13–14.) Inona no efa nampianarin'ny ray aman-dreninao anao ka nanampy anao tamin'ny fiainanao?
- Asehoy ny sary Tao am-ponja i Nefia sy i Lehia. Tamin'ny fomba ahoana no niarovana an'i Nefia sy i Lehia tany am-ponja? (Helamàna 5:22–23.) Ahoana no mety hanampiana antsika raha mendrika isika?
- Ahoana no nifandraisan'i Jesoa Kristy tamin'ny Lamanita tao am-ponja? (Helamàna 5:29–30.) Tahaka ny inona ilay feo? Inona no nolazain'ny Tompo tamin'ny Lamanita? (Helamàna 5:29, 32.)
- Inona no nasain'i Aminadaba ho ataon'ny Lamanita mba hialan'ny rahon'ny haizina? (Helamàna 5:41.) Inona no nitranga tamin'ny Lamanita rehefa lasa ny haizina? (Helamàna 5:43–47.) Inona araka ny hevitrao no ho tsapanao raha tany ianao? Inona no ho tsapa amin'ny fananana ny Fanahy amin'ny fiainantsika? Avelao hizara ny traikefany tamin'ny nahatsapany ny Fanahy tamin'ny fiainany ireo ankizy.

- Iza no niseho tamin'ny Lamanita? (Helamàna 5:48.) Inona no nataon'ny Lamanita rehefa nahita ireo anjely izy ireo? (Helamàna 5:50.)
- Ahoana no nanovan'ireo izay niova fo ny fihetsiny? (Helamàna 5:51–52.) Inona ireo fomba sasany azontsika iainana mba hanehoana fa fototry ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika i Jesoa Kristy?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Ampio ny ankizy hianatra tsianjery ny teny manaraka ao amin'nyHelamàna 5:12: "Tsarovy fa eo ambonin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia Kristy ilay Zanak'Andriamanitra, no tsy maintsy aorinareo ny fototra." Amporisiho ny ankizy hanao tsianjery ny andininy manontolo mandritra ny herinandro.
2. Avereno jerena ny fanekempinoana fahaefatraary ampio ny ankizy hanao tsianjery izany. Ampio izy ireo hahafantatra ny fomba anampian'ny fitsipika sy ôrdônansin'ny filazantsara antsika hanorina ny fiainantsika eo amin'ny fototr'i Jesoa Kristy.
3. Hirao na vakio ny tonon'ny "Suis les prophètes" (*Chants pour les enfants*, p. 58), "Pour trouver la paix" (*Chants pour les enfants*, p. 68), na ny "Sans tarder, je recherche mon Sauveur" (*Chants pour les enfants*, p. 108).

---

**Famaranana**

Fijoroana ho vavolombelona

Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny Mpamonjy sy ny zavatsoa nentiny teo amin'ny fiainanao. Lazao ny fomba anomezan'ny fijoroanao ho vavolombelona hery sy fahefana anao hanohitra ny fakam-panahin'i Satana. Omeo fanamby ireo ankizy mba hanao an'i Jesoa Kristy ho fototry ny fiainany, amin'ny fifidianana hiaina ny fampianarany sy hilofo hatrany ho lasa tahaka Azy bebe kokoa.

Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana

Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy.

Vakiteny Enti-mody

Ilazao ny ankizy hianatra tsianjery any an-trano ny Helamàna 5:12 ho toy ny famerenana ity lesona ity.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.

# Maminany zavatra maro i Nefia

Lesona 29

**Tanjona**

Mampianatra ireo ankizy fa mandefa mpaminany hampianatra antsika momba ny Mpamonjy ny Ray any an-danitra, hanampy antsika hibebaka sy hampitandrina ny amin'ny zavatra hoavy.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Helamàna 6:18–23 sy ny 7–9. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Dika mitovy fito amin'ny dian-tongotra any amin'ny faran'ny lesona. Soraty tsirairay isaky ny dian-tongotra ny iray amin'ny teny manaraka: *Suis, les, prophètes, car, ils, sauront, toujours, te, guider.*
   d. Dika mitovy iray amin'ny lahateny nataon'ny mpaminany velona (nalaina avy amin'ny *Ensign* na ny gazetiboky iraisam-pirenena).
   e. Sarin'ny mpaminany velona.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Alohan'ny fampianarana, dia apetaho mba hiraikitra ary ahohofy amin'ny tany ny taratasy misy dian-tongotra ary tsy alahatra. Aoka hitarika mankeny amin'ny sarin'ny mpaminany velona ny dian-tongotra. Iangavio ny ankizy hanaraka ny lalan'ny dian-tongotra ary angony avy eo ny dian-tongotra ary atambaro manaraka ny filaharana tokony hisy azy. Asaivo vakian'ny ankizy mafy ny teny voasoratra eo amboniny. Hazavao fa raha mankatò ireo teny ireo isika, dia afaka mahafantatra ny marina ary tsy ho voafitaka. Hazavao fa momba an'ny mpaminany Nefia ity lesona ity, ilay zanakalahin'i Helamàna. Fantatr'i Nefia fa nisy vonoan'olona natao ary fantany ny mpamono olona na dia tsy nanatrika ilay heloka bevava aza izy. Lazao ireo ankizy fa rehefa mianatra bebe kokoa ny momba an'i Nefia mpaminany izy ireo, dia afaka manamafy ny fahatokiany ny tenin'ny mpaminany velona.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny tantaran'ny fampitandremana sy ny traikefan'i Nefia ao amin'i Helamàna 7–9 ireo ankizy. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Antitrantero fa nandefa mpaminany ny Raintsika any an-danitra mba hampianatra antsika ny momba ny Mpamonjy, hanampy antsika hahita fahasambarana ary hampitandrina antsika ny amin'ny zavatra ho avy.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Iza ireo jirik'i Gadiantôna? (Helamàna 6:18.) Inona no fianianana nataon'ity andian-jiolahy ity? (Helamàna 6:21–22.) Inona ny zavatra namoafady nataon'ireto jirik'i Gadiantôna ireto? (Helamàna 6:23.)
- Inona no nolazain'i Nefia noho ny faharatsian'ny olona? (Helamàna 7:6–7, 10.) Inona no nataon'ny olona, rehefa nahita azy teny amin'ny tilikambo izy ireo? (Helamàna 7:11–12.)
- Inona no nolazain'i Nefia tamin'ny vahoaka? (Helamàna 7:13–18.) Nahoana araka ny hevitrao no niresaka momba ny fibebahana izy? Inona no tsy maintsy ataontsika rehefa mibebaka?
- Inona no nolazain'i Nefia fa hitranga amin'ny olona raha tsy mibebaka izy? (Helamàna 7:19, 22.) Ahoana no nahafantaran'i Nefia fa hitranga ireo zavatra ireo? (Helamàna 7:29.) Inona koa no nolazain'ny mpaminany hafa fa hitranga amintsika, raha tsy mibebaka isika? Ahoana no afaka manampy antsika eo amin'ny fiainantsika ny fihainoana ny mpaminany velona? (F&F 21:4–6.)
- Ahoana no nandraisan'ny mpitsara ny fampianaran'i Nefia? (Helamàna 8:1.) Ahoana no niarovan'ny olona sasany an'i Nefia? (Helamàna 8:7–9.) Nahoana no ilaina herin-tsaina indraindray ny mijoro amin'ny fahamarinana? Inona no azontsika atao hanohanana ny mpaminany velona?
- Inona no nijoroan'ny mpaminany masina rehetra ho vavolombelona? (Helamàna 8:14–16.) Inona no nampianarin'ny mpaminany velona antsika momba an'i Jesoa Kristy? (Azonao atao ny mizara sombin-dahateny nataon'ny mpaminany velona momba an'i Jesoa, raha tianao).
- Inona no nolazain'i Nefia ny vahoaka momba ny lehiben'ny mpitsara? (Helamàna 8:27–28.) Ahoana no nahafantaran'i Nefia izay nitranga?
- Inona no noeritreretin'ireo lehilahy dimy raha hamonjy ny sezan'ny fitsarana izy ireo? (Helamàna 9:2.) Ahoana no ahafantarantsika fa nino izay nolazain'i Nefia izy dimy lahy tamin'ny farany? (Helamàna 9:4–5, 39.) Inona no azontsika atao hanamafisana ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika mahakasika ny mpaminany velona?
- Ahoana no nataon'ireo mpitsara hafa handresena lahatra ny vahoaka fa mpaminany sandoka i Nefia? (Helamàna 9:16.) Inona no nasetrin'i Nefia ny fanamelohan'izy ireo azy? (Helamàna 9:25–35.)
- Inona ny fiantraikan'ny fanambaran'i Nefia tamin'ny olona sasany? (Helamàna 9:39–41.) Tamin'ny fomba ahoana no nahazoanao fitahiana tamin'ny fanarahana ny mpaminany velona? Azonao atao ny mampiasa ny asa fanampiny 3 hanampy ny ankizy hahafantatra ny andraikitry ny mpaminany.

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Asaivo lalaovin'ny ankizy an-tsehatra ny tantara ao amin'ny Helamàna 8–9.
2. Vakio sy diniho ny fanambarana manaraka avy amin'ny Loholona James E. Faust:


   "Nampanatenaina isika fa ny Filohan'ny Fiangonana dia handray fitarihana ho antsika rehetra, amin'ny maha-mpanambara ao amin'ny Fiangonana azy. Ny fiarovana ananantsika dia mifototra amin'ny fitandremana izay lazainy sy ny fanarahana ny toroheviny" (tao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1989, p. 11; na ny *Ensign,* Nôv. 1989, p. 10; jereo koa ny F&F 21:4–6).
3. Ifanakalozy hevitra ny fomba anohizan'ny mpaminany amin'ny andro farany manambara fahalalana avy amin'ny Ray any an-danitra. Manomeza ohatra fanambarana amin'ny andro farany, toy ny Tenin'ny Fahendrena (jereo ny F&F 89), sy ny fomba nanasoavan'izany ny fiainan'ireo izay nanaraka izany? Vakio ny tenin'ny mpaminany velona avy tamin'ny lahateny farany indrindra nataony tamin'ny fihaonambe (jereo ny *Ensign* na ny iray amin'ireo gazeti-boky iraisam-pirenena). Anontanio ny ankizy ny fomba ahafahany mahazo fitahiana amin'ny fanarahana ny torohevitry ny mpaminany.
4. Avereno jerena ny fanekempinoana fahasivy ary ampio ny ankizy hianatra tsianjery izany.
5. Hirao na vakio ny tonon'ny "The Still Small Voice" (*Children's Songbook*, p. 106) na ny "Suis les prophètes" (*Chants pour les enfants*, p. 58).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Zarao ny fijoroana ho vavolombelona ananana momba ny mpaminany velona sy ny fahamarinana izay efa nampianariny. Lazao ny ankizy ny fomba nitahiana anao tamin'ny fanarahana ny fampianaran'ny mpaminany. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Helamàna 8:25–28, 9 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.



# Mandray Hery Lehibe i Nefia

Lesona 30

**Tanjona** Mampianatra ireo ankizy fa amin'ny alalan'ny hery sy ny fahefan'ny fisoronana no nitarihana sy nitahian'i Jesoa Kristy ny mpanara-dia Azy sy ny fiangonany.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Helamàna 10. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: Helamàna 11:1–18.
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona** Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Vonoy aloha ny jiro eo amim-panombohana ny fampianarana. Anontanio ny ankizy raha nanamarika zavatra tsy tahaka ny mahazatra azy izy ireo. Miangavia olona iray handrehitra ny jiro. Resaho ny mikasika ny herin'aratra izay manome fahazavana. Ifanakalozy hevitra izay zavatra mandeha amin'ny herin'aratra any an-tranon'ny ankizy (fatana, vata fampangatsiahana, milina mampifofofofo rivotra, fitaovam-piasana sy ny sisa). Hazavao fa hiresaka momba ny karazan-hery samihafa ity lesona ity, hery matanjaka noho ny herin'aratra, sy ny herin'ny fisoronan'Andriamanitra.

Fiaraha-mientana Hafa azo atao

Ho an'ny efitrano fianarana tsy misy herin'aratra, dia jereo ny asa fanampiny 1.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny ankizy ny tantaran'i Nefia nandray ny herim-pamehezana sy ny fiarovan'ny fisoronana amin'ny fanaovana ny asan'ny Ray any an-danitra, ao amin'ny Helamàna 10. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no nataon'i Nefia rehefa nanohy ny diany ho any an-tranony izy? (Helamàna 10:2–3.) Inona no atao hoe misaintsaina? (Mieritreritra na mijery lalina.) Inona no tokony hodinihintsika sy hoeritreretintsika?

- Nahoana no nanjary kivy i Nefia raha izy teo am-pitoriana ny filazantsara tamin'ny Nefita iny? (Helamàna 10:3.)
- Inona ireo zavatra momba an'i Nefia ka nahafaly ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy? (Helamàna 10:4.) Ahoana no ahafahantsika manao izay hahafaly Azy?
- Inona ireo fitahiana nampanantenain'i Jesoa Kristy an'i Nefia? (Helamàna 10:5.) Midika inona ny hoe tsy hangataka zavatra izay "mifanohitra amin'ny sitrapon'i [Kristy]" i Nefia? Ahoana no ahafahantsika mianatra hanaraka ny sitrapon'i Jesoa Kristy?
- Inona no hery nomena an'i Nefia? (Helamàna 10:6–10.)
- Inona ilay herim-pamehezana nomena an'i Nefia? (Helamàna 10:7; jereo koa ny F&F 132:7.) Ahoana no ahafahan'io herim-pamehezan'ny fisoronana io mitahy antsika amin'izao fotoana izao? (Azo fehezina miaraka mandrakizay any amin'ny tempoly ny fianakaviantsika.) Milaza inona aminao ny fahafantarana, fa afaka miaraka miaina mandrakizay ny fianakavianao? (Raha misy tamin'ny ankizy no efa nandeha tany amin'ny tempoly nofehezina, dia azonao atao ny mangataka azy hizara izay tsapany tamin'ny namehezana azy tamin'ny fianakaviany).
- Inona no nandidian'ny Tompo an'i Nefia holazainy amin'ny vahoaka? (Helamàna 10:11.) Ahoana no nanehoan'i Nefia ny fankatoavany, rehefa avy niteny taminy ny Tompo? (Helamàna 10:12.) Ahoana no fomba iresahan'ny Tompo amintsika? Ahoana no ahafahantsika maneho fankatoavana?
- Nahoana no tsy nampiova ny fiainan'ny Nefita ny fanambaran'i Nefia mikasika ny famonoana ny lohan'ny mpitsara? (Helamàna 10:13.)
- Ahoana no niarovana an'i Nefia tamin'ny nanambarany ny tenin'Andriamanitra tamin'ny vahoaka? (Helamàna 10:15–17.) Inona no dikan'ny hoe: "niaraka tamin'i Nefia ny herin'Andriamanitra" araka ny eritreritrao? Ahoana no ahafahan'ny fisoronana mitahy sy miaro antsika amin'izao fotoana izao?
- Inona no fiatraikan'ny fampianaran'i Nefia tamin'ireo vahoaka ireo? (Helamàna 10:18.)
- Ahoana no fomba nitahian'ny herin'ny fisoronana anao sy ny fianakavianao?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Lazao ireo ankizy fa mieritreritra teny iray ianao. Asaivo mihaino ny fanazavana manaraka izy ireo ary hanangan-tanana rehefa fantany ilay teny.

    Tenin'Andriamanitra izany teny izany.
    Avy amin'ny alalan'io hery io no itahian'ny
    Tompo ny zanany sy ny fiangonany.
    Ireo izay mihazona io hery io no misolo tena an'i Jesoa Kristy Tompo.
    Ireo izay mihazona io hery io no voatendry hanao ny za-
    vatra tian'ny Mpamonjy ampanaovina.

    - Inona no anaran'io hery io? (Ny Fisoronana.)

2. Asehoy ny tapa-taratasy misy teny ahitana ireto teny manaraka ireto: “Diakona,” “Mpampianatra,” “Mpisorona,” “Loholona,” “Roa ambin’ny folo,” “Efatra ambin’ny folo,” “Enina ambin’ny folo,” “Valo ambin’ny folo.”

   Vakio tsirairay amin’ny ankizy ny fanazavana manaraka ary asaivo mitady teny roa eo amin’ny tapa-taratasy misy teny izay mifanaraka amin’ny fanazavana izy ireo ary hametaka izany eny amin’ny solaitrabe. Tsara kokoa ho an’ny ankizy mpifaninana efa lehibebe, raha vakiana tsy manaraka ny filaharany ny fanazavana. (Ao amin’ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:46–59 no nakana ny fanazavana mikasika ny adidin’ny Fisoronan’i Aharôna. Ao amin’ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:38-45; 107:11–12 kosa no nakana ny fanazavana mikasika ny anjara fanompoan’ny loholona ao amin’ny Fisoronan’i Melkizedeka.)

   a. Nomena ny Fisoronan’i Aharôna aho. Mizara ny fanasan’ny Tompo aho. Azoko atao ny manompo amin’ny maha-irakiraky ny mpitarika ny fisoronana ahy. Manangona ny fanomezana avy amin’ny fifadian-kanina aho. Manampy amin’ny fikarakarana ny trano Fiangonana sy ny tokontany aho. Iza ary aho? Firy taona aho no azo tendrena amin’izany. (Tapa-taratasy misy teny hoe: “Diakona,” “Roa ambin’ny folo”)

   b. Mihazona ny Fisoronan’i Aharôna aho. Ananako avokoa ny adidy sy ny fahefana ananan’ny diakona, ary izaho no mikarakara ny mofo sy ny rano amin’ny fanasan’ny Tompo. Azo tendrena ho mpampianatra isan-tokantrano aho. Iza ary aho? Firy taona aho no azo tendrena amin’izany? (Tapa-taratasy misy teny hoe: “Mpampianatra,” “Efatra ambin’ny folo”)

   d. Mihazona ny Fisoronan’i Aharôna aho. Ananako avokoa ny adidy sy ny fahefana ananan’ny diakona sy ny mpampianatra, ary afaka mitsodrano ny fanasan’ny Tompo aho. Ananako ny fahefana manao batisa, manampy amin’ny fanendrena ny mpihazona hafa ny Fisoronan’i Aharôna ary afaka miandraikitra ny fivoriana aho rehefa tsy misy mpihazona ny Fisoronan’i Melkizedeka manatrika. Manampy ny mpikamban’ny Fiangonana hiaina ny didy aho. Iza ary aho? Firy taona aho no azo tendrena amin’ izany? (Tapa-taratasy misy teny hoe: “Mpisorona,” “Enina ambin’ny folo”)

   e. Mihazona ny Fisoronan’i Melkizedeka aho. Afaka manao asa fitoriana amin’ny fotoana maharitra aho. Antsoina aho hampianatra. hanazava, hanentana, hanao batisa ary hikarakara ny Fiangonana. Afaka manome ny fanomezana ny Fanahy Masina, mitarika fivoriana, mitsodrano ny zaza madinika, mametra-tanana amin’ny marary ary mitsodrano ny ankohonako aho. Iza ary aho? Firy taona aho no azo tendrena amin’izany? (Tapa-taratasy misy teny hoe: “Loholona,” “Valo ambin’ny folo”)

   Asaivo milaza zavatra iray izay nianarany momba ny adidy amin’ireo asa efatra ao amin’ny fisoronana ireo ny ankizy.

3. Zarao ity tantara manaraka momba ny herin’ny fisoronana ity:

   Mpikambana tao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo ny Loholona Hugh B. Brown. Fony mbola tanora ny Loholona Brown dia manamboninahitra tao amin’ny tafika Kanadiana ary nalefa tany Angletera hiady tamin’ny Ady Lehibe I ho an’ny mpanjakan’ny Angletera.

Nankasitraka ny maha-manamboninahitra azy ho an'ny mpanjaka ny Loholona Brown, satria nanana fahefana hanao zavatra maro ho an'ny mpanjaka izy.

Indray maraina dia nahazo antso an-tariby ny Loholona Brown. Naniry ny handehanan'ny Loholona Brown hijery azy any amin'ny hôpitaly ny miaramila iray. Nangataka ny Loholona Brown hitsidika azy eny amin'ny hôpitaly ny miaramila maro. Fantany fa amin'ny maha-manamboninahitra azy, dia manana fahefana avy amin'ny mpanjaka handefa azy ireo hody any an-trano izy. Nandritra ny diany ho any amin'ny hôpitaly, dia nieritreritra ny amin'ny fahefana ananany amin'ny maha-manamboninahitra azy ny Loholona Brown. Nahatsiaro faly izy fa afaka miteny ho an'ny mpanjaka ary manapaka raha tokony hijanona na handeha hody ny miaramila.

Rehefa niditra ny efitrano nisy ilay miaramila izy, dia tsy nangataka ny hody ilay miaramila. Fa hoy izy hoe: "Ry rahalahy Brown, afaka manome tsodrano ho ahy ve ianao? Matahotra ny ho faty aho ary tiako raha mangataka amin' Andriamanitra ianao mba hamela ahy ho velona Izy."

Talanjona ny Loholona Brown. Tsy nampiantso azy ilay miaramila noho ny maha-manamboninahitra azy ka afaka nanao ny asan'ny mpanjaka. Nampiantso azy kosa izy noho ny fananany ny fisoronana ka afaka manao ny asan'ny Ray any an-danitra. Nahafantatra ny Loholona Brown, fa tsy afaka mamonjy ny ain'ilay miaramila ny fahefan'ny mpanjaka. Ny fahefan'ny Ray any an-danitra no ilaina mba hamonjena ilay miaramila. Rehefa nametraka ny tanany teo ambonin'ny lohan'ilay miaramila izy ary nanome tsodrano azy, ary nahatsiaro nanetry tena tokoa izy.

Rehefa nandao ny hôpitaly ny Loholona Brown, dia tsy nieritreritra momba ny fahefany amin'ny maha-manamboninahitra azy izy. Nieritreritra momba ny fahefan'ny fisoronana ananany izy. Fantany fa tsy maintsy manana ny fisoronana ny lehilahy vao afaka manao ny asan'ny Ray any an-danitra eto an-tany. Faly izy fa manana ny fisoronana ary afaka manao ny asan'Andriamanitra. (Nalaina avy tao amin'ny Hugh B. Brown, *Continuing the Quest,* pp. 26–27.)

4. Omeo iray isaky ny sary manaraka, na sary mitovitovy amin'izany, misy ny mpihazona ny fisoronana mampiasa ny fisoronana ny ankizy. (Azonao alaina ao amin'ny Trano fitehirizam-boky ao am-piangonana ireo sary ireo.) Asao ny ankizy hampiseho ny sary eny aminy sy hanazava izay ôrdônansy tanterahina isaky ny sary sy izay asa ao amin'ny fisoronana hazonin'ilay zazalahy na lehilahy.

    Zazalahy kely Atao Batisa (62018)
    Zazavavy kely Raisina ho Mpikambana (62020)
    Fizarana ny Fanasan'ny Tompo (62021)
    Fanendrena ao amin'ny Fisoronana (62341)
    Fametrahan-tanana amin'ny marary (62342)
    Manamasina ny Fanasan'ny Tompo (62343)

5. Vakio sy resaho ny Môrônia 3, izay manazava ny fomba fanendrena ny mpisorona ary ny mpampianatra ho tonga loholona.

6. Vakio sy resaho ny fanekempinoana fahadimy sy fahaenina. Ampio hianatra tsianjery ireo fanekempinoana ireo ny ankizy.

7. Hirao na vakio ny tonon'ny "La prêtrise rétablie" (*Chants pour les enfants*, p. 60).

## Famaranana

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny fitahian'ny herin'ny fisoronana teo amin'ny fiainanao. Asao ny ankizy hizara traikefa amin'ny maha-fitahiana ny fisoronana teo amin'ny fiainany. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Helamàna 10:1–12 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.

Fanamarihana: Raha manapa-kevitra hampiasa ny Asa hisarihana ny saina amin'ny lesona ho amin'ny herinandro ho avy ianao, dia manendre mpianatra telo mialoha ny fotoana hilalao ny tantara.

Lesona
31
# I Samoela ilay Lamanita

**Tanjona**

Mampianatra ireo ankizy fa nilaza mialoha ny fiainana sy ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy ny mpaminany.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Helamàna 13–14, 16, sy ny 3 Nefia 23:9–13. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: Helamàna 15.
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Karatra telo misy ny sombin'ny faminaniana nataon'i Nefia, i Abinadia ary i Almà (jereo ny Asa hisarihana ny saina).
   d. Fitaovana madinidinika toy ny samboady, akanjo na karatra misy ny anarana ho an'ny ankizy hilalao ny tantaran'i Nefia, i Abinadia ary i Almà.
   e. Sary 4-42, I Samoela ilay Lamanita eo ambonin'ny manda (Jeu d'Illustration de l'Evangile 314; 62370).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Asaivo lalaovin'ny ankizy telo izay mahay mamaky teny tsara ao amin'ny kilasinao ny nataon'i Nefia, i Abinadia ary i Almà. Afaka manana karatra misy ny anarany tsirairay avy izy ireo na ampahan'ny fitafy. Azony atao ny miseho ho toy ny avy any amin'ny fiara mpitety vanim-potoana iainana maro samihafa mba hitsidika ny fotoam-pianarana, ary hamerina hiteny ny faminaniana ny amin'ny fiainana sy ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy:

"Enin-jato taona talohan'ny nahaterahan'i Jesoa Kristy teo ho eo izay no nahatongavako tao amin'ny tany nampanantenaina. Nolazaiko tamin'ny vahoakako ny fahitana azoko izay nampianatra ahy ny amin'ny fahaterahana sy ny fahafatesan'i Jesoa Kristy: 'Nijery aho ary hitako indray ilay virijiny nitondra zazakely teny an-tanany. Ary hoy ny anjely tamiko: Ity ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra.Avy eo hitako Izy nasandratra teo amin'ny hazo fijaliana ary nohomboana ho faty noho ny fahotan'izao tontolo izao' (1 Nefia 11:20–21, 33). Iza ary aho?" (Nefia.)

“Teo amin’ny dimapolo amby zato taona talohan’i Jesoa Kristy no niainako. Tsy tian’ny vahoaka ary tsy ninoany izay nolazaiko taminy. Naminany aho fa ‘ho avy eo anivon’ny zanak’olombelona i Jesoa Kristy, ary . . . hanavotra ny olony’ amin’ny ‘fanomboana Azy sy famonoana Azy’ ary amin’ny ‘fandraisany eny Aminy ny fahotan’izy ireo’ (Môsià 15:1, 7, 9). Nodorana teo amin’ny tsatòka iray aho noho ny fijoroako ho vavolombelona. Iza ary aho?” (Abinadia.)

“Roanjato taona talohan’i Jesoa Kristy, rehefa avy nahazo fahitana hafa aho, dia fantatro fa amin’ny alalan’ny Mpanavotra antsika izay ho avy ihany no ahafahako ho voavonjy. Nandeha teny rehetra teny aho hilaza amin’ny olona izay fantatro, fa ‘ho avy. . . ny Zanakalahin’Andriamanitra, hiaritra ny fangirifiriana sy ny fijaliana ary ny fakam-panahy isan-karazany. . . . Ary ho raisiny eny aminy ny fahafatesana mba hanapahany ny fatoran’ny fahafatesana [sy] hamonjeny [na hanampiany] ny olony araka ny rofiny’ (Almà 7:10–12). Iza ary aho?” (Almà.)

Hazavao fa tsy ireo mpaminany telo ireo ihany no naminany ny amin’i Jesoa Kristy, fa nanao toy izany koa ny mpaminany hafa rehetra. Jereo ny Môsià 13:33: “Moa va i Mosesy tsy naminany taminy ny amin’ny fiavian’i Mesia, ary Andriamanitra no hanavotra ny olony? Eny, ary na dia ny mpaminany rehetra izay efa naminany hatry ny niandohan’izao tontolo izao aza—moa va izy ireny tsy efa niteny misimisy na kely ny momba ireo zavatra ireo? Hazavao fa ao amin’ity lesona ity, dia hianatra mpaminany lehibe hafa, i Samoela, ilay Lamanita, izay nampianatra tamin’ny herim-po lehibe sy herin’ny fahaterahana sy ny fahafatesana ary ny asa nanirahana an’i Jesoa Kristy izy ireo.

**Tantara ao amin’ny Soratra Masina**

Ampianaro ny ankizy ny tantaran’i Samoela, ilay Lamanita, ao amin’ny Helamàna 13–14, 16. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin’ny soratra masina, dia jereo ny “Fampianarana avy ao amin’ny Soratra Masina,” p. vii.) Antitrantero fa i Samoela dia nampianatra mafy ny vahoaka ny momba an’i Jesoa sy ny Sorompanavotana nataony.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin’ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin’ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona ny hafatra nalefan’i Samoela ilay Lamanita hambara amin’ny Nefita? (Helamàna 13:6–7.) Inona ireo vaovao mahafaly nalefan’i Samoela hampianarina? (Helamàna 14:9, 11–13. Hazavao fa ny “vaovao mahafaly” dia ny “vaovao tsara ho antsika” na ny filazantsara.) Nahoana no vaovao tsara ho antsika ny filazantsaran’i Jesoa Kristy? (Afaka mibebaka isika ary ho voavela amin’ny fahotantsika.)

- Inona no nolazain’i Samoela tamin’ny Nefita fa hitranga, raha tsy mibebaka izy ireo? (Helamàna 13:6, 8–10.) Nahoana no zava-dehibe ny fananana ny Fanahy Masina miaraka amintsika? Nahoana no zava-dehibe ny tsy fanemorana ny fibebahana? (Helamàna 13:38.)

- Torohevitr’iza no narahin’ny Nefita nanoloany ny an’ny mpaminany? (Helamàna 13:27–29.) Iza ireo “mpitarika adala sy jamba” mitarika ny olona amin’izao fotoana izao? Ahoana no fomba hitarihan’ny hafa antsika mba hanaovantsika zavatra ratsy?

- Nahoana no nitsipaka ny fampianaran’i Samoela ny vahoaka? (Helamàna 14:10.)

- Asehoy ny sarin'i Samoela ilay Lamanita teo ambonin'ny manda. Nahoana no niakatra teo ambonin'ny manda i Samoela? (Helamàna 14:11–12.) Inona no faminaniana nolazain'i Samoela fa hitranga ao anatin'ny dimy taona ary inona ny ho famantarana amin'izany? (Helamàna 14:2–6.) Inona ny ho famantarana amin'ny fotoana hahafatesan'i Kristy? (Helamàna 14:20–28.) Nahoana no nasehon'ny Tompo ny Nefita ireny famantarana ireny? (Helamàna 14:12–13, 28.)
- Inona no nampianarin'i Samoela momba ny Sorompanavotana? (Helamàna 14:15–18.) Inona no andraikitsika rehefa takatsika ny dikan'ilay Sorompanavotana? (Helamàna 14:19.) Inona no andraikitsika manoloana ireo zavatra ataontsika? (Helamàna 14:30–31.)
- Inona no nataon'ireo Nefita izay nino an'i Samoela, taorian'ny nahavitan'ny fitoriana nataony? (Helamàna 16:1.) Inona no nataon'ireo izay tsy nino azy? (Helamàna 16:6.) Nahoana araka ny hevitrao no nifidy ny tsy hino ny mpaminany ny olona? Inona no azontsika atao hanamafisana orina ny fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny mpaminany?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Mitadiava lahateny farany indrindra nataon'ny mpaminany velona (jereo manokana ny tamin'ny fihaonambe navoaka tamin'ny *Ensign* na iray amin'ireo gazetiboky iraisam-pirenena). Mamakia ireo sombin-dahateny ary avelao hahita izay ampianarin'ny mpaminany azy ankehitriny ny ankizy. Soraty eny amin'ny solaitrabe ny valintenin'ny ankizy. Aoka ny ankizy tsirairay hifidy fitsipika iray izay tiany arahina, ary asaivo soratany eo amin'ny karatra fandraisana an-tsoratra izany.
2. Manaova tsanganana roa eny amin'ny solaitrabe: "Mari-pamantarana ny fahaterahan'i Kristy" sy ny "Mari-pamantarana ny fahafatesan'i Kristy." Soraty mitsitokantokana amin'ny taratasy ny mari-pamantarana rehetra momba ny fahaterahany sy ny fahafatesany izay noresahina tao amin'ny lesona ary afangaroy ao anaty boaty izany. Aoka samy haka iray avy mifandimby ny ankizy, hamaky ny azy ary hametraka izany eo amin'ny iray amin'ny tsanganana tandrify izany.

   Mari-pamantarana momba ny fahaterahan'i Kristy (Helamàna 14:2–6)
   Fahazavana lehibe eny amin'ny lanitra
   Iray andro sy iray alina ary iray andro izay toa tsy misy alina
   Kintana iray vaovao
   Fambara maro sy zava-mahagaga eny amin'ny lanitra

Mari-pamantarana momba ny fahafatesan'i Kristy (Helamàna 14:20–28)
Hihamaizina ny masoandro, volana ary kintana
Tsy misy hazavana mandritra ny telo andro
Kotroka sy varatra mandritra ny ora maro
Hihozongozona sy hihorohoro ny tany
Hitresaka ny vatolampy
Oram-be arahina rivo-mahery
Mietry ny tendrombohitra
Manjary tendrombohitra ny lohasaha
Tapaka ny lalambe
Ho haolo ny tanana
Hisokatra ny fasana ary hamoaka ny maty ao aminy

3. Ianaro tsianjery ny fanekempinoana fahenina, fahafito ary fahasivy.
4. Hirao na vakio ny tonon'ny "Dans le Livre de Mormon" (*Chants pour les enfants*, p. 118), andininy 7; "Samuel Tells of the Baby Jesus" (*Children's Songbook*, p. 36); na ny "Suis les prophètes" (*Chants pour les enfants*, p. 58).

## Famaranana

**Fijoroana ho vavolombelona** — Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ny zavatra nolazain'ny mpaminany antsika na tamin'ny andro taloha izany na amin'izao fotoana izao.

**Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana** — Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy.

**Vakiteny Enti-mody** — Asaivo mandalina any an-tranony ny Helamàna 14:1–14, 20–31ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.

Lesona
32

# Ireo Famantarana ny Fahaterahan'i Jesoa Kristy tany Amerika

**Tanjona**

Mampianatra ireo ankizy fa rehefa manana finoana isika dia afaka manamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika ny amin'i Jesoa Kristy ny mari-pamantarana.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny 3 Nefia 1–2. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Ny sary voarakitra any amin'ny faran'ity lesona ity (na azonao atao ny manao sary tsotsotra eny amin'ny solaitrabe).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Lazao ireo ankizy fa omenao famantarana momba ny toe-javatra izay niseho taona maro lasa izay izy ireo. Asaivo manangan-tanana izy ireo rehefa fantany izay zava-nitranga soritan'ny famantarana. Asao izy ho eny anoloana sy hihazona ny sarin-javatra manaraka (jereo ny sary any amin'ny faran'ny lesona) arakaraka izay atolotrao azy:

Anjely
Tehin'ny mpiandry ondry
Ampondra
Kintana
Fihinanam-bilona
Zazakely

Rehefa naminavina ny heviny ny ankizy fa izany ny zava-nitranga tamin'ny fahaterahan'i Jesoa Kristy, dia avelao hiseho ny kintana. Hazavao fa mampianatra momba ny toerana lavitra any Jerosalema ity lesona ity, izay misy olona miandrandra ny mari-pamantarana ny amin'ny fahaterahan'ny Mpamonjy ka nahita kintana iray.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny ankizy ny tantaran'ny mponina tao Zarahemlà tamin'ny fotoana nahaterahan'i Kristy, ao amin'ny 3 Nefia 1–2. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao

amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Hazavao fa ilay Nefia ato amin'ity tantara ity dia ny zanakalahin'i Nefia izay zanakalahin'i Helamàna.

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no nolazain'ny olona sasany momba ny faminanian'i Samoela, ilay Lamanita? (3 Nefia 1:5–6.) Ahoana ny fihetsiky ny mpino amin'ny tsy mpino? (3 Nefia 1:7.)
- Inona no mari-pamantarana nandrasany? (3 Nefia 1:8.) Inona no ampianarin'ny faharetana nataon'izy ireo antsika momba ny finoany?
- Inona no fandrahonana nataon'ny tsy mpino an'ireo izay mino? (3 Nefia 1:9.) Nahoana araka ny hevitrao no lasa tezitra amin'ireo izay mino an'Andriamanitra ny olona sasany?
- Inona no nataon'i Nefia rehefa hitany ny faharatsian'ny olony? (3 Nefia 1:12.) Inona ny valim-bavaka azon'i Nefia? (3 Nefia 1:13–14.) Nahoana no nolazain'i Jesoa Kristy fa tonga ho an'izao tontolo izao Izy?
- Ahoana no nahatanteraka ny faminaniana? (3 Nefia 1:15, 19.) Nahoana no raiki-tahotra ireo tsy mpino rehefa nahita fa tanteraka ny famantarana tamin'ny faminaniana? (3 Nefia 1:18.) Inona no ho tsapanao raha ianao no tany?
- Inona ny mari-pamantarana hitan'ny Nefita ary hita ihany koa tany Betlehema? (3 Nefia 1:21.)
- Inona no nataon'i Satana mba tsy hinoan'ny olona ireo mari-pamantarana? (3 Nefia 1:22.) Ahoana no nanehoan'ny olona ny finoany ny Tompo? (3 Nefia 1:22–23.)
- Inona no nitranga ka nahatonga ny finoana sy ny fahamarinan'ny olona hihena? (3 Nefia 1:29–30.) Nahoana no zava-dehibe ny fanarahana ny ohatra sy ny fampianarana marina izay omen'ny ray aman-dreny? Ahoana no nitahiana anao noho ny fankatoavanao ny ray aman-dreninao?
- Inona ny fihetsiky ny olona manoloana ny mari-pamantarana hitany? (3 Nefia 2:1–2.) Inona no azontsika ianarana momba ny fiorenan'ny fijoroana ho vavolombelona izay mifototra amin'ny famantarana? Inona no azontsika atao mba hanamafy orina ny fijoroantsika ho vavolombelona?
- Inona ny vokatry ny tsy finoan'ny Nefita? (3 Nefia 2:3, 11.) Inona no nataon'ireo Nefita sy Lamanita marina mba hiarovany ny tenany? (3 Nefia 2:12.) Nahoana no manampy antsika hihamatanjaka ny fiarahantsika amin'ny mpikambana hafa ao am-piangonana sy ny fanompoantsika ny Ray any andanitra?
- Inona no nitranga tamin'ny olona tamin'ny farany, noho ny faharatsiany? (3 Nefia 2:17–19.)
- Ahoana no ahafantaranao fa ho tanteraka ny faminaniana momba ny fahatongavan'i Jesoa Kristy fanindroany indray? (3 Nefia 1:20.)

- Ahoana araka ny hevitrao no ho endrik'izao tontolo izao amin'ny fahatongavan'i Jesoa Kristy fanindroany indray? Karazana olona manao ahoana no tianao hotahafina rehefa tonga Izy? Inona no ataontsika ankehitriny hanomanana ny fahatongavany fanindroany?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Asaivo mitanisa ireo olona tsy mahatoky izay nianarany tao amin'ny lesona teo aloha ireo ankizy, izay nangataka ny hahita mari-pamantarana ka ifanakalozy hevitra ny fiantraikan'ny mari-pamantarana teo amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananany. Ampiasao ny ohatra manaraka raha mila fanampiana ny ankizy:
   Lamana sy Lemoela (1 Nefia 3:28–31; 17:45)
   Serema (Jakoba 7:13–20)
   Kôrihôra (Almà 30:43–56)
2. Asaivo mody manao ho toy ny mpampianatra isan-tokantrano na mpamangy isan-tokantrano ireo ankizy. Aoka izy hizara an-tsitrapo izay hampianariny ny olona hanampy azy ireo hitoetra matanjaka amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananany ny amin'i Jesoa Kristy.
3. Ampio ny ankizy hianatra tsianjery ny 3 Nefia 1:20, ary resaho ny fomba fampiharana izany eo amin'ny fiainantsika.
4. Ampio ny ankizy hianatra tsianjery nyfanekempinoana fahafolo.
5. Hirao na vakio ny tonon'ny “Il envoya son Fils aimé” (*Chants pour les enfants*, p. 34), “Samuel Tells of the Baby Jesus” (*Children's Songbook*, p. 36), na ny “Quand Jésus reviendra” (*Chants pour les enfants*, p. 46).

---

**Famaranana**

Fijoroana ho vavolombelona

Mijoroa ho vavolombelona fa hanatanteraka izay faminaniana rehetra natao ny Ray any an-danitra. Antitrantero fa ilaina ny miaina ny fiainana marina sy ny ho vonona ny hifanatrika amin'ny Mpamonjy amin'ny fiverenany indray.





Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana

Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny “Vakiteny Enti-mody” ireo ankizy.

Vakiteny Enti-mody

Asaivo mandalina any an-tranony ny 3 Nefia 1:4–15, 19–22 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.


Lesona
33

# Miseho tamin'ireo Nefita ny Mpamonjy

| | |
|---|---|
| **Tanjona** | Manamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ireo ankizy fa i Jesoa Kristy dia Zanakalahin'Andriamanitra, fa Izy no Mpamonjy antsika ary velona Izy amin'izao fotoana izao. |

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny 3 Nefia 8–11. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: 3 Nefia 7.
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sary 4-43, Miseho amin'ny Nefita i Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 315; 62047); 4-44, Sarin-tanin'izao tontolo izao ary ny 4-45, Mampianatra any amin'ny ila-bolan-tany andrefana i Jesoa (Jeu d'Illustration de l'Evangile 316; 62380).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Anontanio ny ankizy raha efa sendra rivo-mahery arahina oram-baratra mampitahotra ny sasany tamin'izy ireo. Asao ny iray na ny roa amin'ny ankizy hizara ny zavatra niainany tamin'izany, na azonao atao koa ny mizara ny zavatra efa niainanao. Hazavao fa tamin'ny fotoana nanomboana an'i Jesoa Kristy tao Jerosalema, dia nisy rivo-mahery narahina oram-baratra sy faharavana lehibe tany Amerika. Mampiasà sarin-tany ka asehoy ny toerana niainany sy nahafatesany izay antsoina ankehitriny hoe: Isiraely. Hazavao fa milazalaza izay niseho tany Amerika tamin'ny fotoana nahafatesan'i Jesoa Kristy ity lesona ity.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampiasao ny sary amin'ny fotoana mahamety izany, ka ampianaro ny ankizy ny tantaran'ny mari-pamantarana ny nahafatesan'ny Mpamonjy sy ny nitsidihany tany amin'ny Nefita ao amin'ny 3 Nefia 8:5–11:41. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona ny faminaniana nataon'i Samoela, ilay Lamanita, momba ny fotoana ahafatesan'ny Mpamonjy? (Helamàna 14:20–27.) Nahoana no niezaka nampiomana azy ireo izy? (Helamàna 14:28–29.) Ahoana no nahatanteraka ireny faminaniana ireny? (3 Nefia 8:5–25.)

- Inona no nolazain'ny Mpamonjy fa antony namonoana ny olona? (3 Nefia 9:2, 12.) Inona no nolazainy tamin'ny olona izay tsy maty? (3 Nefia 9:13–14.) Inona no atao hoe hanatona an'i Kristy? Inona no fahasoavana raisintsika rehefa lasa tahaka ny Mpamonjy isika?

- Inona no nampianarin'i Jesoa Kristy ny olona mikasika ny asa nanirahana Azy? (3 Nefia 9:15–17.) Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny mahafantatra fa i Jesoa dia zanakalahin'Andriamanitra?

- Inona no nolazain'i Jesoa fa antony nahatongavany tetỳ amin'izao tontolo izao? (3 Nefia 9:21.) Inona no tsy maintsy ataontsika mba hahavoavonjy antsika amin'ny otantsika? (3 Nefia 9:22.) Inona no fiantraikan'ny fahafantarana ny dikan'ny Sorompanavotana eo amin'ny olona? (3 Nefia 10:10.)

- Impiry no nandre feo avy any an-danitra ny olona tao amin'ny tempoly tany amin'ny tany atao hoe Soafeno ka tsy nahazo ny dikany? (3 Nefia 11:3–4.) Inona no nataon'ny olona mba hahazoany mahafantatra izay lazain'ilay feo? (3 Nefia 11:5–6.) Inona no atao hoe: "manongilan-tsofina mba hihaino izany?" (Tsy maintsy mihaino isika ary vonona ny handray izay tian'ny Ray any an-danitra horenesintsika.)

- Inona no ren'ny olona fanintelony nolazain'ny Ray any an-danitra azy? (3 Nefia 11:6–7.) Inona ny zava-dehibe ianarantsika avy amin'io fampidirana io? (Mianatra isika fa i Jesoa Kristy dia Zanakalahin'Andriamanitra. Olona roa samy hafa Izy ireo, tian'ny Rainy ny Zananilahy, ary natao handre isika, na hihaino ny Zananilahy.) Inona no azontsika atao mba handrenesantsika sy hahazo ny tian'ny tenin'i Jesoa Kristy ambara?

- Inona no hitan'ny olona rehefa niandrandra teny amin'ny lanitra izy? (3 Nefia 11:8.) Rehefa nilaza tamin'izy ireo ny momba Azy ny Mpamonjy, dia nahoana araka ny hevitrao, no lavo tamin'ny tany ny olona? (3 Nefia 11:10–12.) Inona no ho tsapanao raha ianao no tany? Nahoana no nasain'i Kristy notsapain'ny olona ny ratra tamin'ny tenany? (3 Nefia 11:14–15.)

- Inona no tsapan'ny Nefita ary ahoana no nanehoany ny fankasitrahany sy ny fitiavany ny Mpamonjy? (3 Nefia 11:16–17.) Ahoana no ahafahantsika maneho fitiavana sy fankasitrahana Azy ary inona no nataony ho antsika?

- Inona ny ôrdônansy manan-danja nanomezan'i Jesoa Kristy hery an'i Nefia mba ho tanterahany? (3 Nefia 11:19–21.) Ahoana no tokony hanatanterahana ny batisa? (3 Nefia 11:22–27.)

- Inona no nolazain'ny Mpamonjy momba ny ady hevitra sy ny fifandirana? (3 Nefia 11:28–30.)

- Inona no nolazainy fa tokony hataontsika rehetra hahazoana ny fiainana mandrakizay? (3 Nefia 11:33–38.)

- Hazavao fa ny vaovao faran'izay lehibe indrindra eo amin'izao tontolo izao amin'izao fotoana izao dia ny fahavelomàn'i Jesoa. Maro ny olona no mihevitra fa efa ela Izy no niaina ary maty teo ambonin'ny hazo fijaliana. Inona ny

fahalalana ananantsika, amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny Fiangonany antsika, izay mahatonga antsika hahatsapa manokana fa akaiky ny Mpamonjy? (Fantatsika fa nijaly noho ny otantsika Izy ary nanome ny ainy ho antsika, ary velona Izy ary mitarika ny Fiangonany amin'izao fotoana izao.)

Asao ny ankizy haneho ny fihetseham-pony momba an'i Jesoa Kristy.

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Vakio sy resaho ny fanekempinoana voalohany, faharoa na ny fahaefatra. Ampio ny ankizy hianatra tsianjery ny iray amin'izy ireny.
2. Diniho ny dikan'ny hoe manana fijoroana ho vavolombelona. Ny iray amin'ny zavatra faran'izay manan-danja azon'ny olona iray ananana eto amin'ity fiainana ity dia ny fijoroana ho vavolombelona, fa tena olona misy i Jesoa Kristy ary Zanakalahin'Andriamanitra, izay no mahatonga Azy ho Andriamanitra. Ny fijoroana ho vavolombelona dia fahatsapana ara-panahy sy finoana mafy orina izay lasa fahalalana. Rehefa manomboka mahazo fijoroana ho vavolombelona isika, dia tsapantsika ao anatintsika fa marina ny filazantsara. Mitombo sy manjary mafy io fahatsapana io raha vokisanao amin'ny alalan'ny fandalinana, vavaka ary fankatoavana. Hanomboka hanao safidy tsara ianao noho ny finoanao sy ny fitiavana anananao an'ny Ray any an-danitra sy ny Zanany lahy, i Jesoa Kristy. Rehefa mijoro ho vavolombelona isika, dia asehontsika amin'ny hafa ny fihetseham-pontsika sy ny fanoloran-tenantsika ho an'ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy. Mijoro ho vavolombelona koa isika amin'ny fomba fiainantsika, fitafintsika ary fanaovantsika zavatra. Rehefa mifidy ny tsara isika, dia mampiseho ny hafa fa manana fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany.
3. Resaho amin'ny ankizy ny maha-zava-dehibe amintsika ny fianarana tsy tapaka hatrany ny momba an'i Jesoa Kristy. Hazavao fa mirona ny ho tahaka ireo izay mahafantatra, mankatelina ary manaja isika. Afaka manatona bebe kokoa an'i Jesoa Kristy isika rehefa mianatra ny aminy sy miezaka ny hanaraka ny ohatra nomeny.
4. Hirao na vakio ny tonon'ny "Il envoya son Fils aimé" (*Chants pour les enfants*, p. 34), "Voici mon Fils bien aimé" (*Chants pour les enfants*, p. 76), na ny "Had I Been a Child" (*Children's Songbook*, p. 80).

---

**Famaranana**

Fijoroana ho vavolombelona

Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny fisiany sy maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy.

Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana Vakiteny Enti-mody

Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy.

Asaivo mandalina any an-tranony ny 3 Nefia 11 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.

# Mampianatra ny Nefita mikasika ny Fahasambarana i Jesoa Kristy

Lesona 34

**Tanjona**

Mampianatra ireo ankizy fa afaka manampy antsika ho tonga tahaka ny Raintsika any an-danitra sy ny Zanany lahy bebe kokoa ny fahasambarana sy ny fahamarinana nampianarin'i Jesoa Kristy.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny 3 Nefia 12 sy ny 3 Nefia 13. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sary 4-45, Mampianatra any amin'ny Ila-bolan-tany Andrefana i Jesoa Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 316; 62380).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Zarao tsiroaroa ny ankizy. Raha isa tsy mivaky ny isan'ny ankizy, dia manaova ianao naman'ny iray amin'ny ankizy. Iangavio ny ankizy hihaino voalohany indrindra ny toromarika rehetra sy hiezaka hitadidy izany ary hanao izany ao amin'ny anjara nomena azy.

1. Raiso ny tanan'ny namanao, ary lazao azy ny anaranao feno.
2. Mitsangàna ary lazao ny namanao ny zavatra mahafinaritra anao aminy.
3. Mihodina indray mandeha eo am-pitoerana ary lazao ny namanao ny zavatra iray tianao momba anao.
4. Fantaro ny mpaminanin'ny Bokin'i Môrmôna tian'ny namanao indrindra.
5. Mipetraha ary ampifanaingeno ny tanana.

Asaivo manomboka amin'izay ny ankizy. Raha sahirana mafy ny ankizy hitadidy ny zavatra tsirairay, dia avereno ny toromarika ary asaivo manandrana indray mandeha indray izy. Hazavao fa raha naverina im-betsaka ny fampiasana, dia ho afaka hitadidy sy hanao izay nasaina hampanaovina azy izy ireo. Raha mifidy ny hanaraka ny fampianaran'i Jesoa Kristy isika mandritra ny androm-piainantsika, dia hianarantsika tsikelikely ny ho lasa tahaka ny Raintsika any an-danitra sy ny Zanany lahy.

Hazavao fa nitsidika tany Amerika i Jesoa Kristy taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty. Nifidy Apôstôly roa ambin'ny folo Izy ary nampianatra ny Nefita ireo fitsipika mitovy tamin'ny nampianariny tamin'ny Toriteny nataony teny An-tendrombohitra tao Jerosalema (jereo ny Matio 5–7). Fantatra amin'ny hoe Toriteny momba ny Fahasambarana ireny fampianarana ireny, ary tena zava-dehibe ho antsika ny miaina izany. Ny teny *Fahasambarana* dia midika fahafinaretana na fitahiana.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Asehoy ny sary mampianatra tany amin'ny Ilam-bolan-tany andrefana i Jesoa Kristy; ary ampianaro ny ankizy ny tantaran'i Jesoa Kristy mampianatra ny Toriteny momba ny Fahasambarana ao amin'ny 3 Nefia 12 sy 3 Nefia 13. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Antitrantero fa mampianatra antsika ny fomba hahatonga antsika tahaka Azy sy ny Rainy ny Mpamonjy.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Iza no nolazain'i jesoa Kristy tamin'ny Nefita fa tokony hohenoiny sy hankatoaviny? (3 Nefia 12:1.) Nahoana no zava-dehibe ny hihainoantsika sy hankatoavantsika ny mpitarika ny Fiangonana misy antsika amin'izao fotoana izao?
- Inona ireo fitahiana raisintsika rehefa vita batisa isika? (3 Nefia 12:2.) Inona no tsy maintsy ataontsika raha tiantsika hanampy antsika ny Fanahy Masina?
- Inona no atao hoe: "mahantra am-panahy"? (3 Nefia 12:3. Mora mandray fampianarana, tsy mirehareha na mieboebo.) Ahoana no ahafahantsika mampiseho amin'ny Ray any an-danitra fa mora mandray ny fampianarany isika. Ampahafantaro fa ny teny "Izay mankatỳ amiko" ao amin'ny andininy 3 dia tsy ao anatin'ny tantaran'ny Baiboly, kanefa manampy antsika bebe kokoa hahatakatra ny dikan'ny Fahasambarana izany. Tsy ampy ny "mahantra am-panahy" raha tsy manatona ny Mpamonjy isika. Mihatra amin'ny Fahasambarana hafa tsirairay koa izany.

Nampianatra ny Mpamonjy fa tokony hibebaka isika, ary mankany Aminy "toy ny ankizy madinika" (3 Nefia 9:22). Asehoy ny toetra tsara hitanao amin'ny ankizy tsirairay. Antitrantero ny maha-zava-dehibe ny fanehoana fanajana ao ampianarana, ny fiezahana hianatra ary ny fanampiana ny hafa hianatra.

Vakio ny 3 Nefia 12:4. Zarao ny fotoana nahatsapanao fa nandray fampiononana avy tamin'ny Fanahy ianao. Asao ny ankizy hizara ny traikefa nananany tamin'ny fotoana nandraisany fampiononana.

- Inona no dikan'ny hoe malemy fanahy? (3 Nefia 12:5. Tsara fanahy sy tsara toetra ary mahafehy tena.) Ahoana no nitahiana antsika sy ny hafa rehefa malemy fanahy isika?
- Inona no atao hoe noana sy mangetaheta ny rariny? (Tokony haniry ny ho tsara isika tahaka ny ilantsika sakafo sy rano.) Inona no nampanantenaina antsika raha noana sy mangetaheta ny rariny isika? (3 Nefia 12:6.)
- Inona no atao hoe maneho famindram-po? (3 Nefia 12:7. Vonona ny hamela heloka, tsara fanahy sy be fitiavana.) Inona no ampanantenaina antsika rehefa maneho famindram-po isika? Azonao atao ny mizara traikefa tamin'ny

nisafidiananao hamela olona, ary ny fomba nahatsapanao tamin'ny nanaovanao izany, raha tianao.

- Inona no atao hoe madio am-po? (3 Nefia 12:8. Tsy mihatsaravelatsihy sy tsotra, manana fisainana sy fo madio, tia ny zavatra tsara ary miala amin'ny ratsy na faharatsian'ny eritreritra sy ny atao.) Inona ireo ohatra sasany amin'ny fisafidianana ny zavatra tsara azo tsara fa tsy ny ratsy? Ahoana no manampy antsika ho madio ny fankatoavana ny fampianaran'ny filazantsara?
- Inona no atao hoe mpampihavana? (3 Nefia 12:9.) Inona ireo toe-javatra sasany azontsika ovana amin'ny maha-mpampihavana antsika? Inona no tsapanao tamin'ny maha-mpampihavana anao?
- Inona no nampanantenain'ny Mpamonjy ireo izay enjehina (rabirabiana, esoina, adalaina) noho ny fijoroany ho vavolombelona ny aminy? (3 Nefia 12:10–12.) Mahafantatra olona izay niaritra fanenjehana ve ianao noho ny fanarahany ny Tompo? Azonao atao ny mizara ny fotoana iray nijoroanao na ny olom-pantatrao tamin'ny marina. na dia nahazo tsiny aza ianao?
- Inona no atao hoe fanasin'ny tany? (3 Nefia 12:13. Jereo ny asa fanampiny 4.) Ahoana no oharina amin'ny sira ny ohatra tsara asehonao ny hafa?
- Hatraiza ny hazavana omen'ny labozia mirehitra, raha ao ambany siny na boaty vy no misy azy? (3 Nefia 12:14–16.) Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao mamela ny hazavanao (na ny ohatra asehonao) hamiratra? Ahoana no ho lasa tahaka ny fanilo amin'ny fiainanao ny ohatra nasehon'ny hafa?
- Ahoana no ahafahan'ny fitandremana ny didy manampy antsika ho lasa tahaka ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy bebe kokoa? (3 Nefia 12:48.)
- Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny mamela ny hafa? (3 Nefia 13:14–15.)
- Inona ny zavatra azontsika ianarana momba ny fifadian-kanina ao amin'ny 3 Nefia 13:16–18?
- Inona no hevitrao ny amin'ny hoe: "Aza mihary harena ho anareo etỳ an-tany . . . fa miharia kosa harena ho anareo any an-danitra"? (3 Nefia 13:19–20.) Inona no harena azontsika entina miaraka amintsika avy eto ambonin'ny tany ho amin'ny fiainana ho avy? Inona no harena toa manan-danja aminao amin'izao fotoana izao, ka tsy azontsika hoentina miaraka amintsika?
- Nahoana no nanome didy antsika i Jesoa Kristy? (3 Nefia 12:20.) Inona no nianaranao avy amin'ny Toriteny momba ny Fahasambarana sy ny fahamarinana hafa izay hanampy anao ho lasa tahaka ny Mpamonjy bebe kokoa amin'ity herinandro ity?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Soraty eny amin'ny solaitrabe ny lohateny *Tahiana* sy *Fampanantenana*. Soraty mitsitokantokana amin'ny taratasy ny 3 Nefia 12:3, 4, sy ny sisa, ka hatrany amin'ny andininy 10 ary zarao ny mpianatra. Asaivo vakian'ny ankizy ny andininy amin'ny taratasiny ary lazainy anao ny fampanantenana isaky ny Fahasambarana. Soraty eo amin'ny tsanganana tandrify izany ny valinteny.

(Antitrantero ny maha-zava-dehibe ny “mankany amin’i Kristy” rehefa miresaka momba ny fahasambarana tsirairay ianao.) Rehefa nahavita ianao dia tokony hatao eny amin’ny solaitrabe ny lisitra manaraka:

| TAHIANA IREO | FAMPANANTENANA |
|---|---|
| ny mahantra amim-panahy izay mankany amin’i Jesoa Kristy | hahazo ny fanjakan’ny lanitra |
| ireo izay ory | hampiononona |
| ny malemy fanahy | handova ny tany |
| ireo izay noana sy mangetaheta ny rariny | ho feno ny Fanahy Masina |
| ny mamindra fo | hahazo famindramim-po |
| ny madio am-po | hahita an’Andriamanitra |
| ny mpampihavana | hantsoina fa Zanak’Andriamanitra |
| ireo izay enjehina ny amin’ny Mpamonjy | hahazo ny fanjakan’ny lanitra |

2. Resaho ary ampio ny ankizy hianatra tsianjery ny fanekempinoana fahatelo ambin’ny folo.
3. Anontanio ny ankizy ny fomba nahafahany niaina tsara kokoa ny iray amin’ny Fahasambarana, ary soraty eny amin’ny solaitrabe ny sosokeviny. Amporisiho ny ankizy tsirairay hifidy iray amin’ny Fahasambarana hiasana amin’ity herinandro ity. Azonao atao ny manome ny ankizy taratasy misy ny soratra “Amin’ity herinandro ity aho dia ho ___________bebe kokoa.” Asaivo fenoiny ny banga ary hoentiny mody ilay taratasy.
4. Asehoy ny ankizy ny sira. Hazavao fa efa aman-taonany no nampiasana ny sira hanome tsiro ny sakafo sy hiarovana azy tsy ho simba. Tahaka ny sira miaro ny sakafo, dia voaro ny fifandraisantsika amin’ny Ray any an-danitra sy ny Mpamonjy, rehefa ankatoavintsika ny fampianarany ary tandremantsika ny fanekempihavanana nataontsika. Tahaka ny sira manampy tsiro amin’ny sakafo, dia afaka mitondra hatsarana ho an’izao tontolo izao isika amin’ny fiainana amim-pahamarinana. Anontanio ny ankizy ireto manaraka ireto:
   - Inona ireo fitarihan-dratsin’izao tontolo izao, izay mety misy fiantraikany amin’ny fifandraisantsika amin’ny Mpamonjy?
   - Tahaka ny sira very tsiro rehefa tsatsoin’ny fangaro tsy madio, inona no mitranga amintsika rehefa avelantsika hiditra ao amin’ny fiainantsika ny zavatra tsy madio (eritreritra, fitarihana ary fanao tsy madio)?
5. Raha tsy mampianatra ity lesona ity amin’ny Alahadin’ny fifadian-kanina ianao dia manomana sakafo toy ny poakatsaka misy sy tsy misy sira (Anontanio ny ray aman-dreny sao misy ankizy tsy mahazaka), ary asaivo manandrana ny ankizy hahita ny fahasamihafana. Hazavao ny maha-zava-dehibe ny sira ho an’ny sakafo sasany. Ampio ny ankizy hahafantatra fa mba ho lasa fanasin’ny tany, dia tsy maintsy ampitombointsika ny toetra araka ny an’i Kristy ary manao fanompoana ny hafa.

6. Vakio ny soratra masina manaraka. Asaivo manangan-tanana ny ankizy isaky ny mandre ny teny hoe *atao*.

   "Izany no filazantsarako; ary fantatrareo ny zavatra izay tsy maintsy *ataonareo* ao amin'ny fiangonako, fa ny asa izay efa hitanareo *nataoko* dia izany no *hataonareo;* fa izay efa hitanareo *nataoko* dia izany no *hataonareo;*

   "Koa hotahiana ianareo raha *manao* ireo zavatra ireo, fa hasandratra ianareo amin'ny andro farany (3 Nefia 27:21–22; nasiana soramandry).

   Hazavao fa raha ataontsika ny zavatra nodidian'ny Mpamonjy hataontsika, dia hitahy antsika Izy. Lalàna mandrakizay ny itondran'ny fankatoavana fahasoavana. Azonao atao ny mamaky sy mandinika ny F&F 130:20–21.

7. Asehoy ny sarin'ny Spencer W. Kimball, Filoha faharoa ambin'ny folon'ny Fiangonana, ary lazao ireo ankizy ny iray amin'ny teny filamatra ankafiziny indrindra: "Ataovy izany." Fantatry ny Filoha Kimball fa tsy ny fahafantarana ny fampianaran'i Jesoa Kristy fotsiny ihany no zava-dehibe, fa ny manao izany koa. Lazao ny tantara momba ny Filoha Kimball sy ny hira "Zanaky ny Ray aho."

   "Tamin'ny taona 1957 dia niangavy an'i Naomi W. Randall sy Mildred T. Pellit . . . ny Birao Fitantanana ny Kilonga Maneran-tany . . . mba hanoratra [hira mikasika ny ilana ny fampianarana ny filazantsara ho an'ny ankizy]. Izao no notaterin'i Naomi Randall: 'Tamin'io takariva io dia nandeha nandohalika aho ary nivavaka tamin'ny feo mafy, nitalaho ny Ray any an-danitra mba hamela ahy hahafantatra ny tonony marina. Nanodidina tamin'ny 2:00 maraina teo dia taitra aho ary nanomboka nieritreritra indray ny momba ilay hira. Tonga tao an-tsaiko ny tonony. . . . Nitsangana haingana aho ary nanomboka nanoratra ny tonony araka ny fahatongavany tamiko. Tsy ela dia voaforona ny andininy telo sy ny isan'andininy. Feno fankasitrahana aho teo am-pijerena ilay asa, nankafỳ ny hafatry ny tonony, ary niverina tany amin'ny efitrano fatoriako, ka tao aho no nandohalika teo anatrehan'ny Raiko any an-danitra mba hiteny hoe: "Misaotra anao aho!" ' . . .

   "Ny tonon'ny isan'andininy mahazatra manao hoe: 'Ampianaro ahy izay rehetra tokony ho *fantatro* mba hiainako miaraka Aminy isan'andro.' (nampiana soramandry.) Taona vitsy taty aorian'ny namoahana ilay hira dia nanatrika fihaonambe . . . i Spencer W. Kimball, izay mpikambana tao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'izay, no injay niredona ilay hira ny antokom-pihiran'ny Kilonga. Hoy i Naomi Randall hoe: 'Teny an-dalana hody dia niresaka tamin'ny mpikambana ao amin'ny Birao Fitantanana ny Kilonga Maneran-tany izy ary naneho ny fitiavany ilay hira, ary nilaza izy fa misy teny iray izay nampiahiahy azy ao amin'ny isan'andininy. Nanontany tena izy raha mety ho tian'ny Rahavavy Randall ovaina ilay fehezanteny nilaza hoe: "Ampianaro ahy izay rehetra tokony ho *fantatra*" amin'ny hoe: "Ampianaro ahy izay rehetra tokony *hataoko."* Tamim-pifaliana tokoa no nanekeko ny sosokeviny.

   " 'Nanontany tena ny amin'ny antony tsy nampidirako izany hevitra izany tamin'ny fotoana nanoratako ny tonony voalohany aho. Rehefa nandeha anefa ny fotoana, dia tsapako tao am-poko mihitsy fa izany no fomba nitiavan'ny Tompo hivoaran'ilay hira, satria nanjary fotoam-pampianarana ho an'ny mpikambana tao amin'ny Fiangonana izany ary nahatakarany fa tsy ny fahalalana ny filazantsara ihany no takiana fa koa ny *fanaovana* ny sitrapon'ny Tompo sy ny fitandremana ny didy isan'andro, izay no manampy antsika

hahatratra ny tanjontsika mandrakizay (tao amin'ny Karen Lynn Davidson, *Our Latter-day Hymns,* pp. 303–4).

Asaivo soratan'ny ankizy tsirairay eo amin'ny karatra kely hoentiny mody ny hoe: "Ataovy izany ankehitriny."

8. Hirao na vakio ny tonon'ny "Je suivrai l'Evangile" (*Chants pour les enfants*, p. 72); "Aimez vos frères" (*Chants pour les enfants*, p. 74); "The Things I Do" (*Children's Songbook*, p. 170); "Le courage de Néphi" (*Chants pour les enfants*, p. 64), andininy 3; "Zanaky ny Ray aho" (Fihirana sy Hiran'ny Ankizy, lah. 113); na ny "Fais ton devoir, voici la lumière" (Cantiques, p. 153).

## Famaranana

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona fa ny fiainana ny Fahasambarana sy ny didy hafa no hitahy antsika ho lasa tahaka ny Ray any an-danitra bebe kokoa. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny 3 Nefia 12:3–24, 39–48 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

# Manasitrana ny Marary sy Mitsodrano ireo Ankizy i Jesoa Kristy

Lesona
35

**Tanjona**

Mampianatra ireo ankizy fa tia ny tsirairay amintsika i Jesoa Kristy sy hamporisika azy ireo hanandrana hiaina ny fifaliana amin'ny finoana Azy.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny 3 Nefia 17. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sira.
   d. Sary 4-46, Manasitrana ny Nefita i Jesoa (Jeu d'Illustration de l'Evangile 317; 62541); 4-47, Miara-mivavaka amin'ny Nefita i Jesoa (62 542); ary ny 4-48, Mitsodrano ireo Ankizy Nefita i Jesoa.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Asaivo manandrana sira ny ankizy tsirairay, dia anontanio azy ny fomba anazavany ny tsirony amin'ny olona izay mbola tsy nanandrana izany mihitsy teo aloha. Mety ilainao ny mampahatsiahy azy fa tsy ho vitany ny hanazava ny tsirony amin'ny maha-"masira" azy, satria ny olona izay tsy mbola nanandrana sira dia tsy hahafantatra mihitsy ny dikan'io teny io. Hazavao fa sarotra indraindray ny mamariparitra zavatra izay efa nandramanao amin'ny teny mba hahafahan'ny hafa mahatakatra izany. Nanana fifaliana lehibe tokoa ny Nefita rehefa niseho taminy i Jesoa Kristy, ka hoy izy ireo: "Tsy misy lela afaka miteny, na koa olona afaka manoratra, na fon'olombelona afaka misaina zavatra lehibe sy mahatalanjona toy izany, izay sady hitanay no renay" (3 Nefia 17:17). Lazao ireo ankizy fa raha ho azony sary an-tsaina ny zava-niseho, dia ho reny ao amin'ity lesona ity, fa afaka mahatsapa sy mahazo ny tian'ny fahamarinana ambara amin'ny fanahiny izy, izay tsy azon'ny teny hazavaina.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampiasao ny sary amin'ny fotoana mahamety izany ka ampianaro ny tantaran'i Jesoa Kristy manasitrana ny marary sy mitsodrano ny zazakely ao amin'ny 3 Nefia 17. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Antitrantero fa ny fitiavan'ny Mpamonjy ny olona dia lehibe loatra ka tsy hain'ny teny lazaina.

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no nolazain'i Jesoa Kristy fa tokony hataon'ny olona mba hanampy azy hahatakatra zavatra izay nampianariny azy? (3 Nefia 17:3.) Inona no atao hoe misaintsaina? (Mieritreritra lalina ny momba ny zavatra anankiray.) Nahoana no zava-dehibe ny misaintsaina sy mivavaka momba izay nampianarin'ny mpitarika ny Fiangonana sy ireo mpampianatra antsika?
- Aiza no nolazain'ny Mpamonjy fa halehany taorian'ny nitsidihany ny Nefita? (3 Nefia 17:4.) Ahoana no ampisehoan'izany fa tia ny zanaka rehetra an'ny Ray any an-danitra i Jesoa?
- Inona no nataon'ny olona rehefa nilaza i Jesoa fa handeha? (3 Nefia 17:5.) Inona no nataony hanehoana fa tiany izy ireo? (3 Nefia 17:6–8.)
- Inona no nolazain'i Jesoa Kristy fa antony nahafahan'ny olona ho sitrana? (3 Nefia 17:8.) Inona ny antony iray tsy hisian'ny fahagagana indraindray? (Etera 12:12, 18.)
- Ahoana no nanehoan'ny Nefita ny fisaorany, rehefa nanasitrana ny marary i Jesoa Kristy? (3 Nefia 17:10.) Rehefa inona no tokony hisaotra ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ianao? Ahoana no ahafahanao maneho ny fisaorana tamin'ny fahasoavana noraisinao?
- Rehefa nahasitrana ny marary i Jesoa Kristy dia inona no nasainy hataon'ny olona? (3 Nefia 17:11.) Inona no nataony rehefa nentina teo Aminy ny zaza? (3 Nefia 17:13–15.) Nahoana no tsy nosoratana ny teny nataony tamin'Izy nivavaka tamin'ny Ray any an-danitra? (3 Nefia 17:16–17.)
- Nahoana no nitomany i Jesoa? (3 Nefia 17:20–21.) Ahoana no nitondran'ny filazantsara fifaliana ho anao? Ahoana no nanehoany ny fitiavany tamin'ny ankizy? (3 Nefia 17:21.) Ahoana no ahatsapanao fa fihinin'i Jesoa Kristy eny an-tsandriny ianao, omeny fitahiana ary hivavahany amin'ny Ray any an-danitra?
- Rehefa nilaza tamin'ny ray aman-dreny ny Mpamonjy mba hijery ny zanany, dia inona no hitan'ny ray aman-dreny? (3 Nefia 17:23–24.) Inona no atao hoe:*manompo?*(Manome fanampiana na manao asa fanompoana.) Inona no azontsika atao hanompoana ny hafa?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Vakio sy ifanakalozy hevitra ny fanambarana manaraka nataon'ny Filoha Ezra Taft Benson, Filoha fahatelo ambin'ny folon'ny Fiangonana:

   “Mampanantena anareo aho, rankizy malala, fa hanompo anareo koa ny anjely. Mety tsy ho hitanareo izy, kanefa ho eo izy hanampy anareo, ary ho tsapanareo ny fisiany. . . .

"Rankizy malala, nandefa anareo tetỳ an-tany ny Ray any an-danitra amin'izao fotoana izao, satria anisan'ny zanany mahery fo ianareo. Fantany fa hisy faharatsiana tsy hita noanoa eto ambonin'ny tany amin'izao fotoana izao, ary fantany fa ho mahatoky sy hankatò ianareo" (tao amin'ny Conference Report, Apr. 1989, p. 105; na ny *Ensign,* Mey 1989, p. 83).

2. Vakio miaraka ny 3 Nefia 17:20–21. Asaivo mifidy teny iray na andian-teny avy amin'ireo andininy ireo izay heveriny fa manan-danja ireo ankizy ary asaivo zarainy izay tsapany momba ny teny nofidiany avy eo.
3. Asaivo mieritreritra momba ny fotoana nahasambatra azy tamin'ny fiainany ireo ankizy. Anontanio azy ireo ireto manaraka ireto, mikasika ireo fotoana ireo:
   - Inona no nataonao?
   - Inona no nahasambatra anao?
   - Nahoana no sambatra isika rehefa miaina tahaka ny nampianarin'i Jesoa?
   - Nahoana no sambatra ianao rehefa miaraka amin'ny namanao sasany sy ny ankohonanao?

   Hazavao fa voa-janahary ny faniriantsika hiaraka amin'ireo izay tiantsika sy izay tia antsika. Raha mankatò ny didy isika dia afaka miaina miaraka amin'ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ary ny fianakaviantsika mandrakizay. Hanome antsika ny fifaliana faran'izay lehibe azontsika iainana izany.
4. Satria tsy ampy ny fahavononan'ny vahoaka Nefita izay tafangona tao Soafeno, dia tsy afaka niteny tamin'izy ireo ny zavatra rehetra izay tian'ny Ray any an-danitra ho fantany ny Mpamonjy. Inona no nasain'i Jesoa nataon'ny olona? (Asaivo fenoin'ny ankizy ny banga amin'ny 3 Nefia 17:3.)

   Koa dia __modia__ __any__ __an-tranonareo__, __ary__ __saintsaino__ __ny__ __zavatra__ __izay__ __efa__ __nolazaiko__, __ary anontanio__ __amin'ny anaran'ny__ __Ray__, mba hahatakaranareo izany. (3 Nefia 17:3.)

   Inona no tokony hataonao mba hanampy anao hahazo izay renao, rehefa avy manaraka fihaonambe, fivoriana Fanasan'ny Tompo, na ny an'ny Kilonga ianao?
5. Hirao na vakio ny tonon'ny "Had I Been a Child" (*Children's Songbook*, p. 80) na ny "Quand Jésus reviendra" (*Chants pour les enfants*, p. 46).

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Ambarao fa tia ny zanany rehetra i Jesoa Kristy sy ny Ray any an-danitra, ary raha manana finoana an'i Jesoa Kristy isika ka mankatò ny didy dia hahafantatra ny fifaliana amin'ny fiainana miaraka Aminy indray isika. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny 3 Nefia 17 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br><br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

# Manome ny Fanasan'ny Tompo an'ireo Nefita i Jesoa Kristy

Lesona 36

| | |
|---|---|
| **Tanjona** | Mamporisika ireo ankizy hahatsiaro mandrakariva an'i Jesoa Kristy mba hahafahany manana ny Fanahiny miaraka aminy. |

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny 3 Nefia 18:1–14. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Soraty amin'ny taratasy kely ireto teny manaraka ireto (na mety koa ny hanoratanao izany eny amin'ny solaitrabe):

   *Haizina*
   *Faharavana*
   *Feo*
   *Holatry ny ratrany*
   *Anjely*
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sary 4-43, Miseho amin'ny Nefita i Jesoa (Jeu d'Illustration de l'Evangile 315; 62047); 4-46, Manasitrana ny Nefita i Jesoa (Jeu d'Illustration de l'Evangile 317; 62541); 4-47, Miara-mivavaka amin'ny Nefita i Jesoa (62542); ary ny 4-49, I Jesoa Kristy Efa Nitsangana tamin'ny Maty (Jeu d'Illustration de l'Evangile 239; 62187).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Anontanio ny ankizy izay toe-javatra manan-danja tadidiny teo amin'ny fiainany. Anontanio azy ireo izay manampy azy hitadidy ireny toe-javatra ireny.

Asehoy ny sary voatanisa ao amin'ny fizarana "Fiomanana" sy ny teny izay efa nomaninao. Anontanio ny ankizy hoe iza amin'ny sary na ny teny na ny fehezanteny tsirairay no manampy azy ireo hitadidy momba ny fitsidihan'i Jesoa. Hazavao fa momba izay nataon'i Jesoa hanampiana antsika hahatsiaro Azy mandrakariva ity lesona ity.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny ankizy ny tantara ao amin'ny 3 Nefia 18:1–14. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no niangavian'i Jesoa Kristy hoentin'ny mpianany? (3 Nefia 18:1.) Inona no nataon'i Jesoa tamin'ilay mofo? (3 Nefia 18:3–4.) Inona no nataony tamin'ilay divay? (3 Nefia 18:8–9.)
- Inona no tsy maintsy ataon'ilay tovolahy alohan'ny ahafahany manomana na mitsodrano na mizara ny Fanasan'ny Tompo ho an'ny mpikambana ao amin'ny Fiangonana? (3 Nefia 18:5.) Iza no manomana sy mizara ary mitsodrano ny fanasan'ny Tompo ao amin'ny paroasy misy anao?
- Inona no anampian'ny mofon'ny Fanasan'ny Tompo antsika mba ho tsarovana? (3 Nefia 18:7.) Inona no anampian'ny rano amin'ny Fanasan'ny Tompo antsika ho tsarovana? (3 Nefia 18:11.)
- Amin'iza no anaovantsika fanekena rehefa mandray ny Fanasan'ny Tompo isika? (3 Nefia 18:7.)
- Inona no nampanantenain'i Jesoa Kristy antsika raha mahatsiaro Azy foana isika? (3 Nefia 18:7.) Inona no atao hoe manana ny Fanahiny miaraka amintsika? (Tarihina sy ampian'ny Fanahy Masina isika.) Inona no azontsika atao mandritra ny herinandro mba hahatsiarovantsika ny Mpamonjy mandrakariva, amin'izay dia mety hanana ny Fanahiny miaraka amintsika isika?
- Rehefa mandray ny Fanasan'ny Tompo ny mpikambana ao amin'ny Fiangonana, dia inona no fijoroana ho vavolombelona ananany ny amin'ny Raintsika any an-danitra? (3 Nefia 18:10.) Inona no atao hoe vonona ny hitandrina ny didiny? Inona ireo didy sasany izay irian'ny Ray any an-danitra ny hitandremantsika azy an-tsitrapo? Mety hangataka ny ankizy hifidy mangina ny didy iray izay tiany ankatoavina bebe kokoa ianao.
- Rehefa mandray ny Fanasan'ny Tompo isika, inona no fanekempihavanana tsaroantsika sy havaozintsika? (3 Nefia 18:11.) Ahoana no manampy antsika hiaina tsaratsara kokoa ny fieritreretana matetika ny momba ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa? (Môsià 18: 10.) Amporisiho ny ankizy hihaino tsara ny vavaka amin'ny Fanasan'ny Tompo ary hieritreritra ny fomba itandremany ny fanekempihavanana nataony tamin'ny batisa mandritra ny herinandro manaraka.
- Ahoana no itahiana antsika rehefa mandray ny Fanasan'ny Tompo amimpahamendrehana isika? (3 Nefia 18:12–142.)

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Asaivo vakian'ny ankizy ny vavaka amin'ny Fanasan'ny Tompo ao amin'ny Môrônia 4:3 sy ny Môrônia 5:2. Asaivo mandroso fomba ahafahany miomana amin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo ireo ankizy. Azonao ampiasaina ny sosokevitra manaraka raha mila fanampiana ny ankizy:

Mihira ny tonon'ny hira amin'ny Fanasan'ny Tompo.
Mihaino ny teny atao amin'ny vavaky ny Fanasan'ny Tompo.
Mieritreritra ny fitiavana, ny fijaliana, ny fahafatesana, ny fitsanganana amin'ny maty, ary ny fomba fampianaran'ny Mpamonjy.
Mieritreritra ny momba ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny Ray any an-danitra.

2. Mizarà traikefa misy izay nahatsapanao ny Fanahy. Raha misy amin'ny ankizy nanana traikefa momba ny fahatsapany ny Fanahy ka tiany hozaraina, dia asao izy hanao izany. Ampio ny ankizy hahafantatra fa tian'i Jesoa Kristy ny hahitany sy hahatsapany foana ny Fanahiny eo amin'ny fiainan'izy ireo. Ifanakalozy hevitra ity fanambarana manaraka nataon'ny Filoha Ezra Taft Benson, Filoha fahatelo ambin'ny folon'ny Fìangonana ity: "Imbetsaka no nandrenesantsika ny tenin'ny Tompo amin'ny alalan'ny fahatsapana. Raha manetry tena sy mora mandray isika, dia hibitsika amintsika matetika amin'ny alalan'ny fahatsapantsika ny Tompo. Izay no antony mahatonga ny bitsika ara-panahy hanosika antsika hahazo fotoam-pifaliana lehibe ary indraindray ranomaso" (*The Teachings of Ezra Taft Benson,* p. 77).
3. Mifantena hira mahazatra na hiran'ny Kilonga hirahiraina mandritra ny fotoana hanaovan'ny ankizy sary izay hanampy azy hahatsiaro ny Mpamonjy mandritra ny Fanasan'ny Tompo. Mety ho hita ao anaty safidy i Jesoa Kristy tao amin'ny Sahan'ny Getsemane, i Jesoa Kristy miaraka amin'ny Nefita, ny fitsofan-drano izay azon'ny ankizy tamin'ny androm-piainany izay nankasitrahany ary ny sisa. Amporisiho ny ankizy hampitodika ny sainy amin' ny Mpamonjy mandritra ny fotoana anaovana ny Fanasan'ny Tompo.
4. Hirao na vakio ny tonon'ny "Humblement, calmement" (*Chants pour les enfants*, p. 11), "Il envoya son Fils aimé" (*Chants pour les enfants*, p. 20), "To Think about Jesus" (*Children's Songbook,* p. 71), na ny "The Sacrament" (*Children's Songbook,* p. 72).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Asehoy ny sary I Jesoa Kristy Efa Nitsangana tamin'ny Maty. Mijoroa ho vavolombelona fa rehefa mahatsiaro an'i Jesoa isika ka mitandrina ny didiny, dia hanana ny Fanahy Masina isika hiaraka amintsika. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny 3 Nefia 18:1–14ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br><br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

Lesona
37

# Mampianatra ny Nefita Hivavaka i Jesoa Kristy

**Tanjona** Mamporisika ireo ankizy hivavaka mba tsy ho lavo amin'ny fakam-panahy.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny 3 Nefia 18:15–25; 19; 20:1. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: Almà 13:28–29, Matio 26:41, sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 31:12, 61:39.
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sary 4-47, Miara-mivavaka amin'ny Nefita i Jesoa (62542) sy ny 4-50, Fiaraha-mivavaky ny mpianakavy (62275).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Zarao ny tantara manaraka nataon'ny Loholona Rex D. Pinegar momba ny fiaraha-mivavaka manokana ho an'ny mpianakavy:

"Indray maraina, taona maro lasa izay, nitondra fiara niaraka tamin'ny ankohonako aho [handeha haka rivotra]. Tena diboky ny hafaliana ny zanakay efa-bavy kely, raha nanatona ny fiolanana ho any amin'ny sahan-kilalao malaza izahay. Nitsahatra tampoka ny hehy sy ny tafa mahafinaritra, raha nitambokombokona ary nijanona ho azy ilay fiara nofainay, teo am-pivoahan'ny arabe migodana teo akaikinay. Fiara maro no nirimorimo teo anilanay tamin'ny ora nahabe ny fiara mandalo, raha mbola niezaka nampandeha ilay fiara aho. Farany rehefa nahita aho fa tsy misy zavatra azonay natao intsony, dia nivoaka ny fiara tsy afanihetsika izahay ary nihataka kely ny lalana mba hivavaka.

"Rehefa nitraka avy nivavaka izahay, dia nahita lehilahy nitsikitsiky sy ny zanany nitarika ny . . . fiarany nanavatsava ny fiara mitomandavana, ary mampaka izany tamin'ny sisiny hiala amin'ny arabe ho eo akaikinay. Ny tontolo maraina ka hatramin'ny tolakandro dia nandray an-tanana izay nilainay tamin'ny fomba feno hatsaram-panahy sy finiavana hanampy ireo lehilahy ireo. Nentiny niaraka tamin'ny entanay hatrany amin'ny . . . sahan-kilalao izahay. . . . Nampiany aho hanofa kamio hitarika ilay fiara simba, nentiny hatrany amin'ny masoivoho mpampanofa fiara aho mba haka iray hanoloana ilay teo. . . . Nividianany fialana hetaheta ny fianakaviako ary niandry niaraka taminy teo izy mandra-piveriko ora maro tatỳ aoriana.

"Tsapanay fa tena valin'ny vavaka nataonay ireto olona ireto ary nolazainay azy izany tamin'ny nanaovanay veloma azy sy niezahanay nisaotra azy. Namaly ilay raim-pianakaviana nanao hoe. 'Isa-maraina, dia milaza amin'ny Tompo aho fa raha misy olona mila fanampiana androany, dia tariho ho any aho raha sitrakao' " (tao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1991, pp. 54–55; na ny *Ensign,* Nôv. 1991, p. 39).

Asao ny ankizy hizara ny traikefa nananany momba ny vavaka samirery sy ny fiaraha-mivavaky ny mpianakavy.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Ampiasao ny sary amin'ny fotoana mahamety izany, ka ampianaro ny ankizy ny tantaran'i Jesoa Kristy nampianatra ny vahoaka Nefita analin-kisa ao amin'ny 3 Nefia 18:15–25; 3 Nefia 19; 3 Nefia 20:1. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Nahoana no tian'i Jesoa ny hivavahantsika mandrakariva? (3 Nefia 18:15, 18.)
- Iza no ivavahantsika? Amin'ny anaran'iza no ivavahantsika? (3 Nefia 18:19; 3 Nefia 19:6–8.)
- Rehefa mivavaka amim-pinoana ny amin'izay tena mahatsara antsika isika, dia inona no fampanantenana azontsika? (3 Nefia 18:20.) Ampio ny ankizy hahatakatra fa fantatry ny Ray any an-danitra foana izay tsara indrindra ho antsika. Indraindray dia samy hafa amin'ny tiantsika izany.
- Nahoana no zava-dehibe ny fiaraha-mivavaky ny mpianakavy? (3 Nefia 18:21.) Ahoana no ahafahanao manampy ny fianakavianao hanao fiaraha-mivavaky ny mpianakavy tsy tapaka?
- Inona no nolazain'i Jesoa Kristy fa tokony hataontsika amin'ireo izay tsy mpikambana ao amin'ny Fiangonana? (3 Nefia 18:22–23.)
- Inona no atao hoe: "Aingao ambony ny fahazavanareo mba hamirapiratany eo amin'izao tontolo izao"? (3 Nefia 18:24.) Ahoana no ahafahanao manampy ny hafa hahafantatra ny maha-zava-dehibe ny vavaka?
- Inona no nampianarin'ny mpianatra roa ambin'ny folon'i Jesoa Kristy ny Nefita izay tafavory? (3 Nefia 19:6.) Rehefa inona ianao no mandohalika sady mivavaka? Ahoana no maneho fanajana ho an'ny Ray any an-danitra ny fandohalihana? Inona kosa ireo fomba hafa ahafahantsika maneho fanajana fatratra, rehefa mivavaka any an-tokantranontsika sy any am-piangonana isika?
- Rehefa mivavaka ny mpianany, dia inona no tena zavatra niriany mafy? (3 Nefia 19:9.) Ahoana no nanomezana azy izany fanomezana izany? (3 Nefia 19:13–14.)

- Inona no nolazain'i Jesoa rehefa nivavaka tamin'ny Ray any an-danitra Izy? (3 Nefia 19:20, 28.) Nahoana araka ny hevitrao no tena anisan'ny zava-dehibe amin'ny vavaka ny fanehoana fisaorana? Inona ireo zavatra anehoanao fankasitrahana?
- Ahoana no ahafahanao mivavaka tsy amim-pitsaharana? (3 Nefia 20:1.) Nahoana no tokony hivavaka mandrakariva isika ao am-pontsika? (3 Nefia 18:15, 18.) Nahoana no afaka manampy antsika hisoroka ny fakampanahy ny vavaka?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Soraty amin'ny taratasy kely ny andinin-tsoratra masina manaraka ary omeo ny ankizy izany, na ho an'ny tsirairay na ho an'ny vondrona. Asaivo vakian'ny ankizy ny soratra masina, ary jereny izay zavatra nampianarin'i Jesoa Kristy momba ny fahasoavana izay tonga tamintsika amin'ny alalan'ny vavaka. Asaivo manao tatitra izay nianarany amin'ny ankizy rehetra avy eo ny ankizy.

   3 Nefia 18:15, 18 (Azontsika sorohana ny fakam-panahy.)
   3 Nefia 18:20 (Ho to ny faniriana marina ananantsika.)
   3 Nefia 18:24 (Ho ohatra tsara ho an' 'ny hafa isika.)
   3 Nefia 19:30 sy ny 3 Nefia 27:30 (Ho faly amin-
   tsika ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy.)

2. Mitadiava tantara amin'ny gazetibokim-piangonana na lahateny tamin'ny fihaonambe mikasika ny fivavahana, ary zarao amin'ny ankizy izany.
3. Vakio sy resaho ity fanambarana manaraka nataon'ny Filoha Ezra Taft Benson, Filoha fahatelo ambin'ny folon'ny Fiangonana ity:

   "Manana fahazarana ny mangataka fanampim-pahasoavana isika rehefa mivavaka sy mitalaho amin'ny Tompo. Indraindray anefa dia tsapako fa ilaintsika ny manokana bebe kokoa ny fanehoana fankasitrahana sy fanati-tsaotra ho an'ny fahasoavana efa noraisintsika amin'ny vavaka ataontsika" (*God, Family, Country,* p. 199).

   Asao ny ankizy hitanisa ny zavatra maro izay azony eritreretina ao anatin'ny iray minitra ka nankasitrahany. Fintino eny amin'ny solaitrabe ny valinteniny.
4. Resaho ary ampio ny ankizy hianatra tsianjery ny ampahany amin'ny Almà 13:28: "Mba hanetrenareo tena kosa eo anoloan'ny Tompo sy hiantsoanareo ny anarany masina ary hiambenanareo sy hivavahanareo lalandava, mba tsy hahazoana maka fanahy anareo mihoatra noho izay azonareo zakaina, ary dia hotarihin'ny Fanahy Masina ianareo."
5. Resaho ny dingana fototra amin'ny vavaka:
   a. Miantso ny Raintsika any an-danitra . . .
   b. Misaotra Azy ny amin'ny . . .
   d. Mangataka Aminy . . .
   e. Mamarana amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.

   Soraty eny amin'ny solaitrabe ny "Misaotra anao aho amin'ny . . ." Asao ny ankizy hilaza izay isaorany ny Ray any an-danitra ary fintino eny amin'ny solaitrabe izay lazainy. Ataovy toy izany koa ny amin'ny "Mangataka Anao aho mba . . ."

6. Hirao na vakio ny tonon'ny "La prière d'un enfant" (*Chants pour les enfants*, p. 6), "Partout dans le monde" (*Chants pour les enfants*, p. 4), "La prière en famille" (*Chants pour les enfants*, p. 101), na ny "Ces mots d'amour" (*Chants pour les enfants,* p. 102).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny maha-zava-dehibe ny vavaka isan'andro sy raha mivavaka tahaka ny nampianarin'i Jesoa isika dia ho voaro amin'ny fisarihan'i Satana. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny 3 Nefia 18:18–25 sy ny Almà 13:28–29 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br><br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

Lesona
38

# Fiadanana teo anivon'ny Nefita

**Tanjona** Mamporisika ireo ankizy tsirairay hikatsaka fiadanana sy fahasambarana izay azo avy amin'ny fiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny 3 Nefia 28:1–16, 23–40 sy ny 4 Nefia. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a) Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Asaivo maka sary an-tsaina izany hoe ho tahaka ny inona izany manana ny Mpamonjy miaina miaraka amin'ny fianakaviany mandritra ny herinandro izany ireo ankizy. Anontanio azy izay eritreriny ny amin'ny hoe ho tahaka ny inona ny ao an-tokantranony mandritra izany herinandro izany. Asaivo vakian'ny ankizy iray ny 4 Nefia 1:15–16. Hazavao fa manazava ny fomba nifampitondran'ny vahoaka tany Amerika taorian'ny nitsidihan'i Jesoa Kristy ireto andininy ireto. Ampio ny ankizy hiresaka ny hoe ho tahaka ny inona izany miaina miaraka amin'ireo fepetra ireo izany.

- Ahoana no ho hafahafa kokoa ny fiainantsika raha nankatò ny didy ny olona tsirairay? (Tsy ho nilaintsika ny hidin-trano, ny fanalahidy, ny mpitandro ny filaminana sy ny sisa.) Ampio ny ankizy hahafantatra fa iray amin'ny fanalahidy faran'izay lehibe ho an'ny fahasambarana ny fomba fifampitondran'ny olona. Amin'ny alalan'ny fiainana ny fampianaran'i Jesoa Kristy, dia hitondra ny fianakaviantsika sy ny namantsika amin'ny hatsaram-panahy bebe kokoa sy ny fitiavan-tena mihena kokoa isika ary hahita fiadanana sy fahasambarana lehibe.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny ankizy ny tantaran'ny mpianatra Nefita, ary ny fiadanana sy ny fahasambarana hitan'izy ireo tamin'ny fitandremana ny didy ao amin'ny 3 Nefia 28:1–16, 23–40 sy ny 4 Nefia. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no nirian'ny mpianatr'i Jesoa Kristy Taminy? (3 Nefia 28:2, 4–7.) Nahoana no navela hitoetra eto ambonin'ny tany mandrapahatongan'ny farany ireo mpianatr'i Jesoa Kristy telolahy? (3 Nefia 28:6, 9.) Inona ny fanovana natao tamin'ny vatany ka nahafahana nanao izany tamin'izy ireo? (3 Nefia 28:38–39.)
- Ahoana no niarovana ireo mpianatra telolahy ireo raha nampianatra ny olona izy? (3 Nefia 28:18–22.) Inona no voarakitr'i Môrmôna momba an'ireo mpianatra telolahy ireo? (3 Nefia 28:24–26. Ampahafantaro fa niaina 350 taona taorian'i Jesoa Kristy i Môrmôna.)
- Inona no nataon'ireo mpianatra ireo rehefa nilaozan'ny Mpamonjy izy ireo? (3 Nefia 28:18.) Inona no nataon'ny olona rehefa nandre ny tenin'ny mpianatra izy ireo? (4 Nefia 1:1–2.) Firy tamin'ny olona no niova fo? Ampahafantaro fa tsy nizara ho Nefita sy Lamanita intsony ny olona fa niray.
- Inona no atao hoe*fifanjihirana* sy *fifandirana*? (4 Nefia 1:2. Miady na mifamaly.) Ahoana no itahiana anao sy ny fianakavianao rehefa tsy misy fifandirana eo aminareo? Ahoana no ahafahanao ho lasa mpampihavana sy manampy ny fianakaviana hisoroka ny fifandirana?
- Inona no atao hoe: "niarahany nanana ny zavatra rehetra"? (4 Nefia 1:3.) Inona no itiavanao miaina araka io fomba io? Nahoana araka ny hevitrao no mety ho sarotra be izany?
- Inona no fahagagana notanterahin'ny mpianatr i Jesoa Kristy? (4 Nefia 1:5.)
- Ahoana no nitahiana ny olona? (Jereo ny asa fanampiny 1.)
- Nahoana no tsy nisy fifanjihirana teo amin'ny tany? (4 Nefia 1:15.) Inona no atao hoe manana ny "fitiavan'Andriamanitra" ao am-pontsika? Oviana no nahatsapanao ny fitiavan'Andriamanitra teo amin'ny fiainanao? Ahoana no ahafahantsika mizara io fitiavana io amin'ny hafa?
- Inona no nitondra fiovana teo amin'ity fiaraha-monina sambatra ity? (4 Nefia 1:23–29.) Ahoana no nanaovan'ny olona ireo mpianatra? (4 Nefia 1:30–34.) Inona no atao hoe: avonavona? Ahoana no ahafahantsika mandresy ny avonavona eo amin'ny fiainantsika?
- Inona no atao hoe: "nikomy an-tsitrapo tamin'ny filazantsara" tahaka ny nataon'ireo olona ireo? (4 Nefia 1:38.)
- Ahoana no fomba niainan'ireo olona ireo telonjato taona taorian'ny nitsidihan'i Kristy azy? (4 Nefia 1:45–46.)

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Manomàna tapa-taratasy misy teny ahitana ireto fehezanteny avy ao amin'ny 4 Nefia 1:2–3, 5, 15–17:

   "Ny olona rehetra dia mifampitondra araka ny hitsiny tokoa teo amin'izy samy izy."
   "Niarahany nanana avokoa ny zavatra rehetra teo anivony."
   "Asa lehibe sy mahatalanjona no nataony."
   "Tsy nisy fifandirana teo amin'ny tany."
   "Ny fitiavan'Andriamanitra . . . no nitoetra tao amim-pon'ny olona."
   "Tsy nisy fialonana."
   "Tsy nisy . . . adiady [tabataba]."
   "Tsy nisy . . . fandaingana."
   "Tsy nisy mpandroba."
   "Tsy nisy . . . vonoan'olona."
   "Izy ireo dia iray, zanak'i Kristy."

   Ataovy ao anaty boaty ireo tapa-taratasy misy teny ary avelao ny ankizy tsirairay hisintona anankiray avy ao ary hampiseho izany. Ireto fehezanteny avy amin'ny 4 Nefia ireto no manazava ny antony niainan'ny olona tamimpiadanana sy fahafinaretana.

2. Vakio sy ifanakalozy hevitra ny fanambarana manaraka avy amin'ny Filoha Ezra Taft Benson, Filoha fahatelo ambin'ny folon'ny Fiangonana:

   "Mampitandrina antsika ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana mba tsy ho lasa tahaka ny Nefita taloha' (F&F 38:39)" (tao amin'ny Conference Report, Apr. 1989, p. 3; na ny *Ensign,* Mey 1989, p. 4). Nampianatra antsika ny Filoha Benson fa afaka mandresy ny fiavonavonana isika eo amin'ny fiainantsika ary manetry tena, malemy fanahy ary manoa amin'ny—

   Fitiavana ny Ray any an-danitra sy fametrahana Azy ho lohalaharana eo amin'ny fiainantsika.
   Tsy firaikana amin'izay eritreretin'ny hafa momba antsika, fa ny amin'izay fieritreretan'ny Ray any an-danitra momba antsika ihany.
   Tsy fifosana na fitsikerana.
   Tsy mitsiriritra na manao fiainana mihoatra izay anananao.
   Tsy fifamaliana na fiadiana ao amin'ny fianakaviantsika.
   Fanampiana ny hafa hahatsapa finaritra amin'ny tenany.
   Fanekena ny torohevitra avy amin'ny mpitarika antsika.
   Famelana ireo izay manao ratsy antsika.
   Tsy tia tena.
   Fanompoana ny hafa.

   Azo nomanina tamin'ny tapa-taratasy misy teny ireo filazana ireo ary napetraka tao anaty harona. Afaka misintona tapa-taratasy misy teny anankiray ny ankizy tsirairay ary miresaka ny fomba ahafahan'ilay fitsipika manampy antsika handresy ny fiavonavonana ao amin'ny fianakaviantsika.

3. Vakio sy resaho ary ampio ny ankizy hianatra tsianjery ny ampahany na ny 4 Nefia 1:15–16 manontolo.

4. Asaivo lalaovin'ny ankizy an-tsehatra ny tena zava-misy amin'ny fiainana izay misy fifanjihirana. Asaivo lalaovin'ny ankizy izay toe-javatra tena nisy raha niaina tamin'ny fiaraha-monina Nefita "tsy nisy fifanjihirana" izy. (Sosokevitra: misy ankizy roa te-ho lohalaharana foana, mpirahavavy samy te-hilalao kilalao iray mitovy, sy ny sisa.)

5. Vakio sy resaho ity fanambarana manaraka avy amin'ny Loholona Marving J. Ashton ity:

   "Inona no azonao tenenina raha miova fo ho an'i Jesoa Kristy ny olona iray?' . . . 'Ny tena torolalana tsara sy mazava izay mampandroso antsika arapanahy sy mahatonga antsika mankany amin'i Kristy dia ny fomba fifampitondrantsika tamin'ny olon- kafa'" (tao amin'ny Conference Report, Apr. 1992, p. 25; na ny *Ensign,* Mey 1992, p. 20).

6. Ampio ny ankizy hianatra tsianjery ny fanekempinoana fahatelo ambin'ny folo. Resaho ny fomba nampiharana izany teo amin'ny fomba fiainan'ny Nefita taorian'ny nitsidihan'i Jesoa Kristy azy sy ny fomba ahafahantsika miaina izany amin'izao fotoana izao.

7. Vakio sy resaho nyFotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:23.

8. Hirao na vakio ny tonon'ny "Je ressens son amour" (*Chants pour les enfants*, p. 42) na ny "Pour trouver la paix" (*Chants pour les enfants*, p. 68).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona fa afaka manandrana miaina fiadanana sy fahasambarana isika, raha miaina amim-panetren-tena tahaka ny nampianarin'ny Mpamonjy antsika. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny 4 Nefia 1:1–18 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br><br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

Lesona
39

# Nanatri-mason'ny Faharavan'ireo Nefita i Môrmôna

**Tanjona**

Manamafy ny fanirian'ireo ankizy tsirairay hitoetra mahatoky amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy na dia eo aza ny herin'ny ratsy manodidina antsika.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Môrmôna 1–6. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Fanazavana enina voasoratr'i Môrmôna araka ny hita ao amin'ny Asa hisarihana ny saina.
   d. Sary 4-1, Manambatra ireo takelaka i Môrmôna (Jeu d'Illustration de l'Evangile 306; 62520 ary ny 4-51, Manao veloma farany ilay firenen-dehibe iray nidaraboka i Môrmôna (Jeu d'Illustration de l'Evangile 319; 62043).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Soraty eny amin'ny solaitrabe ny teny hoe: *Môrmôna*.

- Inona no eritreretinareo rehefa mandre io teny io ianareo?

Rehefa avy nifanakalo hevitra tamin'ny zavatra noeritreretiny ny ankizy, dia hazavao fa handeha hianatra momba an'i Môrmôna mpaminany izy ireo androany. Omeo iray avy amin'ireto fanazavana manaraka izay nosoratan'i Môrmôna ireto ny ankizy enina, ho tahaka ny tovolahy iray mamaky teny ao am-pianarana.

> Teraka tamin'ny taona 321 taorian'i J.K. aho.
>
> Fony aho folo taona dia nilazan'i Amarôna mpaminany ahy fa homena ahy ny takelaka lehiben'i Nefia, rehefa feno efatra amby roapolo taona aho (Môrmôna 1:2–4.)
>
> Fony aho iraika ambin'ny folo taona, dia nifindra tany Zarahemlà izay tanàna lehibe misy olona marobe izaho sy ny raiko. Tamin'io taona io no nanomboka ny ady. (Môrmôna 1:6–8.)
>
> Fony aho dimy ambin'ny folo taona dia notsidihin'i Jesoa Kristy aho ary tsapako ny fitiavany sy ny fahatsarany. (Môrmôna 1:15.)

> Fony aho enina ambin'ny folo taona, dia voatendry hitarika ny miaramila Nefita manontolo aho. (Môrmôna 2:1–2.)
>
> Noho ny faharatsian'ny oloko, dia nila nanao matanjaka aho amin'ny fitandremana ny didy sy fahatokiana ny Ray any an-danitra.

Hazavao amin'ny ankizy fa rehefa mianatra ny fiainan'i Môrmôna isika dia afaka mahafantatra ny fomba fiainana marina na dia misy aza ny fitarihan-dratsy eo amin'ny manodidina antsika.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Ampianaro ny tantaran'i Môrmôna nanambatra ireo takelaka lehibe an'i Nefia sy ny faharavan'ny Nefita ao amin'ny Môrmôna 1–6. Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Tamin'ny fomba ahoana ary nahoana no nahavoafidy an'i Môrmôna hitana ny rakitsoratra? (Môrmôna 1:2–4.) Inona araka ny hevitrao no ho tsapanao raha ianao no nomena andraikitra mitovy amin'izay nomena an'i Môrmôna aloha be teo amin'ny fiainany? Ahoana no ahafahanao manoman-tena hamita andraikitra masina toy izany?

- Inona no nitranga teo anivon'ny Nefita sy ny Lamanita tamin'io fotoana io? (Môrmôna 1:13.) Inona ireo fitahiana ara-panahy nolavin'ny Nefita noho ny faharatsiany? (Môrmôna 1:13–14.) Nahoana no zava-dehibe ny miaina toy izany mba hahafahantsika manana ny Fanahy Masina miaraka amintsika?

- Nahoana no tsy navela hampianatra ny filazantsara tamin'ny Nefita i Môrmôna? (Môrmôna 1:16–17.) Amin'ny fomba ahoana no mahasarotra ny miaina ao anatin'ny tontolo feno faharatsiana?

- Inona no nahatonga ny Nefita nanomboka nibebaka? (Môrmôna 2:10–11. Azonao ampahatsiahivina ny ankizy ny faminanian'i Samoela ao amin'ny Helamàna 13:18.) Nahoana no vetivety dia nivadika alahelo ny fahasambaran'i Môrmôna tamin'ny fibebahan'ny olona? (Môrmôna 2:12–15.) Ahoana no ahafahantsika mibebaka amin'ny fo?

- Nandritra ny ady, inona no nataon'i Môrmôna tamin'ilay takelaka lehiben'i Nefia? (Môrmôna 2:16–18.) Ampio ny ankizy hahafantatra fa nomena ny anaran'i Môrmôna ny Bokin'i Môrmôna, satria izy no mpaminany izay nanambatra sy namintina ny ao amin'ny takelaka lehiben'i Nefia. Asehoy ny sarin'i Môrmôna nanambatra ny takelaka lehiben'i Nefia. Io fanatambarana nataon'i Môrmôna sy ireo zavatra nampian'ny zanany lahy Môrônia ary ny takelaka kelin'i Nefia no takelaka volamena nalain'i Joseph Smith tamin'i Môrônia tao amin'ny Havoana Kômôrà.

- Nahoana no tsy nahomby tamin'ny ady ny Nefita, tsy tahaka ny tokony ho izy? (Môrmôna 2:26–27.) Inona no azontsika atao mba hananantsika ny "herin'ny Tompo" eo amin'ny fiainantsika?

- Inona no nitranga rehefa nampianatra ny Nefita momba ny fibebahana i Môrmôna? (Môrmôna 3:2–3.) Nahoana no tsy nihaino ny Ray any an-danitra sy ny mpaminaniny ny olona maro?
- Inona no nataon'i Môrmôna tamin'ny farany, noho ny faharatsian'ny olona? (Môrmôna 3:11.) Inona no nataony hampisehoany ny fiahiany ny momba azy? (Môrmôna 3:12.) Ahoana no tokony hoentintsika amim-bavaka ireo olona tsy mitandrina ny didin'ny Ray any an-danitra?
- Iza no mpaminany naminany ny amin'ny faharavan'ny Nefita? (Môrmôna 1:19; Môrmôna 2:10.) Inona ireo ady sarotra niaretan'ny vahoaka noho ny faharatsiany, hahatanteraka ireny faminaniana ireny? (Môrmôna 2:8, 20; 4:11, 21; 5:16, 18; 6:7–9.) Raha mahita ny fahasahiranana manjo ny namanao sy ny mpifanolobodirindrina aminao ianao, dia inona no irianao hatao ho azy ireo? Inona no azontsika atao hanampiana ny hafa hitandrina ny didin'ny Ray any an-danitra? (Jereo ny asa fanampiny 2.)
- Firy no isan'ny olona maty tamin'io ady io? (Môrmôna 6:10–15. Jereo ny asa fanampiny 3.) Inona no tsapan'i Môrmôna momba ny faharavan'ny olony? (Môrmôna 6:16–22.)

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Ifanakalozy hevitra ny tanjon'i Môrmôna ny amin'ny fitehirizana ny rakitsoratra (Môrmôna 3:20–22; 5:14–15). Omeo andininy iray avy farafaharatsiny ny ankizy hovakiana mba hahitany ny valiny.
2. Iangavio ny ankizy tsirairay hanonona didy iray sy hilaza izay ho mety fiovana tao Zarahemlà na tao an-tanànany, raha niaina na dia io didy iray io ihany aza ny tsirairay.
3. Ifanakalozy hevitra ny habetsahan'ny olona potika. Ampitahao amin'ny tanàna iray misy olona 230.000 maty izany, ka efatra ambin'ny roapolo ihany no olona sisa velona.
4. Avereno jerena miaraka amin'ny ankizy ireo fitahiana ananantsika noho ny finoana lehibe sy ny herin-tsain'i Môrmôna hijoro amin'ny marina teo amin'ny andraikiny. Ampiaraho ao ireto zavatra manaraka ireto:

    Nanome ohatra izy tamin'ny nanehoany tamintsika ny fomba ijanonana mahatoky rehefa nohodidinin'ny ratsy.
    Nandrakitra ny tantaran'ny vahoakany an-tsoratra izy.
    Nanambatra ny tantaran'ny Nefita izy.
    Nanoratra taratasy ho an-janany lahy Môrônia izy, izay nanome antsika torohevitra sy fotopampianarana hendry.

    - Ahoana no anehoantsika ny fankasitrahantsika ny amin'ireo rakitsoratra masina ireo?

5. Hirao na vakio ny tonon'ny "Je ressens son amour" (*Chants pour les enfants*, p. 42), "Je veux suivre le plan de Dieu" (*Chants pour les enfants*, p. 86), na ny "Bien choisir" (Cantiques, p. 154).

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny Bokin'i Môrmôna sy amin'ny fomba ahafahany manampy antsika hitoetra mahatoky an'i Jesoa Kristy na dia eo aza ny fisarihan'ny devoly eo amin'ny manodidina antsika. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Môrmôna 1:1–7, 13–19 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br><br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

Lesona
40

# Notarihana tany amin'ny Tany Nampanantenaina ny Jaredita

**Tanjona**

Mamporisika ireo ankizy hikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainany manontolo.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Etera 1:1–4, 33–43; 2; 3; 6:1–13; sy ny Genesisy 11:1–9. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny Asa Fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Soraty eo amin'ny taratasy kely ny fehezan-teny hoe: "Mitsangàna, mihodina ary mipetraha mangina." Ampiasao avy eo ny fiteny eo ambany, manaova dika mitovy ampy amin'ireo fehezan-teny amin'ny fitenim-pirenena hafa ireo mba samy hanana iray avy ny ankizy.
   Alemana: Steh auf, dreh dieh um,und sitz still.
   Italiana: Alzati, girati. siediti, e stai tranquillo.
   Danoa: Rejs dig op, vend dig omkring, saet dig stille ned.
   Soedoà: Ställa upp, vánd dig omkring, sätt dig stilla ned.
   Frantsay: Lève-toi, tourne-toi, et assieds-toi tranquillement.
   Pôrtogey: Levante-se, vire-se, e-sente-se sileneiosamente!
   Espaniola: Ponte de pie, date unavuelta, y siéntate en sileneìo.
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Baiboly.
   d. Sary 4-44, Sarintanin'izao tontolo izao; 4-52, Mahita ny rantsan-tanan'ny Tompo ny rahalahin'i Jareda (Jeu d'Illustration de l'Evangile 318; 63478): 4-53, Ireo sambon'ny Jaredita; ary ny 4-9, I Jesoa ilay Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 240; 62572).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Omeo iray amin'ny taratasy misy ny fehezan-teny hoe: "Mitsangàna, mihodina ary mipetraha mangina" ny ankizy tsirairay, izay voasoratra amin'ny iray amin'ireo karazana fitenim-pirenana. Iangavio hanaraka ny toromarika eo amin'ny taratasiny ireo mpianatra.

- Nahoana no tsy ianareo rehetra no afaka manaraka ny toromarika?

Tantarao fohy ny momba ny tilikambon'i Babela ao amin'ny Genesisy 11:1–9.

- Tahaka ny inona izany raha tsy afaka mahazo ny tian'ny olona manodidina anao holazaina ianao? Hazavao fa hianatra momba ny fianakaviana iray izay niaina tamin'ny fotoan'ny tilikambon'i Babela ny ankizy androany.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampiasao ny sary amin'ny fotoana mahamety izany, dia ampianaro ny tantaran'ny Jaredita notarihana tany amin'ny tany nampanantenaina ao amin'ny Etera 1–3 sy ny Etera 6:1–13 ny ankizy. (Mba hahazoana sosokevitra amin'ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Iza moa ireo Jaredita ireo? (Etera 1:33.) Nahoana no tsy mba nokorokoroina (novaina na nokorontanina) ny fitenin'izy ireo? (Etera 1:34–37.)
- Inona no nangatahin'ny rahalahin'i Jareda tamin'ny Ray any an-danitra? (Etera 1:38.)
- Inona ny fiomanana nataon'ny Jaredita ho an'ny dia lavitra hodiaviny? (Etera 1:41; 2:2–3; 6:4.)
- Inona ny atao hoe: *desereta?* (Etera 2:3.)
- Ahoana no nitarihan'ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ny Jaredita tamin'ny diany ho any an-dranomasina? (Etera 2:4–6.) Ahoana no ahafahantsika mandray fitarihana avy amin'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika? (Valim-bavaka, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, amin'ny alalan'ny mpaminany sy ireo mpitarika hafa, amin'ny alalan'ny soratra masina.)
- Nahoana no notarihana ho any amin'ny tany nampanantenaina ireo Jaredita? (Etera 1:42–43.)
- Nahoana no tezitra tamin'ny rahalahin'i Jareda ny Tompo? (Etera 2:14.) Inona no nataon'ny rahalahin'i Jareda taorian'ny nibedesan'ny Tompo azy? (Etera 2:15.) Hazavao fa ny *bedy* dia tenenina amin'ny zavatra ratsy vitanao, amin'izay dia ho fantatrao ny manao zavatra tsara.
- Rehefa kely sisa ny famitàna ny sambokely, inona ireo zavatra roa manahirana nilan'ny rahalahin'i Jareda fanampiana? (Etera 2:19.) Inona no nandrasan'ny Tompo tamin'ny rahalahin'ny Jareda mba hamahany ny olana amin'ny fanazavana ny sambokely, alohan'ny hanomezany azy torolalana? (Etera 2:23, 25; 3:1.) Inona ny zavatra azo ianarana avy amin'ny traikefan'ny rahalahin'i Jareda mba hamahana ny olana mahazo antsika?
- Noho ny finoany lehibe an'i Jesoa Kristy, dia inona no nataon'ny rahalahin'i Jareda mba hampisy hazavana ny sambony? (Etera 3:1, 4–5.) Ahoana no nanampian'i Jesoa Kristy azy? (Etera 3:6.) Ahoana no fomba ahafahantsika mampihatra ny finoantsika an'i Jesoa Kristy?
- Inona no hitan'ny rahalahin'i Jareda rehefa nihanazava ny vato? (Etera 3:6–8.) Nahoana no afaka nahita an'i Jesoa Kristy ny rahalahin'i Jareda?

(Etera 3:9–15.) Inona no fantatry ny rahalahin'i Jareda momba ny vatan'i Jesoa Kristy? (Etera 3:6, 15–17.) Ampio ireo ankizy hahatakatra fa ny vatana fanahin'i Jesoa Kristy no hitan'ny rahalahin'i Jareda, izay tena mitovy amin'ny vatana nofon'i Jesoa Kristy izay noraisiny tamin'ny nahatongavany teto ambonin'ny tany.

- Inona ny olana natrehin'ny Jaredita rehefa namakivaky ny ranomasina izy? Ahoana no nanampian'ny Tompo azy? Inona no nataon'ireo Jaredita? (Etera 6:5–9.)
- Inona no nataon'ny Jaredita raha vao tody teny amin'ny sisin'ny tany nampanantenaina izy? (Etera 6:12–13.) Inona ireo fitahiana maha-velompankasitrahana anao? Ahoana no anehoantsika ny fankasitrahantsika ny Ray any an-danitra amin'ireo fitahiana noraisintsika?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Mampisehoa zavatra na sarin-javatra toy ny sarintany, tondro avaratra, fanilo mandeha amin'ny vatoaratra sy ny sisa. Asaivo resahin'ny ankizy ny fomba anampian'ny zavatra tsirairay mba hitarika antsika. Asehoy ny sarin'i Jesoa Kristy ary resaho ny fomba andraisantsika fitarihana ara-panahy eo amin'ny fiainantsika.
2. Avereno jerena sy resahina ny fanekempinoana fahaefatra. Asehoy ny sarin'i Jesoa Kristy, ary anontanio ny ankizy ny antony hiheverany fa ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo no fitsipika voalohany amin'ny filazantsara. Resaho ny antony tsy maintsy ananantsika finoana alohan'ny hahafahantsika mibebaka, atao batisa ary mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina. Avelao ny ankizy hanome ohatra amin'ny fomba fanatsaran'ny finoana an'i Jesoa Kristy ny fihetsika sy ny fitondran-tenantsika. Antitrantero ny hery lehibe izay mety ho antsika rehefa mampitombo ny finoantsika Azy isika.
3. Amin'ny fampiasana solaitrabe na peta-drindrina, manaova tabilao misy efajoro miisa 9, telo isaky ny laharana. Zarao vondrona roa ireo ankizy ao am-pianarana, ny andaniny mampiasa ny *x* ary ny ankilany ny *o*. Rehefa voavaly ara-dalàna ny fanontanina omena anareo, dia hifidy ny toerana hametrahany ny *x* na ny *o* ilay vondrona. Ny tanjona dia ny ahazoana *x* telo na *o* telo mitandahatra. Raha misy fanontaniana tsy voavalin'ny andaniny, dia afaka mamaly io fanontaniana io ny vondrona ankilany. (Jereo ny lesona 18ho fanampim-panazavana). Ny manaraka dia fanontaniana azo anaovana famerenana ny momba ny Jaredita (Mila manampy hafa ianao):

   Firy ny vato napetraka isaky ny sambo? (Roa.)

   Hafiriana no namakivakian'i Jareda, ny rahalahiny ary ny fianakaviany sy ny namany ny ranomasina? (Herintaona teo ho eo.)

   Inona no anaran'ilay tilikambo avobe naorin'ireo olona ratsy fanahy? (Tilikambon'i Babela.)

   Nahoana no nanomana vato kely enina ambin'ny folo ny rahalahin'i Jareda? Hanaovana loharanom-pahazavana ho an'ny dia lavitra izorany.)

   Ahoana no nanaovan'i Jesoa Kristy ny vato tsirairay mba hamiratra? (Tamin'ny alalan'ny heriny no nikasihany izany tamin'ny ratsan-tanany.)

4. Hirao na vakio ny tonon'ny "I Need My Heavenly Father" (*Children's Songbook,* p. 18) na ny "Zanaky ny Ray aho" (Fihirana sy Hiran'ny Ankizy, p. 113).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona fa afaka mandray fitarihana avy amin'ny Fanahy Masina ny ankizy tsirairay raha miaina amim-pahamendrehana ny hanana ny Fanahy amin'ny fiainany. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Etera 3:6–16 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

Lesona
41

# Mandà ny Mpaminany ireo Jaredita

| | |
|---|---|
| **Tanjona** | Manampy ireo ankizy tsirairay hanana faniriana handresy ny ratsy eo amin'ny fiainany manokana, amin'ny fifidianana hihaino sy hankatò ny mpaminany. |

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Etera 2:10–12; 11:1–5; 12:1–5; 13:13–22; 14:1–2, 21; 15:1–6, 18–34; sy ny Ômnia 1:20–21. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sary 4-54, Mandrakitra an-tsoratra ny tantaran'ireo Jaredita i Etera.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

*Asa hisarihana ny saina*

Manontania zavatra mitovitovy amin'ireto manaraka ireto:

- Inona no mety hitranga raha misafidy hanindrona paingotra ny balaonina iray ianao?
- Inona no mety hitranga raha misafidy hanatsahatra ny hanondraka ny zavamaniry ao an-tokantranonao ny fianakavianao?
- Inona no mety hitranga raha misafidy ny hiari-tory ianao ka tsy ho ampy torimaso?

Hazavao amin'ny ankizy fa misy vokany ny safidy rehetra ataony. Ny vokany dia izay mitranga aorian'ny safidy ataontsika. Mampianatra ny ankizy ny vokatry ny safidy tsara ny soratra masina, ny mpaminanintsika satria tian'ny Ray any andanitra hanao safidy tsara isika. Mikasika ireo Jaredita sy i Etera mpaminany ity lesona ity. Niteny tamin'ireo Jaredita i Etera, fa raha nifidy ny tsy hibebaka izy ireo, ny ho vokatr'izany dia mety ho rava ny vahoakany manontolo.

*Tantara ao amin'ny Soratra Masina*

Ampianaro ny ankizy ny tantara momba ny faharavan'ny Jaredita ao amin'ny soratra masina voatanisa ao amin'ny fizarana "Fanomanana." (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Ampahafantaro fa nampianatra ny olona hanana finoana an'i Jesoa Kristy sy hibebaka ny mpaminany, kanefa noho ny nandavana sy namonoan'ny olona ny mpaminany, dia rava tanteraka ny sivilizasionan'ireo Jaredita. Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany.

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no atao hoe fahafahana misafidy? (Ny fahafahana misafidy malalaka.) Nahoana no nomen'ny Ray any an-danitra fahafahana misafidy isika? Ampio ireo ankizy hahatakatra fa hivoatra isika ary hianatra rehefa manao safidy. Fantatry ny Ray any an-danitra fa tsy hanampy antsika hianatra ho lasa tahaka Azy ny fanereny antsika.
- Inona no nataon'ny Jaredita ny mpaminany izay naminany ny faharavany? (Etera 11:1–5.) Inona no azon'ny Jaredita natao hisorohana ny faharavany? Hazavao fa afaka mifidy lalandava ny hibebaka isika ka hisoroka ny vokatra ateraky ny ota izay ataontsika.
- Iza i Kôriantomira? (Etera 12:1.) Iza moa i Etera? (Etera 12:2.) Inona no nolazain'i Etera tamin'ireo Jaredita? (Etera 12:3–4.)
- Inona ny fihetsiky ny vahoaka manoloana ny fampianaran'i Etera? (Etera 13:13.) Taiza no niafina i Etera? (Etera 13:14.) Inona no nataony nandritra ny nahatao an-johy azy? Nahoana araky ny hevitrao no nandà tsy hihaino ny mpaminany ny olona sasany?
- Inona no nandidian'i Jesoa Kristy an'i Etera holazainy an'i Kôriantomira? (Etera 13:20–21.) Ahoana no namalian'i Kôriantomira sy ny Jaredita an'i Etera? (Etera 13:22.)
- Inona no loza be tonga tamin'ny tany noho ny haratsiam-panahin'ny vahoaka? (Etera 14:1–2, 21; 15:2.) Ho toy ny ahoana ny miaina miaraka amin'ireo olana ireo araky ny hevitrareo?
- Inona no vokatry ny fahafahantsika misafidy mba hanao safidy tsara? Asaivo manolotra ohatra momba ny safidy sy ny vokatra tsara ireo ankizy. Inona no vokatry ny safidy ratsy ataontsika? Manomeza ohatra momba ny safidy ratsy sy ny vokany.
- Inona no nosoratan'i Kôriantomira tao amin'ny taratasy ho an'i Siza, ilay fahavalo mpitari-tafiky ny mpanohitra? (Etera 15:4.) Inona no navalin'i Siza? (Etera 15:5.) Ahoana no fihetsik'i Kôriantomira sy ny vahoakany tamin'ny vahoakan'i Siza? (Etera 15:6.)
- Nahoana no nanohy niady ny vahoaka? (Etera 15:18–19.) Inona no ho nitranga raha nankatò an'i Etera mpaminany ireo Jaredita? (Etera 13:20.)
- Iza ireo miaramila Jaredita roalahy farany? (Etera 15:29.) Iza ilay iray mbola velona? (Etera 15:30–32.) Iza no nahita an'i Kôriantomira? (Ômnia 1:20–21.) Inona no nataon'i Etera mpaminany tamin'ny rakitsoratra izay nosoratany momba ny Jaredita? (Etera 15:33.) Inona no fijoroana ho vavolombelona farany nataon'i Etera? (Etera 15:34.) Inona no tokony ho tanjona faran'izay manan-danja indraindray amm'ny fiainantsika?
- Inona no ho tsapanao araka ny hevitrao raha i Etera ianao ary nahita ny faharavan'ny vahoaka noho ny tsy fankatoavany?

- Inona no mety azon'ny Jaredita natao hisorohana io antambo io? Ahoana no manampy antsika ankehitriny ny fifidianana hanaraka ny mpaminany velona? Inona avy ireo fampianarana sasany nomen'ny mpaminany velona amin'izao fotoana izao? Inona avy no fitahiana ho azo raha manaraka ny toroheviny isika?

Afaka mampiasa ny asa fanampiny 3 ianao ho toy ny famerenana ny lesona.

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Mizarà lahateny vao haingana tamin'ny fihaonambe nataon'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo izay azo ampiharina ao amin'ny kilasinao. Anontanio ny ankizy ny amin'ny fomba ahafahany manaraka ny mpaminany velona, ary soraty eny amin'ny solaitrabe ny sosokeviny. Asaivo misafidy fomba iray ny ankizy hahafahany manaraka ny mpaminany mandritra ny herinandro ho avy.

2. Alohan'ny fotoam-pianarana, dia soraty amin'ny taratasy mitsitokantokana ny litera amin'ny teny*fankatoavana*, ary afeno manerana ny efitrano fianarana izany. Hazavao amin'ny ankizy fa nanafina litera vitsivitsy ianao. Manomeza torolalana manokana azy ireo mba hitadiavany ny litera tsirairay. Rehefa hita avokoa ny litera rehetra dia apetraho eny amin'ny gorodona na eny amin'ny solaitrabe mba hanome teny *fankatoavana.*Anontanio ny fomba nahafahany nahita ireo litera rehetra ireo. Ampianaro ny ankizy hifidy ny hankatò fa tian'ny Raintsika any an-danitra isika. Ny fianarana mahay mankatò no iray amin'ny antony lehibe maha-eto an-tany antsika. Tian'ny Ray any an-danitra ampiasaintsika ny fahafahantsika misafidy ka hifidy ny hankatò ny torohevitry ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana isika. Anontanio ny ankizy amin'izay heveriny fa zavatra manan-danja indrindra azony atao mba hahasambatra azy. Avereno jerena indray ny taratasy izay manome ny teny*fankatoavana.*Ampahafantaro fa manambara amintsika ao anatin'ny soratra masina sy amin'ny alalan'ny mpitarika ny Fiangonana ny zavatra tiany hataontsika ny Ray any an-danitra. Rehefa mampiasa ny fahafahana misafidy isika mba hankatò sy hanao izay lazainy, dia hanampy antsika hahita fahasambarana Izy.


3. Manaova tapa-taratasy misy teny ahitana irete teny manaraka ireto:

   Fahamarinana
   Fitahiana
   Firoboroboana
   Fiavonavona
   Faharatsiana
   Fijaliana na faharavana
   Fanetren-tena
   Fibebahana

   Hazavao fa hatramin'izay, rehefa manao ny rariny ny olona, dia notahian'ny Ray any an-danitra tamin'ny firoboroboana izy ireo. Indrisy anefa, afaka mitondra fiavonavonana sy faharatsiana ary indraindray faharavana tanteraka io firoboroboana io.

   Hazavao fa izany no nitranga tamin'ny Jaredita. Tany am-boalohany dia olona marina izy ary notahiana sy niroborobo. (Manaova faribolana lehibe eo amin'ny solaitra be, ary asaivo apetraky ny ankizy eny ny tapa-taratasy misy

teny hoe: “Fahamarinana,” “Fitahiana,” ary “Firoboroboana” eo amin’ny toerana natokana ho an’izany eo amin’ny faribolana [Jereo ny fanazavana manaraka].) Nanjary niavonavona sy nandà ny mpaminany avy eo ny Jaredita. Nanjary nasiaka ny olona ary potika tanteraka. (Asaivo apetraky ny ankizy ny tapa-taratasy misy teny hoe: “Fiavonavonana,” “Faharatsiana,” “Fijaliana na faharavana” eo amin’ny toerana sahaza izany eo amin’ny faribolana.) Hazavao fa raha nanetry tena ny Jaredita talohan’ny faharavany, dia ho afaka niverina nigoka ny fahasoavana azo avy amin’ny fiainana marina. (Asaivo apetraky ny ankizy ny tapa-taratasy misy teny hoe: “Fanetren-tena” sy “Fibebahana.”) Ampio ireo ankizy hahatakatra fa mateti-pitranga eo amin’ny fiainantsika manokana tahaka ny hisehoany eo amin’ny tantaram-pirenena maro io hodina io.




4. Asaivo manao ny tahadika ho an’ny tenany manokana amin’ny fihodin’ny tantara ireo ankizy mba ho entiny any an-tranony sy hozarainy amin’ireo fianakaviany. Azon'ny ankizy atao araky ny mety amin’ny tenany manokana izany ka ampidiriny ao ny hoe: “mihaino ireo mpaminany,” “mankatò ireo ray aman-dreny,” “mivavaka isan’andro,” “maneho fankasitrahana,” “fanompoana ny hafa,” sy ny sisa.
5. Hirao na vakio ny tonon’ny “Suis les prophètes” (*Chants pour les enfants*, p. 58), “Keep the Commandments” (*Children’s Songbook*, p. 146), na ny “Proclamons la vérité” (*Chants pour les enfants*, p. 92).

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona fa raha misafidy ny hihaino sy hanaraka ireo mpaminanin’ny Ray any an-danitra isika dia hotahiana sy afaka handresy ny faharatsiana. |
| Fizarana fahalalana amin’ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin’ny fianakaviany ampahany manokana tamin’ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin’ny fianakaviany ny “Vakiteny Enti-mody” ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Etera 13:13–22 sy ny Etera 15:33–34 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.<br>Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

Lesona 42

# I Môrônia sy ireo Rakitsorany

**Tanjona**

Manampy ireo ankizy ho tia hifidy ny tsara fa tsy ny ratsy mba hitahiana azy amin'ny fiantrana, ilay fitiavana madion'i Kristy.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Môrmôna 8:2–6 sy ny Môrônia 1, 7–8. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sary 4-51, Manao veloma farany ilay firenena lehibe nidaraboka i Môrmôna (Jeu d'Illustration de l'Evangile 319; 62043)

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

*Asa hisarihana ny saina*

Asehoy ny sary Manao veloma farany ilay firenena lehibe nidaraboka i Môrmôna, ary anontanio ny ankizy hoe: iza ireo lehilahy eo amin'ny sary.

Hazavao fa nanome ny ampahany tamin'ny rakitsoratra masina ho an'ny zanany lahy Môrônia i Môrmôna mba hiarovana izany amin'ny Lamanita sy hamitan'i Môrônia ny tantara. Asaivo vakian'ny ankizy ny tenin'i Môrônia ao amin'ny Môrmôna 8:2–5.

Ampio ny ankizy hikajy ny fotoana nitoeran'i Môrônia irery, ka hitady ny taona nanaovan'ny Nefita ady farany, eny amin'ny faran'ny pejy ao amin'ny Môrmôna 6. Avy eo dia asaivo ampifanalan'ny ankizy amin'ny daty voasoratra eo amin'ny farany ambany amin'ny pejy misy ny Môrônia 10 izany daty izany. (421 - 385 = 36 taona.)

Anontanio ny ankizy hoe hafiriana izy no efa mba nitoetra irery. Ampio izy haka sary an-tsaina hoe manao ahoana izany mitoetra irery mandritra ny enina ambin'ny telopolo taona izany.

Hazavao fa nandia toe-javatra sarotra maro i Môrônia mba hamenoana ny takelaka volamena ka mba ho lasa any amin'ny taranaka ho avy izany ho toy ny Bokin'i Môrmôna ary hanampy antsika ho lasa tahaka an'i Jesoa Kristy.

Azonao atao koa ny mampiasa ny Asa hisarihana ny saina 1 ho toy ny fisarihana ny saina.

*Tantara ao amin'ny Soratra Masina*

Ampianaro ny ankizy ny tantara niainan'i Môrônia irery tany an-tany foana sy ny nanoratany ny tenin-drainy teo amin'ny takelaka, araka ny voalaza ao amin'ny

Môrmôna 8:2–6 sy Môrônia 1, 7–8. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Ho fanampin'ny famaranana ny rakitsoratry ny Nefita, dia nanoratra tantara fohy mahakasika ny sivilizasiona iray hafa i Môrônia. Iza ireo olona ireo? (Môrônia 1:1.)
- Inona no tsapan'i Môrônia momba an'i Jesoa Kristy? (Môrônia 1:2–3.) (Azonao atao ny mijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy, raha tianao.) Ahoana no afaka manampy antsika hifidy ny tsara ny fananana ny fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy?
- Inona no nosoratan'i Môrônia momba ny manao ny tsara? (Môrônia 7:6–8.) Nahoana no zava-dehibe ny manao asa amin'ny hatsaram-panahy miaraka amin'ny fihetsika tsara? Inona ireo fanomezam-pahasoavana nodidiana mba homentsika amin'ny maha-mpikambana antsika ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy? (Asa fanompoana, fitiavana, fankatoavana, fahafolonkarena, fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina.)
- Inona no nosoratan'i Môrônia momba ny fomba tokony hivavahantsika? (Môrônia 7:9.) Inona no azontsika atao mba hahatonga ny vavaka ataontsika ho amin'ny fo kokoa?
- Inona no fanahy nomena antsika rehetra mba hanampy antsika hanavaka ny tsara sy ny ratsy? (Môrônia 7:15–18. Hazavao fa ny fahazavan'i Jesoa Kristy no antsoina matetika hoe ny feon'ny fieritreretan'ny olona.) Inona no fanampiana famenony nalefan'ny Ray any an-danitra ho antsika rehefa vita batisa isika? (Ny Fanomezana ny Fanahy Masina.) Ahoana no ahafahantsika mampiasa io fahalalana io mba hakana fanapahan-kevitra? (Jereo ny asa fanampiny 2.)
- Inona no nosoratan'i Môrmôna momba ny fiantrana? (Môrônia 7:45, 47. Jereo ny asa fanampiny 3 sy 4.) Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny manana fiantrana? (Môrônia 10:21.)
- Inona no azontsika atao mba hananana ny fitiavana madion'i Kristy (fiantrana)? (Môrônia 7:48.) Inona ireo fitahiana nampanantenaina antsika, raha manana ny fitiavana madion'i Kristy isika?
- Inona no nosoratan'i Môrônia momba ny fanaovana batisa ny ankizy madinika? (Môrônia 8:8–10.) Inona no dikan'ny hoe tompon'andraikitra? (Afaka mamantatra ny tsara sy ny ratsy sy ho tompon'andraikitra amin'ny safidy natao.) Firy taona eo ho eo isika no tompon'andraikitra amin'ny ataontsika? (Valo taona; jereo ny F&F 68:25, 27.)
- Ahoana araka ny eritreritrao no mety ho hafa ny tantaran'ny Nefita sy ireo Jaredita raha nampihariny teo amin'ny fiainany ny fitsipiky ny fiantrana?

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Mila vỳ fotsy sy fantsika iray ianao amin'ity fampiasana ity. (Azo ampiasaina ho solon'ny vỳ fotsy ny sarona boaty iray lehibe. Takony amin'ny taratasy misy lakaoly ny sisiny maranitra rehetra.) Asaivo mifandimby mampiasa fantsika ny ankizy mba hisikotra litera iray na roa amin'ireto teny manaraka ireto: *Ankehitriny izaho Môrônia* . . . eo ambonin'ny takelaka na vỳ fotsy. Manehoa fankasitrahana amin'ireo mpitana ny rakitsoratra tao amin'ny Bokin'i Môrmôna, izay nisokitra ny tenin'Andriamanitra tamin'ny takelaka vỳ.

2. Ampiasao ny ohatra manaraka na ny mitovitovy amin'izany, ka azo ampiharina amin'ny fampianaranao. Asaivo mampiasa ny Môrônia 7:16 ny ankizy mba hanampy azy hisafidy ny tsara amin'ny ratsy.

   Nilalao baolina niaraka tamin'ny namanao ianao ary nisy ankizy iray tsy dia mahay milalao loatra te-hiaraka amin'ny ekipanao. Nilaza taminao ny namanao iray fa raha milalao ao anatin'ny ekipanao io olona io dia ho resy ianareo. Nihevitra ny hiteny ilay zaza tsy hiaraka hilalao aminareo ianao. Manontania tena manao hoe: "Moa va manasa ahy hanao ny tsara sy hino an'i Jesoa Kristy ity safidiko ity?"

   Nijery sarimihetsika izay nampiseho sary mamoafady naharitra segondra vitsy ianao. Nahatsiaro sadaikatra ianao handao ny sarimihetsika. Manontania tena manao hoe: "Moa va manasa ahy hanao ny tsara sy hino an'i Jesoa Kristy ny fijerena ilay sarimihetsika?"

   Tao amin'ny magazay iray aho, raha nanao fahadisoana ny mpiasa iray ka tsy nampadoa ahy ny vola marina tokony haloako amin'ireo zavatra novidiako. Fantatrao fa mihoatra be ny vidin'ireo entana noho ny nasaina naloanao, nanao fahadisoana anefa ilay mpivarotra. Manontania tena manao hoe: "Moa va manasa ahy hanao ny tsara sy hino an'i Jesoa Kristy ny fandoavako ireo vidin-javatra diso?"

   Niangavy anao hamaky ny Bokin'i Môrmôna isan'andro ny evekanao. Indraindray, dia sarotra aminao ny mahazo ny teny tian'ny soratra masina ambara. Manontania tena manao hoe: "Moa va manasa ahy hanao ny tsara sy handresy lahatra ahy hino an'i Jesoa Kristy ny famakiako isan'andro ny soratra masina?"

3. Hazavao ny toetra tsara momba ny fiantrana hita ao amin'ny Môrônia 7:45 amin'ny fampiasana fomba fiteny izay azon'ny ankizy ny dikany. Azonao atao ny mangataka ny ankizy hampifandray ny fanazavanao amin'ny famaritana nataon'i Môrônia.

   Mahari-pery: manana faharetana
   Tsara fanahy: tia olona, tsy masiaka na ratsy fanahy
   Tsy mitsiriritra: tsy be fialonana
   Tsy mieboebo: manetry tena, tsy miavonavona
   Tsy mikatsaka ny ho an'ny tena: tsy tia tena
   Tsy mora tezitra: tsy mora sosotra, mora mamela
   Tsy misaina ny ratsy: mahatoky, mitady ny tsara
   Mifaly amin'ny fahamarinana: marin-toetra
   Mizaka ny zava-drehetra: mankatò
   Mino ny zava-drehetra: mahatoky

Manatena ny zava-drehetra: tsy mora kivy, manana fahatokiana
Miaritra ny zava-drehetra: mahari-pery, mahatoky hatrany amin'ny farany

4. Nanana ny fitiavana madion'i Jesoa Kristy i Môrônia. Ampio ny ankizy hitady ny ohatra manaraka momba ny fiantrana nananan'i Môrônia, na ampiasao ny ohatra manaraka rehefa mitantara amin'ny ankizy ny momba an'i Môrônia ianao.

   Mahari-pery: Niaina irery mihoatra ny enina amby telopolo taona nitana tamim-paharetana ny rakitsoratra i Môrônia. (Môrmôna 8:5.)

   Tsara fanahy: Nivavaka ho antsika i Môrônia ary tia ny rahalahiny. (Etera 12:36, 38.)

   Tsy mitsiriritra: Hitan'i Môrônia ny vaninandro iainantsika ary nanoro hevitra ho antsika izy mba tsy hialona sy tsy hieboebo. (Môrmôna 8:35–37.)

   Tsy mieboebo: Nanetry tena noho ny fahalemeny amin'ny fanoratana i Môrônia. (Etera 12:23–25.)

   Tsy mikatsaka ny ho an'ny tena: Niasa sy nivavaka ho antsika tsy nitady tambiny i Môrônia mba hananantsika fahalalana ny amin'i Jesoa Kristy. (Môrmôna 9:36; Etera 12:41.)

   Tsy mora tezitra: Namela ny fahavalony i Môrônia ary niasa mafy hanoratra zavatra izay nantenainy fa hitondra soa ho azy ireo. (Môrônia 1:4.)

   Tsy misaina ny ratsy: Nanentana antsika hihazona ny tsara sy tsy hikasika ny ratsy i Môrônia. (Môrônia 10:30.)

   Mifaly amin'ny fahamarinana: Nanao ny marina i Môrônia. (Môrônia 10:27.)

   Mizaka ny zava-dehetra: Satria tsy nandà an'i Jesoa Kristy i Môrônia dia voatery nirenireny irery mba hiarovany ny tenany. (Môrônia 1:2–3.)

   Mino ny zava-drehetra: Namporisika antsika hino an'i Jesoa Kristy i Môrônia. (Môrmôna 9:21.) Lehibe tokoa ny finoan'i Môrônia ka afaka nahita an'i Kristy nifanatri-tava taminy izy. (Etera 12:39.)

   Manantena ny zava-drehetra: Fantatr'i Môrônia ny maha-zava-dehibe ny fanantenana. (Etera 12:32.)

   Miharitra ny zava-drehetra: Nahatoky hatrany amin'ny farany i Môrônia. (Môrônia 10:34.)

5. Nahazo taratasy avy any amin'ny rainy i Môrônia fony izy voantso ho amin'ny asa fanompoana voalohany. Tao anatin'ilay taratasy no nanehoan'i Môrmôna ny fitiavany, ny fankatelemany ary ny fiahiany ny zanany lahy (jereo ny Môrônia 8:2–3). Alohan'ny lesona dia asaivo manoratra taratasy maneho fitiavana sy fankatelemana ho an'ny ankizy tsirairay ao am-pianarana ny ray aman-dreniny, na ny havany na ny namany olon-dehibe. Omeo ny ankizy ireo taratasy ireo, rehefa manazava ny fitiavana nananan'i Môrmôna ho an- janany Môrônia ianao. Ampahafantaro fa nisy lanjany tamin'i Môrônia io taratasy io; nentiny niaraka taminy rehefa nandositra ny fahavalony izy. Asaivo mitahiry ny taratasy azony ireo ankizy ho fampahatsiahivana ny fitozoana hanao zavatra tsara izay hahafaly ny ray aman-dreniny sy ny Tompo.

6. Avereno jerena ny fanekempinoana fahatelo ambin'ny folo.

7. Hirao na vakio ny tonon'ny "Jésus-Christ est mon modèle" (*Chants pour les enfants*, p. 40).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Manehoa fankasitrahana an'i Môrônia ary mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ny rakitsorany. Ambarao fa afaka ho lasa tahaka an'i Kristy tsikelikely isika. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Môrônia 1; 7:5–19, 43–48 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

# Mampianatra ny Finoana an'i Jesoa Kristy i Môrônia

Lesona 43

| | |
|---|---|
| **Tanjona** | Mamporisika ireo ankizy tsirairay hampihatra ny finoana an'i Jesoa Kristy. |

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Etera 12:6–41 sy ny Môrônia 7:21–28, 33–34. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Manomàna tapa-taratasy fito misy teny (ao amin'ny Etera 12:6) ho an'ny Asa hisarihana ny saina.
   Ny finoana dia
   zavatra
   izay
   antenaina
   kanefa
   tsy
   hita
4. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sary 4-9, I Jesoa ilay Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 240; 62572.)

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

*Asa hisarihana ny saina*

Alohan'ny fotoam-pianarana, dia apetaho eny amin'ny solaitrabe na rindrina ny tapa-taratasy misy teny hoe: "Ny finoana dia" sy ny sarin'i Jesoa Kristy. Apetraho tsirairay any ambanin'ny sezan'ny ankizy ny iray amin'ny tapa-taratasy valo misy teny hafa ho famaritana ny atao hoe finoana.

Asaivo tadiavin'ny ankizy ireo tapa-taratasy misy teny ireo ka entiny eny anoloana rehefa hitany ary apetrany araka ny filaharany.

Vakio sy resaho ny soratra masina nofenoina (Etera 12:6).

- Inona no zavatra izay tsy mbola hitanao ka tianao ho hita? Ahoana no ahafantaranao fa misy izy ireny?
- Na dia mbola tsy hitantsika tamin'ny masontsika aza i Jesoa Kristy, ahoana no ahafantarantsika fa velona Izy?

- Inona no atao hoe manana finoana an'i Jesoa Kristy? (Manana finoana ampy sady matanjaka an'i Jesoa Kristy mba hankatoavantsika Azy sy hikatsahantsika ny ho lasa tahaka Azy.)
- Inona ireo fomba ahafahan'i Jesoa Kristy manampy anao raha manana finoana Azy ianao? (Afaka manome fampiononana, fitarihana, fiadanana, hery ary fanasitranana ho anao Izy.)

Hazavao fa mampianatra momba ny olona maro izay nandray fahasoavana lehibe sy nahatanteraka fahagagana noho ny finoana an'i Jesoa Kristy ny Bokin'i Môrmôna.

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny ankizy ny fampianaran'i Môrmôna sy i Môrônia momba ny finoana ao amin'ny Môrônia 7:21–28, 33–34 sy ny Etera 12:6–41. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Hazavao fa nanoratra momba ny olona maro izay notahiana tamin'ny alalan'ny finoany i Môrmôna sy i Môrônia (jereo ny asa fanampiny 2).

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no nolazain'i Jesoa Kristy fa horaisintsika, raha manana finoana Azy isika? (Môrônia 7:33.) (Jereo ny asa fanampiny 1.)
- Inona no nampianarin'i Môrônia momba ny fomba andraisana teny vavolombelona, na fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny filazantsara? (Etera 12:6.) Inona no atao hoe: "fizahana toetra ny amin'ny finoanao"? (Fisedrana ny finoana amin'ny fomba rehetra.)
- Hazavao fa manana fahalemena ny olona tsirairay. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fananana finoana an'i Jesoa Kristy manampy antsika handresy ny fahalementsika? (Etera 12:27.)
- Inona ireo zavatra izay hanampian'ny finoana an'i Jesoa Kristy antsika hanao zavatra? (Mivavaka, mandray valim-bavaka, mibebaka, atao batisa, manaraka ny bitsiky ny Fanahy Masina, manampy ny hafa, manohitra ny fakam-panahy, mandoa ny fahafolonkarena, miatrika ny zava-tsarotra, miteny "azafady," manatrika any am-piangonana, mankatò ny Tenin'ny Fahendrena, sy ny sisa.)
- Inona no fampanatenana momba ny vavaka omen'ny Ray any an-danitra ny olona izay manana finoana? (Môrônia 7:26.) Ahoana no namaliana ny vavaka nataonao?

Omeo fotoana ny ankizy anehoany izay fihetseham-pony momba an'i Jesoa Kristy. Hazavao fa mampiseho ny fananany finoana Azy ireo fahatsapana ireo.

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Apetraho ao anatin'ny boaty iray, eo amin'ny taratasy kely mitsitokantokana ny anaran'ny olona tsirairay manaraka. Asaivo mifandimby mifidy taratasy

kely ny ankizy ary mampiasà ny sary mifanaraka amin'izany; tantarao fohy indray ny fomba nitahiana tamin-kery ireo olona voalaza eo amin'ny taratasy ireo noho ny finoany an'i Jesoa Kristy.

Nahatonga ny fonja hirodana i Almà sy i Amioleka. (Almà 14:26–28.) Asehoy ny sary 4-29, I Almà sy i Amioleka mivoaka ny fonja rava.

Nogadraina i Nefia sy i Lehia ary nodidinin'afo. (Helamàna 5:44–52.) Asehoy ny sary 4-41, Tao am-ponja i Nefia sy i Lehia.

Namonjy ny andian'ondrin'ny Mpanjaka Lamônia i Amôna. (Almà 17:29–18:3; 26:12.) Asehoy ny sary 4-30, Miaro ny andian'ondrin'ny Mpanjaka Lamônia i Amôna (Jeu d'Illustration de l'Evangile 310; 62535.)

Hitan'ny rahalahin'i Jareda ny vatana fanahin'i Jesoa Kristy, ary nafindrany ny tendrombohitra. (Etera 3; 12:30.) Asehoy ny sary 4-52, Nahita ny rantsan-tanan'i Tompo ny rahalahin'i Jareda (Jeu d'Illustration de l'Evangile 318; 62478.)

Lany tany am-piadiana ny fiainan'ny miaramila roa arivolahy. (Almà 56:44–56.) Asehoy ny sary 4-40, Miaramila Tanora Roa Arivolahy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 313; 62050).

Nahazo ireo takelaka varahina i Nefia. (1 Nefia 4:1–31.) Asehoy ny sary 4-8, Niverina tany amin'i Lehia niaraka tamin'ny Takela-barahina i Nefia.

Notarihin'ny Liahona tany amin'ny tany nampanantenaina i Lehia sy ny fianakaviany. (1 Nefia 16:28–29; 1 Nefia 18:23.) Asehoy ny sary 4-20, Tonga tany amin'ny Tany Nampanantenaina i Lehia sy ny Vahoakany (Jeu d'Illustration de l'Evangile 304; 62045).

Niseho tamin'ny mpianany tamin-kery lehibe i Jesoa Kristy. (Etera 12:31.) Asehoy ny sary 4-45, Mampianatra tany amin'ny Ilam-bolan-tany Andrefana i Jesoa (Jeu d'Illustration de l'Evangile 316; 62380).

Vonona ny ho faty ny amin'ny fijoroany ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy i Abinadia. (Môsià 17:7–20.) Asehoy ny sary 4-22, Abinadia teo anoloan'i Noa mpanjaka (Jeu d'Illustration de l'Evangile 308; 62042).

2. Lalaovy ny Iza ary aho? Milalaova miaraka amin'ny ankizy. Omeo azy ireto famantarana manaraka ireto, ary asaivo vinavinainy ireo olona izay resahinareo.

Nivavaka andro aman'alina aho nampiasa ny finoako an'i Jesoa Kristy. (Enôsa.)

Noho ny finoana, dia niseho tamin'ny zanako lahy sy ireo efadahy zanak'i Môsià ny anjely hiantso azy hibebaka. (Almà.)

Nampiasa saina manokana aho mba hampirisika ny vahoakako hanana finoana an'i Jesoa Kristy sy hiady amin'ny fahafahany sy ny fianakaviany. (Kapiteny Môrônia.)

Noho ny finoako, dia nifidy hitondra ny fianakaviako aho ary nandeha niaraka tamin'i Lehia sy ny fianakaviany nankany an-tany foana. (Ismaela.)

Nanam-pinoana hiverina any Jerosalema aho haka ny takela-barahina. (Nefia.)

Namela ahy hahita ny rantsan-tanany sy ny tenany manontolo avy eo ny finoako an'i Jesoa Kristy. (Rahalahin'i Jareda.)

Ny finoanay an'i Jesoa Kristy, nampianarin'ny reninay, no nanavotra ny ainay tamin'ny ady. (Miaramila 2.000 lahy.)

Nanampy ahy hampihemotra andiana mpandroba izay nitady hamono ny ondrin'i Lamônia mpanjaka ny finoako an'i Jesoa Kristy sy ny faniriako hitory ny filazantsarany. (Amôna.)

Nahatonga ny fonja hirodana ny finoanay. (Almà sy i Amioleka.)

Rehefa nogadraina izahay dia nodidinina tamin'ny afo noho ny finoanay. (Nefia sy Lehia.)

Noho ny finoanay an'i Jesoa Kristy dia tsy hanandrana fahafatesana izahay. (Nefita telo.)

Notarihin'ny Liahona ho any amin'ny tany nampanantenaina izahay noho ny finoanay an'i Jesoa Kristy. (Lehia sy ny fianakaviany.)

3. Ifanakalozy hevitra ny fomba ahafahan'ny fampiasana manaraka manampy antsika hanamafy orina ny finoantsika an'i Jesoa Kristy.

   Fandalinana ny soratra masina: rehefa mianatra ny momba an'i Jesoa Kristy sy izay nataony ianao, dia hampitombo bebe kokoa ny fitiavana sy ny finoana ianao.

   Fivavahana: Azontsika atao ny mangataka ny Ray any an-danitra mba hanampy hanamafy orina ny finoantsika an'i Jesoa Kristy.

   Fankatoavana ny fampianaran'i Jesoa Kristy: Mitondra fahasambarana sy fiadanana ny fankatoavana ny didiny.

4. Ifanakalozy hevitra sy ataovy tsianjery ny fanekempinoana fahaefatra, ary hamafiso fa fitsipika voalohany amin'ny filazantsara ny finoana an'i Jesoa Kristy.

5. Hazavao fa avy amin'ny fahalalana sy fahatokiana ny finoana. Mba hampitombo ny finoana an'i Jesoa Kristy dia tsy maintsy manao izay ahafantarana Azy isika. Asaivo lazain'ny ankizy anao ny zavatra fantany momba an'i Jesoa Kristy sy ny fomba anampian'ny fahafantarana ny zavatra tsirairay hananana finoana Azy. Soraty eny amin'ny solaitrabe izany. Mety ho anisan'ny valiteny ny hoe: Zanakalahin'Andriamanitra Izy, velona Izy, tiantsika Izy, maty ho antsika Izy. Izy no Mpamonjy antsika, namela heloka antsika Izy, manana hery amin'ny zava-drehetra eto ambonin'ny tany Izy, fantany ny tsara ho antsika, tiany ny hanampy antsika hiverina eo anatrehany, niseho tamin'i Joseph Smith Izy sy ny Ray any an-danitra.

6. Omano ny tapa-taratasy misy teny hoe: "Nanorina ny finoantsika tamin'ny fankatoavana ny didin'ny Tompo isika" ary apetraho eny amin'ny solaitrabe na ny rindrina.

   Asao ny ankizy hitantara momba ny fotoana nankatoavany ny didy. Ampio izy hahatakatra fa ny safidy dia mampiseho ny finoany an'i Jesoa Kristy. Apetraho mifanao ambany ambony eny amin'ny solaitrabe na rindrina ny taratasy kely tsy misy soratra, toy ny hoe manangana rindrina ianao (na ataovy sary eny amin'ny solaitrabe izany). Asaivo marihin'ny ankizy eo amin'ny taratasy tsirairay ny zavatra ataony, izay manamafy orina ny finoany an'i Jesoa Kristy, toy ny mivavaka, mamaky ny soratra masina, mandoa ny fahafolonkarena, ho ohatra amin'ny fanaovana safidy marina, fankatoavana ray aman-dreny, mandray ny Fanasan'ny Tompo sy manaja ny didin'Andriamanitra sy ny sisa.

7. Hirao na vakio ny tonon'ny “La foi” (*Chants pour les enfants*,p. 50), “L'Eglise de Jésus-Christ” (Chants pour les enfants, p. 48), “The Fourth Article of Faith” (*Children's Songbook*, p. 124), na ny "Velona ilay Mpanavotra ahy" (Fihirana sy Hiran'ny Ankizy, lah. 76).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny fisian'i Jesoa Kristy fa misy marina Izy, ary amin'ny alalan'ny finoana Azy no ahazoantsika hery ho lasa tahaka Azy. Rehefa mandalina, mivavaka ary mankatò ny didiny isika dia hihamafy orina ny finoantsika. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny “Vakiteny Enti-mody” ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Etera 12:6–22, 41 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

Lesona
44

# I Môrônia sy ny Fampanantenan'ny Bokin'i Môrmôna

**Tanjona**

Mamporisika ireo ankizy hahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny Bokin'i Môrmôna sy handalina ny boky ary hiaina ny fampianarana ao anatiny mandritra ny androm-piainany.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Môrônia 10 sy ny Joseph Smith—Tantara 1:30–35, 59–60. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Vakiteny fanampiny: Môrmôna 8:1–4, 16 sy ny pejin-dohateny ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Fanamarihana: Ny pejy misy ny lohateny dia avy amin'ny fandikana ny takelaka farany tamin'ny takelaka volamena (jereo ny *History of the Church,* 1:71).
3. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny Asa Fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
4. Manaova tapa-taratasy misy teny hoe: *Fijoroana ho vavolombelona.*
5. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Sary 4-2, Manafina ny Takelaka tao amin'ny Havoana Kômôrà i Môrônia (Jeu d'Illustration de l'Evangile 320; 62462); 4-55, Miseho amin'i Joseph Smith ao amin'ny efitra fandriany i Môrônia (Jeu d'Illustration de l'Evangile 404; 62492); 4-3, Mandray ny takelaka volamena i Joseph Smith (Jeu d'Illustration de l'Evangile 406; 62012) ary ny 4-56, Ny Anjely Môrônia tao amin'ny Tempoly.

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Asehoy sy sary Manafina ny takelaka tao amin'ny Havoana Kômôrà i Môrônia. Hazavao fa mampiseho an'i Môrônia tany amin'ny faramparan'ny androm-piainany teto an-tany io sary io. Lazao ireo ankizy fa hifarana ihany koa ny fiana-rany ny Bokin'i Môrmôna.

Avereno ireto zavatra manaraka ireto izay mikasika ny fiainan'i Môrônia:

Namarana ny rakitsoratra masina i Môrônia. Novonoina i Môrmôna rainy; maty avokoa ny fianakaviany; tsy mba nana-namana izy. Nilaozany teny an-tsahan'ady ny tsipika, ny sabatra ary ny ampinga nenti-niady. Faharavana no hita teny rehe-tra teny. Taona maro no niainan'i Môrônia irery, niafina ny Lamanita sy niaro ny

rakitsoratra masina. Namintina ny takelaka volamena efatra amby roapolo (bokin'i Etera) izy ary nahavita ny rakitsorany manokana teo amin'ny takelaka nomen'ny rainy azy.

Ampisehoy io sary io ary hazavao fa teo am-pametrahana ny takelaka volamena tao anaty boaty vato tao amin'ny Havoan'i Kômôrà i Môrônia eo. Nanome fampanantenana manokana ho an'ireo rehetra izay mamaky ny Bokin'i Môrmôna izy. Io fampanantenana io no iray amin'ny zavatra farany nosoratany tao amin'ny takelaka volamena. Fampanantenana momba ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny Bokin'i Môrmôna izany.

Asehoy ny tapa-taratasy misy teny hoe: "Fijoroana ho vavolombelona." Lazao ireo ankizy fa mandritra ity lesona ity dia hahita ny dingana harahina hahazoana fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny Bokin'i Môrmôna izy ireo (jereo ny asa fanampiny 1). Hianatra ihany koa ny momba ny fampanantenana nomen'i Môrônia antsika izy ireo.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Ampianaro ny tantara nanatanterahan'i Môrônia ny didin'ny rainy mba hamitany ny rakitsoratra masina, ny fampanantenana ho an'ireo mahatoky sy ny veloma farany nataony izay hita ao amin'ny Môrônia 10, ny nanafenany ny rakitsoratra teto an-tany, ary ny fisehoany izay nielanelana 1.400 taona tamin'i Joseph Smith, hita ao amin'i Joseph Smith—Tantara 1:30–35, 59–60. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," ao amin'ny p. vii.) Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Inona no tian'i Môrônia ho tsaroantsika? (Môrônia 10:3.)
- Inona no nolazain'i Môrônia fa tokony hataontsika mba hahitana raha marina ny Bokin'i Môrmôna? (Môrônia 10:4.)
- Iza no hanampy antsika hahafantatra fa marina ny Bokin'i Môrmôna? (Môrônia 10:5.)
- Inona no fampanatenana nataon'i Môrônia ho antsika? (Jereo ny asa fanampiny 4).
- Ahoana no ahafahantsika mahafantatra ny herin'ny Fanahy Masina rehefa manambara amintsika Izy fa marina ny Bokin'i Môrmôna? (Hazavao fa amin'ny alalan'ny fahatsapana indrindra no hanoroan'ny Tompo antsika. Ataon'ny Fanahy Masina matetika izay ahatsapantsika fiadanana, raha marina na tsara ny zavatra iray. Mety ho fahatsapana mafana ao anatintsika izany.)
- Inona ny zavatra manan-danja indrindra azontsika fantarina amin'ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna? (I Jesoa no Kristy. [Jereo ny pejin-dohatenin'ny Bokin'i Môrmôna.])
- Inona no nolazain'i Môrônia momba ny fiavian'ny Bokin'i Môrmôna? (Môrmôna 8:16.) Avy tamin'ny hery inona no ipoiran'ny Bokin'i Môrmôna?

- Iza no nandray ny takelaka volamena sy nandika izany hanjary Bokin'i Môr-môna?
- Ankehitriny, satria tontosa ny asa nataon'ny mpaminanin'ny Bokin'i Môrmôna sy ny an'i Joseph Smith mpaminany, inona no andraikitsika momba ny Bokin'i Môrmôna? (Handalina izany, hahazo fijoroana ho vavolombelona ny aminy, hiaina ny fampianarany ary hizara ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika amin'ny hafa.)

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Ataovy ny tapa-taratasy misy teny ahitana ireto soratra manaraka ireto: "Mamaky," "Mahatsiaro," "Mandinika," "Mivavaka." Avelao hifandimby hamadika ny tapa-taratasy misy teny ireo ankizy ary hamerina jerena ny dingana nomen'i Môrônia hahazoana fijoroana ho vavolombelona. Resaho ny fomba ahafahan'ny ankizy mampiasa ireo dingana ireo hahazoany ny fijoroana ho vavolombelona ho azy:

   Fahazoana fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna.

   Mamaky (Hazavao fa ny dingana voalohany ahazoana ny fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna dia ny famakiana sy ny fandalinana.)

   Mahatsiaro (Nilaza i Môrônia fa tokony hotsaroantsika ny maha-tsara fanahy sy be famindram-po an'i Jesoa Kristy ary tokony hofenointsika ny fankasitrahana Azy ny fontsika. Hanomana antsika ho amin'ny fanahin'ny fanambarana io fitiavana sy fankasitrahana io.)

   Misantsaina (Tsy maintsy dinihintsika sy eritreretintsika ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika ny zavatra izay nianarantsika momba an'i Jesoa Kristy sy ny fampianarany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.)

   Mivavaka (Tsy maintsy mivavaka amin'ny fo isika, mangataka amin'Andriamanitra , ilay Ray mandrakizay, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy fa marina ny Bokin'i Môrmôna.)

2. Zarao amin'ny ankizy ny fanambarana manaraka nataon'ny Filoha Ezra Taft Benson, filoha fahatelo ambin'ny folo an'ny Fiangonana:

   "Misy antony telo lehibe tokony hanaovan'ny Olomasin'ny Andro Farany ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna ho fomba fiainana.

   "Ny *voalohany* dia ny maha-vato ifaharan'ny fivavahantsika ny Bokin'i Môrmôna. . . . Ny vato ifaharana dia ny vato afovoany amin'ny andohalambo. Izy no mihazona ny vato hafa rehetra amin'ny toerany, ary raha esorina izy, dia mirodana ny andohalambo.

   "Misy antony telo mahatonga ny Bokin'i Môrmôna ho vato ifaharan'ny fivavahantsika. Vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona momba an'i Kristy izany. Vato ifaharan'ny fotopampianarantsika izany. Vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona izany. . . .

   "Ny antony lehibe *faharoa* dia izy nosoratana ho antsika amin'izao androntsika izao. . . .

   "Ny antony *fahatelo*. . . dia izy manampy antsika hanatona bebe kokoa an'Andriamanitra. . . .

"Misy hery ao anatin'ilay boky izay hanomboka hirotsaka ao amin'ny fiainanao raha vao manomboka mandalina tsara ny boky ianao. Hahita hery lehibe kokoa hanoherana ny fakam-panahy ianao. Hahita hery hisorohana ny fahadisoam-panantenana ianao. Hahita hery ianao hifikiranao anao ao amin'ilay lalana ety sy tery." (tao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1986, pp. 4–6; na ny *Ensign,* Nôv. 1986, pp. 5–7).

3. Asehoy ny sary Ny anjely Môrônia eo amin'ny Tempoly. Hazavao fa ianarantsika ao amin'ny Apokalypsy 14:6 sy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:36 fa ny anjely (Môrônia) no namerina ny filazantsara mandrakizay teto an-tany. Asao ny ankizy hijery ny sarivongana volamena mampiseho an'i Môrônia eny an-tampon'ny sasany amin'ny tempolintsika ary hahatsiaro an'i Môrônia izay tsy mbola nilavo lefona mihitsy tamin'ny fijoroana ho vavolombena ny amin'i Jesoa Kristy: "Ary izaho Môrônia dia tsy handà an'i Kristy" (Môrônia 1:3).
4. Asao ny ankizy hamaky sy hianatra tsianjery ny ampahany na izy manontolo amin'ny fampanantenana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna (Môrônia 10:4–5) na ny fanekempinoana fahavalo.
5. Hazavao fa rehefa mahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny Bokin'i Môrmôna isika dia hahazo ihany koa ny fijoroana ho vavolombelona fa—

   I Jesoa no ilay Kristy.
   I Joseph Smith dia mpaminanin'Andriamanitra.
   Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia fiangonana marina an'Andriamanitra.
6. Asao ny ankizy hizara ny tantara tiany indrindra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. (Azony atao ny milalao azy ireny an-tsehatra.) Anontanio azy izay lesona manan-danja nianarany avy amin'ny tantara tsirairay.
7. Hirao na vakio ny tonon'ny "Search, Ponder, and Pray" (*Children's Songbook*, p. 109).

---

**Famaranana**

Fijoroana ho vavolombelona

Ambarao fa marina ny fampanantenana nataon'i Môrônia ao amin'ny Môrônia 10:3–5 ary afaka manana fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna ny ankizy tsirairay.

Asao ny ankizy hijoro ho vavolombelona ny amin'ny Bokin'i Môrmôna.

Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana

Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy.

Vakiteny Enti-mody

Asaivo mandalina any an-tranony ny Môrônia 10:1–5ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.

Lesona
45

# Vavolombelon'ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny Maty ny Bokin'i Môrmôna (Paska)

**Tanjona**

Mampianatra ireo ankizy fa ny Bokin'i Môrmôna dia soratra masina iray hafa, vavolombelon'ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny Almà 11:40–45; 40; sy ny 3 Nefia 11:1–17. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Baiboly.
   d. Fonon-tanana na bà manara-tena iray.
   e. Sary 4-49, I Jesoa Kristy efa nitsangana tamin'ny maty (Jeu d'Illustration de l'Evangile 239; 62187) sy 4-45, Mampianatra tany amin'ny Ilam-bolantany Andrefana i Jesoa Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 316; 62380).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

(Raha tsy misy fonon-tanana na bà manara-tena dia azonao ampiasaina ny asa fanampiny 2 ho toy ny Asa hisarihana ny saina.)

Ataovy ambony ny tananao ary hazavao fa mampiseho ny fanahy izay ao anatin'ny vatantsika izany. Afaka mihetsiketsika ny tanana. Asehoy ny fonon-tanana (bà manara-tena) dia hazavao fa mampiseho ny vatantsika ara-nofo izany. Rehefa teraka isika, dia mitambatra fotoana voafetra ny fanahy sy ny vatana ary manome aina ny vatana ny fanahy. Tsy afaka mihetsika samirery ny vatana. Tahaka ny ny fonon-tanana apetraka amin'ny tanana anefa, dia manjary miaina sy afa-mihetsika ny vatana rehefa idiran'ny fanahy ao anatiny. (Ampidiro amin'ny tananao ny fonon-tanana). Manana fanahy sy vatana avokoa isika rehetra. Hazavao fa rehefa maty isika dia misaraka amin'ny vatana ny fanahy. (Esory amin'ny tananao ny fonon-tanana.) Moa ve misy vatana afaka mihetsika na miaina raha tsy misy ny fanahy? Rehefa maty indray isika, moa ve mbola miaina ny fanahy ary afaka mihetsika? (Ahetseho ny tananao sy ny rantsan-tananao haneho izany.) Amin'ny fotoan'ny fitsanganana amin'ny maty, dia ho tafaray indray ny

vatana sy ny fanahy. (Avereno ampidirina eo amin'ny tananao ny fonon-tanana.) Hitsangana amin'ny maty avokoa ny olon-drehetra izay niaina teto ambonin'ny tany aorian'ny fahafatesana. I Jesoa Kristy no ilay hany tokana afaka nahavita ny fitsanganana amin'ny maty ho antsika. (Nalaina avy tamin'ny Boyd K. Packer, tao amin'ny Conference Report, Apr. 1973, pp. 79–80; na ny *Ensign,* Mey 1973, pp. 51–53.)

Inona no atao hoe vavolombelona? (Ny vavolombelona dia olona iray na zavatra iray izay manaporofo ny fisiana toe-javatra na manamarina izany.) Ny Testamenta Vaovao ao amin'ny Baiboly dia vavolombelona mirakitra an-tsoratra fa nitsangana tamin'ny maty i Jesoa Kristy ary nitondra ny fitsanganana amin'ny maty ho an'ny olon-drehetra. Inona no boky vavolombelona faharoa mirakitra an-tsoratra ny Fitsanganana amin'ny maty?

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampianaro ny tantaran'ny Bokin'i Môrmôna ao amin'ny Almà 11:40–45; 40; sy ny 3 Nefia 11:1–17 mikasika ny fitsanganana amin'ny maty. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Antitrantero fa ny Bokin'i Môrmôna dia vavolombelona mirakitra an-tsoratra ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty. Mampiasà sary amin'ny fotoana mahamety izany.

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Ahoana no nahafaty an'i Jesoa Kristy? (Lioka 23:33; 2 Nefia 10:3.) Ampio ireo ankizy hahatakatra fa noho ny fitiavany lehibe antsika, dia nanolo-tena ho Mpamonjy antsika i Jesoa Kristy, talohan'izao fiainana izao. Fantany fa ho faty Izy mba ho tò ho antsika ny drafitry ny Ray any an-danitra.
- Inona no nitranga tamin'i Jesoa Kristy, telo andro taorian'ny nahafatesany? (1 Korintiana 15:4; Môsià 3:10.) Taiza ny fanahiny tao anatin'izay telo andro izay? (1 Petera 3:18–19; F&F 138:11–12, 18.) Aiza no alehan'ny fanahintsika rehefa maty isika? (Almà 40:12.)
- Inona no atao hoe: *fitsanganana amin'ny maty*? (Almà 11:43; 40:18.) Hivereno ny Asa hisarihana ny saina ary hazavao fa ny fitsanganana amin'ny maty dia rehefa mitambatra amin'ny vatana ny fanahy ary tsy hiala amin'ny vatana intsony.
- Ahoana no nahafantaran'ny vahoaka tany Jerosalema fa nitsangana tamin'ny maty i Jesoa Kristy? (1 Korintiana 15:5–7.) Ahoana no nahafantaran'ny Nefita izay niaina tany Amerika fa nitsangana tamin'ny maty i Jesoa Kristy? (3 Nefia 11:8–10.) Rehefa nahita an'i Jesoa Kristy voalohany ny Nefita, dia inona no niheverany Azy? (3 Nefia 11:8.) Nahoana no tian'i Jesoa Kristy hotsapain'ny Nefita ny diam-pantsika teny amin'ny tanany sy ny tongony? (3 Nefia 11:14–15.) Inona no ho tsapanao raha anisan'ireo izay nahita an'i Jesoa Kristy efa nitsangana tamin'ny maty ianao?
- Ahoana no ahafahanao mahafantatra fa efa nitsangana tamin'ny maty i Jesoa Kristy? (Amin'ny fikatsahana sy fahazoana fijoroana ho vavolombelona.)
- Tahaka ny inona ny vatan'ny Mpamonjy efa nitsangana tamin'ny maty, tamin'ny nitsidihany ny Nefita? (3 Nefia 11:15.)

- Iza avy no hitsangana amin’ny maty? (1 Korintiana 15:20–22; Almà 40:4.) Tahaka ny inona ny vatantsika rehefa mitsangana amin’ny maty isika? (Almà 11:43–45; 40:23.) Azonao atao ny milaza fa izay mety fahasembanana na rofy mety ananantsika dia ho eto amin’ity fiainana an-tany ity ihany. Ho tanteraka sy ho tonga lafatra isika amin’ny fitsanganana amin’ny maty.
- Ahoana no ilazana fa soratra masina iray vavolombelon’ny fitsanganan’i Jesoa Kristy tamin’ny maty ny Bokin’i Môrmôna? Nahoana no tian’ny Ray any an-danitra ny hananantsika ny Baiboly sy ny Bokin’i Môrmôna? (2 Nefia 29:8.)
- Satria tsy mbola nahita an’i Jesoa Kristy efa nitsangana tamin’ny maty, tahaka ny nahitan’ny apôstôly sy ny Nefita Azy ny maro tamintsika, dia ahoana no ahafahantsika mahazo fahalalana ny amin’ny fitsanganana amin’ny maty? (Avy amin’ny soratra masina sy ny Fanahy Masina. [Jereo ny Môrônia 10:4–5.])

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin’ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Hazavao fa tian’i Jesoa Kristy ny ahafantaran’ny tsirairay amintsika fa nitsangana tamin’ny maty Izy, ary mbola velona amin’izao fotoana izao. Anontanio ny ankizy ny antony hiheverany fa tian’i Jesoa Kristy ny hahafantarantsika izany. Mety hitovitovy amin’ireto manaraka ireto ny valinteniny:

   Hanome antsika ny filaminan-tsaina fa aorian’ny fahafatesana, dia mbola miaina isika ary indray andro any dia hitambatra amin’ny fanahintsika ny vatantsika.

   Hamporisika antsika hankatò ny didy izay ahafahantsika ho sambatra sy hiaina miaraka amin’ny Ray any an-danitra amin’ny fiainana ho avy.

   Hampionona antsika amin’ny fahalalana fa rehefa maty ny olona tiantsika, dia ho velona indray izy indray andro any.

2. Soraty eny amin’ny solaitrabe ny teny izay mahatonga antsika hieritreritra vaovao niseho vao haingana, na lohahevitra tamin’ny gazety. Hazavao ny nahaliana anao tamin’ilay zava-niseho. Anontanio ny ankizy ny zavatra noeritreretiny fa vaovao faran’izay lehibe tsy mbola nambara tamin’izao tontolo izao. Soraty eny amin’ny solaitrabe ny valin-tenin’ny ankizy. Resaho izay mety ho fiovana raha tsy niseho mihitsy ireo toe-javatra ireo. Nahoana ny vaovao milaza fa nitsangana tamin’ny maty i Jesoa Kristy no vaovao lehibe indrindra hatramin’izay? Inona no nitranga raha tsy nisy ny fitsanganana amin’ny maty? Vakio sy ifanakalozy hevitra ny 2 Nefia 9:19–22.

3. Hirao na vakio ny tonon'ny "Il envoya son Fils aimé" (Chants pour les enfants, p. 20), "Jésus est-il ressuscité? (Chants pour les enfants, p. 45), "Jésus est ressuscité" (Chants pour les enfants, p. 44).

## Famaranana

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Ijoroy ho vavolombelona fa soratra masina iray vavolombelon'ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty ny Bokin'i Môrmôna. Lazao fa noho ny fitiavan'ny Mpamonjy antsika, dia nijaly sy maty ho an'ny tsirairay amintsika an-tsitrapo Izy. Ny fitsanganany tamin'ny maty no nahatonga ny olon-drehetra ho velona indray. |
| Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny 3 Nefia 11:8–17 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

Lesona

46

# Ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa momba an'i Jesoa Kristy (Krismasy)

**Tanjona**

Mampianatra ireo ankizy fa ny Bokin'i Môrmôna dia vavolombelona faharoa ny amin'i Jesoa Kristy.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny 1 Nefia 10:4; 11:13, 15, 18; 2 Nefia 25:19; 29:8; Môsià 3:5; Almà 7:10; Helamàna 14:2–5; Isaia 7:14; Matio 1:21; 2:1–2, 9–10; 20:19; Lioka 1:35; 2:8, 10–12; ary ny Jaona 3:16. Halalino avy eo ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba entinao hampianarana ireo ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina. (Jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.)
2. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Baiboly.
   d. Karatra misy anarana sy samboady na lambam-behivavy hoentin'ny ankizy tsirairay mandritra ny Asa hisarihana ny saina.
   e. Sary 4-9, I Jesoa ilay Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 240; 62572); 4-10. Ny Nahaterahan'i Jesoa (Jeu d'Illustration de l'Evangile 200; 62116); 4-21, Miteny amin'ny Vahoakany ny Mpanjaka Benjamina (Jeu d'Illustration de l'Evangile 307; 62298); 4-42, Samoela ilay Lamanita eo ambony Manda (Jeu d'Illustration de l'Evangile 314; 62370); 4-44, Sarintanin'izao tontolo izao; sy 4-45, Mampianatra any amin'ny Ilam-bolan-tany Andrefana i Jesoa Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 316; 62380).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Asehoy ny sary Ny nahaterahan'i Jesoa. Hazavao fa mirakitra ny nahaterahan'i Jesoa Kristy tao Jerosalema ny Testamenta Vaovao. Ny Bokin'i Môrmôna dia vavolombelona faharoa mirakitra an-tsoratra ny amin'i Jesoa Kristy sy mitantara izay nitranga tany Amerika tamin'ny fotoana nahaterahany.

Asaivo maka ny toeran'i Lehia (600 Talohan'i J.K.), Mpanjaka Benjamina (124 Talohan'i J.K.), Almà (83 Talohan'i J.K.), ary Samoela ilay Lamanita (6 Talohan'i J.K.) ny ankizy efatra. Asaivo vakian'ny ankizy ny faminanian'ny mpaminany tsirairay avy amin'ireto andininy manaraka ireto: Lehia, 1 Nefia 10:4; Mpanjaka Benjamina, Môsià 3:5; Almà, Almà 7:10; ary Samoela ilay Lamanita, Helamàna 14:2.

Rehefa fantatra ny mpaminany tsirairay, dia aoka hisy ankizy iray hihazona ny sarin'ny mpaminany ary ny iray hafa mamaky ny soratra masina.

- Inona ny mari-pamantarana nomena momba ny fotoana nahaterahan'i Jesoa Kristy tany Betlehema? (Lioka 2:6–14; Matio 2:1–2.) Ary inona ny famantarana hita tany Betlehema sy tany Amerika? (3 Nefia 1:21.) Inona koa ireo mari-pamantarana hafa nomena tany Amerika? (3 Nefia 1:15, 19.)

Tantara ao amin'ny Soratra Masina

Ampiasao ny sary amin'ny fotoana mahamety izany, ampianaro ny nahaterahany sy ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy araka ny voalaza ao amin'ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Antitrantero fa nosoratana tao sy nanodidina an'i Jerosalema ny Baiboly, ary nosoratana teo amin'ny telo arivo kilometatra niala any Jerosalema, tany Amerika, ny Bokin'i Môrmôna.

Hazavao fa mpaminany maro samihafa no nanoratra ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna. Arakaraka ny hamakiana sy hilazana ny andalana, dia ilazao ny ankizy fa nosoratan'ny mpaminany tany amin'ny Tany Masina izy ireny araka ny voarakitry ny mpaminany ao amin'ny Baiboly na ny mpaminanin'ny Bokin'i Môrmôna tany Amerika.

Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozankevitra sy Fampiharana

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Enin-jato taona talohan'ny nahaterahan'ny Mpamonjy, iza no ho anaran'ny Zanakalahin'Andriamanitra araka ny voalazan'i Nefia? (2 Nefia 25:19.) Inona no faminaniana nataon'i Nefia sy i Isaia momba ny renin'ny Mpamonjy? (1 Nefia 11:13, 18; Isaia 7:14.) Iza no ho anaran'ny renin'ny Zanakalahin'Andriamanitra araka ny faminanian'i Almà? (Almà 7:10.)

- Iza no Rain'i Jesoa? (Lioka 1:35. Ray any An-danitra.) Iza i Josefa? (I Josefa dia vadin'i Maria. Hazavao fa na dia ny Ray any an-danitra aza no Rain'i Jesoa Kristy na ara-nofo na ara-panahy, dia nikarakara an'i Jesoa i Josefa, nitaiza Azy tahaka ny tokony ho nitaizan'ny ray ny zanany.) Talohan'ny nahaterahan'i Jesoa Kristy, inona no nolazain'ny anjely tamin'ny Josefa hatao anaran'ny zazakely? (Matio 1:21.)

- Inona ny famantarana nomen'i Samoela ilay Lamanita momba ny fotoana nahaterahan'i Jesoa? (Helamàna 14:2–5.) Inona ny famantarana nomena tany Jerosalema? (Lioka 2:8, 10–12; Matio 2:1–2, 9–10.)

- Nahoana no zava-dehibe ny fananantsika vavolombelona roa mikasika ny fotoana nahaterahany sy ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy? (2 Nefia 29:8.)

- Nahoana no nalefan'ny Ray any an-danitra ho ety an-tany ny Zanany lahy? (2 Nefia 9:21–22; 3 Nefia 27:13–14; Jaona 3:16.)

- Nahoana no tian'ny Ray any an-danitra ny anehoantsika ny fankasitrahantsika an'i Jesoa Kristy? (Almà 7:23–24.)

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Avelao ny ankizy hanaraka ny ohatr i Jesoa Kristy amin'ny fisafidianana fanomezana manokana ka hanao asa soa ho an'ny olona iray amin'ny Krismasy. Omeo pensilihazo sy taratasy kely ny ankizy tsirairay hanoratany ny fanomezana atolony sy ny fomba handaminany ny hanaovany ilay asa soa.
2. Asaivo mizara ny fomba fanaon'ny fianakaviany izay nampahatsiahy azy ny nahaterahana sy ny fiainan'i Jesoa Kristy ireo ankizy. Mety ho tian'ny ankizy ny manao ny sarin'ny fianakaviany mandray anjara amin'ilay fomba.
3. Asehoy ny sary 4-9, I Jesoa ilay Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 240; 62572). Avelao ny ankizy hitantara traikefa momba ny Krismasy, izay manampy azy hahatsiaro an'i Jesoa Kristy mandritra ny taona.
4. Ampitahao ny fampianarana sasany nomen'i Jesoa Kristy ao amin'ny Baiboly sy ireo ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, toy ireto manaraka ireto:Matio 5:16 sy ny 3 Nefia 12:16; Matio 7:12 sy ny 3 Nefia 14:12; ary ny Matio 5:44 sy ny 3 Nefia 12:44.
5. Ny kalendrie hita ao amin'ny faran'ny lesona dia azo ampiasaina amin'ny iray na mihoatra amin'ireto fomba manaraka ireto:

   Manaova dika mitovy amin'ny kalendrie ho an'ny ankizy tsirairay mba holokoiny sy ho entiny mody ho toy ny fanomezana ho an'ny fianakaviany. Azo ampiasaina mandritra ny taona io kalendrie io ho fitadidiana ny fanarahana an'i Jesoa.

   Vakio amin'ny ankizy ny hevitra ary avelao izy hifidy iray izay tiany hatao.

   Manaova dika mitovy amin'ny kalendrie ary tapaho ny fizarana tsirairay. Afaka mifidy ireo hevitra tiany hoentina mody ny ankizy ho fampahatsiahivana.

   Ampiasao ho toy ny maodely ny kalendrie ka asaivo manao kalendrie ho azy ny ankizy.

   Ataovy amin'ny peta-drindrina ny kalendrie mba haseho ao am-pianarana.
6. Hirao na vakio ny tonon'ny "Au loin dans l'étable" (Chants pour les enfants, p. 26) na ny "Il envoya son Fils aimé" (Chants pour les enfants, p. 20).

**Famaranana**

Fijoroana ho vavolombelona

Zarao ny fijoroana ho vavolombelona ananao ny amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra an'i Jesoa Kristy. Manehoa fankasitrahana ny amin'ny fananana ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna ho vavolombelon'ny fiainana sy ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy.

Omeo fotoana hanehoany ny fihetseham-pony momba ny Mpamonjy sy ny dikan'izany aminy ny ankizy. Entano ny ankizy hanokana fotoana mandritra ny vanim-potoan'ny Krismasy hieritreritra ny momba an'i Jesoa Kristy sy ny zavatra rehetra nataony ho antsika.

Fizarana fahalalana amin'ny Fianakaviana





















Amporisiho hizara amin'ny fianakaviany ampahany manokana tamin'ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin'ny fianakaviany ny "Vakiteny Enti-mody" ireo ankizy.

Vakiteny Enti-mody

Asaivo mandalina any an-tranony ny 1 Nefia 11:12–24 sy ny 2 Nefia 29:8 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy.

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana.

# Manao Asa Fanompoana Am-pitiavana

| Alahady | Alatsinainy | Talata | Alarobia | Alakamisy | Zoma | Asabotsy |
|---|---|---|---|---|---|---|
|  | Manasà namana hanatrika ny takarivan'ny mpianakavy  |  Mitsidika marary | Mihaino tsara ny olona  |  Mamela olona | Mandoka olona amin'ny fo  |  Miantso olona an-tariby sy mankahery azy |
|  Manoratra ho an'ny mpitory ny filazantsara | Manasa lovia an-tsitrapo  |  Mikarakara ody am-bava fo ho an'ny episkôpà | Mizara tsiky  |  Mandefa taratasy amin'olona | Mieritreritra tsara momba ny hafa  |  Mitondra sakafo ho an'ny olona marary |
|  Mitondra olona amin'ny fiara handeha hiangona | Mizara talenta  |  Mikarakara sakafo ho an'olon-droa ary manome ny iray ho an'olon-kafa  | Mamihina olona  |  Mamaky teny ho an'ny ankizy kely iray | Miezaka hahazo ny ao am-pon'ny olona iray  |  Maka namana vaovao |
| Manao izay ahatsapan'ny olona iray fa tonga soa izy ao ampiangonana  |  Mizara ody am-bava fo amin'ny takarivan'ny mpianakavy | Milaza amin'ny olona iray ny zavatra mahafinaritra anao aminy  | Manome tanana olona iray  |  Mampiseho olona ny fiahianao azy | Mitsiky amin'ny olona iray sorendrena  | Mamangy zokiolona eo amin'ny manodidina  |
| Manampy renimpianakaviana sahirana amin'ny zanany any ampiangonana  |  Miteny hoe: "tiako ianao" | Manadio ny efitrano an-tsitrapo  | | | | |

# Afaka Mitahy ny Fiainantsika ny Fisoronana (Lesona Fanomanana amin'ny Fisoronana)

Lesona 47

**Tanjona**

Nosoratana ity lesona ity mba hanampiana ny zaza iraika ambin'ny folo taona hahafantatra ny fitahiana sy ny adidin'ny fisoronana. Tokony hampianarina izy ity alohan'ny hahafeno roa ambin'ny folo taona ny zaza voalohany ao amin'ny kilasinao.

**Fiomanana**

1. Halalino amim-bavaka ny "Ny Fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith" ao amin'ny teny fampidirana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna na ao amin'ny Joseph Smith—Tantara 1:29–54, 59, 66–72; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13, ao anatin'izany ny sasin-tenin'ny fizarana; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:34–46.
2. Halalino ny lesona ary manapaha hevitra ny amin'ny fomba itiavanao hampianarana ny ankizy ny tantara ao amin'ny soratra masina (jereo ny "Fanomanana ny Lesonao," p. vi, sy ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii. Fanteno ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra sy ny asa fanampiny izay hitarika ny ankizy handray anjara sy hanampy azy indrindra hahatratra ny tanjon'ny lesona.
3. Fitaovana ilaina:
   a. Bokin'i Môrmôna ho an'ny ankizy tsirairay.
   b. Boky Fotopampianarana sy Fanekempihavanana.
   d. Loharanom-pahazavana toy ny fanilo mandeha amin'ny vatoaratra, takamoa, na fanilo mandeha amin'ny solika.
   e. Sary 4-9, I Jesoa ilay Kristy (Jeu d'Illustration de l'Evangile 240; 62572); Fanendrena ao amin'ny Fisoronana (62341); ary Ny Fanomezan'i Jaona Mpanao Batisa ny Fisoronana Aharôna (Jeu d'Illustration de l'Evangile 407; 62013).

**Sosokevitra ho an'ny Fanatanterahana ny Lesona**

Manasà ankizy iray hanao ny vavaka fanombohana.

Asa hisarihana ny saina

Mampisehoa zavatra izay manome hazavana.

- Inona no ilain'io zavatra io mba hanome hazavana? Raha manana fanilo mandeha amin'ny vatoaratra ianao, asehoy fa mila vatoaratra izany, takamoa mandeha amin'ny herin'aratra ary fipihan-jiroaratra izay miasa avokoa mba hanome hazavana. Mila tsiratsiraka tsy misy tapaka ny takamoa mandeha amin'ny herin'aratra ary tsy maintsy apetaka ao anaty varombo izay ampifandraisina amin'ny loharano mitondra herin'aratra. Ilaina koa ny mampirehatra ny fipihan-jiroaratra mba hamela ny aratra hihanaka.

Iangavio ny zatovolahy ao amin'ny kilasinao mba hitsangana. Ireo zatovolahy ireo dia manana fahafahana handray ny fisoronana izay hery lehibe noho ny herin'aratra, satria izany dia hery sy fahefana hanao zavatra amin'ny anaran'Andriamanitra. Amin'ny alalan'io hery io no ahafahan'ny zanaky ny Ray any an-danitra atao batisa sy mandray ny ôrdônansy hafa an'ny Fiangonana. Mba handraisana io hery io anefa sy hampiasana izany araka ny fanirian'Andriamanitra, dia tokony ho mendrika sy vonona tsara ny zatovolahy.

**Tantara ao amin'ny Soratra Masina**

Ampiasao ny sary amin'ny fotoana mahamety izany, ampianaro ny tantaran'ny nandraisan'i Joseph Smith ny takelaka volamena ary ny nanendrena azy tao amin'ny fisoronan'i Aharôna avy ao amin'ny "Ny Fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith" na ny Joseph Smith—Tantara 1:29–54, 59, 66–72. (Mba hahitana ny fomba ampianarana ny tantara ao amin'ny soratra masina, dia jereo ny "Fampianarana avy ao amin'ny Soratra Masina," p. vii.) Mety ilainao ny mamerina fohy miaraka amin'ny ankizy ireo toe-javatra nitarika tamin'ny fandraisan'i Joseph Smith ireo takelaka volamena.

**Fanontaniana Hitarihana Fifanakalozan-kevitra sy Fampiharana**

Halalino ireto fanontaniana manaraka sy ny andinin-tsoratra masina ireto, rehefa manomana lesona ianao. Mampiasà ireo fanontaniana izay tsapanao fa hanampy indrindra ny ankizy hahatakatra ny soratra masina, ka hampiharany ny fitsipika eo amin'ny fiainany. Hanampy ny ankizy hahazo fahazavana ny amin'ny soratra masina ny famakiana sy fifanakalozana hevitra ireo andininy ireo miaraka aminy ao am-pianarana.

- Nahoana no tsy afa-nandika ireo takela-bolamena sy tsy afa-nandray ny fisoronana ary tsy afa-nanangana avy hatrany ny fiangonana i Joseph Smith taorian'ny fahitana voalohany? (Tsy vonona tamin'izany izy; nilainy ny nivoatra tamin'ny fahendrena sy ny fahalalana.)

- Inona ny asa lehibe voalohany niangavian'ny Tompo mba hataon'i Joseph Smith? (Mandika ny takelaka volamena mba hahafahantsika manana ny Bokin'i Môrmôna.)

- Inona no nataon'i Joseph tamin'ny alina voalohany nisehoan'ny anjely Môrônia taminy? (Joseph Smith—Tantara 1: 29–30.) Impiry niseho tamm'i Joseph Smith ny anjely Môrônia alohan'ny nahitan'i Joseph Smith ireo takela-bolamena voalohany? (Joseph Smith—Tantara 1:30, 44–49; in'efatra.) Nahoana araka ny hevitrao no namerina ny hafatra nomeny voalohany mihoatra ny in-telo ny anjely Môrônia?

- Inona ihany koa ny toromarika noraisin'i Joseph alohan'ny nahafahany nanomboka nandika ny takelaka volamena? (Joseph Smith—Tantara 1: 53–54.) Ahoana no nanampy an'i Joseph Smith hiomana amin'ny zavatra lehibe hafa izay tsy maintsy ataony ity toromarika ity? Inona no hataonao mba hanomanana ny ho avinao?

- Inona ireo andraikitra manokana tsy maintsy iantsorohan'ny zatovolahy Olomasin'ny Andro Farany rehefa roa ambin'ny folo taona izy? (Mandray ny fisoronan'i Aharôna ary tendrena ho diakona.)

- Ahoana no fomba nandraisan'i Joseph Smith ny fisoronan'i Aharôna? (Joseph Smith—Tantara 1: 68–70.) Ahoana no fomba andraisan'ny zatovolahy ny fisoronan'i Aharôna amin'izao fotoana izao? (Atao tafa sy dinika izy hijerena ny fahamendrehany ary tendren'ny lehilahy iray izay manana ny fahefana hanendry azy, amin'ny alalan'ny fametrahan-tanana.)

- Ahoana no tokony hiomanan'ny zazalahy handray ny fisoronana? Ahoana no tokony hiomanan'ny zazavavy handray ny fitahian'ny fisoronana? (Fomba iray ihany no hiomanan'ny zazalahy sy ny zazavavy. Mivavaka, manana finoana, mianatra ny filazantsara avy amin'ny ray aman-dreny sy ny mpampianatra, miaina amim-pahamendrehana, mankatò ny didy, manompo ny hafa, mifanaja ary manao ny marina.) (Jereo ny asa fanampiny 4.)

- Inona ny andraikitra ananan'ny diakona ao am-piangonana? (F&F 20:59.) Ahoana no fomba hanatontosany ireo andraikitra ireo? (Mizara ny fanasan'ny Tompo, manangona ny fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina, manao irakiraky ny eveka amin'ny fivorian'ny Fanasan'ny Tompo ary mampiseho ohatra tsara.)

- Iza ny olona voalohany nizara ny Fanasan'ny Tompo? (I Jesoa Kristy.) Nahoana no masina loatra ny Fanasan'ny Tompo? (Ôrdônansy izay mampiseho ny sorona nataon'i Jesoa Kristy ho antsika tsirairay.)

  Vakio na asaivo vakian'ny mpianatra ny teny manaraka nindramina tamin'ny Loholona Jeffrey R. Holland: "Mangataka anareo izahay ry zatovolahy ao amin'ny fisoronan'i Aharôna mba hiomana sy hitsodrano ary hizara amim-pahamendrehana sy amim-panajana lehibe ireo mariky ny sorona nataon'ny Mpamonjy. Tombon-tsoa mahatalanjona sy fitokiana masina tsy misy ohatra izany no omena na dia mbola tanora dia tanora aza! Azoko vinaniana fa tsy misy fankasitrahana avy any an-danitra lehibe kokoa noho izany azo omena anareo. Tia anareo izahay. Ataovy izay tsara mety ho vitanareo, banjino izay tsara mety ho hitanareo rehefa mandray anjara amin'ny Fanasan'ny Tompo ianao" (tao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1995, p. 89; na ny *Ensign,* Nôv. 1995, p. 68).

- Ahoana no ahafahantsika rehetra manaja sy manohana ny fisoronana? (Manaiky ny antso avy amin'ny mpitarika ny fisoronana; manompo ny hafa; miresaka amim- panajana ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana; ary mivavaka ho an'ny raim-pianakaviana, ny rahalahy, ny ankohonana ary ny hafa izay mihazona ny fisoronana.) (Jereo ny asa fanampiny 3.) Ahoana no afaka manampy ny rainao sy ny rahalahinao hanaja ny fisoronana ny fanaovanao ireny zavatra ireny? Ahoana no ahafahany manampy anao hiomana handray ny fisoronana na ny fitahian'ny fisoronana?

---

**Asa Fanampiny**

Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin'ireto fampiasana manaraka ireto raha ilaina, mandritra ny lesona, na ho toy ny famerenana, famintinana na fanomezana fanamby.

1. Soraty mitsitokantokana amin'ny karatra kely na taratasy kely ireto fitahiana manaraka ireto, izay azo avy amin'ny alalan'ny fisoronana:

   Fanomezana anarana sy tsodrano
   Atao batisa
   Fandraisana ny Fanomezana ny Fanahy Masina
   Fandraisana tsodrano rehefa marary
   Fandraisana amin'ny Fanasan'ny Tompo
   Fanaovana asa fitoriana
   Atao ny fanambadiana any amin'ny tempoly

   Zarao vondrona roa ireo ankizy ao am-pianarana ary omeo iray avy amin'ny karatra ny vondrona tsirairay. Asao ny ankizy isaky ny tarika hizara ny

traikefany manokana na ny an'ny fianakaviany mifandray amin'ny fitahiana voasoratra eo amin'ny karatra.

2. Ataovy maizina arak'izay tratra ny efitrano. Lazao azy avy eo ny tantaran'ny andian'ireo mpizahan-tany izay niditra tao anaty zohy lalina sy maizina. Nony tafiditra tao anatin'ny zohy izy ireo, dia novonoin'ny mpitari-dalana ny fanilo, niandry minitra vitsy izy ary avy eo dia niangavy ny olona tsirairay hamonjy ny lalana fivoahana. Rehefa niverina ny hazavana, dia hita fa samy namonjy lalana samihafa ny olona.

   Avereno indray ny hazavana ao amin'ny efitrano avy eo ary zarao ny teny manaraka nindramina tamin'ny Loholona Robert D. Hales: "Raha tsy teto ambonin'ny tany ny herin'ny fisoronana, dia ho nanana fahafahana handeha hatraiza hatraiza sy hanjaka tsy manam-petra ny fahavalo. Tsy ho nisy ny fanomezana ny Fanahy Masina hitarika sy hanazava antsika; tsy nisy mpaminany hiteny amin'ny anaran'ny Tompo; tsy nisy tempoly izay ho nahafahantsika nanao fanekempihavanana masina sy mandrakizay; tsy nisy fahefana hitsodrano na hanao batisa, hanasitrana na hampionona. . . . Tsy ho nisy ny fahazavana, na ny fanantenana—tsy nisy afa-tsy haizina" (tao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1995, p. 40; na ny *Ensign,* Nôv. 1995, p. 32).

3. Vakio na zarao ny tantara manaraka momba ny zavatra nataon'ny fianakaviana anankiray hanohanana ny raim-pianakaviana tamin'ny antsony amin'ny fisoronana:

   "Nipetraka niaraka tamin'ny zanaky ny Loholona Ezra Taft Benson enina mianadahy aho [tamin'ny fihaonambem-piangonana, taona maro lasa izay], ka ny iray taminy dia mpiara-mianatra iray trano tamiko. Nitombo ny fahalianako rehefa nitsangana sy nilaza ny mpandray fitenenana manaraka ny Filoha McKay. Nijery tamim-panajana ny Loholona Benson aho, rehefa nandeha nanatona ny polipitra izy. Lehilahy lava be izy izay mirefy 1 metatra sy 82 santimetatra. Lehilahy manampahaizana, lehilahy fanta-daza eran-tany tamin'ny naha-mpandraharaha azy tao amin'ny sampana fambolena tao Etazonia sy tamin'ny maha-vavolombelona manokana an'ny Tompo azy, lehilahy izay toa tsy rototra nefa hentitra, iray amin'izay niteny tamin'ny olona maro manerana an'izao tontolo izao. Tampoka teo dia nisy tanana nikasika ny sandriko. Nisy ankizivavikely niondrika tany amiko sady nibitsika hoe: 'Mivavaha ho an'ny Dada.'

   "Taitra kely aho, ary hoy ny eritreritro: 'Natao hitety ny laharana izany ity hafatra ity, ary mila manohy izany aho. Moa va aho tokony hiteny hoe: "Mivavaha ho an'ny Loholona Benson? Sa hoe: "Takiana ianao hanao vavaka ho an'ny rainao?" Rehefa nahatsapa aho fa mila mampita izany hafatra izany avy hatrany aho dia niondrika ary nibitsika maika hoe: "Mivavaha ho an'ny Dada.'

   "Hitako fa niampitampita tamin'ny laharana ilay bitsika hatrany amin'ny toeran'ny anabavy Benson, izay efa nanatongilana ny lohany.

   "Efa imbetsaka hatramin'io andro io no tsaroako hatrany ilay hafatra—Mivavaha ho an'ny Dada, ilay patriariky ny tokantrano. Mivavaha ho azy amin'ny maha-filohan'ny distrika na mpampianatra isan-tokantrano azy. Mivavaha ho azy rehefa lasa mpitantsoratra ao amin'ny fikambanana olom-pirenena izy, rehefa miroborobo ny asa sahaniny na rehefa voatery hangalana ny karamany. Mivavaha ho azy rehefa manome torohevitra ao amin'ny takarivan'ny mpianakavy izy. Mivavaha ho an'ny Dada izay miasa ora maro mba hahafahan'i Jerold handeha hanao asa fitoriana sy hahafahan'i Diane hanohy fianarana

ambony. Mivavaha ho azy rehefa miteny amin'ny fivoriana Fanasan'ny Tompo izy na manome tsodrano an'i Neny, mba ho salama tsara indray izy. Ary amin'ny hariva, rehefa tonga ao an-trano izy torovana na kivy, dia mivavaha ho azy. Mivavaha ho an'i Dada amin'izay zavatra mety hataony—na amin'ny zavatra madinika na amin'ny goavana.

"Rehefa mandeha ny taona, dia maro ireo fihaonamben'ny Fiangonana efa nifandimby, ary isaky ny hitsangana hiteny ny Filoha Benson, dia hoy ny eritreritro: 'Ny zanany izay miaina any amin'ny toerana samihafa ao Etazonia dia tafaray amin'ny vavaka izay ataony ho an'ny rainy ankehitriny.'

"Ary ninoako fa ilay hafatra fohy niampitapita tamin'ny laharana taona maro lasa izay dia hafatra faran'izay manan-danja indrindra azon'ny fianakaviana zaraina. Hery sy finoana mahatalanjona no mety hananan'ny olon-drehetra hiatrehany ny olana an-davanandro eo amin'ny fiainany raha misy any ho any eto ambonin'ny tany zanakavavy na zanakalahy mibitsika hoe: 'Mivavaha ho an'ny Dada' " (Elaine McKay, "Pray for Dad," *New Era,* Jona 1975, p. 33).

4. Rehefa iainantsika ny filazantsara dia ho vonona isika hanaiky andraikitra ary higoka ny fitahian'ny fisoronana. Vakio ny "My Gospel Standards" (Ireo Fitsipiky ny Filazantsarako) (*My Achievement Days* booklet, fonony ao ambadika), ary mijanona kely isaky ny avy mamaky ny iray mba hahafahan'ny ankizy mieritreritra momba ny fomba iainany ilay fepetra amim-pahamendrehana. Rehefa vitanareo ny famakiana ny lisitra, dia azonao atao ny mamerina ny lesona, raha tianao, amin'ny fampiasana ny fandravahana na ny teny fanalahidy.

   Ireo Fitsipiky ny Filazantsarako

   1. Hotsaroako ny fanekempihavanana nataoko tamin'ny batisa ary hihaino ny Fanahy Masina aho.
   2. Ho marin-toetra amin'ny Ray any an-danitra sy ny olon-kafa ary ny tenako aho.
   3. Hikatsaka namana tsara aho ary hitondra ny hafa amin'ny hatsaram-panahy.
   4. Hitafy amim-pahamaotinana aho mba hanehoako ny fanajako ny Ray any an-danitra sy ny tenako.
   5. Tsy hamaky sy tsy hijery zavatra afa-tsy izay mahafaly ny Ray any an-danitra aho.
   6. Tsy hihaino mozika afa-tsy izay mahafaly ny Ray any an-danitra aho.
   7. Hampiasa ny anaran'ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy amim-panajana fatratra aho. Tsy hiteny ratsy na hanao fiteny tsy mendrika.
   8. Hajaiko ho masina sy ho madio ny saiko sy ny vatako.
   9. Tsy handray ny zavatra izay manimba ny vatako aho.
   10. Hanao ireo zavatra ireo aho amin'ny Sabata mba hahafahako mahatsapa ho akaikin'ny Ray any an-danitra.
   11. Hifidy ny tsara aho. Fantatro fa afaka mibebaka aho rehefa manao fahadisoana.
   12. Hiaina mba ho mendrika ny handeha any amin'ny tempoly sy hanao asa fitoriana aho ankehitriny.
   13. Hanaraka ny drafitry ny Ray any an-danitra ho ahy aho.

5. Zarao ity teny nindramina manaraka avy amin’ny Filoha Gordon B. Hinckley, Filoha fahadimy ambin’ny folon’ny Fiangonana ity: “Tsy an’ny Filohan’ny Fiangonana ity fiangonana ity. I Jesoa Kristy no lohany, izay nentin’ny tsirairay tamintsika ny anarany [tamin’ny batisa]. Samy mandray anjara ao anatin’ity asa makadiry ity isika tsirairay avy. Hanampy ny Ray any an-danitra amin’ny Asany sy ny Voninahiny no nahatongavantsika eto, ‘mba hanatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay ho an’ny olona’ (Mosesy 1:39). Ny andraikitrao dia tena zava-dehibe ao amin’ny tontolo misy anao tahaka ny maha-zava-dehibe ny andraikitro ao amin’ny tontolo misy ahy. Tsy misy antso kely na vokany kely ato amin’ity fiangonana ity. Isika rehetra amin’ny fanaovana ny adidintsika dia mahakasika ny fiainan’ny hafa” (tao amin’ny Conference Report, Apr. 1995, p. 94; na ny *Ensign,* Mey 1995, p. 71).
6. Hirao na vakio ny tonon’ny "Ces mots d'amour" (Chants pour les enfants, p. 102).

---

**Famaranana**

| | |
|---|---|
| Fijoroana ho vavolombelona | Azonao atao ny mijoro ho vavolombelona, raha tianao, fa naverina teto an-tany ny fisoronana ary fahefana entina hanao ny asan’Andriamanitra izany. Amporisiho ny zazalahy hiaina ankehitriny mba ho mendrika ny hihazona ny fisoronan’i Aharôna ary ny mpianatra rehetra mba hiaina mendrika ny handray ny fitahiana rehetra amin’ny fisoronana. Amporisiho ny ankizy hanaja sy hanohana ny mpitarika ny fisoronana. |
| Fizarana fahalalana amin’ny Fianakaviana | Amporisiho hizara amin’ny fianakaviany ampahany manokana tamin’ny lesona, toy ny tantara iray, fanontaniana na fampiasana na hiara-hamaky amin’ny fianakaviany ny “Vakiteny Enti-mody” ireo ankizy. |
| Vakiteny Enti-mody | Asaivo mandalina any an-tranony ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:34–46 ho toy ny famerenana ity lesona ity ireo ankizy. |
| | Manasà ankizy iray hanao ny vavaka famaranana. |

NY FIANGONAN' I

# JESOA KRISTY

HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

MALAGASY
4 02345 94654 6
34594 654